# LESONA VOALOHANY

## ANJARAN-TOERAN'NY FAHALALANA SY IREO MANAM-PAHAIZANA AMIN'NY ISLAMO

Ny fitadiavam-pahalalana amam-pahaizana amin'ny finoana Islâmo dia tahaka ireo raharaham-piainana rehetra, izay manana ny fahalalam-pombany sy fepetrany manokana, ny sasany mahakasika ny mpampianatra sy profesora amperin'asa ary ny sasany kosa dia natokana ho an'ireo mpianatra ao an-dakilasy sy ny fifandraisana ara-piaraha-monina; fa ny ampahany fahatelo amin'ity fahalalam-pomba ity dia mahafaoka ny mpampianatra sy ny mpianatra miaraka. Hasehontsika amin'ity lesona ity sy ireo lesona mbola ho avy ny fahalalam-pomba sy fototry ny fampianarana ao amin'ny Islâmo, fa ankehitriny aloha isika dia hiditra amin'ny anjaran-toeran'ny fahalalana sy ny manam-pahaizana ao amin'ny finoana Islâmo.

## A-<u>LANJAN'NY FAHALALANA SY IREO MANAM-PAHAIZANA AO AMIN'NY KOR'ÂNY MASINA</u>

1-Ny hafatr'Andriamanitra voalohany nampidinina tao am-pon'ny lehibentsika Mohammad(saw) dia ilay teny hoe "Vakio"; fa hoy Ilay Be Voninahitra sy Avo Indrindra hoe: اقْرَأْبِاسْمِ رَبِّك ۞الَّذِي خَلَقَ خَلَقَ الْإِنسَانَ مِنْ عَلَقٍ اقْرَأْوَرَبُّك ۞الْأَكْرَمُ الَّذِي عَلَّمَ بِالْقَلَم ۞عَلَّمَ الْإِنسَان ۞مَالَمْ يَعْلَمْ

**«Vakio amin'ny anaran'Andriamanitra Tomponao, Ilay Nahary; izay nahary ny olombelona avy amin'ny vaingandrà. Vakio fa Tomponao no fatra - pitsimbina,izay nampianatra tamin'ny alalan'ny penina, ka nampianatra ny olombelona izay rehetra tsy fantany» kor'âny 96/01-05**

2-Nomen'i Allâh Avo Indrindra voninahitra manokana noho ny hafa ireo manam-pahaizana mpino araka ny voalazan'Ilay Be Voninahitra sy Avo Indrindra hoe: يَرْفَعِ اللَّهُ الَّذِينَ آمَنُوا مِنكُمْ وَالَّذِينَ أُوتُوا الْعِلْمَ دَرَجَاتٍ

**«Fa hasondrotr'i Allâh voninahitra izay mino aminareo sy izay nahazo fahalalana»kor'âny 58/11**

3-Tena marina fa ny fahendrena no loharanon'ny hatsarana, ka izay manam-pahendrena dia efa manana hatsarana betsaka, hoy Ilay Avo Indrindra hoe: وَمَن يُؤْتَ الْحِكْمَةَ فَقَدْ أُوتِيَ خَيْراً كَثِيراً

**«Fa izay nomena fahendrena kosa dia tena nahazo fahasoavana maro»kor'âny 02/269**,

ka ny fomba ahazoana izany fahendrena izany dia amin'ny alalan'ny fahalalana sy fianarana.

4-Ireo manam-pahalalana dia manana toetra manokana miisa dimy araka ny voalazan'ny Kor'âny masina:

**-Voalohany:** Ny fananam-pinoana (Imân): وَالرَّاسِخُونَ فِي الْعِلْمِ يَقُولُونَ آمَنَّا بِهِ

**« Ary ireo manam-pahalalana raikitra dia hilaza manao hoe: Inoanay avokoa izay rehetra avy any amin'ny Tompo Zanaharinay»kor'âny**

**-Faharoa:** Ny finoana an'Andriamanitra Tokana: شَهِدَ اللّهُ أَنَّهُ لاَ إِلَـهَ إِلاَّ هُوَ وَالْمَلاَئِكَةُ وَأُوْلُواْ الْعِلْمِ

**«Manamafy Andriamanitra fa tsy misy mendrika atao andriamanitra afa- tsy Izy irery, ary manamafy izany ihany koa ireo Anjely sy ireo manam-pahalalana izay mijoro amin'ny rariny sy ny hitsiny»kor'âny 03/18**

**-Fahatelo:** Ny **falahelovana** vokatry ny fahatahorana an'i Allâh:

إِنَّ الَّذِينَ أُوتُواْ الْعِلْمَ مِن قَبْلِهِ إِذَا يُتْلَى عَلَيْهِمْ يَخِرُّونَ لِلأَذْقَانِ سُجَّداً

**« Ireo izay nomena ny fahalalana talohan'izany, raha vakiana amin'izy ireo izy, dia lavo miankohoka izy ireo ka ny saoka no mikasika amin-tany »kor'âny17-107**

---

**« Mitomany, ka nampitombo ny fanetren-tenan'izy ireo izany» kor'an 17/109**

**-Fahefatra: Fanetren-tena amin'i Allâh araka ny efa voalazan'ny andininy (ayat) eo ambony.**

**-Fahadimy: Fahatahorana an'i Allâh:** إِنَّمَا يَخْشَى اللَّهَ مِنْ عِبَادِهِ الْعُلَمَاء

**«Tena marina fa ireo manam-pahaizana ihany no tena matahotra an'i Allâh, amin'ireo mpanompony»kor'âny 35/28**

**B-LANJAN'NY FAHALALANA SY IREO MANAM-PAHAIZANA ARAKA NY (SONNAT) LOVANTSOFIN'NY MPAMINANY MASINA**

Hoy ny lehibensika Mohammad (saw) hoe:

1- **« Izay tian'i Allâh homenafahasoavana dia omeny azy ny fahalalana mikasika ny finoana »**
2- **« Ireo manam-pahaizana amin'ny vahoaka dia mitovy amin'ireo mpaminany amin'ny taranak'Israël »**
3- **« Ireo manam-pahaizana no mpandova an'ireo mpaminany »**
4- **« Mangataka famelan-keloka ho an'ny manam-pahaizana ny any an-danitra sy ny eto an-tany »**
5- **« Ny olona manakaiky kokoa ny toeran'ny mpaminany dia ireo manam-pahalalana sy ireo mpanao ady masina; fa ireo manam-pahalalana dia manambara amin'ny olona izay hafatra tonga tamin'ireo Irak'Andriamanitra, ary ireo mpanao ady masina kosa dia miady amin'ny alalan'ny sabatr'izy ireo araka ny hafatra tonga tamin'ireo Irak'Andriamanitra »**
6- **« Amin'ny andro fitsanganana,dia lanjaina ny ranomaintin'ireo manam-pahaizana amin'ny ràn'ireo maritiora »**
7- **« Ny sahala amin'ireo manam-pahaizana eto an-tany dia toy ireo kintana eny an-danitra izay mitari-dàlana an-tanety sy an-dranomasina feno haizina, koa raha manjavona izany dia very ireo izay mizotra amin'ny làlana »**
8- **« Nandefa fanambarana tamin'Ibrâhim i Allâh Avo Indrindra hoe: "Ô ry Ibrâhim, tena marina fa**

**Manam-pahaizana Aho ka mitia an'izay rehetra manam-pahaizana »**

9- **« Fahafatesan'ny foko iray dia maivan-danja kokoa noho ny fahafatesan'ny manam-pahaizana »**

10- **« Izay mamakafaka ny finoan'i Allâh dia esorin'i Allâh ny fahasahiranany ary omeny anjaramasoandro izay tsy voatanisa izy »**

11- **« Hanelanelana amin'ny andro fitsanganana karazan'olona telo: Ireo mpaminany, avy eo ireo manam-pahaizana, izay vao ireo maritiora »**

12- **« Ny fanomezana masina(sadaqa) tena mendrika dia ny fianaran'olona fahalalana avy eo ampianariny ny rahalahiny izany »**

13- **« Tena marina fa i Allâh sy ireo Anjeliny eny fa hatramin'ireo vitsika ao an-davany, hatramin'ny trozona ao an-dranomasina aza dia mitsodrano an'ireo mpampianatry ny olona hatsarana »**

14- **« Fijerena ny tarehin'ny manam-pahaizana dia fanompoana »**

15- **«Ny Fahafatesan'ny manam-pahaizana iray dia habangana iray ao amin'ny Islâmo izay tsy ho feno na hifandimby aza ny alina sy ny andro »**

**D-LANJAN'NY MPITADY SY FITADIAVAM-PAHALALANA ARAKA NY (SONNAT) LOVANTSOFIN'NY MPAMINANY MASINA**

Hoy ny lehibentsika Mohammad (saw) hoe:

1- **« Ny fitadiavam-pahalalana dia antery amin'ny mpino silamo rehetra »**
2- **« Tadiavonareo ny fahalalana na dia any Chine aza no misy azy, fa ny fitadiavam-pahalalana dia antery amin'ny mpino silamo rehetra »**
3- **« Izay nitady fahalalana ka nahazo izany dia soratan'i Allâh ho azy ny valisoa roa, ary izay nitady fahalalana nefa tsy nahazo izany dia soratan'i Allâh ho azy valisoa iray »**
4- **« Izay te hahita ny olona afahan'i Allâh avy ao amin'ny Afobe, dia aoka izy hijery an'ireo izay mpitady fahalalana,fa ianianako amin'Ilay eo am-pelatanany ny aiko fa na iza na iza mpitady fahalalana nandondom-baravarana ny manam-pahaizana samihafa raha tsy soratan'i Allâh ho azy isaky ny dingana iray, valisoan'ny fanompoana iray taona; sy hatsangan'i Allâh ho azy, isaky ny dingana iray tanàn-dehibe iray ao am-paradisa; sy amin'izy mandeha an-tongotra amin'ny tany dia hangataka famelan-keloka ho azy ny tany; ary amin'ny hariva sy amin'ny maraina dia voavela ny helony, ka hijoro vavolombelona ireo Anjely fa izy ireo dia afahan'i Allâh ao amin'nyAfobe »**
5- **«Izay mpitady fahalalana dia toy ny mpanao fifehezana amin'ny andro sy mpivavaka amin'ny alina; ary ny antokom-pahalalana ianaran'ny**

**olona iray dia tsara ho azy noho ny vaingam-bolamena iray vohitra izay laniany ao anatin'ny làlan'Andriamanitra »**

6- **« Izay mandeha mitady fahalalana dia ao anatin'ny làlan'Andriamanitra foana izy mandra-piverenany »**

7- **« Ny mpitady fahalalana eo anatrehan'ny bado dia toy ny velona eo anatrehan'ny maty »**

8- **« Raha iharan'ny fahafatesana ny mpitady fahalalana ka mbola ao anatin'ny fitadiavam-pahalalana izy no maty dia maty maritiora »**

9- **« Izay mianatra antokom-pahalalana iray mba hamelomany ny Islâmo dia laharana iray no manelanelana azy amin'ireo mpaminany any amin'ny paradisa»**

10- **« Ny mpitady fahalalana dia velarin'ireo Anjely ho azy ny elany ho fankasitrahany izay norantoviny »**

11- **« Izay manaraka ny làlana mizotra mankany amin'ny fitadiavam-pahalalana dia i Allâh no hampizotra azy amin'ny làlana iray amin'ireo làlana mankany am-paradisa »**

12- Voalaza ao amin'ny tantaran'ny Mpaminany masina fa ny lehibentsika Mohammad(saw) raha niditra tao amin'ny Moske dia nahita vondron'olona roa: ny vondrona voalohany dia mpino silamo milona ao anatin'ny **fahatsiarovana an'**Andriamanitra(zhikrollâh) sy ny fanompoana, ary ny vondrona faharoa dia fandalinam-pahalalana; fa hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Ireo vondrona anankiroa ireo dia samy ao amin'ny fahatsarana satria ny iray mivavaka amin'i Allâh,**

**ny iray kosa mianatra sy mampianatra ny bado, ka ireto no tena mendrika, nohon'ny antony fahalalana nanirahana Ahy »**

Ireo vondrona teny masina (ahadith) voalaza ireo dia manambara amintsika ny mahazava-dehibe ny fahalalana eto **ambonin'ny tany** sy ny vokatsoan'izany any an-koatra.

Ny fandrosoana **iainan'**ireo mpino silamo sy ny fivoarana eo anivon'ny **tontolon'**Islâmo dia vokatr'ity tahirin-kevitra lehibe avy amin'ny soratra masina ity, sy vokatry ny fanamafisana ny fitadiavam-pahalalana sy ny **anjara toeran'**ireo manam-pahaizana; ary ankoatra izany koa moa ny lalàna islamika dia manamafy ny fitadiavam-pahalalana mifandray tanteraka amin'ny fananam-pinoana(imân); satria ny fiaraha-monina islamika dia mifototra amin-javatra roa: dia ny "fahalalana"('ilm) ary ny "fananam-pinoana"(imân).

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fahaizana sy ny fitadiavam-pahalalana eo amin'ny Islâmo dia manana **anjaratoerana** ambony tokoa, ary fantatra moa fa ny **fanambaran'Andriamanitra voalohany** voarain'ny lehibentsika Mohammad (saw) dia ny fampahatsiarovana ny fahasoavana azo avy amin'ny fahalalana. Ny Kor'âny masina sy ny "sonnat" **lovan-tsofina** Mpaminany masina dia midera ny fananan'ireo manam-pahaizana voninahitra sady **mampirisika** amin'ny fitadiavam-pahalalana.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Lazao ireo andinin-tsoratra masina(ayât) ao amin'ny Kor'âny masina izay manondro ny **anjara toeran'**ireo manam-pahaizana.

2-Ahoana ny **anjara toeran'**ireo manam-pahaizana ao amin'ny (sonnat) **lovan-tsofin'**ny Mpaminany masina? Porofoy amin'ny alalan'ny teny masina (hadith) iray izany.

3-Iza ireo voavonjy amin'ny andron'ny fitsanganana ? Porofoy amin'ny alalan'ny tenin'ny mpaminany masina izany.

4-Lazao ilay tenin'ny Mpaminany masina manambara ny **anjara toeran'**ireo manam-pahaizana izay noharina **tamin'ny** mpanompo

5-Inona no **anjara toeran'**ny fahalalana eo amin'ny **fampandrosoana** islamika?

***************

## LESONA FAHA-02

## ANJARA TOERAN'NY FAHALALANA SY IREO MANAM-PAHAIZANA AMIN'NY ISLAMO(2)

### D-LANJAN'NY FAHALALANA SY IREO MANAM-PAHAIZANA AO AMIN'NY (AHADITH) TENY MASIN'IREO AHLOL-BAYT(AS)

1-Nilaza ny Imâmo Ali(as) hoe: **« Ô ry olombelona, aoka ho fantatrareo fa ny fahafenoan'ny finoana(dine) dia ny fitadiavam-pahalalana sy fampiharana azy, tsy hainareo va fa ny fitadiavam-pahalalana no natao antery aminareo noho ny fitadiavan-karena?! Fa ny harena dia voazara sy iantohana ho anareo; efa mizara sy miantoka izany ho anareo tsirairay avy Ilay Andriamanitra tsy miangatra, ka hanatanteraka izany ho anareo; fa ny fahalalana kosa voatahiry ao amin'izay manana azy, koa voabaiko ianareo mba hikaroka izany amin'izay manana azy fa dia tadiavinareo izany »**

2-Hoy koa Izy(as) : **«Ny fahalalana dia mendrika kokoa noho ny harena amin-javatra fito:**

**Voalohany: Ny fahalalana dia lova tamin'ireo mpaminany fa ny harena kosa dia lova tamin'ireo Firaona**

**Faharoa: Ny fahalalana dia tsy mihena amin'ny fandaniana fa ny harena mihalany amin'izany**

**Fahatelo: Ny harena dia mila mpiambina fa ny fahalalana dia mpiambina sy mpiaro ny tompony .**

**Fahaefatra:Ny fahalalana dia miditra hatrany amin'ny lambam-paty(kafan) fa ny harena kosa dia mijanona ety ivelany**

**Fahadimy: Ny harena dia samy afaka mahazo azy ny mpino sy ny jentilisa fa ny fahalalana kosa dia natokana ho an'ny mpino**

**Fahaenina: Ny olon-drehetra dia mila ny tompom-pahalalana mikasika ny raharaham-pinoany fa tsy mba mila ny tompon'ny harena**

**Fahafito: Ny fahalalana dia mampatanjaka ny olona eo am-pandalovana an'ilay tetezan-dàlana(Sirâto) fa ny harena kosa dia manakana azy »**

3-Hoy koa Izy (as) : **« Ny lohan'ny voninahitra dia ny fahalalana ary ny tanjona amin'ny voninahitra dia fahalalana »**

4-Hoy koa Izy (as) : **« Ny fahalalana dia lova masina »;** hoy Izy (as): **« Ny fahalalana dia manarona an'ireo haratsiana »**; hoy Izy(as): **« Ny fahalalana dia zavatra izay very amin'ny mpino »**

5-Nilaza kosa ny Imâmo Zaynoul-'Abidine(as) hoe: **« Raha mba fantatry ny olona ny zava-tsoa ao amin'ny fitadiavam-pahalalana dia notadiavin'izy ireo izany na dia mihatra aman'aina sy hilentika anaty ranomasina lalina aza; Allâh Avo Indrindra dia nanambara tamin'i Dâniel hoe: Ny tena halako amin'ireo mpanompoko dia ireo bado izay manamaivana ny zon'ireo manam-pahalalana ka tsy mba mizotra amin'ny làlan'izy ireo, fa ny tena tiako**

**amin'ireo mpanompoko dia ireo vontom-pinoana mpitady tombontsoa betsaka amin'ny fifaneraserana amin'ireo manam-pahalalana sy fanarahana an'ireo olon-kendry ary fanatonana azy ireo »**

6-Voalazan'ny Imâmo Bâqir(as) kosa dia hoe: **« Izay mampianatra fahitsiana iray dia hahazo valisoa sahala amin'ny valisoa azon'ireo izay nanatanteraka izany, izay tsy hampihena akory ny valisoan'ity farany; fa izay mampianatra fahaverezana iray kosa dia hahazo sazy mitovy amin'izay nanatanteraka izany sady tsy misy zavatra afaka mampihena izany sazy izany»**

7-Hoy koa ny Imâmo Ridhâ(as) hoe: **«Izay mampianatra fahalalana aminareo dia ho valian-tsoamitovy amin'ny mpianatra sady omem-boninahitra amin'izany izy, fa dia mianara fahalalana avy amin'ireo izay mpitondra fahalalana ianareo ka mampianara izany amin'ireo rahalahinareo tahaka ny nampianaran'ireo manam-pahaizana izany taminareo»**

8-Niteny ny Imâmo Sâdiq (as) hoe: **« Izay mampianatra hatsarana dia mahazo valisoa mitovy amin'ny olona nanatanteraka izany,** ary nanontany Azy ny **mpanara-diany** antsoina hoe Abou Basîr hoe: **Raha ampianariny amin'ny hafa indray ve izany dia mbola hahazoany valisoa?** Hoy Izy (as): **Na dia ampianariny amin'ny olon-drehetra aza izany dia hahazoany valisoa avokoa!** Fa hoy Abou Basîr : **Ary raha maty izy?** Namaly Izy (as) hoe: **Eny na dia efa maty aza izy dia mbola hahazo valisoa »**

9-Hoy ihany Izy (as) hoe: **« Izay mianatra fahalalana sy mampihatra izany ary mampianatra izany ho an'i Allâh dia izy no henin-kaja amam-boninahitra any an-danitra, ary misy milaza hoe: "Nianatra izy ho an'i Allâh sady nampihatra izany ho an'i Allâh ary nampianatra izany koa ho an'i Allâh »**

**E-VONINAHITRY NY MANAM-PAHAIZANA EO ANATREHAN'IREO MPANOMPO**

Mikasika an'ity lohahevitra ity dia **ireto misy** vondrona teny masina manambara izany:

1-Hoy ny lehibentsika Mohammad (saw) : **« Ny fahalalana dia mendrika kokoa noho ny fanompoana »**

2-Hoy koa Izy (saw) hoe: **« Izay mandeha mitady antokom-pahalalana iray entiny hanoherana ny fahadisoana mba ho lasa fahamarinana, na ny fahaverezana ho lasa fahitsiana, dia toy ny fanompoan'ny mpanompo nandritra ny efapolo taona no asa ataony »**

3-Hoy koa Izy (saw) : **«Ny Torimaso miaraka amin'ny fahalalana dia tsara mihoatra ny salât miaraka amin'ny habadoana »**

4-Hoy ihany Izy(saw) : **« Ny fitadiavam-pahalalana eo anatrehan'i Allâh dia mendrika mihoatra ny salât sy ny fifehezana(sawm) sy ny fivahinianana masina(hajj) ary ny ezaka masina(jihâd) ao amin'ny làlan'Andriamanitra »**

5-Hoy Izy (saw): **« Ny voninahitry ny manam-pahaizana eo anatrehan'ny mpanompo dia toy ny voninahitry ny volana mandritra ny alin'ny fenomanana eo anatrehan'ireo karazana kintana samihafa »**

6-**«Ny voninahitry ny manam-pahaizana eo anatrehan'ny mpanompo dia ahitana laharam-boninahitra fitopolo, ka isaky ny laharam-boninahitra anankiroa dia mielanelana fandehanan-tsoavaly mandritra ny fitopolo taona; satria manko ny Satana dia nametraka ny fanavaozam-pinoana**

**diso ho an'ny olombelona ka tsikaritry ny manam-pahaizana izany ary dia nesoriny, fa ny mpanompo dia mpanatanteraka an-jambany fotsiny ny fanompoany »**

7-**«Ny Mpahay lalàm-pinoana iray dia mafy eo anatrehan'ny Satana noho ny mpanompo tsotra arivo »**

8-Hoy hatrany Izy (saw) : **« Salât (misy fiondrehana raka'at) iray ataon'ny manam-pahalalana an'Andriamanitra dia tsara lavitra noho ny salât (misy fihondrehana raka'at) arivo ataon'ny bado momba an'Andriamanitra »**

9-Hoy ny lehibentsika Ali (as) : **« Ny tenim-pahendrena henon'ny olona ka lazainy na ampihariny dia tsara mihoatra ny fanompoana iray taona»**

10-Hoy ny Imâmo Bâqir(as) : **« Fahatsiarovam-pahalalana adiny iray dia tsara mihoatra ny fanompoana mandritry ny alina »**

11-Hoy koa Izy(as) hoe: **«Ny Manam-pahaizana mampihatra ny fahalalany dia mendrika kokoa noho ny fanompoana ataon'ireo mpanompo miisa fito alina »**

12-Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **« Ny manam-pahaizana dia mendrika kokoa noho ny mpanompo arivo manana fandavan-tena amin'ny fivavahana, miisa arivo»**

## F-<u>NY TANJONA AMIN'NY FAHAZOANA FAHALALANA</u>

Novakiantsika tamin'ity lesona ity sy ny lesona teo aloha ireo **vondron-tenin'ny** Mpaminany(saw) sy ireo Ahlol-Bayt(as) izay manambara ny **anjara toeran'**ny fahalalana sy ny voninahitr'ireo manam-pahaizana. Ankehitriny kosa isika dia handeha **hofantarina** ny valim-panontaniana hoe: fahalalana inona no voalaza fa manana ny **anjara toerana** ambony, ary manam-pahaizana ahoana no henin-kaja amam-boninahitra toy izany?

Ny valin'izany fanontaniana izany amin'ny ankapobeny dia azo **ambara** fa ny karazam-pahalalana rehetra dia manana ny mahazava-dehibe azy avokoa **arakaraka** ny sehatra ilàna azy,ary afaka mampandroso ny fiaraha-monina araka ny **tombon-tsoa** azo avy aminy. Araka izany ny fandrantoam-pahalalana eo amin'ny sehatra samihafa dia voasokajy ao anatin'ny "wâjibo kifâ-y" **an-tery** voafetra ao amin'ny lalàna islamika (izany hoe: asa an-tery ho an'olona rehetra nefa raha misy olona iray mitsangana manatanteraka ny asa izany dia tsy an-teryamin'olona hafa intsony ny manao izany); ankoatra ireo teny masina (ahadith) izay mampisongadina manokana ny fiderana sy fanajana ny fahalalana ara-pinoana sy ireo manam-pahaizana momba ny finoana **araka**izao voalaza manaraka izao:

**Voalohany:** Tenin'ny Mpaminany (saw) manao hoe: **«Ny Fahafatesan'ny manam-pahaizana iray dia fahabangana iray ao amin'ny Islâmo izay tsy ho feno na hifandimby aza ny alina sy ny andro »**

**Faharoa:** Tenin'ny Mpaminany masina manao hoe: **« Ianianako amin'Ilay eo Ampelan-tanany ny ain'i Mohammad fa ny manam-pahaizana iray dia mafy kokoa eo anatrehan'ilay satana Iblis noho ny mpanompo arivo satria ny mpanompo dia ho an'ny tenany samirery fa ny manam-pahaizana kosa dia ho an'ny hafa»**

**Fahatelo:** Voalaza ao amin'ny tantaran' ny Mpaminany masina fa ny lehibentsika Mohammad(saw) dia niditra tao amin'ny Moske ka nahita olona iray **nitangoronan'ny olona** maro ary nanontany Izy(saw) hoe: **Fa inona izao?** Nisy namaly hoe: **Manam-pahaizana!** Hoy Izy(saw) :**Manam-pahaizana mikasika ny inona?** Namaly Azy izy ireo hoe: **Izy no mahalala kokoa noho ny olona, ireo firazanan'ny arabo sy ny tantarany ary ny vanim-potoana talohan'ny Islâmo sy ireo tononkalon'ny arabo;** fa hoy Izy(saw) : **Izany fahalalana izany dia tsy mitera-boka-dratsy ho an'izay tsy mahalala azy no sady tsy mitera-boka-tsoa ho an'izay mahalala azy,** avy eo Izy nanohy ny teniny nilaza hoe: **Ny fahalalana dia mizara telo: Fahalalana momba ny andinin-tsoratra masina mazava tsara, na momba ny adidy tsy maintsy atao, na sori-dàlana(sounat) mijoro,fa ny ankoatra izany dia zava-poana.**

**Fahaefatra:** Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) **fa**: **« Tena marina fa ireo manam-pahaizana no mpandova an'ireo mpaminany, fa ireo mpaminany dia tsy mba nampandova vola dirham na dinar(harena) nefa kosa nampandova teny avy amin'ny tenin'izy ireo(ahadith) ka izay nandray zavatra avy amin'izany dia efa nandray harena betsaka,koa mba jereo tsara ny fahalalanareo, avy tamin'iza no nahazoanareo**

**azy?Fa tsy maintsy misy solon-tenanay Ahlol-Bayt(as) foana isaky ny taranaka amam-para mba hanohitra ny fanovàna ataon'ireo mpanararaotra sy hanaisotra ny fahadisoana ary hanitsy ny hevi-dison'ny habadoana**

Noho izany, ny fahalalana ara-pinoana no manana ny anjara toerany manokana noho izy mahafaoka tombontsoa betsaka amin'ny fiarahamonin'ny olombelona.

Ary arakaraka ny fielezan'ny fahalalana ara-pinoana no mahatonga ny finoana ho voaaro kokoa amin'ny fanovàna ataon'ireo **mpioha-pefy** sy ny **fanoherana ataon'nympihetraketraka.**

**Famintinana :**

- Ireo "ahadith" tenin'ireo Ahlol-Bayt(as) dia manazava tsara ny **anjara toeran'ny** fahalalana sy ny voninahitr'ireo manam-pahaizana ka dia miantso an'ireo mpino silamo mba hitady fahalalana sady tena **mampirisika** azy ireo hanao izany tokoa; ary nametraka ny fitadiavam-pahalalana ho adidy tsy maintsy atao noho ny fitadiavan-karena.
- Ny lalàna islamika dia manome lanja kokoa ny fahalalana mihoatraamin' ny fanompoana sy ny **fananam-pahaizana** mihoatra **fanompoana**.
- Ny Islâmo dia nanao ho laharam-pahamehana amin'ny fitadiavam-pahalalana momba ny fahalalana ara-pinoana sy ny fandalinana azy noho izy ahitana hatsarana betsaka izay mahasoa ny fiarahamonina.

**Fanontaniana :**

1-Nahoana no ilazan'ny Imâmo Ali(as) fa ny fitadiavam-pahalana no **an-tery** kokoa raha **ampitahaina** amin'ny fitadiavan-karena?

2-Inona avy ireo endrika tsy itovian' ny fahalalana amin'ny harena? Hazavao amin'ny alalan'ny (hadith) tenin'i Imâmo Ali(as) izany.

3-Nahoana no ilazàna ny manam-pahaizana ho mendrika kokoa noho ny mpanompo? Hazavao izany amin'ny alalan'ireo "ahadith" voalaza tao amin'ny lesona anankiroa teo aloha.

4-Moa ve ireo lafim-pahalalanasamihafa manana ny voninahiny mitovy ? Inona no mahazava-dehibe ny voninahitra?

***************

## LESONA FAHATELO

## NY FAHALALAM-POMBA SY NY TSY MAINTSY ATAO IRAISAN'NY MPAMPIANATRA SY NY MPIANATRA(1)

Fantatsika tamin'ireo lesona teo aloha ny **anjara toeran'ny** fahalalana sy ny voninahiny, fa izao kosa isika dia hahafantatra ny fahalalam-pomban'ny Islâmo amin'ny fampianarana sy ny fianarana.

Ny manam-pahaizana lehibe ara-pinoana islamika, ny Chahîd Thâny dia **nametraka fizarana telo momba ity fahalalam-pomba ity**

1-Ny adidy tsy maintsy atao iraisan'ny mpampianatra sy ny mpianatra na ny mpanabe sy ny beazina.

2-Ny adidy tsy maintsy ataon'ny mpampianatra na ny mpanabe manokana.

3-Ny adidy tsy maintsy ataon'ny mpianatra na ny beazina manokana.

Toy izao ny fanazavana antsipiriany ity fahalalam-pomba ity araka ny fijerin'ny Chahîd Thâny(r.a):

**<u>Ireo adidy tsy maintsy atao iraisana</u> :**

Adidin'ny mpampianatra sy ny mpianatra no mitandrina ireto zavatra manaraka ireto:

**1-<u>Fahadiovam-po amin'ny fikasana(nyat)</u> :**

Nanafatra an'ireo mpino ny finoana Islâmo mba hadio fo (tsy hiroaroa saina) amin'izay fikasan'asa na fihetsika rehetra ataony fa tokony hataony ho an'i Allâh Avo Indrindra irery ihany izany; fa ny fahazoana valisoa maharitra sy ny fanambinana mandrakizay amin'ny asa dia tsy tanteraka raha tsy amin'ny alalan'ny fanaovana fikasana madio. Ary ny fototra sy hasin'ny asa moa dia miafina ao amin'ny fikasana (nyat), fa raha madio ho an'i Allâh irery ihany ny fikasan'ny olona dia voasoratra ho azy ny valisoa maharitra sy mandrakizay; hoy indrindra i Allâh Avo Indrindra : مَا عِندَكُمْ يَنفَدُ وَمَا عِندَ اللّهِ بَاقٍ

**« Izay rehetra anananareo dia hanam-pahataperana fa izay an'Andriamanitra kosa dia hitoetra mandrakizay»kor'âny 16/96**

Ny hevitry ny fahadiovam-pikasana moa dia ny mba tsy hananan'ny olona eritreritra amin'ny asa ataony afa-tsy ny mba ho fifalian'i Allâh ary tsy tokony hanana tanjona hafa ankoatra izany izy. Fantatra moa fa ny fihetsiky ny zava-drehetra dia mizotra mankany amin'ny faharavana, afa-tsy i Allâh (Avo Indrindra), koa izay miasa ho an'ny hafa ankoatra i Allâh dia ho matiantoka. Hoy ny Kor'âny masina hoe:

قُلْ هَلْ نُنَبِّئُكُمْ بِالْأَخْسَرِينَ أَعْمَالاً الَّذِينَ ضَلَّ سَعْيُهُمْ فِي الْحَيَاةِ الدُّنْيَا وَهُمْ يَحْسَبُونَ أَنَّهُمْ يُحْسِنُونَ صُنْعاً

**«Lazao hoe: ampahafantarinay anareo ve ireo izay matiantoka indrindra amin'ny asany? Ireo izay diso làlana amin'ny ezaka nataony tamin'izao fiainana izao, kanefa mihevitra izy ireo fa manao ny tsara»kor'âny 18/103-104**

Hoy Ilay Avo Indrindra :

مَن كَانَ يُرِيدُ حَرْثَ الْآَخِرَةِ نَزِدْ لَهُ فِي حَرْثِهِ وَمَن كَانَ يُرِيدُ حَرْثَ الدُّنْيَا نُؤتِهِ مِنْهَا وَمَا لَهُ فِي الْآَخِرَةِ مِن نَّصِيبٍ

**«Izay te hiasa ho amin'ny fiainana any an-koatra, dia ampitomboinay ny asa vitany; ary izay te hiasa ho amin'ny fiainana ankehitriny, dia omenay azy izany; saingy tsy hanana anjara amin'ny any an-koatra izy»kor'âny 42/20**

Hoy ihany Ilay Avo Indrindra :

مَّن كَانَ يُرِيدُ الْعَاجِلَةَ عَجَّلْنَا لَهُ فِيهَا مَا نَشَاء لِمَن نُّرِيدُ ثُمَّ جَعَلْنَا لَهُ جَهَنَّمَ يَصْلاهَا مَذْمُوما مَّدْحُوراً

**«Izay maniry izao fiainana fandalovana izao, dia haingana Izahay manome izay tianay amin'izay sitrakay.Avy eo dia homenay ho azy ny (Afobe) Gehena izay handoro azy am-pahamelohana»kor'âny 17/18**

Hoy ny lehibentsika Mohammad (saw) : **«Tena marina ny asa dia miankina amin'ny fikasana, ary ny olona dia hahazo ny valin'asany araka ny fikasany; fa izay mirona mankany amin'i Allâh sy ilay Irany dia any amin'i Allâh sy ilay Irany tokoa no fironany, ary izay mirona amin'ny fiainana eto an-tany na any amin'ny vehivavy halainy ho vady no fikasany dia mankany izany no fironany »**

Araka izany ny fanatanteraham-pikasana madio dia ny fanomezan-danja ny fifalian'i Allâh(Be Voninahitra sy Avo Indrindra) sy ny lehibentsika Mohammad(saw) amin'ny asa rehetra ataontsika indrindra fa amin'ny fampianarana sy

fianarana; izany no ilazan'ny lehibentsika Mohammad(saw) fa: **« Ny fikasan'ny mpino dia tsara noho ny asany »**

**<u>Fomba fanatanterahana ny fahadiovam-po amin'ny fikasana</u> :**

Mba hahatongavana amin'ny fahadiovam-po amin'ny fikasana dia ilaina ny fahadiovana ara-panahy sy fanadiovana azy amin'ny loto rehetra. Izany hoe: tsy tokony **hisy** zavatra hafa ankoatra ny finoana an'i Allâh(Be Voninahitra sy Avo Indrindra) ao anatin'ny fo fa atokana ho an'i Allâh irery ihany ny fanompoana; hoy Ilay Avo Indrindra :

فَاعْبُدِ اللَّهَ مُخْلِصاً لَّهُ الدِّينَ أَلَا لِلَّهِ الدِّينُ الْخَالِصُ

**«Koa tompoy àry i Allâh,atokany ho Azy samirery ny fivavahana, moa ve tsy an'i Allâh irery ny finoana madio »kor'âny 39/02-03**

Hoy i Allâh Tsitoha : وَمَاأُمِرُواإِلَّالِيَعْبُدُوااللَّهَ مُخْلِصِينَ لَهُ الدِّين َحُنَفَاء وَيُقِيمُوا الصَّلَاةَ وَيُؤْتُوا الزَّكَاةَ وَذَلِكَ دِينُ الْقَيِّمَةِ

**« Ary tsy nodidiana izy ireo raha tsy ny mba hanompoan'izy ireo an'i Allâh samirery amin'ny finoana madio sy ny mba hanaovan'izy ireo ny salât, sy ny hanome hetra masina zakat fa izany no finoana marina »kor'âny 98/04**

Toy izany koa ny fahadiovam-po amin'ny fikasana dia mitaky ny fepetra amin'ny fanatonana an'i Allâh aorian'ny finoana **ny mahatokana azy**Tawhîd araka izao voalazan'Ilay Avo Indrindra izao manao hoe:

فَمَن كَانَ يَرْجُو لِقَاء رَبِّهِ فَلْيَعْمَلْ عَمَلاً صَالِحاً وَلَا يُشْرِكْ بِعِبَادَةِ رَبِّهِ أَحَداً

**«Koa izay maniry ny hihaona amin'Andriamanitra Tompony, dia aoka izy hanao asa soa, ary aoka izy tsy hampikambana zavatra hafa amin'ny Tompony na iray aza amin'ny fanompoana Azy »kor'âny 18/110**

Ny fahadiovam-po amin'ny fikasana dia mamaritra ny hasin'ny asa, hitantsika amin'izany àry fa ny fikasana raha atao ho an'Andriamanitra hafa **ankoatran'i** Allâh dia miteraka fatiantoka ho an'ny olona.

Hoy ny lehibentsika Mohammad (saw) : **« Izay mianatra fahalalana tokony hikatsahana hatrany ny hafalian'i Allâh (Avo Indrindra) nefa nataony fitaovana mba hahazoany fiainana ety an-tany dia amin'ny andron'ny fitsanganana izy, tsy haheno akory ny fofon'ny Paradisa »**

Hoy Izy(saw) : **« Izay mianatra fahalalana ho an'ny hafa ankoatran'i Allâh, sady ampiasainy izany ho an'ny ankoatran'i Allâh dia hitoetra amin'ny sezany ao amin'ny Afobe izy »**

Hoy koa Izy (saw): **« Izay mitady fahalalana entina hanambaniana ny manam-pahaizana na hanjakajakana amin'ny bado sy ireharehana amin'ny olona dia ampidirin'i Allâh ao amin'ny Afobe»**

Hoy ihany Izy (saw) hoe: **« Aza mampianatra fahalalana ianareo izay entina hanjakajakana amin'ny bado na entina hiadian-kevitra amin'ny manam-pahaizana, na hireharehana eo anatrehan'ny olona, ary mitadiava izay ao amin'i Allâh amin'ny fiteninareo fa izany no mitoetra**

**sy maharitra fa ny ankoatra izany dia ho rava avokoa; aoka ianareo mba ho loharanom-pahendrena, fanilon'ny tari-dàlana, karipetran'ireo trano, jiro mpanazava amin'ny alina, mpamelombelona ny fo,mitafy lamba marefo, mba ho fantatr'ireo any andanitra, nefa tsy fantatr'ireo ety an-tany»**

Hoy koa Izy (saw) hoe: **« Izay mitady fahalalana nohon'nyantony efatra dia hiditra anaty Afobe: hisehosehoana amin'ireo manam-pahaizana na hanjakajakana amin'ireo bado na hireharehana eo anatrehan'ny olona na hitadiavana fitondrana»**

Voalaza ao amin'ny tenin'ny Mpaminany masina koa fa: **« Raha mitombo ny fahalalana amin'ny mpanompo iray sady mitombo ihany koa ny fitiavany ny fiainana eto an-tanydia lasa mitombo koa ny fanalavirany an'i Allâh »**

Hoy ny Imâmo Ali (as) araka ny tenin'ny lehibentsika Mohammad (saw) : **« Olona tendàna anankiroa no tsy mety voky: mpitady ny fiainana eto an-tany sy ny mpitady fahalalana, fa izay mionona amin'izay nankasitrahan'i Allâh ho azy dia salama ary izay mandray ny ankoatra ny nankasitrahan'i Allâh kosa dia potika afa-tsy izay mibebaka sy miverina; izay mandray fahalalana avy amin'ny tompony ka mampihatra izany dia avotra fa izay mitady fiainana eto an-tany avy amin'izany dia izany ihany no anjarany»**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **«Raha mahita ianareo manam-pahaizana mitia ny fiainana eto an-tany dia ahiahianareo**

**izy amin'ny finoanareo satria ny olona mitia zavatra iray dia mihodidina an'izany zavatra tiany izany »**

Hoy Izy(as) : nanafatra an'i Dâwod i Allâh (Avo Indrindra) nilaza hoe:

**« Aza asiana manam-pahaizana fatra-pitia ny fiainana ambonin'ny tany manelanelana Ahy sy ianao fa manakana anao ho any amin'ny làlan'ny fitiavako izany, fa izy ireo no mpanapaka ny làlan'ireo mpanompoko izay mila Ahy, ary ny farafahakelin'ny famaizana ampihariko amin'izy ireo dia ny fanesorako ao am-pon'izy ireo ny fitiavana mitalaho Amiko »**

Hoy koa Izy(as) : **« Niteny ilay Irak'Andriamanitra(saw) hoe: Ireo manam-pahaizana no olona atokisan'reo Irak'Andriamanitra raha mbola tsy tafiditra ao anatin'ny fiainana eto an-tany; nisy nanontany, Ô ry ilay Irak'Andriamanitra, ahoana no fidiran'izy ireo amin'ny fiainana eto an-tany? Hoy Izy: Fanarahana manam-pahefana, fa raha manao izany izy ireo dia mitandrema ianareo amin'ny finoanareo»**

Eto dia **tsapantsika**fa ny voalohan'ny fepetra amin'ny fitadiavam-pahalalana sy ny fahazoana azy dia mba atao nohon'nyantony fikatsahana hatrany ny fifalian'i Allâh(Be Voninahitra sy Avo Indrindra) sy amin'ny alalan'ny fahafantarana Azy(Be Voninahitra) fa izany no hanasoavan'i Allâh antsika eto an-tany sy hanomezany ho antsika ny famindram-pony any ankoatra.

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fahazoana ny fifalian'i Allâh no tanjon'ny olombelona mpino silamo, eo amin'ny raharaham-piainany rehetra; noho izany dia an-tery amin'ny mpanabe sy ny beazina na ny mpampianatra sy ny mpianatra ny mametraka eo ambany mason'izy ireo izany tanjona izany; ka ilaina ny fanaovan'izy ireo fikasana madio ho an'i Allâh irery ihany satria ny fototra sy ny fahazoana sitraka amin'ny asa dia miankina amin'ny fahadiovam-pikasana.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Iza ireo olona matiantoka eo amin'ny fiainana? Porofoy amin'ny alalan'ny andinin'ny Kor'âny izany.

2-Ahoana no hanatanterahana ny fahadiovam-po amin'ny fikasana?

3-Inona no tanjona amin'izay nampitandreman'ny Mpaminany Mohammad(saw) antsika ao ambadiky ny fahazoana fahalalana?

4-Karazana manam-pahaizana manao ahoana no nampitandreman'ny Imâmo Sâdiq(as) antsika?

5-Manam-pahaizana ahoana no atokisan'ireo Irak'Andriamanitra? Lazao ny tenin'ny Mpaminany masina manambara izany.

***************

## LESONA FAHA-04

## NY FAHALALAM-POMBA SY NY TSY MAINTSY ATAO IRAISAN'NY MPAMPIANATRA SY NY MPIANATRA(2)

Hitantsika tamin'ny lesona teo aloha ny voalohan'ny adidy tsy maintsy atao iraisana sy voatokana ho an'ny mpampianatra sy ny mpianatra amin'ny fomba mitovy dia ny fanaovana fikasana amin'ny fo madio. Mbola hasehontsika amin'ity lesona ity ihany koa anefa ny adidy tsy maintsy atao hafa iraisan'izy ireo.

**2- <u>Ny fahalalana sy ny asa</u> :**

Ny adidy tsy maintsy ataon'ny mpampianatra sy ny mpianatra itovizan'izy ireo dia ny asa; satria ny fitadiavam-pahalalana sy ny fampianarana ny olona dia tsy tanjona loatra fa ny tena tanjona dia ny asa sy ny fitondrantena. Ny fiainan'ny olombelona raha miankina amin'ny fanandramana araka asa dia toy izany koa ny asa , mitaky ny fananana fahalalana; misy amin'ny olona izay miasa tsy amim-pahalalana dia very, ary misy ihany koa amin'ny làla-mahitsy.

Hoy ny lehibentsika Ali zanak'i Abou Tâlib (as) : **« Ny mpiasa tsy amim-pahalalana dia toy ny olona mandeha amin'ny làlana tsy-izy, ka vao mainka mitondra azy manalavitra ny faniriany ny làlany, fa ny mpiasa amim-pahalalana kosa dia toy ny olona mandeha amin'ny làlana mazava ka afaka miroso na miverina »**

Ny Imâmo dia miangavy antsika mba hiasa miaraka amin'ny fisainana sy fandinihana ary fahalalana; sy hitondràntsika ny

fiainantsika mifanaraka amin'ny fitsipika izay mitarika antsika amin'ny làla-mahitsy satria ny fizorana amin'ny làlana tsy izy dia mitarika amin'ny fahaverezana. Ny olona tsirairay dia mila mitandrina tsara amin'ny fihetsiny sy ny tanjona tiany hahatongavana. Izany no nahatonga an'i Imâmo Sâdiq(as) nilaza fa: **« Ny mpiasa tsy amim-pahalalana dia toy ny olona mandeha amin'ny làlana tsy izy,ka ny fandehanany haingana amin'izany làlana izany dia vao mainka mitondra azy any amin'ny fahalavirana»**

Ary ankoatra izany rehetra izany dia hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Ny tahaka ny mpanompo izay tsy manam-pahalalana dia toy ny manangana trano amin'ny alina ary mandrava azy amin'ny antoandro »**

Amin'ity tenin'ny Mpaminany masina ity dia mampitaha ny olona izay miari-tory amin'ny alina manao fanompoana fa rehefa maraina ny andro dia manao fihetsika tsy amim-piheverana, sy tsy amin'ny fahalalana, ary tsy amin'nyfisainana. Izany hoe manao fahotana izay manafoana ny valisoa azony tamin'ny fanompoana.

Ny asan'ny olona tsy manana fahalalana dia asa tsy mba manana tanjona sady mihodina amin'ny fihodinana poak'aty. Hoy ny lehibentsika Ali(as) hoe: **« Ny fanompoana tsy amim-pahalalana dia toy ny apondra mpanodina milina fitotoana, mihodidina ihany nefa tsy mihetsika amin'ny toerany »**.

Ny olona toy izany dia **manary** ny ezaka rehetra nataony ary tsy handroso mihitsy amin'ny fiainana no sady tsy ho tonga amin'ny fahalavorariana satria ny asa nataony dia tsy mba

nisy fahalalana mba hitarika azy amin'ny làlana mankany amin'ny tanjona. Mitovy koa amin'ny olona izay manao fifehezana(sawm) nefa tsy mahalala akory ny làlana sy ny fitsipika mifehy azy ka lasa manao fihetsika izay manimba ny fifehezana ka tsy misy tombontsoa azony amin'izany afa-tsy ny hetaheta sy ny hanoanana.

Izany no nahatonga an'ny Imâmo Ali nampitovy ny olona bado amin'ny apondra mpanodina milina izay mandeha ka mandeha foana nefa dia mbola tafaverina amin'ny toerana misy azy ihany, hany ka harerahana foana no tsapany amin'ny farany. **araka izany** ny tena asa marina dia tsy maintsy mitaky fahalalana, ka ny fahalalana tiana hambara eto dia ny fahalalana ahazoantsika tombontsoa amin'ny fiainana eto an-tany sy any ankoatra, koa mba hahatanteraka izany dia ilaina ny mitodika amin'ireto fepetra manaraka ireto:

**Voalohany:** Fanalavirana amin'ny fahalalana izay tsy **mitondra**vokatsoa amin'ny fiainantsika; izany no nahatonga ny tonombavaka sy haintenyavy tamin'ny Mpaminany (saw) sy ireo fianakaviany madio manao hoe: **« Andriamanitro ô! Izaho dia mangataka fiarovana avy Aminao amin'ny fahalalana tsy misy vokatsoa; sy amin'ny fo tsy manam-pahatahorana; sy amin'ny hataka tsy misy mandre; sy amin'ny fanahy tsy mety afa-po »**

Hoy ny Imâmo Ali(as) : **« Tsy misy soa azo avy amin'ny fo tsy manam-patahorana; sy ny maso tsy misy ranomaso; sy ny fahalalana tsy misy vokatsoa »;** Hoy koa Izy(as) : **« Ny fahalalana tsy mahasoa dia toy ny fanafody tsy mahasitrana »**

Noho izany; ny **fianaran'ny olona** ny fahalalana tsy misy vokatsoany eo amin'ny **fiainan'ny olombelona** dia fandaniam-potoana sy taona very fotsiny ho azy.

**Faharoa:**Ilaina ny hanaovan'ny olona fikasana mba hanao asa aorian'ny fitadiavam-pahalalana; izany no efa nambaran'ny Kor'âny masina mikasika an'ireo izay miteny nefa tsy manatanteraka izany, hoy indrindra Ilay Avo Indrindra : يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آَمَنُوا لِمَ تَقُولُونَ مَا لَا تَفْعَلُونَ كَبُرَ مَقْتاً عِندَ اللَّهِ أَن تَقُولُوا مَا لَا تَفْعَلُونَ

**« Ô ianareo mpino! Nahoana ianareo no miteny zavatra izay tsy hotanterahinareo akory? Tena heloka lehibe eo anatrehan'i Allâh ny fitenenanareo izay zavatra tsy ataonareo akory »kor'âny 61/02-03**

Ny Boky masina Kor'âny koa dia nampitovy ny sasany amin'ireo manam-pahaizana jiosy amin'ny apondra izay mitondra boky maro eo an-damosiny**araka izao** andininy izao:

مَثَلُ الَّذِينَ حُمِّلُوا التَّوْرَاةَ ثُمَّ لَمْ يَحْمِلُوهَا كَمَثَلِ الْحِمَارِ يَحْمِلُ أَسْفَاراً

**«Mitovy amin'ny apondra mitondra boky ireo izay nitondra ny Taorat ka tsy nampihatra izany.»kor'âny 62/05**

Hoy ny Imâmo Ali(as) araka ny voalazan'ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Ny manam-pahaizana dia karazan'olon-droa: Olona izay mampihatra ny fahaizany ka tafita, sy manam-pahaizana mamela ny fahaizany ka rendrika; ny olona ao amin'ny Afobe dia mijaly mafy nohon'nyfofona maimbo izay mivoaka avy amin' ny manam-pahaizana namela ny fahaizany; ary ny olon'ny**

**Afobe tena matiantoka sy manenina mafy dia ny olona izay niantso mpanompo iray hanatona an'i Allâh Be Voninahitra sy Avo Indrindra izay nanaiky sy namaly ny antsony ary dia nankato an'i Allâh izy ka tafiditra ao am-paradisa, fa ilay olona niantso azy kosa dia tafiditra ao amin'ny Afobe noho izy namela ny fahaizany fa nanaraka ny sitrapony sy ny fanantenan-dava. Ny fanarahana ny sitrapon'ny tena dia manakana ny fahamarinana ary ny fananana fanantenan-dava dia mampanadino ny any ankoatra »**

Ao amin'ny tenin'ny Mpaminany hafa dia hoy Izy (saw) : **« Moa ve ny manam-pahaizana dia tsy izay mampiasa ny fahaizany na dia fahaizana kely fotsiny aza »,** eto àry ny fepetran'ny manam-pahaizana dia ny fanatanterahany asa araka ny fahaizany. Hoy indrindra ny Imâmo Ali (as) momba izany: **« Ny fahalalana dia araka ny asa vita »**; hoy koa Izy(as) : **« Tsy manam-pahalalana izay tsy mampiasa ny fahalalany »**; hoy koa ilay Mesia Issâ zanak'i Maryame(as) :**« Tsy misy tombontsoa azonao amin'ny fianaranao fahalalana tsy hampiasainao; ny hamaroam-pahalalana dia tsy hahazoanao tombontsoa afa-tsy izay hampiharinao»**;

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Ny olona tena hahazo sazy henjana dia ny manam-pahaizana izay tsy nahazoany tombontsoa na dia kely aza ny fahalalany »**; hoy koa Izy(as) hoe:**«Ny manam-pahaizana raha tsy mampiasa ny fahaizany dia voafafa ao am-po ireo fananarany toy ny orana izay mamafa ny vatolampy »**

Teo ambony polpitra(Mim'bar) Imâmo Ali(as) no nitoriteny tamin' ny olonananao hoe: **« Ô ry olona! Raha manana fahalalana ianareo dia ampiasao izany mba hizoranareo amin'ny fahitsiana, fa ny manam-pahaizana tsy mampihatra ny fahaizany dia tsy misy valaka amin'ny bado tsy mahalala ny tokony hataony, izay tsy mety tonga saina amin'ny habadoany; efa hitako sahady ny porofo hamatorana azy syfanenenana hahazo azy dia tena goavana sy haharitra kokoa, noho ny mihatra amin'ny bado tsy mahalala ny tokony hataony, izy roa ireo dia samy anatin'ny fahaverezana .Aza mifampisalasala ianareo fa lasa miferinaina; aza mifampiahiahy fa sao lasa jentilisa ianareo, aza mamy aina amin'ny tenanareo fa sao lasa mamita-tena ianareo, aza mamitaka ny fahamarinanana, fa sao matiantoka ianareo, fa anisan'ny fahamarinana ny fandalinanareo ny fahalalana, ary anisan'ny fahalalana ny tsy tokony hieboeboanareo, ary izay mpanana-tena aminareo no mpankato an'Andriamanitra Tompony, fa izay mpamita-tena aminareo no mpanota amin'Andriamanitra Tompony, ary izay mankato an'i Allâh dia hiadana sy ho finaritra, fa izay manota amin'i Allâh kosa dia ho matiantoka sy hanenina »**

Nanontany an'ny Imâmo Sâdiq(as) i Al-Moufadhil ibn Omar mikasika ny famantarana ny olona tafita amin'ny andron'ny fitsanganana ka hoy Izy(as) : **« Izay olona ka mifanaraka amin'ny teniny ny asany dia ho avy aminy Aho mba hijoro vavolombelona, fa izay olona ka tsy mifanaraka amin'ny teniny ny asany dia tsy manan-danja izany»**

Ho famintinana an'ireo "Ahadith" teny masina ireo dia fampiarahana ny fahalalana amin'ny asa fa tsy misy fahalalana raha tsy misy asa, toy izany koa tsy misy asa tsy amim-pahalalana, fa hoy ny tenin'ny Mpaminany masina : **« Tena marina fa ny fahalalana dia miantso asa ka hamaly izyfa raha tsy izany dia lasa mandao ny fahalalana »**; hoy ny Imâmo Ali(as) :« **Ny fahalalana dia tsy misaraka amin'ny asa ka izay mahalala dia miasa ary ny fahalalana dia miantso asa ka hamaly izy fa raha tsy izany dia lasa mandao ny fahalalana »**

Ary tsy misy antoka hampitoetra ny fahalalana afa-tsy ny fampiharana azy amin'ny asa, fa raha tsy izany ny fahalalana dia **hohadinoina** sy voafafa.

**<u>Famintinanana</u> :**

- Ny Islâmo dia tsy mihevitra ny fahalalana ho tena tanjona, fa ny fahazoana azy sy ny fampiharana azy mba hahasoa ny fiainan'ny olombelona, ka izany no mahatonga ny Islâmo miangavy amin'ny fanalavirana ny fahalalana izay tsy misy fiantraikany amin'ny fiainan'ny olombelona; ny **lovantsofina** islamika rahateo moa dia manamafy fa ny asa tsy miaraka amin'ny fahalalana sy fisainana dia mitarika ny olombelona ho any amin'ny fisalasalana sy fahaverezana ary fatiantoka.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Endrika manao ahoana no anehoan'ny tenin'ny Mpaminany masina mikasika ny mpanompo tsy mba mahay làlam-pinoana?

2-Inona no ampitovian'ny Imâmo Ali(as) ny olona miasa tsy amim-pahalalana?

3-Porofoy  amin'ny alalan'ny andinin'ny Kor'âny ny momba ny olona miasa tsy amim-pahalalana?

4-Ahoana no fiafaran'ny manam-pahaizana tsy mampihatra izany any ankoatra? Porofoy amin'ny alalan'ny teny masina (hadith) izany.

5-Iza ireo avotra amin'ny Afobe, amin'ny andron'ny fitsanganana? Lazao ny tenin'ny Imâmo Sâdiq(as) manambara izany.

***************

## LESONA FAHA-05

## NY FAHALALAM-POMBA SY NY TSY MAINTSY ATAO IRAISAN'NY MPAMPIANATRA SY NY MPIANATRA (3)

Ho fanohizana ny resaka momba ny fahalalam-pomba iraisana dia handeha isika hamakafaka iray amin'ireo adidy tsy maintsy atao manana ny lanjany tokoa mahakasika an'ity lohahevitra ity:

**3-<u>Fanalavirana ny fieboeboana amin'ny fahalalana</u>:**

Aorian'ny hanaovan'ny mpampianatra sy ny mpianatra fikasana amin'ny fo madio ho an'i Allâh irery amin'ny fitadiavam-pahalalana sy fampielezana azy, ary koa aorian'ny nirosoan'ny andaniny sy ny ankilany amin'ny **fampiharany ny** fahalalana **araka asa** eo amin'ny fiainana, dia misy koa ny adidy lehibe hafa dia ny fitandremana ny fieboeboana amin'ny fahaizana hananana.

Ny olombelona moa dia voajanahary aminy ny fitiavana ny fahamboniana sy ny fiezahana amin'ny fivoaram-piainany ary mazava ho azy**fa mahita tsiron'nyfahalalana nyolombelona** ka miezaka mba hampitombo izany hatrany nohon'nyfitiavany fahalavorariana. Kanefa tokony ho fantatry ny olona fa ny fahalavorariana amin'ny fahalalana dia mbola fiandohan'ny fahalavorariana tena izy dia ny ho eo akaikin'Andriamanitra. Araka izanyny fahazoana ny fahalalana sy ny fampiharana ireo toetra mendrika sns…dia tokony hotanterahina ao amin'ny làlan'i Allâh(Avo Indrindra) sy mba hahazoana ny fifaliany (Dera sy Voninahitra anie ho Azy). Ankoatr'izany dia mety hitranga eo amin'ny fitadiavam-

pahalalana ny fanadinoan'ny olonany tanjona fototra ka manjary mitady fahalalana ho an'ny tenany fotsiny izy mba hahazoany tsirony amin'izany; ary dia variana amin'izany izy ka manadino ireo adidy izay tokony hataony sy ny tena tanjona marina.

Ao amin'ny fianarana ny fitsipi-pitondran-tena islamika(akhlâq), izay rehetra manapaka ny làlana izorana mankany amin'i Allâh sy izay rehetra manakana ny olombelona tsy hahazo ny fifalian'i Allâh no antsoina hoe **(hijâbo) "sakana"**, amin'izay fotoana izay ny fitadiavam-pahalalana dia miova ho **fandaniam-potoanan'ny** olona fotsiny sady manakana azy amin'ny fitadiavam-pahalavorariana satria:

**Voalohany:** Ny fahalalana dia manome vahana ny olona hanam-pahefana sy hifehy ny natiora.

**Faharoa:** Ny fahalalanano mitondra any amin'ireo karazam-pahalavorariana rehetra ka miteraka ny fahatsapana ny fieboeboana nohon'ny anjaran-toeram-pahalalana azon'ny olona; izany no nahatonga ny lehibentsika Mohammad(saw) nilaza hoe: **« Ny fahalalana no sakana lehibe indrindra »**

Zava-dehibe ihany koa ny amin'ny fandrantoam-pahalalana rehetra no mba tokony hialohavan'ny fananana fahalalana mombamomba ny tena sy ny fahalalana ny manam-pahaizana sy ny tanjon'ny fisiana ary ny fahalalana an'i Allâh(Avo Indrindra); amin'izay ity fahalalana marina ity no lasa làlana amin'ny fanabeazana sy fananganana ny maha-izy azy ny olona. Fa raha mivadika ho toetran'ny voninkazo "narjis" ny fitadiavam-pahalalana ka mampibontsina ny

tenany, izany hoe tsy mitsinjo afa-tsy ny tenany ny olona ka miteraka ny fieboeboana sy fanambonian-tena ary lasa vain-dohan-draharaha ho an'ny olona ny hampitombo hatrany ny fahalalana azony ary ny fanamboniany tena eo anatrehan'olona dia mitarika azy betsaka dia betsaka amin'ny fanalavirana ny fanetren-tena amin'olona sy ny fanambanian-tena amin'i Allâh(Avo Indrindra) . Amin'izay fotoana izay ny fahalalana dia lasa antony miteraka fahambaniana ara-pitondrantenan'ny olona. Noho izany ireo mpitady fahalalana sy ireo izay efa manana azy dia tokony hanome lanja ny fakana tombontsoa amin'ny fahalalana sy fampiasana azy araka ny tokony ho izy; mba hahatongavana amin'ny fananana fitondrantena sy toe-panahy lafatra; ka mba ho fitaovana fanadiovana ara-panahy sy fanabeazana ny fahalalana.

**4-<u>Fiankinana</u> :**

Anjaran'ny olona rehetra miasa amin'ny fandrantoana sy fampianarana sy fikarohana fahalalana no mba miankina amin'i Allâh(Avo Indrindra) mba hananana fahatokisan-tena sy hampisinda ny fahatsapan-tena ho malemy, satria:

-Ny ezaka atao amin'ny fahalalana dia asa sarotra sy mandreraka ary isedrana olana izay saro-bahàna, ka ilaina ny olona mba hanana fiankinana amin'i Allâh(Avo Indrindra) satria « **tsy misy hery sy tanjaka raha tsy avy amin'i Allâh** »

-Matetika koa ny olona miasa amin'ny fandrantoana sy fampianarana fahalalana dia tsy manana ny ampy loatra ahafahany miaina sy mivelona araka ny tokony izy ka mahatonga azy **hahatsapa** ny fahasahiranana sy fahantrana,

**araka izany** dia tsy tokony **hohadinoiny** fa i Allâh(Avo Indrindra) no miantoka ho azy ny anjaram-pivelomany; fa hoy ny lehibentsika : **« Tena marina fa i Allâh Avo Indrindra, no efa niahy ho an'ny mpitady fahalalana ny anjaramasoandrony manokana izay tsy mba niantohany ho an'ny hafa »**

**-**Fahatelon'izany ny mpitady fahalalana dia tokony hahatsapa ny tena tanjona marina dia ny fahatongavana amin'ny toeran'ny fahalavorariana ara-pahalalana izay tsy voafetra amin'ny fahazoana sy fanangonana ny fahalalana fotsiny na dia ilaina tokoa aza izany; fa ny fahalalana manko dia fahazavana izay ampidirin'i Allâh ao am-pon'izay sitrany amin'ireo mpanompony mpanao soa, hoy indrindra ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Ny fahalalana dia tsy azo avy amin'ny fianarana, fa ny tena marina izy io dia fahazavana arotsaka ao am-pon'izay olona tian'i Allâh (Be Voninahitra sy Avo Indrindra) ho tarihiny amin'ny làla-mahitsy »**

## 5-Fahatahorana an'Andriamanitra sy fanabeazan-tena :

Efa nolazaintsika tamin'ny famoaboasana laharana fahatelo amin'ity lesona ity fa tsy maintsy ilaina ny fitandremana amin'ny fieboeboana ara-pahalalana izay manimba ny manam-pahaizana. Mety hamitaka ny olombelona tokoa mantsy ny fananany voninahitra ara-pahalalana izay hahatonga azy hieboebo sy hanambony tena ka manakan-dàlana azy ho any amin'i Allâh(Avo Indrindra); noho izany dia ilaina ireo avara-pianarana, mpianatra na mpampianatra mba hanao ezaka amin'ny fanabeazan-tena sy fanamafisana ny fahavontosam-pinoana(imân) eo amin'ny tenan'izy ireo; ary

koa mba hifaninana amin'ny lafiny fanadiovam-panahy, ka ny fahalalana dia mba ho fitaovana entin'izy ireo hanakaiky an'i Allâh(Be Voninahitra sy Avo Indrindra).

Araka izany, ny fahatahorana an'Andrimanitra (taqwâ) dia fepetra iray hafa tokony hananana amin'ny fahazoam-pahalalana, satria koa i Allâh (Avo Indrindra) dia nametraka izany ho fepetran'ny fitarihana amin'ny làla-mahitsy araka ny teniny manao hoe: ذَلِكَ الْكِتَابُ لاَ رَيْبَ فِيهِ هُدًى لِّلْمُتَّقِينَ

**« Indro ilay boky izay tsy isalasalana ny aminy, tari-dàlana mahitsy ho an'ireo vontompinoana»kor'âny**02/02

Izany no voalohany ary ny **faharoa manaraka izay,** i Allâh(Avo Indrindra) dia nampanantena hanome fahalalana ho an'ireo manana ny fahatahorana an'Andriamanitra fa hoy Izy Ilay Avo Indrindra :وَاتَّقُواْ اللّهَ وَيُعَلِّمُكُمُ اللّهُ

**«Matahora an'Andriamanitra ianareo, fa Izy no hampianatra anareo »kor'âny** 02/282

hoy koa Izy Ilay Avo Indrindra :

يِا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُواْ إَن تَتَّقُواْ اللّهَ يَجْعَل لَّكُمْ فُرْقَاناً

**« Ô ianareo mpino! Raha matahotra an'Andriamanitra ianareo, dia homeny anareo ny "fourqân" fanavahana (ny tsara sy ny ratsy)»**.kor'an 08/29

Ny atao "fourqân"(fanavahana) dia fahalalana**ahafahan'ny olombelona** mahafantatra ny fahamarinana sy ny endriky ny fahadisoana ka hahatonga azy tsy hananana fisalasalana amin'izay raharaha ataony.

Ary ny fahatelo: ny fahalalana raha toa ka fahazavana apetrak'i Allâh ao am-pon'izay sitrany, dia anjarantsika izany no mangataka izany avy amin'i Allâh(Avo Indrindra) ka ny fangatahana azy dia tsy vitan'ny manao fitalahoana (dou'a) fotsiny fa ilaina koa ny fananana fahatahorana an'Andriamanitra sy fahadiovam-panahy amin'ireo fakam-panahy sy fahadiovam-po amin'ireo eritreri-dratsy; satria ny fo dia tsy afaka handray ny fahazavan'Andriamanitra raha tsy madio toy ny fitaratra mamiratra.

Fahaefatra: Ireo manam-pahaizana no zary ho modelin'ny vahoaka, fa toy izao no voalazan'olona mpanao soa iray hoe: Tena marina fa ny olona dia manana fironana ho eo ambanin'ny laharam-pinoan'ny manam-pahaizana mandrakariva; fa raha toa ka manam-pitandremana sy manam-pahatahorana an'Andriamanitra ary manao anjorom-bala ny fiainana eto an-tany ny manam-pahaizana dia mirona amin'izay raharaha "moubâh" azo atao eo amin'ny fiainana ny olona; fa raha mirona amin'izay azo atao (moubâh) amin'ny fiainana ny manam-pahaizana dia tsy hitandrina amin'ny fanaovana izay zavatra mampiahiahy (choubhat) ny olona; raha**sendra nanao** zavatra mampiahiahy ny manam-pahaizana dia mirona amin'ny fanaovana zavatra "harâmo" voarara ny olona; ary raha **toa ka nanao** zavatra harâmo kosa ny manam-pahaizana dia amin'izay fotoana izay ny olona hirona amin'ny fanoherana an'Andriamanitra.

## 6-Hatsaran-toetra :

Ireo avaram-pianarana dia ho modelin'ny hafa; arak'izany(araka izany) izy ireo dia tokony handala ny fitondrantena mendrika sy toetra tsara, hoy ny Imâmo

Sâdiq(as) hoe: **« Mitadiava fahalalana ianareo ka ravaho izany amin'ny alalan'ny halemem-panahy sy toe-panahy ambony sy fanetren-tena amin'izay homenao fahalalana ary fanambanian-tena amin'izay hakanao fahalalana, fa aza manao manam-pahaizana mpanjakajaka ianareo fa manjary voafafan'ny fahadisoanareo ny fahamarinanareo »;** izany no nahatonga an'i Allâh niteny tamin'ilay Irany henin-kaja hoe:

فَبِمَا رَحْمَةٍ مِّنَ اللّهِ لِنتَ لَهُمْ وَلَوْ كُنتَ فَظّاً غَلِيظَ الْقَلْبِ

لاَنفَضُّواْ مِنْ حَوْلِكَ

**« Fa vokatry ny fahasoavana avy amin'i Allâh no nahatonga anao halefakaamin'izy ireo, fa raha nihenjana sy mafy fo ianao dia niparitaka niala teo amin'ny manodidina anao izy ireo»kor'âny03/159**

**7-<u>Fahamaotinana sy fahamendrehana</u>:**

Mba hahafahan'ireo avara-pianarana manatanteraka ny anjara birikiny eo amin'ny fiainan-janak'olombelona dia tsy tokony hampiseho filàna na amin'iza na amin'iza izy ireo afa-tsy amin'i Allâh(Avo Indrindra) irery ihany fa ny tsy fitavandràna amin'ny olona dia manome azy ireo haja amam-boninahitra; araka izany ny olona raha misedra olana eo amin'ny fiainany dia ilaina hatrany ny fisehoany amin'ny endrikaety ivelany amin'ny olona ho mahavita azy, fa raha ankininy amin'ny olona ny filàny ka manampatra ny tanany mila fanampiana amin'ny hafa izy dia mety hahatonga azy ireo hihevitra fa mendrika kokoa noho izy, sy ho lehibe mpiantoka ny fivelomany; koa raha tonga aminy izany fiheverany izany

dia tsy afaka hanatontosa hanampita ny hafany eo amin'ny fiaraha-monina izy, ka **hanjary** hanao izay sitraky ny olona sy hanatanteraka izay faniriana sy rendrarendran'izy ireo fotsiny.

Allâh Avo Indrindra dia efa niahy ny **anjara masoandron'ny olon-drehetra** tsy ankanavaka, indrindra fa ireo avara-pianarana, ka tsy tokony hitsiriritra izay efa eo **am-pelatanan'ny olona** ny mpitady fahalalana.

Tena ratsy noho izany koa aza ny fijoroan'ny manam-pahaizana eo am-baravaran'ireo mpanjaka mihinana ny tapa-mofo eo amin'ny latabatr'izy ireo na hitadiavana fatratra ny voninahitra manokana sy harena, satria raha manao izany izy ireo dia **manjary**manome lamosina ny vahoaka izy ireo no sady manakalo ny finoan'izy ireo amin'ny fiainana an-tany amin'ireo mpanjaka na mpitondra na manam-pahefana; i Allâh moa dia efa nampitandrina mafy ireo olona manao toy izany amin'ny alalan'ny sazy henjana.

Tsara **homarihina** anefa fa misy ny sasany manatona ny mpitondra mpanao tsindrihazolena toy izany, tsy hiray amin'izy ireo fa mba hampihena ny haratsiana ataon'ilay mpanindrihazolena sy hiaro an'ireo voatsindrihazolena sy ny zon'ireo mpino, ka tsy ny hanome vahana ny haratsiana no anaovan'izy ireo izany fa ny mifanohitra an'izany aza. Hita ao amin'ny tantara aza fa na ireo olo-masina Ahlol-Bayt(as) dia nidera ireo izay nanao fihetsika toy izany, toa an'i "Ali ibn Yaqtyne" izay niasa tao amin'ny fanjakana mpanindrihazolena, kanefa fanampiana sy famonjena an'ireo niharan'ny tsy rariny no tanjony.

**8-<u>Fifikirana amin'ny fanompoam-pivavahana</u>:**

Adidin'ny mpitady fahalalana sy ny mpampianatra no mitoetra ho modely amin'ny fifikirana sy fanajana ny fanompoam-pivavahana, ny fanatrehana izany tsy tapaka ao amin'ny Moske na toerana voatokana hanaovana izany ary koa ny manao salât miaraka amin'ny maro sy fananana toetra tsara sy fanomezan-danja ny fahalalam-pomba islamika, toy ny famangiana ny marary, ny fanampiana ny sahirana ary ny fanentren-tena eo **anatrehan'ny**olon-drehetra.

Tokony ho **fakan-tahaka** ihany koa ny avara-pianarana amin'ny endrika ety ivelany sy ny fomba fitafiany, indrindra fa ny fanajana ny fahadiovan'ny vatana sy ny fitafiana ary ny fanaovana ranomanitra dia toetra **manokana ho an'ireo** mpino; ka tsy tokony **hampandositra ny** olona ny fahitana azy no sady tsy tokony handrenesana fofona maimbo eny aminy, ary koa tsy tokony hiankanjo fitafiana izay mifanohitra amin'ny kolontsain'ny fiaraha-monina izay misy azy.

Ho famintinana izay rehetra voalaza izay, ireo avara-pianarana dia tokony ho modely sy **fakan-tahaka** ary mpanatanteraka an-tsakany sy an-davany ny fanompoam-pivavahana sy ny fahalalam-pomba **ary ny** fomba amam-panaon'ny finoana ka amin'ny alalan'ny toetran'izy ireo no hakan'ny olona lesona bebe kokoa **mihoatra ny** fampianarana am-bava ataon'izy ireo.

**<u>Famintinana</u> :**

- Mety hiova ho sakana manakan-dàlana ny olona hanatona an'Andriamanitra Tompony, nyfahalalana noho izy ahazoana fahafinaretana sy voninahitra izay afaka mamitaka ny olona hivaona amin'ny tanjona

tena izy ao ambadiky ny fitadiavam-pahalalana sy fahazoana azy. Noho izany dia mila mitandrina amin'ny fieboeboana ara-pahalalana ireo manam-pahaizana sy ireo mpianatra.

- Ny làlana ahazoana fahalalana dia tsy mora no sady manahirana ka ilaina ny fiankinan'ireo manam-pahaizana sy ireo mpianatra amin'i Allâh Ilay Be Voninahitra
- Amin'ny **maha fahazavana an'Andriamanitra** ny fahalalana dia anisan'ny fepetra hanazarana ny ara-panahy ny fahatahorana an'Andriamanitra mba hanomezany izany fahazavana izany.
- Ny adidy lehibe **hosahanin'ireo** manam-pahaizana dia ny fitarihana ny olona amin'ny fahitsiana koa tokony hitondra ny olona amin'ny hatsaram-panahy izy ireo.
- Ny fiankinana amin'i Allâh(Avo Indrindra) sy fananana ny fikasana amin'ny fo madio no toetra anakiroa tsy afa-misaraka amin'ny manam-pahaizana sy ny mpitady fahalalana , ary koa tokony mba ho maontina no sady tsy tokony hahatsapa ho mila fanampiana **amin'ny olona.**
- Ny fampifandraisan'ny resaka sy ny asa no zavatra takiana amin'ireo manam-pahaizana sy ireo mpitady fahalalana, koa aoka izy ireo mba hijanona ho modely amin'ny fanajana ny fahalalam-pomba sy ny fombam-pivavahana.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Nahoana ny Mpaminany(saw) no milaza ny fahalalana ho “Sakana(hijâbo) lehibe indrindra”?

2-Nahoana ny mpitady fahalalana no tsy maintsy mialoha ny hafa amin’ny fiankinana amin’i Allâh?

3-Nahoana ny fahatahorana an’Andriamanitra no lazaina fa fepetra ahazoana ny fahalalana?

4-Nahoana ny olona no mitangorona amin’ny Mpaminany(saw) **ary ihany koa** voasintona mankany Aminy? Porofoy amin’ny alalan’ny andininy ao amin’ny Kor’âny izany.

5-Tanisao **amin’ny teny** fohy ireo adidy tsy maintsy atao iraisan’ny mpampianatra sy ny mpianatra.

***************

## LESONA FAHA-06

## IREO ADIDIN'NY MPAMPIANATRA(1)

Taorian'ny nahafantarantsika ireo adidy tsy maintsy atao iraisan'ny mpampinatra sy ny mpianatra, dia ho jerentsika amin'ity lesona ity sy amin'ny lesona manaraka kosa ireo adidy tsy maintsy ataon'ireo mpampianatra sy profesora manokana. Ilay manam-pahaizana islamika izay fantatra amin'ny anarana hoe Chahîd Thâny dia nitsinjara ireo adidy tsy maintsy ataon'ny mpampianatra ho fizarana anakitelo, dia ny:

1-Adidy tsy maintsy ataony ho an'ny tenany;

2-Adidy tsy maintsy ataony ho an'ireo mpianany;

3-Adidy tsy maintsy ataony ao an-dakilasy.

**<u>1-Ireo adidy tsy maintsy ataony ho an'ny tenany :</u>**

Adidin'ny mpampianatra ny mifady fampianarana amin-javatra tsy dia hananany fahalalana ampy, voalohany izy dia tsy tokony hanomboka ny fampianarany raha tsy efa nisy ireo mpampianatra nanamporofo ny fananany fahaiza-manao <u>izany</u>, fa raha tsy izany, ny mpampianatra tsy mañana fahaiza-manao dia toy ny mitafy lamba lehibe noho ny haben'ny vatany.

Hoy ny lehibentsika Mohammad (saw) hoe: **« Ny mirehareha amin'ny zavatra tsy hananany dia toy ny mitafy lamba sandoka »**

2-Ny mpampianatra dia tokony hifady fampianarana olona izay tsy miraharaha ny fahalalana sy izay tsy manaja ny mpampianatra; fa raha tsy izany dia lasa tsinotsinona ny fahalalana sy ny mpampianatra. Ary misy moa ireo manampahaizana no misokajy mihitsy fa ny fanatonan'ny mpampianatra mankany an-tranon'ireo mpianatra mba hampianatr'azy ireo, ho fanamaivanana sy fanaovana tsinotsinona ny hasin'ny fahalalana, satria ny mpianatra izay natonin'ny mpampianatra dia hahita ny tenany ho mañana toerana ambony kokoa ka izany no ananaran'izy ireo ny mifanohitra amin'izany, dia ny fandraisan'ny mpampianatra ny mpianany ao an-tranony.

Manafatra ihany koa izy ireo ny handaozana ny tanindrazana nohon'ny antony fitadiavam-pahalalana, satria ny fahalalana manana ny fahamboniany sy ny hasiny dia izay nandaozana ny trano sy nisedrana fahasahiranana tamin'ny **fandehanana lavitra**.

3-Efa **nofakafakantsika** moa ireo adidy tsy maintsy atao iraisan'ny mpampianatra sy ny mpianatra ka nolazaintsika tamin'izany ny tokony hananan'izy roa tonta ny fikasana amin'ny fo madio; eto dia hamafisina tokoa izany ka ny mpampianatra no tokony **hanana**izany fikasana amin'ny fo madio izany indrindra mialohan'ireo mpianatra satria raha ny mpampianatra no tsy manao ny asa araka ny fahalalany dia misy fiantraikany amin'ireo mpianatra izany ka manjary tsy hiraharaha ny teniny ireo mpianatra ary lasa ataon'izy ireo fialàna tsiny foana izany, eny fa na dia efa **milaza ny marina** aza ilay mpampianatra. Hoy indrindra ny Kor'âny masina milaza momba izany: أَتَأْمُرُونَ النَّاسَ بِالْبِرِّ وَتَنسَوْنَ أَنفُسَكُمْ

**« Mamporisika ny olona amin'ny soa ve ianareo kanefa manadino ny tenanareo »kor'âny 02/44**

Nisy nanontany an'ny Imâmo Sâdiq(as) mikasika ny manam-pahaizana voalazan'ity andininy ity hoe:

إِنَّمَا يَخْشَى اللَّهَ مِنْ عِبَادِهِ الْعُلَمَاء

**« Marina fa ireo manam-pahaizana ihany no tena matahotra an'i Allâh amin'ireo mpanompony »kor'âny**35/28,

Ka hoy Izy(as): « **Izay manamarina ny teniny amin'ny fihetsiny na izay tsy manamarina ny teniny amin'ny fihetsiny dia tsy azo lazaina ho manam-pahaizana** »; hoy koa Izy(as) hoe: « **Karazan'olona roa no manapaka ny lamosiko: manam-pahaizana tia filabàna sy ny bado tia vavaka, ny iray manakana ny olona amin'ny fahalalany nohon'nyfilabàny, ary ny iray kosa manakana ny olona amin'ny fivavahany nohon'nyhabadoany** »

Koa na amin'ny fomba ahoana na  ahoana, ny manam-pahaizana dia tsy tokony hinan-droa, izany hoe miteny zavatra iray fa manao **zavatra hafa** mifanohitra amin'izany, mandidy an'ireo mpianatra na manakana azy ireo hanao zavatra iray avy eo izy dia manao zavatra mifanohitra amin'izay nolazainy. Ohatra , manafatra an'ireo mpianany izy mba hanao salât miaraka sy famangiana ny marary, **na ihany koa** fiarahana mandeha mandevina fatina mpino sy fiantrehana ny karazam-petin'ny finoana kanefa izy tsy mba manatanteraka na iray aza amin'ireo zavatra nolazainy ireo akory, na koa izy mandrara ny mpianany tsy hanao zavatra iray nefa izy indray no manao

izany; toy ny fanakanany azy ireo tsy hirona amin'ny fitiavam-piainana nefa izy miaina miaraka amin'ny haingo marevakan'ny fiainana eto an-tany.

Angamba mety hisy antony manokana araky ny lalàm-pinoana tsy ahafahan'ny manam-pahaizana manatanterka ny adidiny ara-pinoana; na izany aza anefa dia mila mijoro hatrany izy ho modelin'ny hafa; satria ny olona raha mahita ny fombany lavitry ny **fakan-tahaka** dia rava ny **fahatokisan'ny olona** azy ary lasa manana fisalasalana sy ahiahy aminy ny olona.

Isika dia mahalala fa ny fifehezana(sawm) amin'ny volana Ramadhân dia antery amin'olon-drehetra satria ity volana ity dia manana ny haja aman-kasiny, fa izay miezaka manimba izany hasiny izany dia anisan'ny tsy valahara araka ny fijerin'ny rehetra; **araka izany**, izay manana antony manokana araky ny lalàm-pinoana tsy ahafahany mifehy ka handray sakafo dia tsy tokony hataony eo **imason'ny olona** izany; fa izany fihetsika izany dia hanampy ny mbola malemy finoana amin'ny fiarovana ny haja aman-kasin'ity volana masina ity; ny mpampianatra amin'ity tranga ity dia tena saro-pady tokoa amin'ny mahamodely sy fakantahaka azy, ka tsy tokony hanatanteraka izany amin'ny fo madio avy hatrany; koa ny fanaovana fifehezana(sawm) amin'ny volana Ramadhân dia tsy misy valaka amin'izany.

Noho izany ny manam-pahaizana dia tsy tokony hanao asa izay mety hiteraka ahiahy na fisalasalana na endrikendrika.

Voalaza ao amin'ny tantaran'ny Mpaminany(saw) fa indray andro Izy teny an-dàlana ho any an-trano ary niara-dia taminy ny iray **tamin'ireo** vadiny ary nifanena tamin'ny lehilahy iray

anisan'ny mpanara-dia Azy, fa hoy ny Mpaminany(saw) taminy : ity no vadiko Ranona, nanao izany fanambarana izany Izy mba hanakanana izay mety ho fakam-panahy avy amin'ny Satana izay mety hitranga eo amin'ilay lehilahy nohon'nyfahitany an'ilay vehivavy niara-dia tamin'ny Mpaminany(saw).

4-Adidin'ny mpampianatra ny mampiseho fara-tampony ny hatsaran-toetra, fa mazava ho azy ny **fitondran-tenan'ny** mpampianatra no misy fiantraikany **be be kokoa** noho ny teniny; **araka izany** dia ilaina ny mpampianatra **be**fanetren-tena sy hatsarana **ary** fandeferana fa ny toetra sahala amin'izany no mamatotra ny olona ao aminy sy manosika azy ireo hiaino ny teniny sady tsy hanadino ny tantarany sy ny fombany.

Efa hitantsika tamin'ny boky laharana voalohany moa ny fijoroan'ny Mpaminany Issâ(as) izay antsoina hoe "Mpampianatra" nanasa ny tongotr'ireo mpianany mba hampianarany azy ireo ny fanetren-tena, ary hoy Izy tamin'izy ireo: Sasako ny tongotrareo mba ho fanetren-tenako aminareo; koa aoka ianareo hanetry tena amin'ny olonasahala amin'ny **hanetreko tena**aminareo izao. Hoy koa Izy : Ny fahendrena dia mitoetra amin'ny alalan'ny fanetren-tena fa tsy **amin'nyfanamboniana ny tena**; tahaka ny zava-maniry mitsiry amin'ny tany lonaka fa tsy amin'ny tany karakaina.

5- Ny fahalalana dia tsy tokony entina hanompoana ny mpanao tsindrihazolena, fa ny sasany amin'izy ireny dia mampiasa ny fahalalana mba hamoronany fiadiana ka hahatonga azy ireny ho tena matanjaka sy maherisetra; **tahaka izany** koa ny mpitady fahalalana mba tsy noho ny antony ara-

piainana eto an-tany; fa raha mitranga amin'ny sasany izany toetra izany dia adidin'ny mpampianatra no manakana izany fikasan-dratsy izany, ka tsy mitsahatra ny manome azy ireo fahalalana fa kosa mampitandrina azy ireo amin'izany fahadisoana izany mba hampiova ho tsara ny fikasan'izy ireo fa izany no hasoavana azo avy amin'ny mpampianatra. Izy dia mampisongadina ny fahalalany amin'ny alalan'ny toetrany mahafinaritra ka mahatonga azy ho **fakantahak'ireo** mpianany. Ireo manam-pahaizana lehibe taloha moa dia tsy manomboka ny fampianarany raha tsy efa avy **nafarany** sy **nanariny** ary **nampahatsiahivin'**Andriamanitra azy ireo, fa rehefa afa-po amin'ny toetran'ireo mpianany izy vao manomboka ny fampianarana; izany sori-dàlana izany no mametraka an'ireo mpianatra hizotra amin'ny làlana marina, izay mpianatra vao eo am-piandohana amin'ny làlan-kizorany.

Noho izany ny mpampianatra dia tokony hahay mametraka **fahalalanamendrika** mba hahatonga izany tsy ho lasa fitaovana eo am-pelantanan'ny mpanao ratsy **hampiasa ny haratsiana.**

6-Adidin'ny mpampianatra ny malala-tànana amin'ny fahalalany ka hizara izany fa tsy tokony hahidy na hanafina izany, fa hoy i Allâh Avo Indrindra hoe:

وَإِذَ أَخَذَ اللّهُ مِيثَاقَ الَّذِينَ أُوتُواْ الْكِتَابَ لَتُبَيِّنُنَّهُ لِلنَّاسِ وَلاَ تَكْتُمُونَهُ

**« Ary raha noraisin'i Allâh ny fanekem-pakatoavana nataon'ireo nomena ilay rakitsoratra (Boky): Dia ny tsy maintsy hanazavan'izy ireo amin'ny vahoaka, ary ny tsy hanafenan'izy ireo izany »kor'âny** 03/187

hoy koa Izy Ilay Avo Indrindra :

إِنَّ الَّذِينَ يَكْتُمُونَ مَا أَنزَلْنَا مِنَ الْبَيِّنَاتِ وَالْهُدَى مِن بَعْدِ مَا بَيَّنَّاهُ لِلنَّاسِ فِي الْكِتَابِ أُولَـئِكَ يَلعَنُهُمُ اللّهُ وَيَلْعَنُهُمُ اللَّاعِنُونَ

**« Tena marina fa ireo izay manafina ny nampidininay taminy, amin'ireo porofo miharihary sy tari-dàlana azo antoka taorian'ny nampahafantarinay izany ny olona izay tao anatin'ny Boky, dia hozonon'i Allâh izy ireo no sady hozon'ireo mpanozona »kor'âny 02/159**

Ary hoy ny Imâmo Bâqir(as) hoe: **« Ny fanadiovam-pahalalana dia ny fampianaran'azy amin'ireo mpanompon'i Allâh »**

Toy izany koa ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as): **« Novakiana tao amin'ny bokin'i Ali(as) manao hoe: Tena marina fa i Allâh dia nifanaraka tamin'ireo bado mba hitadiavan'izy ireo ny fahalalana, sy nanaovany fifanarahana tamin'ireo manam-pahaizana mba hampiely izany fahalalana izany amin'ireo bado satria ny fahalalana no nisy talohan'ny habadoana ».**

7-Anisan'ireo adidin'ny mpampianatra ny hanehoany ny fahamarinana sy ny marina mba ahafahan'ny olona manavaka ny marina amin'ny hadisoana, na manome porofo amin'ireo mpanao hadisoana mba tsy ahafan'ny olona hilaza hoe: izahay anie tsy nahalala ny fahamarinana no sady tsy nisy olona nitarika anay ho amin'izany.

Ny famporisihina ny olona hanao asa soa sy fanakanana amin'ny asa ratsy no tena fototry ny adidin'ireo manam-pahaizana fa ny mpino rehetra dia tokony maporisika amin'ny

asa soa sy manakana amin'ny asa ratsy arakaraka ny fahalalana izay hananany; **araka izany** dia **manana andraikitraamin'ny izany** ireo manam-pahaizana sy ireo mpampianatra sy ireo mpanabe mihoatra ny olon-kafa, ary izany no **mametraka azy** ireo ho eo amin'ny laharana voalohany amin'ny ady atao amin'ny fanovam-pinoana fahantany sy fahadisoana; hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Raha miseho amin'ny vahoakako ny fanovam-pinoana dia hampiseho ny fahalalany ny manam-pahaizana fa raha tsy ataony izany dia ozon'i Allâh ho aminy »**

Noho izany, ny fanaovana tsirambina an'ity adidy ity sy ny fahanadinoana ny fanoherana ny fanovam-pinoana dia ho voafitak'izany ny olona ka lasa mivaona amin'ny tsy izy ny finoan'izy ireo; koa adidin'ny mpampianatra ny mijoro ankasahiana amin'ny fanambarana sy fampielezana ny fahamarinana ka tsy tokony hatahotra ny tsiny avy amin'ny mpanome tsiny izy.

<u>**Famintinana**</u> **:**

- Marina dia marina fa anisan'ireo adidin'ny mpampianatra ny mba hananany fahaiza-manao amin'ny fampianarana; ary hampifanaraka ny teniny amin'ny asany sy handala ny hatsaran-toetra **ary ihanykoa**hampahafantatra **ireo** mpianany ny tena marina no sady mijoro **noho ny** herim-po amin'ny fanoherana ny fanovam-pinoana sy ny haratsiana ary ny hampiely ny fahamarinana tsy asiana fahatahorana sy fisalasalana.

**<u>Fanontaniana</u>:**

1-Inona avy ny fiomanana takiana amin'ny mpampianatra mialohan'ny hanaovany asa fampianarana?

2-Moa ve antery amin'ny mpampianatra ny manome fahalalana ho an'izay rehetra mitady izany aminy?

3-Ahoana ny toetoetra manokan'ny manam-pahaizana araka ny voalazan'ny tenin'ny Imâmo Sâdiq(as)?

4-Nahoana ireo manam-pahaizana mpanao soa fahiny no tsy manomboka manome fampianarana raha tsy efa avy nanafatra sy nananatra an'ireo mpianany hanana toetra tsara?

***************

## LESONA FAHA-07

## IREO ADIDIN'NY MPAMPIANATRA (2)

**2-<u>Adidy tsy maintsy ataon'ny mpampianatra ho an'ireo mpianany</u>:**

1-Ny voalohany amin'ireo adidin'ny mpampianatra ho an'ireo mpianany dia ny mampahafantatra azy ireo tsikelikely ny fahalalam-pomba ara-pinoana sy ara-pitondrantena ary hamafisina ny mahazava-dehibe izany arakaraka ny ambaratongam-pahalalana.

Ny zava-drehetra moa dia samy manana ny lasitra fitoerany fa ny lasitra fitoeran'ny fahalalana dia ny fo madio sy saina salama. Noho izany ny mpampianatra **mialoha ny** hanombohany fampianarana dia tokony manomana ny tenan'ireo mpianany mba ho vonona handray ny tena fahalalana, ka amin'izay izy ireo afaka manetry tena eo anatrehan'ny marina sy afaka mankasitraka izany. Izay fotsiny dia efa hahatonga ny fahazoana mazava tsara ny fahalalana ka hampisondrotra tsikelikely ireo mpianatra amin'ireo dingana mankany amin'ny fahalavorarian'ny olombelona.

Ny fepetra voalohany amin'izany àry dia ny firosoan'ny mpampianatra hitarika ireo mpianany mba hanana fikasana amin'ny fo madio sy ny famaritana ny tena tanjona ambony aorian'ny fianarana. Izany fomba izany no hanatanteraka ny firosoana amin'ny dingana mankany amin'Andriamanitra.

**Araka izany** fototra izany dia ny tena lehibe voalohany amin'ny adidy ataon'ny mpampianatra dia ny fanazavana amin'ireo mpianatra ny tanjona marina ao ambadiky ny

fitadiavam-pahalalana mba hahatsapan'ireo mpianatra fa ny tanjona ara-piainana fandalovana eto an-tany dia mamita-maso toy ny alo-kafanana tazanin-davitra ka heverin'ny mangetaheta ho rano; fa zavatra mielina sy mora levona avokoa ny eto an-tany; ka ny fahalavorarian'ny olombelona tena izy dia fahatongavana eo akaikin'i Allâh.

2-Rehefa afa-po ny mpampianatra amin'ny fahavononan'ireo mpianany sy ny fifohazam-panahin'izy ireo ary ny fahadiovam-pon'izy ireo dia arosony indray ny fepetra lehibe manaraka dia ny fanehoana ny hasarobidin'ny fahalalana sy ny anjara toeran'ny fisainana ary ny mahazava-dehibe ny fahazoana ireo voninahitra ka ampatsiahivina amin'izy ireo indrindra fa ny olombelona izay maniry te ho tonga amin'ny tanjona tena izy dia mila manana hery anakiroa: voalohany ny fahalalana, faharoa ny fahatahorana an'Andriamanitra. Ary tokony hanao **jery todika** ny traikefan'ireny manam-pahaizana teo aloha ireny.

3-Ny fifandraisana mampifandray ny mpampianatra sy ny mpianany dia tokony hampiseho ny fifandraisana ara-pirahalahiana islamika; ka izany fifandraisana izany araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana fahiny dia toy ny fifandraisan'ny ray sy ny zanaka, ka anjaran'ny mpampianatra ny mitoetra ho ray aman-dreny eo anatrehan'ireo mpianany ary dia mitia azy ireo sahala amin'ny fitiavan'ny ray aman-dreny an-janany sy mankahala izay ankahalain'ny ray aman-dreny an-janany, hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) momba izany : **«Tsy mpino ny iray aminareo raha toa ka tsy mitia ho an'ny rahalahiny izay tiany ho an'ny tenany »**

4-Adidin'ny mpampianatra ny miaro ireo mpianany mba tsy hanao zavatra voarara harâmo sy mampitandrina azy ireo amin'ny fomba tsy mendrika. Ary ny fomba entin'ny mpampianatra manatanteraka izany dia amin'ny fomba feno tambitamby; lavitry ny hatezerana sy fampiasana fomba tsy mivantana; satria ny firesahana mivantana dia mety hanala-baraka; fa ny fomba fanabeazana tena tsara dia ny fomba malefaka amin'ny fananarana sy fitarihana; i Allâh moa dia naniraka ny Irany Mossâ(as) sy ny rahalahiny mba ho any amin'i Firaona, hoy i Allâh Avo Indrindra hoe:

فَقُولَا لَهُ قَوْلاً لَّيِّناً لَّعَلَّهُ يَتَذَكَّرُ أَوْ يَخْشَى

**« Dia iresaho amim-pitiavana izy, Angamba hahatsiaro izy na hatahotra »kor'âny** 20/44

Ny fomba malefaka sy fanondroana ny asa mifanohitra amin'ny lalàm-pinoana sy ny fitondran-tena sady tsy manonona ny **anaran'ny olona** nanao izany asa izany dia manokatra ny varavarana hiverenan'ireo mpianatra amin'ny fahitsiana.

5-Adidin'ny mpampianatra ny tsy manambony tena no sady tsy mieboebo manoloana an'ireo mpianany, ary ny fihetsiny dia tokony mifono fahamaotinana sy fanetren-tena, ka izany fotsiny dia ampy mampisy fifamatoram-po eo amin'ny mpampianatra sy ny mpianany, fa hoy Ilay Avo Indrindra hoe

وَاخْفِضْ جَنَاحَكَ لِمَنِ اتَّبَعَكَ مِن الْمُؤْمِنِينَ

**«Ary aoka ianao hanetry tena,sy halemy fanahy amin'reo mpino izay manaraka anao»kor'âny26/215**

**Araka izany** ny mpampianatra sy ny mpanabe dia tokony hanana **famindram-po** sy fiantrana ary fitiavana ka tokony hahatsapa ireo mpianany fa izy dia tsy mikatsaka zavatra afa-tsy izay tena hahasoa azy ireo; amin'izay fotoana izay ireo mpianany dia hahatsapa ny fahadiovam-pony sy ny fikasany.

Noho izany àry dia ilaina ny fahafantaran'ny mpampianatra ny anaran'ireo mpianany rehetra **mba** hiresahany amin'izy ireo am-panajana, ary raha misy tsy eo ny iray amin'izy ireo **dia tokony** manontany ny fahasalamany izy ka manadihady ny antony **tsy naha teo azy**; izany fihetsika izany dia anisan'ny antony mampahomby sy mahatafita ny tanjon'ny mpampianatra, ary ny faharoa dia miaro ny fahamendrehan'ny mpampianatra sy ny anjara toerany ao am-pon'ireo mpianany.

6-Ny mpampianatra dia tokony hanome fahalalana mifandanja amin'ny fari-pahalalan'ireo mpianany sy manao fiomanana amin'izany; fa ny fampidirana lesona tsy mifanaraka amin'ny fari-pahalalan'ireo mpianatra dia hitera-boka-dratsy ho azy; **araka izany** ny **fampidiran-desona** toy izany dia atao tsimoramora lavitry ny fanasarotan-javatra izay tsy **hahazoana tombontsoa**; fa raha tsy izany dia hihalemy ny herim-pon'ireo mpianatra ary hihena koa ny **fihainoan' izy ireo ny mpampianatra**.

Fa amin'ny fametrahan'ireo mpianatra fanontaniana kosa dia antery amin'ny mpampianatra ny manolotra ny valiny mazava. Fa raha ny fanontaniana no mitaky valiny mila fandalinana dia aleo ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fanomezana ny valiny satria ny fanomezana ny valim-panontaniana manjavozavo dia hampitombo ny ahiahin'ireo mpianatra ary mety hitarika azy ireo ho any amin'ny fahadisoan-kevitra.

Noho izany dia adidin'ny mpampianatra ny manao ny fandaharam-pampianarany mifanaraka amin'ny pedagojia mba hanamora ny **fampidirana azy** ao am-pon'ireo mpianatra; **ankoatra nyfandaminana azy** mifanaraka amin'ny laharam-pahamehan'ny lalàm-pinoana sy ny fahalalana.

7-Adidin'ny mpampianatra ny **mampita amin'ireo** mpianany ny fahatokisan-tena sy fanantenana ary mamporisika azy ireo handroso hizotra amin'ny làlan'ny fahalavorarian'ny olombelona sy ara-pahalalana. Mamporsika azy ireo koa amin'ny fametraham-panontaniana sy famoahan-kevitra. Fa raha sendra **tafapetraka** fanontaniana tsy mitombona ny mpianatra dia adidin'ny mpampianatra ny mandray izany am-panajana. Fa ny fandraisana izany am-panesoana an'ilay mpianatra dia hanimba ny fananany fahalalam-pomba sy ny fifankazahoany amin'ny mpampianatra, indrindra fa mandrava ny fifandraisan'ny roa tonta.

8-Adidin'ny mpampianatra ny manazava ankapobeny ny taranjam-pampianarana, tsy mila miditra lalina mba hanamora ny fahazoana azy; fa raha hasarotin'ny mpampianatra izany dia misy fiantraikany ratsy amin'ny fahazotoan'ny mpianatra , ka hahatonga azy ireo **hanana**fahavononana sy faharanitan-tsaina, hany ka miteraka hakiviana sy hakamoana amin'ny fianaran'izy ireo izany.

9-Adidin'ny mpampianatra ny maporisika hatrany ny mpianany mba handroso amin'ny fianarany amin'ny alalan'ny fanaovana fampiasana na fampiharana ny lesona sy amin'ny alalan'ny famentram-panontaniana izay mila valiny avy amin'izy ireo sy ny fampanaovana azy ireo fikarohana amin'ny adi-hevitra. T**ahaka izany** koa ny **famporisihina**

**azy**ireo hanao tsikera amin'ny fandalinam-pianarana ka ny tanjona amin'izany moa dia ny **hametraka** ny lesona ao an-tsain'ny mpianatra **mbahahamora** ny fitadidiany azy.

10-Adidin'ny mpampianatra **nomampitovy ara-drariny sy hitsiny ireo mpianany** ka tsy tokony hampisy fanavakavahana eo amin'izy ireo. Mazava ho azy kosa anefa fa mety hisy mpianatra miavaka amin'ny namany amin'ny alalan'ny fihainoana sy fahazoan-desona, arymety hisy ihany koa ny mpianatra sasany mahay kokoa noho ny hafa; amin'izay indrindra dia adidin'ny mpampianatra **no** mijery akaiky an'ireo mpianatra ireo;ka amin'izay fotoana izay ny mpampianatra dia tsy azo lazaina ho manao fanavakavahana; indrindra fa tena tsy azo atao ny fampitoviana ny mpianatra mazoto sy kamo satria izany dia mety hanosika ny mpianatra **kinga saina**ho malaina sy kamo sady hampitombo ihany koa ny ditran'ny mpianatra kamo.

Ny fitondran'ny mpampianatra an'ireo mpianatra kinga saina sy mazoto sy ny firaharahany ary ny fanajany manokana azy ireny (**miraharaha ary manaja azy ireny**)dia tokony mazava tsara amin'ny rehetra ny mahatonga izany.

11-Adidin'ny mpampianatra ny mampihatra ny fahaiza-manaony amin'ny fampianarana ary tsy tokony mandray ny taranja izay tsy hananany fahaiza-manao na fahalalana ampy fa ny fanaovany izany dia mampihena ny voninahiny eo anatrehan'ny mpianatra amin'ny lafiny iray, fa amin'ny lafiny hafa koa dia mety hahatonga ny mpianatra hivaona amin'ny tsy izy.

Tsy tokony hataon'ny mpampianatra koa ny manahindrahindra ny taranja ampianariny ho taranja tokana mendrika hajaina fa ezahina koa ny manome vahana sy **lanjan'ny** karazam-pahalalana hafa.

12-Anjaran'ny mpampianatra, aorian'ny nahazoan'ireo mpianany fahalalana taminy no mitarika azy ireo ho any amin'ireo mpampianatra hafa mahafa-po arakaraka ny fari-pahalalan'izy ireo.

13-Amin'ny fotoana **maha hafapon'ny** mpampianatra sy hananany fitoniana amin'ny fari-pahalalana azon'ireo mpianany sasany sy fahafolahan'ireo mpianatra taranja iray dia adidin'ny mpampianatra <u>ny</u>(**no**) manome alalana azy ireo ny hampianatra ireo namany hafa, ny mpampianatra na ny mpanabe dia tokony hamoaka ny mpianany **am-pakasitrahana** amin'ny alalan'ny fanambarana ampahibemaso eo anatrehan'ireo namana aman-tsakaiza.

**<u>Famintinana</u> :**

- Beazina ny mpianatra amin'ny fahalalam-pomba islamika, ary tarihina izy ireo mba hanana fahatahorana an'i Allâh (Avo Indrindra), ilaina ny manana fifandraisana matotra amin'izy ireo sy fanetren-tena eo anatrehan'izy ireo. Amporisihina izy ireo mba hanana fanantenana sy risi-po amin'ny fianarana sy fanazarana ary ny fanaovana adi-hevitra. Entina am-pitoviana sy am-pahamarinana izy ireo ka tsy tokony hasina tombo sy hala eo amin'izy ireo tsirairay avy. Izany rehetra izany no adidy tsy maintsy

tanterahin'ny mpampianatra na mpanabe eo anatrehan'ireo mpianatra.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Nahoana no laharam-pahamehana amin'ny mpampianatra ny fanabeazana ara-pitondrantenan'ny mpianany mialohan'ny **hampianarana** azy ireo?

2-Ahoana no tokony fifandraisan'ny mpampianatra amin'ny mpianatra?

3-Ahoana ny fomba fampidiran'ny mpampianatra ny taranjam-pampianarana?

4-Inona no andraikitra ho raisin'ny mpampianatra manolona ny tsy fitovian'ny faharinatan-tsain'ny mpianany?

5-Inona no andraikitra ho raisin'ny mpampianatra manoloana **ireo** mpianany mahay ka tafita?

***************

## LESONA FAHA-08

## IREO ADIDIN'NY MPAMPIANATRA (3)

**3-<u>Ireo adidy tsy maintsy ataon'ireo mpampianatra ao an-dakilasy</u>:**

1-Mila manomana ny lesona hampianariny ny mpampianatra mialohan'ny hidirany ao an-dakilasy. Izany fiomanana izany dia tsy voafetran'ny fahafehezany ny taranja hampianariny fotsiny fa tafiditra ao anatin'izany koa ny fahadiovana sy ny fahamaontinana mba hahatonga azy ho modely tokoa amin'ny fahamendrehana sy fahamboniana;ny fahamontinana eto dia tsy midika hoe manao fitafiana lafo vidy fa kosa ny fahadiovany sy ny filaminany ary ny fahamendrehana, eto dia tsy **amin'ny endrika**ety ivelany ihany fa tokony ho **hita taratra** amin'ny alalan'ny fitondran-tenany izany.

2-Ny mpampianatra rehefa handao ny tranony izy hamonjy ny asa fampianarany dia tokony hahatsiaro an'i Allâh amin'ny famakina tonombavaka hainteny avy tamin'ny lehibentsika Mohammad(aw) manao hoe: **« Allahomma inny a'ouzho bika an-adhilla aw oudhilla aw azalla aw ouzilla wa azlima aw ouzlima aw ajhala aw yajhala 'alaya; 'azza jâroka wa jalla thanâ-ouka wa lâ ilâha ghayrouka »**; avy eo dia miteny hoe: **« Bismillâh, hasbyallâh, tawakkalto 'alallâh, wa lâ hawla wa lâ qouwwata illà billâhil-'alyil-'azîm; allahoumma thabbit jinâny wa adiril-haqq 'alâ lisâny»**

3-Rehefa miditra ny lakilasy ny mpampianatra dia miarahaba an'ireo mpianany ka mirary soa am-pitiavana azy ireo ary manaja ny hajany foana izy **mandra-piravan'ny** sekoly. Ny

fihetsiny sy ny fipetrahanykoa dia manaraka ny fahalalam-pomba mendrika sy fitondrantena islamika masina ka manalavitra ny fomba **fipetraka** tsy **mendrika izany** manam-pahaizana izany izy, toy izany koa **ny fanalavirany** izay fihetsika izay mety hanelingelina ny mpianany hihaino ny fampianarany.

Ilaina koa **izy hipetraka** amin'ny toerana izay ahitan'ireo mpianany rehetra azy sy handrenesan'ny rehetra ny feony no sady ahazoan'ny rehetra tombontsoa amin'ny fampianarany.

4-Tokony hatomboky ny mpampianatra amin'ny fiantsoana (basmalat) ny anaran'i Allâh(Avo Indrindra) ny lesona ary **mifarana** amin'ny fisaorana sy fiderana an'i Allâh(Voninahitra anie ho Azy), dia tohizany foana izany fomba izany mba hahatonga ireo mpianany ihany koa ho zatra amin'izany fa tsy amin'ny asa fianarana ihany no hanaovan'izy ireo izany fa amin'ny asa soa rehetra. Ireo manam-pahaizana fahiny moa dia manafatra an'ireo mpampianatra mihitsy mba hanao salât roa raka'at mialohan'ny hanombohany ny fampianarany, mitalaho amin'i Allâh izy amin'izany mba hanampy azy amin'ny fanatanterahany ny adidiny. Amin'izany fihetsika izany no hanamasina ny fampianarana ka manosika ny mpianatra mba hanaja ny fianarana sy ny mpampianatra. T**ahaka izany** koa ny tokony hananany fikasana madio amin'ny fanomezam-pahalalana **araka izay**mahafaly an'i Allâh Avo Indrindra.

5-Ny sori-dàlan'ny mpampianatra koa amin'ny asa fampianarany dia tokony maneho ny fananam-pinoana(iman) sy finoana izay zavatra lazainy fa raha tsy izany dia tsy hisy hanome lanja ny fampianarany ka ho sarotra ny fampitàna

izany amin'ireo mpianatra. Noho izany dia tokony halavirina tanteraka ny fihetsika miendrika fanamaivanana sy sangisangy ary fanaovana tsinotsinona.

Tsara tsahivina eto koa ny tokony hananana endrika matotra fa tsy midika izany anefa ho masiasiaka na manohitra ny tambitamby sy ny **fahalemen-toetra**; fa ny endrika matotra dia tsy midika velively ho mikentrona mampitahotra, satria tsy hadino fa ny zavatra tadiavin'ny mpampianatra dia ny **hampita** ny lesona ao anatin'ny fahavitrihana amin'ny alalan'ny tsikitsiky.

6-Ilaina ny fananan'ny mpampianatra fahalalana momba ny tetika fampitàna lesona sy fampianarana (pedagojia), izany moa dia tokony **ho tonga** amin'ny tanjona tiana ho tratrarina. Betsaka moa ny boky manazava ny mikasika izany pedagojia izany.

Mila fantatry ny mpampianatra ihany koa ny **faharanitantsain' ireo** mpianany ka ahafahany mampihena ny lanjan'ny fampianarana ho takatry ny rehetra.

7-Ilaina koa ny mpampianatra mba hanalavitra ny fanomezan-desona maro sy lava loatra, toy izany koa ny fanalavam-potoana ela loatra satria isaky mihalava ny ora fampianarana dia mihena koa ny fahafahan'ny mpianatra mihaino.

Sahala amin'izany koa ny mpampianatra dia tsy tokony mándalo maimaika amin'ny hevi-dehiben'ny lesona satria ny tanjona dia ny hanome fotoana malalaka ny mpianatra mba ahafahany mandinika tsara ao an-tsainy ny lesona. A**raka izany** dia ilaina ny famintinana ny hevitra hambara ary ireo

tenin'ny Mpaminany(saw) sy ireo fianakaviany(as) dia milaza mihitsy fa tenim-pahendrena izany noho izy fohy nefa mazava.

8-Anjaran'ny mpampianatra **no** mijery ny hahasoa ny mpianany ka mampisafidy azy ny sori-dàlana sy fomba fampitàna lesona ary ny fotoana mety aminy mba hahazoany tombontsoa lehibe tokoa. Tokony ho hain'ny mpampianatra koa ny mandanjalanja ny feony ka tsy tokony ho mafy loatra hamparenin-tsofina na ho mora loatra tsy ho re indray.

9-Anjaran'ny mpampianatra **no** miezaka tsy hampisy ny korontana sy ny tabataba fa izany korontana sy tabataba ao an-dakilasy izany dia hanimba ny hasina aman-kajan'ny fampianarana, ary mety hiafara amin'ny adi-hevitra poak'aty tsy misy tombontsoa ka hahatonga ny fisainan'ireo mpianatra sasany hivaona.

10-Adidin'ny mpampianatra ny mamporisika ireo mpianatra amin'ny fandaminana sy ny fitsipi-pitondrantena **sy** ny fanajana ny lakilasy ary handentika ao an-tsain'izy ireo ny fahatsapana mandray andraikitra ara-pitondrantena sy ara-tsosialy manokana satria izy ireo dia eo **andalam-pianarana** ara-tsosialy lehibe,**ary koa** eo am-panatanterahana ireo andraikitr'izy ireo eo anatrehan'ny fiaraha-moniny sy fireneny avy.

11-Ny mpampianatra dia mila malala-tsaina sy mihaino tsara antsipiriany ny fanontanian'ireo mpianany fa matetika manko ny ao ambadik'ireo fanontanian'ny mpianatra dia mifono hevitra hafa. Ao ny mety te hitsapa ny fahafahan'ny mpampianany mamaly ny fanontaniana, ao koa ny mampiasa voambolana tsy mendrika amin'ny fanontaniany, ka

anjaran'ny mpampianatra ny mamaly izany foana am-panajana sady tsy miala amin'ny lafiny fampianarana mba tsy hahatongavana amin'ny fiheveran-dratsy.

12-Anisan'ny adidin'ny mpampianatra tsara fo ny miaiky eo anatrehan'ny fahamarinana sy mandala ny fahambonian-tsaina manoloana an'ireo mpianany fa tsy kilema mihitsy raha misy manontany zavatra aminy ka tsy hananany fahalalana dia miteny tsotra hoe: tsy haiko izany! Hoy ny lehibentsika Ali(as) hoe: « **Raha hanontaniana ianareo amin'izay tsy hanananareo fahalalana dia mandosira, hoy izy ireo: Ahoana ny fandosirana amin'izany? Hoy Izy(as): Mamalia ianareo hoe: Allâh no mahalala izany! »**

Hoy ny Imâmo Bâqir(as) hoe: **« Izay hainareo no valio fa izay tsy hainareo dia lazao hoe: Allâh no mahalala izany! Ny olona izay manaisotra andininy iray monja ao amin'ny Kor'âny dia mandrodana azy mihoatra ny elanelan'ny lanitra sy ny tany »**

Mety misy angamba ny ho diso hevitra fa ny fitenenana ny hoe tsy haiko izany dia mandatsaka ny voninahiny eo anatrehan'ireo mpianany kanefa ny mifanohitra amin'izany no tena marina. Fa ireo mpianatra mahare ny mpampianany miaiky ny fahamarinana raha ny marina dia vao mainka hampitombo ny fahatokisan'izy ireo azy amin'izay resaka ho lazainy amin'izy ireo ka anisan'izany ny taranja ampianariny; sady izany fomba izany koa dia ho lasa loharanon'ny fahatahorana an'Andriamanitra ,ny fahamarinana sy fifampitokisana ary fahavitrihana ihany koa. Fa ny mpampianatra dia tsy natao hahafehy ny karazam-pahalalana samihafa; **araka izany** ny mpampianatra dia tsy tokony

hamoromporona raha toa ka hanontaniana amin'izay zavatra tsy hainy izay miteraka fisalasalana ho an'ireo mpianatra.

13-Adidin'ny mpampianatra **no mamintina ny fanazavana mialoha ny hamaranany ny fampianarany** ka mamerina indray ny hevi-dehibe mba hahatongavana amin'ny tanjona tiana **ho tratrarina** sady amin'izay koa ny mpianatra dia hahatsiaro ireo hadino tamin'ny fanazavana no **hameno** ny banga ao an-tsainy, toy izany koa mba hanafaka ny zavatra mampisalasala ao an-tsainy. Tokony hiaiky ny hadisoany koa ny mpampianatra raha sendra nanao **izany** ary **tokony hiala tsiny** amin'izany izy no sady miverina amin'ny fahamarinana mialoha ny fahataperan'ny fotoana, fa izany fihetsika izany dia maneho ny fanetren-tena sy fahatsorana. Ny mpampianatra mahay miala tsiny amin'ny mpianany dia mampitombo ny fitiavana ao am-pon'izy ireo sy fifanajana eo amin'izy ireo.

14-Ireo manam-pahaizana fahiny dia manafatra an'ireo mpampianatra mba hanao fananarana ho an'ireo mpianany eo am-pamaranana ny fampianarany mba hanadiovam-panahy sy ny fon'izy ireo, satria ny fahalalana dia tsy tafatoetra amin'ny fo tsy madio.

15-Ilaina ny mpampianatra mba **hanokanana** fe-potoana hahafahany mamaly ny fanontanian'ireo mpianatra sy hanaovana adi-hevitra amin'ny fiafaran'ny lakilasy, ary tsy tokony hivoaka ny lakilasy maimaika izy miaraka amin'ny fanomezan-dàlana ny mpianatra izay efa te hivoaka.

16-Ilaina ny fisaoran'ny mpampianatra an'i Allâh sy fiderana Azy ary fitalahoana Aminy, amin'ny famaranana ny fampianarana; hoy indrindra ny lehibentsika Mohammad(saw)

milaza momba izany: « **Tompo ô, mamelà anay amin'izay fahadisoanay izay ninianay natao sy izay nafeninay ary izay nabaribarinay, sy izay fantatrao momba anay fa Ianao no Voalohany sy Farany ka tsy misy Andriamanitra afa-tsy Ianao »**

**<u>Famintinana</u> :**

- Zava-dehibe ny fahadiovan'ny fitafiana sy ny vatan'ny mpampianatra ary ny fahamaontinany, toy izany koa ny fanaovana fitalahoanadou'a) eo ampialana any an-trano ho any amin'ny toerana fampianarana ary **alohan'ny fiharabana** ny mpianatra; sy ny **fiatombohan' ny** fampianarany amin'ny anaran'i Allâh, **ary** mamarana azy amin'ny fisaorana an'Andriamanitra fa izany dia anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny fampianarana izay tokony hohajain'ny mpampianatra tokoa.
- Tokony ihany koa hiankina amin'ny sori-dàlana marina, manalavitra ny fampitana lesona lava sy feno loatra, sy mametraka izay ahazoan'ny mpianatra fahafinaretana sy tombontsoa ao an-dakilasy dia anisan'ireo adidy tsy maintsy ataon'ny mpampianatra, miampy ny fananana toetra mora miaiky ny hadisoany rehefa nahavita fahadisoana sy malala-tsaina amin'ny fitenenana hoe tsy haiko raha hametraham-panontaniana tsy hainy valiana.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Inona ny fahalalam-pomba tsy maintsy atao mialoha ny hanombohana ny fampianarana?

2-Nahoana ny mpampianatra no mila miezaka **mba tsy hisian'ny** adi-hevitra poak'aty eo amin'ny mpianatra?

3-Ahoana no tokony hataon'ny mpampianatra manoloana ny taranja tsy ananany fahaiza-manao sy fahalalana ampy?

4-Hazavao ny fomba marina hanombohana ny lesona sy hamaranana azy.

***************

## LESONA FAHA-09

## IREO ADIDIN'NY MPIANATRA(1)

Hitantsika tamin'ny teo aloha fa ireo adidin'ny mpampianatra dia mizara telo.

Hasehontsika amin'ity lesona ity sy ny lesona amin'ny manaraka ihany koa fa mizara telo ireo adidy tsy maintsy ataon'ny mpianatra dia ireto avy izany:

1-Ireo adidy tsy maintsy ataon'ny mpianatra ho an'ny tenany

2-Ireo adidy tsy maintsy ataon'ny mpianatra eo anatrehan'ny mpampianany

3-Ireo adidy tsy maintsy ataon'ny mpianatra ao an-dakilasy

Tsara homarihina eto moa fa misy adidy sy fahalalam-pomba hafa koa ho an'ny mpianatra kilasimandry, ka hojerentsika amin'ity lesona ity sy ny manaraka ny adidin'ny mpianatra ao an-dakilasy sy manoloana ny mpampianatraa avy eo isika manazava ny fahalalam-pomba izay tokony **hohajaina** ao amin'ny kilasimandry.

### 1-Ireo adidy tsy maintsy ataon'ny mpianatra ho an'ny tenany :

1-Adidin'ny mpianatra ny manomana ny tenany amin'ny fianarana sy fandraisana fahalalana ka ny dingana voalohany ataony amin'izany dia ny fanadiovam-panahy sy fo, ity fahalalana ity manko dia manahaka ny tanimboly midadasika izay homanina amin'ny fambolen-javamaniry; toy izany koa

ny fahalalan'Andriamanitra dia tsy mba mitsiry ao amin'ny fo izay vesaran'ny harafesina sy ny halotoana; hoy indrindra ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Tena marina fa ao amin'ny vatana dia misy singa-nofo iray, izay raha salama izy dia salama avokoa ny vatana rehetra fa raha marary izy dia marary avokoa ny vatana manontolo; tsy inona izany fa ny fo »**

Nanafatra ireo manam-pahaizana ara-pitondrantena mba hanamafy ny fitadidiana sy fitsaboana ny fahalemeny amin'ny alalan'ny fahatahorana an'Andriamanitra(taqwâ) sy fanalavirana ny fahotana; satria ny fahotana dia mamotika ny tany lonaka hitadidy sy hitahiry ny fahaizana sy fahalalan'Andriamanitra. Araka izany dia ilaina ny mpitady fahalalana sy ny fahamarinana ny miaro ny tenany amam-panahiny sy ny fony amin'ny fahalotoam-pahotana.

2-Ny mpianatra dia tsy tokony hiala amin'ny ambaratongam-piainan'ny olombelona dia ny fahatanorana, fa amin'ity dingam-piainana ity no ivelaran'ny maha-olona ny olona ara-batana sy ara-tsaina ka io no dingam-piainana mahomby amin'ny fandrantovam-pahalalana. Ny olona amin'ity dingam-piainana ity koa dia tsy mbola mahazaka mitondra enta-mavesatran'ny fiainana sy ny fiaraha-monina mifatratra ao an-dohany; hoy ny tenin'ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Ny tahakaizay mandranto fahalalana amin'ny fahakeliny dia toy ny soratra voasokitra amin'ny vato, ary ny tahaka mandranto fahalalana amin'ny fahalehibeazany dia toy ny olona manoratra ambony rano »**. Fa arakaraka ny fitomboan'ny taonan'ny olona no mampihena koa fahafahany

manao zavatra. Voalaza ao amin'ny Kor'âny masina indrindra ny tenin'i Allâh momba izany manao hoe:

وَمَنْ نُعَمِّرْهُ نُنَكِّسْهُ فِي الْخَلْقِ

**«Izay omenay andro lava iainana, dia ahenanay ny ao amin'ny herin-tenany»**

Eny fa na dia mety amin'ny dingam-piainan'ny olona aza ny fitadiavana sy fandrantoam-pahalalana dia ny amin'ny fahazazana sy fahatanorana no dingana tena fототr'izany, amin'izay dia mahazo vahana tsara ny maha-izy azy ny olona eo amin'ny ara-pahalalana sy fisainana, nefa izany dia tsy misakana ny fianarana amin'ny fahalehibeazana, voarakitra an-tantara tokoa mantsy ny faharanitan-tsain'ireo olona nirotsaka amin'ny fianarana tamin'ny fahaefapolo taonany sahala niseho tamin'ny manam-pahaizana iray fantatra amin'ny anarana hoe: “Sakkâky” izay nanomboka ny fianarany tamin'ny faha-40 taonany ary tena niaina tamim-pisedrana olana sy fahasahiranana maro izy tamin'izany kanefa nony farany dia lasa ho anisan'ireo manam-pahaizana lehibe ihany izy tamin'ny androny.

3-Ny mpianatra dia mila manalavitra izay rehetra ao an-dohany ka hanelingelina ny fianarany sy fahazoany fahalalana; izany moa dia toy ny fiasan-dohany amin'ny sakafo sy fitafiana sy ny trano onenany sy ny filalaovana ary ny fieritreretany asa izay tsy manome malalaka ny sain'ny mpianatra hivoatra ara-pahalalana. Ny fitadiavam-pahalalana dia mitaky ny fiaretana sy ny fanoherana ny fahafinaretan'ny nofo sy fanalavirana ny fijerena rendrarendra tsy hitondra mankaiza amin'ny fiainana.

4-Ny mpitady fahalalana dia mila mamerina mijery ny fifandraisany ara-piaraha-monina sy mifidy sakaiza manaja ny fahalalana sy ny mpitady fahalalana satria ny namana mivaona any amin'ny fahadisoana sy ny rendrarendra ary ny fandaniam-potoana tsy amin'ny antony dia hampisy fiantraikany ratsy lehibe tokoa amin'ny mpitady fahalalana ary hampivily ny làlany amin'ny fitadiavany ny fahalalana izany.

5-Ny mpitady fahalalana dia mila manana tanjona ho tonga amin'ny farany ambony mba hampiezaka azy hatrany hiakatra amin'ny ambaratongam-pianarana hatrany, fa amin'izay fotoana izay  izy dia hampandroso ny fianarany amin'ny fiaretana mafy sy fikasana matotra; satria ny fiononana sy fijanonana amin'ny ambaratongam-pianarana iray dia ho sakan-dàlan'ny olombelona, sy hahatonga ny olona ho tonga amin'ny ambaratongam-pianarana ambany kokoa noho ny niriany aza izany.

6-Ny mpitady fahalalana dia mila mifantoka tsara amin'ny fianarany ka mandray izany amin'ny herim-po na inon-kidona na inon-kitranga, ary tsy tokony hanome làlana na inona na inona zavatra hiteraka fahakiviana amin'ny fianarana.

7-Ny mpianatra dia tokony handray ny fahalalana mifanaraka amin'ny lojika sy ny fisainana ary koa rantoviny tsikelikely isan'ambaratongany izany fahalalana izany, fa tsy mety ny fandalinam-pianarana ambony kokoa nialohan'ny fahavitan'ny fianarana amin'ny ambaratonga voalohany sy fototra.

**2-<u>Ireo adidy tsy maintsy ataon'ny mpianatra eo anatrehan'ny mpampianatra</u> :**

1-Ny adidy voalohany tanterahin'ny mpianatra eo anatrehan'ny mpampianatra dia ny fifidianana izay olon-kendry amin'izy ireo, satria ny mpampianatra sy ny profesora dia manana ny anjara toerana lehibe eo amin'ny fanabeazana sy famaritana ny làlan-kizoran'ny mpianany eo amin'ny ara-pisainana sy ara-panahy. Indreto misy tarigetra **anankiroa** izay tsy maintsy ananan'ny mpampianatra: voalohany dia mila olona mahalala fomba matahotra an'Andriamanitra, fakantahakaamin'ny fitondrantenany sy ny toetrany, faharoa dia olona manana kolontsaina sy fahalalana ary fisainana midadasika.

2-Ny mpianatra dia mila mifandray amin'ny mpampianany toy ny fifandraisan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka ary mihoatra izany kokoa aza; satria ny ray aman-dreny dia mitaiza ny zanany fotsiny amin'ny lafiny ara-batana fa ny mpampianatra dia mitaiza azy amin'ny lafiny ara-panahy; hoy indrindra ny Imâmo Zaynoul-'Abidine(as) mikasika izany manao hoe:**«Ny zon'izay nampianatra anao fahalalana dia ny fanomezana voninahitra azy, fanajana ny fisiany miara-mivory aminao sy fihainoana tsara azy sy fanekena azy tanteraka, ary aza manamafy ny feonao eo anatrehany, aza mamaly ny fanontaniana hapetrak'olona aminy raha tsy izy ihany no mamaly an'izany, aza miresaka na amin'iza na amin'iza eo am-pivoariana aminy, aza mifosa olona eo aminy na iray aza, sy miaro azy raha misy mitantara ratsy mahakasika azy eo anatrehanao, sy manafina ny kilemany, ary mampibaribary ny hatsarany, aza miara-mipetraka amin'ny fahavalony ary aza mifahavalo amin'ny olona tiany; fa raha vitanao izany dia hijoro vavolombelona ireo Anjelin'i Allâh (Avo Indrindra) fa ianao dia nanatona azy**

**tokoa ary nianatra ny fahalalany amin'ny anaran'i Allâh(Avo Indrindra) fa tsy amin'ny anaran'olombelona »**

3-Ny mpianatra no tokony haneho ny fanetren-tenany tanteraka amin'ny mpampianany satria ny fanetren-tena amin'ny fahalalana sy ny manam-pahaizana aza dia adidy tsy maintsy hajaina ka ahoana ny amin'olona izay manambatra ny amin'ny fitondrana izany fahalalana izany no sady manatanteraka ny hafatra amin'ny fampianarana?! Ary ny fanetren-tena dia anisan'ny fepetran'ny fianarana, satria ny fianarana, ny fahazoana fahalalana dia tsy tanteraka raha ampiarahina amin'ny eboebo sy fanambonian-tena; hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) mikasika izany hoe: **« Ampianaronareo ny fahalalana, sady ampianaronareo ho an'ny fahalalana ny fahatoniana sy fahamendrehana ary manetre tena ianareo amin'izay olona nampianatra anareo izany »**

4-Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny fianarana ny hanomezan'ny mpianatra lanja kokoa ny hevitry ny mpampianany noho ny heviny no sady tsy tokony hanendrikendrehan'ny mpianatra ny mpampianany ho manao diso na bado ary tokony handray ny heviny ho ao anatin'ny fahadisoana fa ny an'ny mpampianatra ho ao anatin'ny fahamarinana sy fahitsiana hatrany; fa izany no maneho ny fanajan'ny mpianatra tanterakanympampianany, toy ny fanomezany ihany koa fotoana malalaka mba handinihan'ny mpampianatra tsara  sy hisian'ny fifanakalozan-kevitra mba hivoahan'ny fahamarinana .

Amin'ny fotoana ahitana hadisoan'ny mpampianatra dia tsy tokony hifanditra aminy ny mpianatra eo anatrehan'ireo

mpianany, fa ny ankamaroan'ny manam-pahaizana izay nahita ny fahamarinana dia manana fomba fijery mifanohitra amin'ny fomba fijerin'ireo mpampianany avy; saingy izy ireo dia tsy maneho izany ampahibemaso raha mbola velona ihany, izany **mpampianatr'izy ireo** izany mba ho fanajana sy fanandratana ny voninahitr'ireo mpampianatra ireo.

5-Anisan'ny fahalalam-pomba koa ny ahatsiarovan'ny mpianatra ny mpampianany am-panajana sy am-panandratana ka tsy tokony hiantso azy afa-tsy amin'ny **anaram-bosotra** mampiseho ny fahefany sy ny voninahiny no sady tsy milaza azy ao amin'ny boky na taratasy raha tsy amin'ny alalan'io **anaram-bosotra** io ihany.

6-Anisan'ny adidin'ny mpianatra eo anatrehan'ny mpampianany ny tsy manadino ny ezaka nataony sy ny mijoro eo anilany mandrakariva manoloana ny onjam-piainana samihafa ary ny mangataka famelan-keloka ho azy aorian'ny fahafatesany; anisan'ny famalian-tsoa azy ny manaraka ny làlana nizorany sy ny fitondrantenany.

7-Anisan'ny adidin'ny mpianatra eo anatrehan'ny mpampianany ny manokana ho azy toerana mendrika ao an-dakilasy sy manaja ny fahalalam-pomba eo anatrehany; anisan'izany ny fomba fipetraka, sy ny fanajana ny fahanginana ary ny firesahana aminy amin'ny teny feno fanajana sy fanandratana.

8-Tsara ho marihina fa ny ezaka ataon'ny mpampianatra amin'ny fampianarana dia miankina amin'ny fahazotoan'ireo mpianatra sy faneken'izy ireo azy; noho izany dia ilaina ny mpianatra mba hanana risi-po sy fahavitrihana amin'ny

alalan'ny fitandremana fatratra sy fihainoana izay zavatra holazain'ny mpampianatra ary manalavitra izay lazain'ny mpampianatra tsy tamin'ny fitandremana sy firaharahana nefa kosamanaja sy manatanteraka ireo adidy rehetra nampanaovin'ny mpampianatra an'ireo mpianany.

9-Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny fianarana ny fanakipiana ny maso amin'ny fahadisoan'ny mpampianatra teo amin'ny fiteniny na fihetsiny, fa ara-boajanahary ny olombelona rehetra dia mety manao diso avokoa ka tsy azon'ny mpianatra atao ny manao izay hahamenatra ny mpampianany fa misy ny matetika mitranga any (toy ny fitafiana misokatra, sns…), ka dia tokony ho amin'ny fomba feno fanajana no anaovan'ny mpianatra fampahatsiahivana aminy fa tsy mila mampiherika ny hafa indray.

10-Ny mpianatra dia tsy tokony hanelingelina ny mpampianany na mandeha any aminy amin'ny ora tsy mampahalalaka azy, ary tsy tokony hanabataba azy amin'ny fotoana maha-irery azy na hanelingelina azy amin'ny asa izay mifandray amin'ny ankohonany.

**<u>Famintinana</u> :**

- Miomana amin'ny fandraisana ny fahalalana sy manararaotra ny fahatanorana sy manalavitra zavatra hafa mampiasa loha ary manangana fifandraisana ara-piaraha-monina matotra. Mikendry mba ho tonga any amin'ny ambaratongam-pianarana fara-tampony no sady miankina amin'ny sori-dàlana lojika na eken'ny saina amin'ny fandrantoam-pahalalana, izany no adidy

tsy maintsy ataon'ny mpianatra mialoha ny hanombohany ny fianarana.

- Misafidy mpampianatra hendry sy mifandray aminy toy ny fifandraisan'ny zanaka sy ny ray aman-dreny, ary mahalala fomba eo anatrehany no mankasitraka ny fanompoana azy amin'ny fanatanterahana ny adidin'ny mpianatra manoloana ny mpampianany.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Ahoana ny fiomanan'ny olona handranto fahalalana?

2-Ambaratongam-piainana ahoana no tena mendrika amin'ny fianarana?

3-Inona ireo zavatra tsy maintsy halavirina eo an-dàlan'ny fandrantoam-pahalalana?

4-Inona ny toetra manokana tsy maintsy ananan'ny mpampianatra?

5-Inona ireo zon'ny mpampianatra amin'ny mpianany?

6-Hazavao ireo andraikitra ara-pitondrantenan'ny mpianatra eo anatrehan'ny mpampianany.

***************

## LESONA FAHA-10

## IREO ADIDIN'NY MPIANATRA(2)

**3-<u>Ireo adidy tsy maintsy ataon'ny mpianatra ao an-dakilasy</u> :**

1-Mananatra ireo manam-pahaizana ara-pitondrantena islamika an'ireo mpitady fahalalana mba hamaky sy hanao tsianjery ny Kor'âny masina noho izao antony manaraka izao:

-Ny Kor'âny masina no loharanom-pahalalan'Andriamanitra, fa ny tsy fianarana ny Kor'âny dia mahatonga izay fahalalana ianarana ho tsy ampy, misy fahabangana foana.

-Ny fanaovana tsianjery sy famakiana Kor'âny masina dia mahatonga ny olona hahazo fahasoavana sy hatsarana ary manadio ny fahalotoana ao am-po mba hiomanany amin'ny fandraisana ny fahalalana.

2-Ny mpianatra dia tokony hahatsapa ny fetran'ny fahatakarany mba tsy hampitondrany vesatra ny tenany amin'ny fianarana izay tsy zakany. Fa tokony**ho hain'ny** olona fa raha sendra diso làlana amin'ny fahalalana iray nianarany izy dia misokatra eo anoloany ireo fanantenana betsaka, ka mampivelatra ny sainy sy mampivoatra ny fahatakarany.

3-Ilaina ny mpianatra mba hiankina amin'ny sori-dàlana marina amin'ny fianarana sy famerenan-desona ary fanaovana tsianjery, ka tsy tokony hanao tsianjery raha tsy efa voamarina ny fahamarinana sy ny fahadisoan'ny lohahevitra, satria sarotra ny manitsy ny fisainana diso aorian'ny **nandraketana** azy tao an-tsaina.

4-Ilaina ny fananan'ny mpianatra ny fandaharam-potoana isan'andro mba ahafahany(hahafahany) manararaotra amin'ny fampiasana ny fotoanany ka **hotsinjarainy** ara-potoana ny fianarany, **amin'izay** dia tsy hisy fotoana very na tsy ampy, mba tsy ho variana amin'ny fianarana loatra etsy an-daniny no tsy hanamaivana izany koa etsy an-kilany.

5-Ny tena tsara amin'ny mpianatra dia ny misafidy ny fotoana maraim-be mba hianarana, izany hoe mifidy ny fotoana mendrika mahakinga sy **mampavitrika** ary manadio ny saina, ary amin'ny fotoana mahamety izany sy mahavelombelona.

6-Mba hahatonga ny mpianatra ho vonona tanteraka ao an-dakilasy dia tokony **hiomana** amin'ny**lafiny** ara-tsaina izy no sady**hiomana**koa amin'ny**lafiny** ara-batana.

Ny fanaovana fanatanjahan-tena sy fanajana ny fahadiovan'ny vatana sy ny fitafiana ary ny fanaovana woudho(fidiovana masina), dia manampy amin'ny fahavitrihana sy fahazotoana. Ny mpianatra dia tsy tokony hanadino hamita ny adidy enti-modiny ao amin'ny kahie na boky, toy izany koa ny fijerena ny lohahevitry ny lesona dieny mialoha.

7-Ilaina ny fihainoan'ny mpianatra am-pahamalinana ny fanazavan'ny mpampianatra sy ny **fifantohana** tsara amin'ny lohahevitry ny lesona mba hahalalana ny antsipiriany ary manao adihevitra amin'ny mpampianatra amin'ny hevitra izay tiana hazava kokoa; tsy tokony hihevitra koa fa ny fihainoana ny fanazavana fotsiny dia ampy amin'ny **fahazoana ny lesona** fa ilaina koa ny fifantohan-tsaina sy fandraisana naoty an-tsoratra izay tena manampy amin'ny fitadidiana.

8-Ny mpianatra dia tsy tokony hanapaka ny fotoam-pianarany raha tsy misy antony mazava azo ekena satria ny **ankamaroan'ny fanazavana** ny lesona dia mifampitohy ka ny fahazoana ny lesona manaraka dia miankina amin'ny fahazoan-desona teo alohany, ka ny tsy fahatongavana mamonjy ny fianarana indray mandeha monja dia **mahabanga** ny fahazoan-desona izay hatrehina, ka hananosarotra ny mameno izany.

9-Ilaina ny mpianatra mba hiarahaba ny mpiara-mianatra aminy eo ampidirana ny lakilasy, fa raha eo anatrehan'ny mpampianatra kosa dia atao am-panajana sy am-panandratana bebe kokoa ny fiarahabana sy firarian-tsoa ho azy fa raha taorian'ny mpianatra no fidiran'ny mpampianatra , dia anjaran'ny mpianatra no mitsangana ho **fanajana azy** ka tsy mipetraka raha tsy nahazo alalana avy aminy.

10-Eo ampidirana ny lakilasy ny mpianatra dia tsy tokony hisafidy toerana tsara ho azy raha tsy hoe angaha voatery hanao izany izy; fa ny fipetrahana eo amin'ny seza manakaiky ny varavarana no maneho ho fanentren-tena ho an'ny mpianatra nefa koa ilaina izany toerana manakaiky ny varavarana izany mba tsy hisy olana amin'ny fianarana.

11-Ilaina ireo mpianatra mba hifanaja amin'ny zon'ny tsirairay avy, fa anisan'ny zon'ireo mpianatra rehetra ny mipetraka amin'ny toerana hahitany ny mpampianatra sy ahazoany mihaino ny resaky ny mpampianatra. Noho izany ny mpianatra somary lava kokoa dia tokony hipetraka any aoriana. Ny mpianatra somary manana ny fahalemeny koa dia tokony hipetraka amin'ny toerana mora tazana eo aloha. Tokony hifanaja ny zony koa ny mpianatra amin'ny fifanomezam-

potoana hametrahany fanontaniana sy hifanakalozan-kevitra, fa tsy tokony hisy ny hiady na hanapaka ny anjaram-pitenenan'ny namany.

12-Ny fifanajana eo amin'izy samy izy dia misy fahalalam-pomba hafa izay tsy maintsy hajain'izy ireo, fa tsy azon'ny mpianatra atao ny manala-baraka ny namany na mananihany azy nohon'ny antony fahadisoana nataony tamin'ny sehatra ara-pahalalana. Tsy azon'ny mpianatra atao koa ny manapaka ny tenin'ny namany na manome anarana azy amin'ny anarambositra tsy mendrika. Toy izany koa dia antery amin'ny mpianatra tsirairay ny tsy maka toerana izay tsy voatokana ho azy, tsy tokony hahidy fahalalana ny mpianatra kinga saina sy mahay kokoa noho ny sasany fa tokony hanampy ny namany amin'ny fanazavana ny olana misy ka manolotra ny fanampiana mialoha amin'ny ilàna izany.

**<u>Fahalalam-pomba ao amin'ny fonenan'ny mpianatra kilasimandry</u> :**

Efa nolazaintsika teny ampiandohan'ity lesona ity ny fisian'ny fahalalam-pomba voatokana ho an'ireo mpianatra kilasimandry; ka ireto avy ny tena lehibe amin'izany:

1-Ilaina ny ahafantaratsika fa ny sekoly kilasimandry rehetra dia najoro araka ny fikasan'ny mpanorina azy, izany fikasana izany dia samy hafa arakaraka ny olona sy arakaraka ny toerana misy azy; fa ao ny manorina azy ho fanabeazana sy fampihofanana manam-pahaizana marina hiraharaha ny finoan'i Allâh izay marina, misy koa anefa kilasimandry hafa manana tanjona ao ambadiky ny asany mba hanaparitaka ny fanovam-pinoana sy ny **fahaverezan'ny olombelona**, noho

izany ny mpianatra, mialohan'ny fisoratana anarana ao amin'izay sekoly hidirany dia tsy maintsy mitandrina fatratra amin'izany ka mila mahalala ny fikasana sy ny tanjon'ny sekoly alohan'ny hidirany amin'izany.

Maro koa ireo mpanao asa soa manangana sekoly mba hahazoany valisoa avy amin'Andriamanitra ka mihandrandrany fangataham-pitahiana(dou'a) avy amin'ireo mpianatra ho an'ny ray aman-drenin'izy ireo. Ary dia tsy tokony hanadiso ny fanantenan'izy ireo ny mpianatra.

2-Ny fandaminana sy ny fitsipi-pifehezana dia tena ilaina eo amin'ny fiainan'ny kilasimandry, arak'izany dia tsy maintsy manaja ny fitsipi-pifehezana napetraky ny tompon'andraikitry ny sekoly ny mpianatra. Mazava ho azy koa moa fa misy ampahany amin'ny izany fitsipi-pifehezana izany no tsy mifanaraka amin'ny hetahetan'ny mpianatra sasany,izay mametra ny fahalalahan'izy ireo, nefa kosa dia tsy maintsy miaiky fa ny fitambaran'ireo an-dàlam-pifehezana ireo dia miahy ho an'ny rehetra ny fetra azo atao mba hisian'ny filaminana.

3-Anisan'ny adidy tsy maintsy ataon'ny mpianatra kilasimandry ny manaja ny fahadiovana sy ny fahasalamana amin'ny ankapobeny, fa anisan'ny adidy atao eo amin'ny fiainam-piaraha-monin'ny mpianatra ny fifampizarana andraikitra izay maneho ny firaisankina eo amin'izy ireo mba hisian'ny fiainana mahafinaritra; ka tsy azon'ny mpianatra atao ny miala andraikitra izay nankinina taminy, toy izany koa ny tsy maintsy itambaran'izy ireo amin'ny asa izay misy tombontsoa ho an'ny daholobe ao anatin'ny fonenan'ny sekoly kilasimandry.

4-Isaky ny mpianatra tsirairay ao amin'ny sekoly kilasimandry dia manana ny haja aman-kasiny ka adidin'ny rehetra ny miaro izany am-panajana, fa tsy azo atao mihitsy ny manakotaba ny mpianatra mitokana samirery mamerin-desona na miala sasatra ary anjaran'ny rehetra ny mampanjaka ny fifandraisana ara-pirahalahiana sy fisakaizana ary finamàna mba ahazoan'ny rehetra tombontsoa iombonana.

5-Anjaran'ny mpianatra tsirairay ny mijoro ho modelin'ny namany amin'ny fitondrantena mendrika sy manalavitra ny fifaneraserana amin'izay ratsy toetra ary misafidy ny namana aman-tsakaiza izay mifanaraka amin'ny nianarantsika tany aloha momba ny fahalalam-pomba amin'ny fifaneraserana.

6-Anisan'ny fahamendrehana indrindra ny firaharahan'ny mpianatra ny momba ny namana aman-tsakaizany ao amin'ny kilasimandry, ka mifandray amin'izy ireo am-pitiavana fatratra, mifanontany amin'ny tsy fahitana ny hafa sy mitady azy ireo amin'ny voaloham-potoana; ary mijoro eo anilan'izay mitady fanampiana lalandava.

7-Ilaina ny fahafantaratsika fa ireo mpianatra ao amin'ny sekoly kilasimandry dia samy manana ny fomba amam-panaony samihafa nohon'ny anton'ny fahasamihafan'ny firenena niaviany sy ny fokony ary koa ny fahasamihafan'ny fitaizana nomena azy avy tany amin'ny fianakaviany; arak'izany dia ilaina ny fandraisana izany ho zava-dehibe ka anisan'ny zava-dehibe ho raisina amin'izany dia ny fandeferana sy ny tsy fitazomana ny hadisoan'ny namana aman-tsakaiza, miaraka amin'ny fanamafisana amin'ny fanarahana ny fomba fitondrantena ambony amin'ny fifanarahana; fa ny fandeferana sy ny famelan-keloka dia

tarigetran'ny olon-kendry mandrakariva sy tena ilaina amin'ny fiainana ara-tsosialy.

8-Ny mpianatra ao amin'ny kilasimandry dia mila manaja ny fitsipi-pifehezana ao anatiny, toy ny ora fatoriana sy fifohazana, sy ny tsy fibodoana efitrano amin'ny alalan'ny fametrahan'entana ao aminy na dia efa tsy misy toerana malalaka intsony aza.

**Famintinana** :

- Adidin'ny mpianatra ny mandamina ny fotoam-pianarany amin'ny alalan'ny fananany fandaharam-potoana mbahahazoany tombontsoa amin'ny fampiasana ny fotoana.
- Adidin'ny mpianatra ny misafidy ho an'ny tenany toerana mety aminy mba hiarovany ny hajan'ny mpampianany fa tsy sanatria entiny hanelingelenana ireo namany.
- Ny fanajana ireo fepetra misy ao amin'ny kilasimandry dia zava-dehibe tokoa ho an'ny mpianatra toy ny fahadiovana, sy ny fahasalamana ankapobeny, ny fanajana ny zon'ny hafa, sy fananganana fiaraha-monina mirindra, miaraka amin'ny fandalana ireo fahalalam-pomba amin'ny fiainana ara-tsosialin'ny sekoly kilasimandry.

**Fanontaniana** :

1-Inona no vokatsoa sy ny tombontsoa izay azon'olona avy amin'ny famakiana sy fanaovana tsianjery ny Kor'âny masina?

2-Inona avy ireo fepetra izay tokony hajain'ny mpianatra amin'ny fahazoany fahalalana?

3-Inona no fotoana tena tsara hianarana sy hamerenan-desona?

4-Inona avy ireo fahalalam-pomba tokony harahin'ny mpianatra eo ampidirana ny lakilasy?

5-Ahoana no tokony hisafidian'ny mpianatra ny sekoliny?

***************

## LESONA FAHA-11

## NY FANAMBADIANA

Ny fanambadiana sy ny fanorenana fianakaviana dia anisan'ny fomba fanaon'ny olombelona izay tsy voafetra amin'ny firenena iray na vitsivitsy fotsiny fa **mahakasika** ny firenendrehetra, no tsy misaraka amin'ny **tantaran'ny olombelona** izany hatramin'ny fahagola; satria fomba ara-boajanahary sy efa natioran'ny olombelona; fa ny fahasamihafan'izany kosa no miankina indrindra amin'ny anjara toeran'ny fianakaviana sy ny lanjan'ny fanambadiana; ny fahalalam-pomba ary ny fomba amam-panao mifandraika amin'ny **kolon-tsain'ny olombelona**.

Ny lalàm-pifehezana ara-pianakaviana sy ny fifandraisan'ny mpivady ary ny zo sy ny adidy tsy maintsy atao izay mandrindra ny fifandraisana eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka no manana anjara toerana ambony indrindra. Koa holazaintsika amin'ity lesona ity sy amin'ny lesona manaraka ny mahazava-dehibe ny fanambadiana sy ireo zon'ny mpivady ary ny hafatry ny lalàm-pinoana islamika amin'ny fahalalampomba ankapobeny mikasika an'ity lohahevitra ity.

**<u>Anjara toeran'ny fanambadiana sy ny hasiny</u>:**

Mitazona toerana lehibe tsy manam-paharoa eo amin'ny lalàm-pinoana islamika ny fanambadiana ka sokajian'ny lalàn'Andriamanitra ho fanoitra lehibe amin'ny firosoan'ny olombelona any amin'ny fahalavorariana. Na dia voalazan'ny lalàna islamika ho adidy (moustahab mou-akidan) amporisihina mafy indrindra aza ny fanambadiana dia efa saika mifanakaiky amin'ny tsy maintsy atao (wâjib) izany

nohon'ny fanahindrahindràna azy, ka **ireto** manaraka ireto ny **andinina soratra** masina manambara izany:

1-Hoy i Allâh Avo Indrindra:

وَمِنْ آيَاتِهِ أَنْ خَلَقَ لَكُم مِّنْ أَنفُسِكُمْ أَزْوَاجاً لِّتَسْكُنُوا إِلَيْهَا وَجَعَلَ بَيْنَكُم مَّوَدَّةً وَرَحْمَةً إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَاتٍ لِّقَوْمٍ يَتَفَكَّرُونَ

**« Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy ny nahariany ho anareo nyvadinareo, mba hiainanareo am-pitoniana miaraka aminy, ary dia nomenyanareo ny fifankatiavana sy ny hatsaram-panahy teo aminareo.Misyporofo tokoa ao anatin'izany ho an'ireo olona mandinika » kor'âny 30-21**

2-Hoy Ilay Be Fahasoavana sy Avo Indrindra:

وَأَنكِحُوا الْأَيَامَى مِنكُمْ« **Ampanambadio izay tsy manam-bady aminareo »kor'âny 24/32**

3-Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw): **« Ny fanambadiana dia sori-dàlako ka izay mandà izany dia tsy anisan'ny mpanara-dia Ahy »**

Hoy koa Izy(saw) : **« Izay mandà ny sori-dàlako dia tsy anisan'ny mpanara-dia Ahy ary anisan'izany ny fanambadiana ka izay mitia Ahy dia aoka izy hanaraka izany »**

4-Hoy koa Izy(saw) : **« Izay miala amin'ny fanambadiana nohon'ny fahatahorana ny fahantrana dia tsy anisan'ny mpanara-dia Anay »**

Hoy koa Izy(saw) mitovitovy amin'izany manao hoe: **« Izay miala amin'ny fanambadiana nohon'nyfahatahorana ny fahantrana dia efa niahiahy ratsy an'i Allâh »**

5- Hoy ihany Izy(saw) : **« Ny olona tsara amin'ny vahoakako dia ny manambady ary ny ratsy amin'ny vahoakako dia ny tokantena »**

Hoy ihany Izy(saw) hoe: **« Ny ratsy aminareo dia ny tokantena aminareo, ny vavaka misy raka'at roa (fiondrehana indroa) ataon'ny manambady iray dia tsara lavitra noho ny vavaka misy raka'at(fiondrehana) fitopolo ataon'ny tsy manambady »**

Hoy Izy(saw) : **« Ny olona ratsy aminareo raha maty dia ny maty tokantena »**

Hoy Izy(saw): **« Ny mpanambady matory dia mendrika kokoa eo anatrehan'i Allâh noho ny mpifehy(mpanao sawm) sy ny mpivavaka(mpanao salât) tokantena »**

Hoy hatrany Izy(saw) : **« Tsy misy fanorenana naorina ao amin'ny Islâmo tian'i Allâh mihoatra ny fanambadiana »**

Hoy Izy(saw) : **« Izay manambady dia efa nahazo ny antsasam-pinoany(dîne), ka matahora an'i Allâh mba hahazoana ny antsasany sisa tavela »**

Hoy Izy(saw): **« Ny zatovo manambady ao amin'ny fahatanoran'ny taonany, dia hitaraina ny Satana hanao hoe: Inty halozana! Narovany noho ny amiko ny finoany »**

Hoy Izy(saw): **« Izay manambady dia efa nomena ny antsasaky ny fanompoana »**

Hoy Izy(saw): **« Izay te hihaona amin'i Allâh ampahadiovana ka ho voadio dia aoka hihaona Aminy ampanambadiana »**

**<u>Tombontsoan'ny fanambadiana</u> :**

Taorian'ny nahafantaratsika ny hasin'ny fanambadiana sy ny mahazava-dehibe azy tamin'ny alalan'ny andinin-tsoratra masina dia **hojerentsika** indray izao ny tombontsoan'ny fanambadiana sy ny vokatsoany mahafinaritra.

Efa nambaran'ireo manam-pahaizan'ny Islâmo ireo tombontsoan'ny fanambadiana tamin'ny alalan'ny fandinihan'izy ireo ny soratra masina islamika ka ireto ny sasantsasany amin'izany:

1-Ny tombontsoa voalohany dia ny fitohizan'ny taranak'olombelona **tsyhahataperan'izany**, izany hoe napetrak'i Allâh eo amin'ny lahy sy ny vavy ny faniriana aranofo mba hisian'ny fitambarana ara-dalàna eo amin'izy ireo ka dia hanaranaka izy ireo; fa ny fanirian'ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra dia ny mba **hananan'izy roa** taranaka hahasambatra azy , fa hoy ny Kor'âny masina manambara izany fangatahan'olombelona izany hoe:

رَبَّنَا هَبْ لَنَا مِنْ أَزْوَاجِنَا وَذُرِّيَّاتِنَا قُرَّةَ أَعْيُنٍ

**« Tomponay ô! Omeo ny fahafinaretan'ny maso izahay,amin'ireo vadinay sy ireo taranakay.. » Kor'any 26/74**

Fa ny fanambadiana no manatanteraka ny faniriana matanjaka ao anatin'ny olombelona mba hahazoana **taranakafaramandimby,nampahatsiahivin**'ny Kor'âny masina ny tantaran'ny Mpaminany Zakaria araka ny tenin'i Allâh(Avo Indrindra) hoe:

وَزَكَرِيَّا إِذْ نَادَى رَبَّهُ رَبِّ لَا تَذَرْنِي فَرْداً وَأَنتَ خَيْرُ الْوَارِثِينَ

فَاسْتَجَبْنَا لَهُ وَوَهَبْنَا لَهُ يَحْيَى

**« Ary i Zakaria raha nitalaho tamin'Andriamanitra Tompony nanao hoe :Tompo ô! Aza avelanao irery aho, fa Ianao no tsara indrindra amin'ny mpampandova. Nekenay ny fangatahany, ka nomenay zanaka i Jaona (Yahia) izy » kor'any 21/89-90**

Manambara ity tantara ity mazava tsara sy ny hetahetan'ny olombelona ny andininy ao amin'ny toko Maryame manao hoe:

ذِكْرُ رَحْمَةِ رَبِّكَ عَبْدَهُ زَكَرِيَّا إِذْ نَادَى رَبَّهُ نِدَاء خَفِيّاً قَالَ رَبِّ إِنِّي وَهَنَ الْعَظْمُ مِنِّي وَاشْتَعَلَ الرَّأْسُ شَيْباً وَلَمْ أَكُن بِدُعَائِكَ رَبِّ شَقِيّاً وَإِنِّي خِفْتُ الْمَوَالِيَ مِن وَرَائِي وَكَانَتِ امْرَأَتِي عَاقِراً فَهَبْ لِي مِن لَّدُنكَ وَلِيّاً

**« Tantaram-pahasoavan'ny Tomponao tamin'i Zakaria mpanompony, rehefa niantso an'Andriamanitra Tompony mangingina izy, niteny hoe : Ô ry Tompoko! Osa ireto taolako ary ny lohako dia rakotry ny volo fotsy. Tsy mbola diso fanantenana mihitsy anefa aho, ry Tompoko amin'ny fangatahana Aminao. Ary matahotra ny mikasika an'izay ho mpandova ahy any aoriana anie aho, nefa ny vadiko**

**dia momba koa mba omeo taranaka avy Aminao re aho! »kor'âny19/02-05**

Koa dia nambaran'i Allâh(Avo Indrindra) an'i Zakaria ny fahaterahan'i Yahia mba hitohizan'ny taranany eo amin'ny fiainana sy hanatanteraka ny hafatr'i Allâh.

2-Ny fanambadiana dia mahatonga ny olombelona **hadio**fitondrantena sy hanaja tena ary handala ny fananana "taqwâ" (fahatahorana an'Andriamanitra) amin'ny tenany ary hiaro azy amin'ny fakam-panahin'ny Satana, fa ny Satana (araka ny literatioran'ny Islâmo) dia manararaotra ny olombelona amin'ny fomba anankiroa:

1-ny hatezerana; 2-ny fanirian'ny nofo. Hoy ny lehibentsika Ali(as) : **« Tsy manana fitaovana goavana ny satana Iblis mihoatra ny hatezerana sy ny vehivavy »**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) nilaza hoe: **« Tsy manana tafika mahery ny satana Iblis mihoatra ny vehivavy sy ny hatezerana »**

Raha ampitahaintsika ny hatezerana sy ny fanirian'ny nofo dia tsapantsika fa ny fanirian'ny nofo no matanjaka kokoa, satria ny fanirian'ny nofo sy ny filàna ara-nofo dia misy amin'ny rehetra ka afaka mihatra amin'ny sehatra midadasika kokoa, fa ny hatezerana kosa tsy toy izany ny fielezany noho izy tsy mihatra amin'ny maro an'isa, **araka izany** ny fanirian'ny nofo no fitaovana tena ampiasain'ny Satana hamerezany ny zanak'olombelona.

Izany no ahitantsika ny lalàm-pinoana islamika mampitandrina ny mpino silamo mba tsy hiaraka amin'ny vehivavy hafa any

amin'ny mangingina, satria ny Satana no zary fahatelon'izy roa hampidi-doza.

Noho izany ny fanambadiana dia hiahy sy hiaro ny olombelona amin'ny fakam-panahin'ny Satana, fa izany no manala ny hetahetam-panirian'ny **nofon'ny olombelona**ka dia rava ho azy ny tetiky ny Satana. Efa voalaza amin'ny teny masina moa ny hoe: « Izay manambady dia efa nahazo **antsasa-pinoany** (dîne) »
3-Ny fahatsapana filaminam-po sy fitiavana, fa ny fitambaran'ny vatana anankiroa sy ny fiaraha-miaina eo ambany fifehezan'ny lalàm-pinoana dia miaro ny vavy sy ny lahy amin'ny hetaheta sy fihoaram-pefy amin'ny lafiny ara-pitiavana sy miaro amin'ny **disadisa**, sy **embona**, **ary koa ny**fahatsapana ho manirery; satria ny lahy sy ny vavy dia mahita ny namany eo amin'ny fiainana, sy eo amin'ny fitiavana izay afaka mifampizara alahelo sy fifaliana aminy, ka manamaivana ny enta-mavesatry ny fiainany. Efa nolazaintsika teny ampiandohana moa ny andinin'ny Kor'any masina manambara fa ny fanambadiana dia anisan'ireo famantaran'Andriamanitra Avo Indrindra satria ny fanambadiana dia mampisy ny fifankatiavana sy manome fifandraisana eo amin'ny lahy sy ny vavy.

4-Ny ankamaroan'ny olam-piainana dia mitaky ny fikambanana sy firaisankina, ka ny fanambadiana no mamaly izany filàna izany satria ny olona samirery dia tsy afaka mamaha ny olam-piainany rehetra; **araka izany** ny fanambadiana dia manome endrika firaisankina sy fifampizarana ny enta-mavesatra **ary koa** andraikitra eo amin'ny asa, izany hoe rehefa reraka avy niasa tany ivelany ny lehilahy ka miverina mody ao an-trano dia mahita voninkazo

maitso mahafinaritra manome hafanana, dia ilay vehivavy vadiny izay mitsena azy am-pitsikiana mahafatifaty, sy manolotra ho azy ny sakafo izay tiany, mahita vady **manala hasasarana** madio, sy ny sisa, **ankoatra izany** dia mahita olona manambitamby azy, mahasodoka azy amin'ny teny mamy na manamaivana ny fahoriany na miresaka aminy ny ho avy mamirapiratra sy nofinofim-piainana.

Ilaina ny fiheverana amin'ny fijery ankapobeny ny fampanantenan'Andriamanitra AllâhAvo Indrindra fa ny fanambadiana dia harena; fa firy amin'ireo sahirana ara-pivelomana tokoa manko no nisokatra ho azy ny fahasoavan'ny lanitra sy ny tany rehefa nanambady izy.

5-Ny fanambadiana no dingana lehibe iray mankany amin'ny fahalavorarian'ny olombelona, satria ny fanirian'ny olombelona hahazo fahamendrehana ara-pitondrantena dia azo avy amin'ny fanambadiana ny ankamaroany ary koa ny fiainana ao anatin'ny fanambadina dia misy adidy aman'andraikitra mitaiza amin'ny firaisankina sy **mampifanatona**ny olombelona **aryny**fanabeazana azy hanana voninahitra sy fitiavana; hoy indrindra ny tenin'ny Mpaminany masina : **« Ny mpikarakara am-pahazotoana ny ankohonany dia toy ny mpanao jihâd(ezaka masina) amin'ny làlan'i Allâh Avo Indrindra »**

Milaza ireo manam-pahaizan'ny Islâmo fa i Allâh Avo Indrindra dia tsy nahary ny lehilahy ho feno, toy izany koa ny vehivavy, fa izy roa dia samy antsasamanilan'ny andaniny sy ny ankilany ka tsy tanteraka ny fahafenoan'izy roa ireo raha tsy amin'ny alalan'ny fanambadiana sy fananganana ny fifandraisam-panambadiana vanona.

**<u>Famintinana</u> :**

- Sokajian'ny Islâmo ny fanambadiana sy ny fanorenana ny fianakaviana **ho ara-dalana amin'ny mahaolona ny olonahanatanteraka**ny fitoniana sy fitiavana ary fahadiovana izay tadiavin'ny lehilahy sy katsahin'ny vehivavy.

Ny fanambadiana eo amin'ny Islâmo dia miantoka ny antsasa-pinoana ho an'ny olona **(dîn**e).

**<u>Fanontaniana</u>:**

1-Nahoana ny Kor'âny masina no milaza fa famantarana iray amin'ireo famantaran'i Allâh ny fanambadiana?

2-Ahoana no fahitan'ny Mpaminany(saw) ny tokantena amin'ny vahoakany?

3-Lazao fohifohy ny tombontsoa sy vokatsoan'ny fanambadiana?

4-Fitaovan'ny Satana inona no misy fiantraikany betsaka**amin'ny olombelona**? Porofoy amin'ny alalan'ny tenin'ny lehibentsika Ali izany.

5-Lazao ny tenin'ny Mpaminany masina izay manome lanja an'izay miezaka miasa nohon'ny antony ankohonany sy ny fianakaviany.

***************

## LESONA FAHA-12

## IREO ZON'NY MPIVADY

Eo amin'ny fiainana ara-panambadiana dia misy zo sy adidy tsy maintsy tanterahina mba **hiantohana** ny fiainan'ny roatonta miaraka mba ho feno fahasambarana sy fitiavana, noho izany dia ilaina ny lahy sy ny vavy mba hahafantatra ireo adidy tsy maintsy ataony amin'ny zon'ny tsirairay avy.

**<u>Voalohany: Adidin'ny vehivavy manoloana ny vadiny</u> :**

1-Nilaza ny Imâmo Bâqir(as) : Vehivavy iray tonga tamin'ny Mpaminany(saw) ka nanontany taminy mikasika ny zon'ny lehilahy amin'ny vadiny, ka hoy ilay Irak'Andriamanitra(saw) : **« Ny mankato azy fa tsy manohitra azy, tsy mamoaka zavatra avy ao an-tranoho fanomezana masina(sadaqa) raha tsy nahazo alalana avy aminy, tsy mifehy (manao sawm)an-tsitrapo (moustahab) raha tsy nahazo alalana avy aminy, tsy mandà ny tenany ho azy, eny na dia eo ambonin'ny lamosin-drameva aza izy, ary tsy mivoaka ny tranony,** fa hoy ilay vehivavy: **Ô ry ilay Irak'Andriamanitra, iza no tena manana zo kokoa amin'ny lehilahy? Hoy Izy(saw): Ny ray aman-dreniny!** Hoy koa ilay vehivavy: **Fa iza kosa no manana zo kokoa amin'ny vehivavy? Hoy Izy(saw): Ny vadiny! »**

2-Anisan'ny adidy tsy maintsy ataon'ny vehivavy amin'ny vadiny ny mampifanaraka aminy, amin'ireto zavatra roa ireto:

a)-Ny fomba fitondrantena,satria ny toerana niaviana **samy hafa,** ny fitaizanasamihafa azon'ny lahy sy ny vavy no

miteraka ihany koa fahasamihafan'ny fitondrantenan'ny tsirairay, indrindra fa **samy hafa**koa ny toetoetra ka tsy mety ny **fampiarahana** ny lahy sy vavy izay tena manana ny fahasamihafany tanteraka; noho izany dia ilaina dia ilain'ny andaniny sy ny ankilany ny **mifanaraka** sy mifandefitra, fa ny lesona moa miresaka ny adidin'ny vehivavy; dia anjarany izany no miezaka mifanaraka amin'ny vadiny ka mila mandefitra sy miaritra amin'izay toetra ratsy misy amin'ny vadiny izy; hoy indrindra ny lehibentsika Mohammad(saw) fa: « Ny vehivavy izay miaritra amin'ny haratsian-toetran'ny vadiny, dia omen'i Allâh valisoa mitovy ny an'i Asyat bint Mouzâhim(vadin'ny Firaona) »

Hoy ny Imâmo Bâqir(as) : **« Allâh Avo Indrindra dia nandidy ny lehilahy sy ny vehivavy hanao Jihâd (ezaka masina, ka ny jihâd ho an'ny lehilahy dia ny fandaniany ny harenysy ny rány na ho faty ao amin'ny làlan'i Allâh aza izy; fa ny jihâd ho an'ny vehivavy kosa dia ny fiaretany amin'izay haratsian-toetra hitany amin'ny vadiny sy ny hasarotam-piarony »**

Hoy koa Izy(as) : **« Ny jihâd ho an'ny vehivavy dia ny fikarakarana tsara ny vadiny »**

b)-Ny fikambanana amin'ny vadiny mandrakariva sy ny fanohanana azy amin'ny fotoan-tsarotra sy **fiziogana** ny hasarotam-piainana ary tsy mampitondra **enta-mavesatra** izay tsy zakany, izany hoe, miara-miombona aminy amin'ny fahasahiranana no sady **tsy hampitombo**ny fahoriany syny hasasarany.

Hoy ny Mpaminany(saw) : **« Izay vehivavy tsy mba mihantra ny vadiny ary mampanao azy izay tsy ho vitany**

**sy tsy ho zakany dia tsy ekena mihitsy ny asa soa ataony ary izy dia hihaona amin'i Allâh izay tezitra aminy »**

Hoy koa Izy(saw) fa: « **Izay vehivavy nanao ratsy tamin'ny vadiny tamin'ny alalan'ny lelany dia tsy eken'i Allâh mihitsy ny fikarakarana sy ny fahamarinana ary ny hatsarana avy amin'ny asa nataony mandra-mpahafaly nyvadiny aminy, eny fa na dia mifehy amin'ny andro, sy mivavaka amin'ny alina, sy(na) manafaka andevo iray, sy manome karazan-tsoavaly tsara ho amin'ny làlan'i Allâh aza izy dia izy no voalohany miditra ny Afobe »**

3-Ny vehivavy dia tokony hihaingo sy hanao ranomanitra ho an'ny vadiny, fa hoy Allâh Avo Indrindra :

وَلَا يُبْدِينَ زِينَتَهُنَّ إِلَّا مَا ظَهَرَ مِنْهَا وَلْيَضْرِبْنَ بِخُمُرِهِنَّ عَلَى جُيُوبِهِنَّ وَلَا يُبْدِينَ زِينَتَهُنَّ إِلَّا لِبُعُولَتِهِنَّ أَوْ آبَائِهِنَّ أَوْ آبَاء بُعُولَتِهِنَّ أَوْ أَبْنَائِهِنَّ أَوْ أَبْنَاء بُعُولَتِهِنَّ أَوْ إِخْوَانِهِنَّ

**« Ary aoka tsy hampiseho ireo haingony izy ireo afa-tsy izay azo haseho ety ivelany, ary aoka izy ireo hampidina ny lamba fisalotra amin'ny tratrany ;ka tsy hampiseho ireo haingony afa-tsy amin'ireo vadin'izy ireo, na amin'ny rainy, na amin'ny rain'ny vadin'izy ireo, na amin'ny zanak'izy ireo, na amin'ny zana-badin'izy ireo, na amin'ny anadahin'izy ireo »kor'âny24/31**

> Ity andinin'ny soratra masina ity dia manakana ny fampisehoana ny haingon'ny vehivavy eo anatrehan'ny lehilahy tsy havany (lehilahy azony vadiana), fa na dia azony atao aza ny mampiseho ny haingony amin'ireo karazan'olona voalazan'ny soratra

masina tetsy aloha, dia amin'ny vadiny ihany no tena tsy maintsy hanehoany izany haingony izany .

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as): « Izay vehivavy manao **ranomanitra**eoanatrehan'ny lehilahy ankoatry ny vadiny dia tsy ekena mihitsy ny salât ataony **mandra-pandrony**mba **hanalany izay** fofon-dranomanitra izany tahaka ny fandroana Janâbat »

4-Tsy azon'ny vehivavy atao ny mivoaka ny tranony raha tsy efa nahazo alalana avy amin'ny vadiny, fa hoy ny tenin'ny Mpaminany masina manambara izany: **« Izay vehivavy mivoaka ny tranony tsy nahazo alalana avy amin'ny vadiny dia tsy iantohana ny ara-pivelomanymandra-piveriny »**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as): **« Izay vehivavy mametraka ny fitafiany tsy an-tranom-badiny tsy nahazoana alalana avy aminy diaozonin'Andriamanitra izy mandra-mpiveriny ao an-tranony »**

**<u>Faharoa: Ny Adidin'ny lehilahy manoloana ny vadiny</u> :**

Ny lehilahy koa dia manana adidy ho tanterahiny eo amin'ny vadiny dia ireo zon'ny vehivavy amin'ny vadiny ka ny ampahany amin'izany dia ny ara-pitaovana ary ny ampahany kosa dia ara-pahalalam-pomba, hoy ny Mpaminany Mohammad(saw): **«Nanafatra ahy i Jibrîl (Anjely Gabriely) momba ny vehivavy ka nahatonga Ahy hihevitra fa tsy tokony hisaram-panambadiana mihitsy raha tsy noho ny antony fitondrantena maloto mibaribary »**

Ireto manaraka ireto àry ireoandian'adidin'ny(ireo andiana adidin'ny) lehilahy eo amin'ny **sehatry nyfanambadiana**:

1-Adidin'ny lehilahy ny miantoka ny filàn'ny vadiny rehetra, na ara-tsakafo izany na ara-pitafiana sns…..

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) mikasika ny zon'ny vehivavy: **« Mampisakafo azy(vady vavy) sy mampitafyny vatany ary raha misy zavatra tsy hainy dia mamela ny helony »**

2-Voalaza ao amin'ny hafatr'Imâmo Zaynoul-Abidine(as) mikasika ny zon'nyolombelona, hoy Izy : **« Fa ny zon'ny vehivavy vady kosa, dia fantaro fa i Allâh Avo Indrindra no nanao azy ho anao mba hahazoam-piadanana sy fitiavana, fantaro fa izany dia fahasoavana avy amin'i Allâh ho anao ka mba hajao sy hiantrao , ary raha ny zonao aminy no mafimafy kokoa dia anjaranao izany no mba mihantra azy satria olona babonao izy, koa omeo sakafo sy ampitafio, fa raha misy hadisoana vitany dia mamela azy »**

3-Adidin'ny lehilahy ny mitondra ampitiavana ny vadiny, hoy ny Mpaminanysaw) fa: **« Ny fitenenan'ny lehilahy amin'ny vadiny manao hoe tiako ianao dia tsy ho voafafa am-pony mihitsy »**

Hoy koa Izy(saw) fa: **« Izay lehilahy miaritra amin'ny toetra ratsin'ny vadiny dia omen'i Allâh valisoa mitovy amin'ny nomena an'i Ayoub-as-(Mpaminany Joba) nohon'nyfahoriany »**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) fa: **« Ny olona ao amin'ny tokantranony sy ny ankohonany dia mila zavatra telo mba**

**ahafahany miadidy izany, na dia tsy manana fahazarana amin'izany aza izy: fifaneraserana mahafinaritra;fampiadanana; ary fahasarotam-piaro ara-drariny»**

Hoy koa Izy(as): **«Zavatra izay tokony hananan'ny lehilahy ny manatsara ny fifandraisana eo aminy sy ny vadiny dia ny fahatsoram-po mba hisintonany ny fahatsoram-pon'ny vadiny sy ny fitiavany; ny fahatsaran-toetra eo aminy; ny fanababoana ny fony amin'ny endrika mahafinaritra eo anatrehany ary fampiadanana azy»**

4-Ny lehilahy dia tsy tokony ho **hahery fihetsika**amin'ny vadiny fa toy ny manakenda azy izany; hoy ny lehibentsika Mohammad (saw): **«Ny lehilahy tsara eo amin'ny vahoakako dia izay tsy masiaka amin'ireo ankohonany, mihantra azy ireo, ary tsy manidrihazolena azy ireo,** avy eo Izy namaky ny hoe:

الرِّجَالُ قَوَّامُونَ عَلَى النِّسَاء بِمَا فَضَّلَ اللّهُ بَعْضَهُمْ عَلَى بَعْضٍ

"**Ny lehilahy no manam-pahefana eo anatrehan'ny vehivavy nohon'nynanomezan'i Allâh tombondahiny ny sasany amin'izy ireo noho ny sasany" »**

Efa voalaza ao amin'ny tenin'ny Mpaminany masina koa moa ny mahavoarara ny fampijalian'ny lehilahy ny vadiny fa raha manao izany izy dia tsy eken'i Allâh ny hatsarana ataony, hoy ilay Mpaminany(saw) : **« Ary toy izany koa ny lehilahy raha toa ka manao ny tsy rariny amin'ny vadiny »**

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny rindran-damina **araka** ny zo eo amin'ny Islâmo no mamaritra ireo zo sy adidy tsy maintsy tanterahin'ny vehivavy sy ny lehilahy ao amin'ny **sehatry ny fanambadiana**.
- Ny fahalalam-pomba islamika dia manome vahana ny fahadiovana sy ny filaminana irina ao amin'ny fiainam-panambadiana; toy ny **fifampizarana asa** sy andraikitra eo amin'ny mpivady izay manamafy ny fifandraisana ara-panambadiana ka hahasambatra ny ankohonana silamo, miampy ny **fampanantenan'i Allah**(Dera anie ho Azy) valisoa ho an'ireo mpanompony mpanao soa amin'ny andro farany.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Inona ireo adidin'ny vehivavy manoloana ny lehilahy vadiny?

2-Lazao fohifohy ny Jihâd ho an'ny vehivavy.

3-Inona ireo adidin'ny lehilahy amin'ny vadiny?

4-Lehilahy manao ahoana no mendrika? Valio amin'ny alalan'ny hadith tenin'ny Mpaminany masina ny fanontaniana.

***************

## LESONA FAHA-13

## NY HASIN'NY ASAM-PIVELOMANA ARAKA IREO VONDRONA SORATRA MASINA(AYAT) SY IREO LOVATSOFINA(RIWAYAT) ROATONTA

Ny asa sy ny ezaka ara-pivelomana dia manana ny fahalalam-pombany ao amin'ny lalàna islamika; koa alohan'ny hahalalantsika ny fahalalam-pomban'ny asa eo amin'ny Islâmo dia handeha isika hamaly ny fanontaniana hoe: Moa ve manana ny lanjany ny asa sa tsia? Raha toa ka eny ny valiny dia hatraiza àry no fetran'izany. H**ojerentsika** amin'ity lesona ity ny lanjan'ny asam-pivelomana, avy eo isika vao mijery ny fahalalam-pomban'ny asa amin'ny lesona manaraka.

Ny mikasika ny lanjan'ny asa sy ny fitadiavana dia hitantsika ao amin'ny **vondrona andinin-tsoratra** masina(ayât) sy ny **lovantsofina(**riwâyat) roatonta: ka ny voalohany dia mifono soratra masina maromaro noho ny vondrona faharoa, izany moa dia ny fiderana ny asa sy **fanandratana ny voninahitry** ny mpiasa sy ny mpitady fivelomana; fa ny vondrona faharoa kosa dia mitsikera ny fitiavana manangona harena **mihoapampana.**

**<u>Ny vondrona voalohany</u>:**

Hoy i Allâh Avo Indrindra: وَجَعَلْنَا النَّهَارَ مَعَاشاً

**« Ary nataonay ho fitadiavam-pivelomana ny andro »kor'âny 78/11**

Hoy Izy Andriamanitra Allâh :

وَجَعَلْنَا لَكُمْ فِيهَا مَعَايِشَ قَلِيلاً مَّا تَشْكُرُون

**« Ary nataonay ho anareo ny eto an-tany ho fanaovana asa fivelomana kanefa vitsy ihany no mba mankasitraka izany »**

Ireo andinin-tsoratra masina anankiroa ireodia manambara ny endriky ny fankasitrahan'Andriamanitra an'ireo mpanompony amin'ny nanokanany sy nanomezany azy ireo ny andro sy ny tany mba ho fiasana sy fiezahana amin'ny fitadiavan-karena sy anjara fivelomana.

Hoy ny Mpaminany(saw) : **« Misy amin'ireo fahotana dia fahotana tsy hovoaonitramihitsy raha tsy amin'ny alalan'ny firaharahana amin'ny fitadiavam-pivelomana »**

Hoy koa Izy(saw) : **« Ny mpivarotra mpanao ny marina dia hatsangana amin'ny andron'ny fitsanganana miaraka amin'ireo olo-marina sy maritiora »**

Hoy ihany koa Izy(saw): **« Izay mitady fivelomana ara-dalàna(halâl) mba tsy hangatahany amin'ny hafa, sady hampiadanany ny fianakaviany sy hiantrany ny mpifanolo- bodirindrina aminy, dia hihaona amin'i Allâh izy amin'ny endrika mamiratra tahaka ny volana fenomanana »**

Hoy hatrany Izy(saw) : **« Ny tsena no sompitr'i Allâh ka izay mankao dia hahazo izany»**

Voalaza ao amin'ny tantara ny Mpaminany(saw) masina miaraka amin'ireo mpanara-dia Azy dia nandalo **nanoloana ny** tanora iray **miezaka miasa** mafy, ilay tanora moa dia tena

matanjaka tokoa, fa niteny ny mpanara-dian'ny Mpaminany(saw) iray, indrisy anie raha mba nampiasainy tao anatin'ny làlan'i Allâh izao tanjany sy fiezahany izao; fa hoy ny Mpaminany Mohammad(saw) namaly an'inty mpanara-dia Azy: **« Aza miteny izany ianareo, fa izy io dia miezaka ho an'ny tenany mba hivelomany sadytsy hangatahany aman'olona, fa izy io dia ao anatin'ny làlan'i Allâh, fa raha mbola amin'nyfamelomana ny ray aman-dreniny efa antitra na ny taranany mbola madinika dia efa ao anatin'ny làlan'i Allâh, fa raha toa kosa ka ampireharehana sy mba ho fangoronan-karenano hanaovany izany dia izay vao ao anatin'ny làlan'ny satana izy »**

Nilaza ny Imâmo Bâqir(as): fa ilay Irak'Andriamanitra(saw) dia niteny tamin'ny **fivahinianana masina** fanaovam-beloma farany : **« Tena marina fa ilay fanahy azo antoka (Anjely Gabriely), dia nibitsibitsika tamin'ny fanahiko nilaza fa tsy ho faty ny olona raha tsy efa nahangona ny anjaramasoandrony, koa matahora an'i Allâh(Avo Indrindra), ary hatsarao ny fitadiavana izany ary aza atao mahatonga anareo hitady izany amin'ny tsy ara-dalàna ny fahataran'izany anjaramasoandronareo izany, satria Allâh(Be hasoavana sy Avo Indrindra) no mizara ireo anjaramasoandro ara-dalàna(halâl) eo amin'ny zavaboariny, fa tsy mizara izany amin'ny tsy ara-dalàna (harâmo) Izy koa izay matahotra an'i Allâh(Avo Indrindra) sy manam-paharetana dia omen'i Allâh ny anjaramasoandro halâl, ary izay manao ny mahamenatra sy maimaika ka mandray ny tsy halâl dia hotapahana ny**

**anjaramasoandrony halâl, ary hotsaraina amin'izany izy amin'ny andro fitsanganana »**

Nitantara i Mohammad ibn Al-Mounkader, fa **nandehandeha** tany amin'ny **manodidina ny**tanànan'i Madinat al-Mounawwarat, tamin'izay fotoana izay moa dia nafana dia nafana ny andro ary nony farany hitany ny Rain'i Ja'afar, i Bâqir(as) miasa amin'ny taniny dia hoy i Mohammad ibn Al-Mounkader: Tena fantako amin'i Allâh fa handeha hanariko Izy; ka lasa nanatona Azy niteny nanao hoe:Ha**soavin**'i Allâh anie Ianao ry **lehiben**'ireo **lehiben**'ny Quoraysh, raha amin'izao fotoana toy izao Ianao no manao **asa fivelomana!** Ianao angaha tsy matahotra ny ho tra-pahafatesana amin'izao toetra izao? Namaly azy ny Imâmo izay tena kotsan'ny hatsebohana nanao hoe: **« Ifantako amin'i Allâh fa raha tra-pahafatesana amin'izao toetra izao Aho dia maty ao anatin'ny fankatoavana iray amin'ireo fankatoavana an'i Allâh satria Izaho dia miasa ara-piveloman'ny tenako sy ny tenanao sy ny an'olona; fa tsy matahotra ny fahafatesana Izaho raha tsy hoe angaha ao anatin'ny fanoherana an'i Allâh Aho»** , nampitanondrika ny lohany i Mohammad ibn Al-Mounkader sady niteny hoe: Hamindra fo aminao anie i Allâh ô ry Rain'i Ja'afar, izaho saika hananatra Anao indray inty no nomenao anatra.

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as): **« Na dia sahiranaara-pivelomana aza ny lehilahy iray, fa miasa arakaizay vitany hamelomany ny tenany sy ny ankohonany ka tsy mitady zavatra harâmo, dia toy ny olona manaojihâd (ezaka masina) ao anatin'ny làlan'i Allâh izy »**

Hoy koa Izy(as) fa:**« Ny fikirizana mamelona ny fianakaviany dia toy ny olona manaojihâd (ezaka masina) ao anatin'ny làlan'i Allâh »**

Nilaza ny Mpaminany(saw)fa: **« Voaozona izay manankina ny fiainana rehetra amin'ny olona»**

**<u>Ny vondrona faharoa</u> :**

Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) : **« Tsy nodidiana Aho hoe manangona harena ka aoka ho anisan'ny mpivarotra ianao, fa nodidiana Aho hoe manompoa am-piderana an'Andriamanitra Tomponao, ka aoka ho anisan'ny mpiankohoka ianao, ary manompoa an'Andriamanitra Tomponao mandra-pahatongan'ny marina aminao »**

Hoy Izy(saw) :**« Ataovy maro ny fangataham-pamelan-keloka(istighfâr) fa mitarika ny anjaramasoandro izany »**

Hoy koa Izy(saw) : **« Allâh Avo Indrindra dia nanafatra an'i Dawod nanao hoe: Izay mahafoy tena Amiko dia ho valiako soa »**

Hoy ihany Izy(saw): **« Tena marina fa i Allâh dia manome ny fiainana eto an-tany amin'ny asan'ny any ankoatra, fa tsy manome ny fiainana any ankoatra amin'ny asan'ny eto an-tany »**

**Hoy ny Imâmo Ali(as) hoe: « Ny anjaramasoandro dia mizara roa: Anjaramasoandro ilay mpitady ary ilay tadiavina, ka izay mitady ny fiainana ety an-tany dia hotadiavin'ny fahafatesana mandra-pialany ety an-tany; fa izay mitady ny fiainana any ankoatra kosa dia tadiavin'ny**

**ety an-tanymandra-pahazony feno ny anjaramasoandrony »**

N**oho ity**vondrona teny masina(ahadith) faharoa ity no mahatonga an'ireo mpino sasany **hififikitra**amin'ny fanaovana fitalahoana(dou'a) sy ny fanompoana ka mamela ny asa amam-barotra sy ny ezaka amin'ny fitadiavana ny anjaramasoandro; satria hono raha ny fangataham-pamelan-keloka amin'Andriamanira no mitarika ny anjaramasoandro dia inona indray no mbola hiasana! Satria koa hono ilay Irak'Andriamanitra nilaza hoe: **« Tena marina fa i Allâh dia manome ny fiainana eto an-tany amin'ny asan'ny any ankoatra »** dia nahoana raha tsy ny asa fanompoana ihany no atao fa ny anjaramasoandro dia Allâh foana no miahy ny fanomezana **azy?**

A**nkoatra ny** ny efa nanambarantsika ireo andinin'ny soratra masina tao amin'ny vondrona voalohany fa ny Islâmo dia **mampirisika** amin'ny asa sy ezaka amin'ny **fitadiavana ny**anjaramasoandro hamelomana ny tena sy ny fianakaviana, ary na dia manome alalana aza ny fanjakana sy ny fitsarana amin'ny fahazoana mihinana ny ao amin'ny tahirim-bolam-bahoaka, dia **mampirisika** ny olona hatrany ny lalàna islamika mba tsy hihinana afa-tsy ny hatsebohan-tavany sy ny asan'ny tanany; hoy indrindra ny Imâmo Sâdiq(as) araka ny voalzan'i Imam Ali(as) :« **Nanafatra an' Dawod i Allâh Avo Indrindra nanao hoe:Tena marina fa mpanompo tsara indrindra Ianao raha toa ka tsy mihinana ny ao amin'ny harem-bahoaka no sady mba miasa amin'ny alalan'ny tananao; ary dia nitomany nandritra ny efapolo maraina i Dawod, fa nataon'i Allâh ho azon'i Dawod folahina ny vy**

**ary dia niasa nanefy fitaovam-piadiana tamin'izany Izy isan'andro ka namidiny ho arivo dirham ny iray, ka nanao fitaovam-piadiana miisa enim-polo sy telonjato Izy izay namidiny ka nahazoany vola enina alina sy telohetsy koa dia tsy nihinana ny volam-bahoaka intsony Izy »**

Izany koa no **nahatonga ny** Mpaminany (saw) sy ireo Fianakaviany Ahloul-Bayt(as) **hiasa** tany eny an-tsaha, **ankoatra ny** andraikitr'izy ireo eo amin'ny fiaraha-monina sy ny fampianarana.

Arak'izany**araka izany**, ny asa sy ny ezaka amin'ny fitadiavam-pivelomana dia tsy misy maharatsy azy velively fa nohon'nyantony anankiroa no mahatonga ny finoana Islâmo manome tsiny izany:

**Voalohany:** Ny fihoaram-pefy sy fialàna amin'ny fetra izay mamoaka ny olona ao anatin'ny fepetran'ny fandanjalanjana na fahalalana onony, **nahatonga ny** Mpaminany (saw) **nitaona** ny olona mba hanatsara ny fitadiavam-pivelomana. Hoy Izy(saw) mikasika izany: **« Ny olombelona tena mendrika dia ny mpanompo miainaeto an-tany araka izay ampy ivelomany ihany »**

**Faharoa:** Ny **fanangonan-karena** amam-pananana izay **ataon'ny olombelona**vaindohan-draharaha hatramin'izay ka hatramin'izao ka mahatonga ny olona hanadino ny fiainany any ankoatra. Nisy nanontany an'ny Imâmo Sâdiq(as) mikasika ny tafsîr, fanazavana ny andininy masina ao amin'ny tenin'i Allâh manao hoe:

رِجَالٌ لَّا تُلْهِيهِمْ تِجَارَةٌ وَلَا بَيْعٌ عَن ذِكْرِ اللَّه **« Ireo olona, ka ny varotra dia tsy hanadinoan' izy ireo na atakalon'izy ireo ny fahatsiarovana an'Andriamanitra** » fa hoy Izy(as): **« Ireo izay mpivarotra , rehefa tonga ny fotoan'ny salât dia ilaozan'izy ireo ny varotra ka lasa izy ireo mamonjy ny fotoam-pivavahana salât ary izy ireo no hahazo tombony lehibe mihoatra ireo izay mijanona ao am-pivarotana »**

Voalaza ao amin'ny tantaran'ny Mpaminany masina(saw) rehefa nirotsaka taminy ny andininy milaza hoe:

وَمَن يَتَّقِ اللَّهَ يَجْعَل لَّهُ مَخْرَجاً وَيَرْزُقْهُ مِنْ حَيْثُ لَا يَحْتَسِبُ **« Izay matahotra an'i Allâh dia omeny vahaolana, sy anjaramasoandro izay tsy ampoiziny »,** fa hoy izy ireo hoe: hidionareo ny tsena ary **mandehana**ianareo manao fanompoana fa efa **voatsimbina** isika; tonga tamin'ny Mpaminany(saw) izany feo izany ka lasa nanatona azy ireo Izy nilaza hoe: Fa inona no manosika anareo **hanao** izao? Hoy Izy ireo hoe: Ô ry Irak'Andriamanitra, Allâh no efa miahy ny anjaramasoandronay ka dia manatanteraka ny fanompoana no sisa ataonay; hoy Izy: **Tena marina fa izay manatanteraka izany dia tsy hahazo valim-bavaka, koa aoka ianareo hitady fivelomana**.

**<u>Famintinana</u> :**

- Derain'ny lalàm-pinoana islamika sy **ampirisihany**ny fanaovana asa, ka ny ezaka sy fanatanterahana izany asa izany dia toy ny jihâd(ezaka masina) ao amin'ny làlan'i Allâh, ary i Allâh dia nampanantena an'izay mikely aina amin'ny asa hamelomany ny

fianakaviany, valisoa betsaka any amin'ny androfitsanganana.

**<u>Fanontaniana</u>:**

1-Hazavao ny hasin'ny asa sy fahazoan-karena amin'ny Islâmo.

2-Ahoana ny fahazoanao ny toritenin'ny Mpaminany(saw) tamin'ny fivahinianamasinafanaovam-beloma nataony?

3-Inona no hevitry ny fanatsarana amin'ny fitadiavam-pivelomana?Hazavao fohifohy izany.

4-Inona no anjara toeran'ny fahatahorana an'i Allâh eo amin'ny fitadiavam-pivelomana?

***************

## LESONA FAHA-14

## FAHALALAM-POMBA AMIN'NY ASA SY NY FIVELOMANA

Efa haintsika fa ny Islâmo dia manome hasin'ny asa no sady midera ny mpiasa, ny fiasana dia mitovy lanja amin'ny fanaovana jihâd(ezaka masina) amin'ny làlan'i Allâh, ary mila fantarintsika izao ny fototry ny asa, sy ny fahalalam-pombany, ary ny fepetrany, fa ny fahafantarantsika ny fahalalam-pomban'ny asa dia mitondra antsika hahalala nyasa tsara tsy misy harâmo sy fahotana, indrindra fa hahalalana ny fototry ny asa halâl ara-dalàna, sy izay irin'i Allâh Avo Indrindra amin'ny mpanompony amin'ny ezaka sy fitadiavana ny anjaramasoandro; ny famintinana ny fototra sy ny fahalalam-pomban'ny asa ihany anefa no **hohazavaina** eto.

**a)-<u>Fahalalana ny lalanan'ny asa</u> :**

Ny voalohany tokony **hojerena** amin'ny ankapobeny dia ny didy aman-dalànan'ny varotra sy asa aman-draharaha ka ny malaza moa dia resaka momba ny varotra sy fividianana entana sasany ary fanolorana ireo asa harâmo sasany araky ny lalàm-pinoana; toy izany koa ny zon'ny mpivarotra sy ny mpividy izay mendrika **hohajaina** eo amin'ny **fandraharahana.** Noho izany dia ilaina ny fahalalana sy fahafantarana izany zavatra izany fa raha tsy izany dia tafalatsaka ao anatin'ny fahazoan-karena harâmo ny olona sy hampahory ny zon'ny hafa. Hoy ny Imâmo Ali(as) hoe: **« Izay mivarotra tsy mahay lalàna dia tafalatsaka amin'ny fakana zana-bola izay tsy azo atao »,** hoy koa Izy(as): **« Izay mivarotra tsy mahay lalàna dia tafalatsaka amin'ny fakana zana-bola izay tsy azoa tao,ary vao mainka**

**tafatsaka hatrany, fa tsy tokony hipetraka ao an-tsena mihitsy afa-tsy izay mahay tsara momba ny fividianana sy ny fivarotana »**

Nitantara Al-Asbagh ibn Noubâtah hoe: Henoko i Ali(as) teo amin'ny polipitra niteny hoe: « **Ô ry vondron'ny mpivarotra, lalàna aloha izay vao varotra, lalàna aloha izay vao varotra, fa ifantako an'i Allâh, ny fakana zana-bola izay tsy azo atao amin'ity firenena ity dia miafina mihoatra ny famindran'ny vitsika eo amin'ny zavatra madio, arovy amin'ny alalan'ny fanomezana masina (sadaqa) ny harenanareo. Ny mpivarotra dia mpanao heloka, ary ny mpanao helokadia ao amin'ny Afobe afa-tsy izay naka am-pahamarinana sy nanome am-pahamarinana »**

Noho izany, ny fahalalana ny didy aman-dalàna mifandraika amin'ny asa aman-draharaha izay tiana hatao ao amin'ny bokin-dalàna  no fepetra tsy maintsy atao **mialoha ny** fidirana amin'ny tontolon'ny tsena sy fahazoan-karena.

**b-<u>Fanalavirana ny fibodoana entam-barotra</u> :**

Ny tena ratsy amin'ny asa ataon'ny mpivarotra ao an-tsena dia ny fividianana **ireo**entana tena ilaina andavanandro sy fanafenana azy ao amin'ny magazay mba hitadiavana ny fampiakarana ny vidiny, ary avy eo dia avoaka tsikelikely hanararaotana ny filàn'ny olona sy ny tsy maintsy **hividianan'nyolona**, ka hahazoana tombom-barotra mioha-pampana.

A**raka izany** ny fibodoana entam-barotra toy izanydia voasokajy ho anisan'ny fahavalom-bahoaka sy ny fanaovana tsindrihazolena azy ireo; izany no nanoheran'ny lehibentsika Mohammad(saw) ny fibodoana entam-barotra sy nanakanany mafy ny fanaovana izany, araka ny teniny(saw) hoe: **« Izay mibodo sakafo mandritra ny efa-polo andro dia manalavitra an'i Allâh ary i Allâh koa dia manalavitra azy »**

Hoy koa ny Imâmo Ali(as) hoe: **« Izay mibodo sakafo mandritra ny efa-polo andro dia mihamafy ny fony»**

A**nkoatra ity** fanaovana karazana tsindrihazolena ity dia hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) midera an'ireo izay mivarotra avy hatrany ny entany: **« Izay mitondraentam-barotra ara-tsakafo ka amidiny amin'ny vidiny tamin'io fotoana io ihany dia toy ny olona nanome fanomezana masina(sadaqa) amin'izany** »

Nohoizany antony izany, ny mpivarotra mpino dia manalavitra ny fibodoana entam-barotra, voalaza ao amin'ny tantara sasany fa nisy mpivarotra iray nanana ny solon-tenany tao an-tanànan'i Basorah, izay fandefasany entam-barotra mba hamidiny eny an-tsena ; koa dia nandefa varimbazaha iray fiara àry izy izay nodidiany fa raha vao tonga eny an-tsena dia hamidiny avy hatrany amin'ny vidiny amin'io andro io ihany. Nony tonga anefa ilay fiara, dia niteny ireo sakaizan'ilay solon-tenan'ny mpivarotra hoe raha hahemotrao rahampitso Zoma ny fivarotana an'ilay varimbazaha dia hahazo tombom-barotra avo roa heny, neken'ilay solon-tena izany hevitr'ireo sakaizany izany ka dia nahemotra andro iray ny varotra ka dia nahazo tombony **avo roa heny** tokoa izy; ary dia nanoratra

taratasy ho an'ilay mpivarotra izy nitantara ny fomba nahazoany tombony betsaka toy izao. Nalahelo ilay mpivarotra mpivavaka tamin'izany fomba fivarotan'ny solon-tenany izany ka nanoratra ho azy **tahaka izao**: Aleoko mifaly amin'ny tombony kely fa milamin-tsaina aho amin'ny finoako, toy izay mahazo tombony betsaka nefa manambanga ny finoako na dia kely **bitika**aza; efa nahavita heloka ny tenako sy ny tenanao izao ka aoka hibebaka amin'i Allâh ianao ary izay vola any aminao rehetra dia ataovy fanomezana ho an'ny mahantra sy ny sahirana ao Basorah, amin'izay i Allâh handefitra amiko sy hamela ahy.

**d-<u>Fanaovana tonombavaka(dou'a) sy fahatsiarovana an'i Allâh(zhikrollâh) -Dera anie ho Azy-</u> :**

Araka ny hafatry ny lehibentsika Mohammad(saw) sy ireo Imâmo avy amin'ny Fianakaviany(as), ny olona dia tokony hahatsiaro an'Andriamanitra Tompony **ka** hitodi-doha ho any an-tsena sy hamonjy ny asa; atombony amin'ny anaran'i Allâh(Dera anie ho Azy) ny asa sy ezaka ataony, **amin'izay** i Allâh hijery azy akaiky fa tsy hanadino azy amin'ny raharahany sy ny varotra ataony; hoy ny Mpaminany(saw) : **« Izay mahatsiaro an'i Allâh ao an-tsena amin'ny fo madio amin'ny fotoanan'ny olona variana ka manaitra azyireo amin'ny famakiana ny ao amin'ny Boky(Kor'âny), dia ho soratan'i Allâh ho azy ny hatsarana miisa arivo ary hamela ny helony i Allâh amin'ny andron'ny fitsanganana amin'ny alalan'ny famelan-keloka izay tsy azon'ny sain'olombelona nosaintsainana »**

Voalaza ao amin'ny tonombavaky ny Imâmo Bâqir(as) fa ny olona izay ho any an-tsena dia mila miteny hoe: «

**Allahoumma inny as-alouka min khayrihâ wa khayri ahlihâ »**

Rehefa mipetraka eo amperin'asa dia miteny hoe: « **Ach'hado al-là ilâha illàllâh wahdaho lâ charîka lah, wa ach'hado anna Mouhammadan 'abdouho wa Rassoulouh, allahoumma inny as-alouka min fadhlika halâlan tayyban, wa a'ouzhou bika min an azlima aw ozlama wa a'ouzhou bika min safqatin khâsiratin, wa yamîn kâzhibat »**

Ary anisan'ny tena toetran'ny mpivarotra mpino, ny asa amandraharaha izay ataony dia tsy hanadinoany ny fahatsiarovana an'i Allâh sy ny fanatanterahana ny adidy tsy maintsy atao amin'ny finoana, ary efa nolazaintsika tamin'ny lesona teo aloha moa fa i Allâh(Avo Indrindra) dia hanasoa **ireo izay** tsy variana (tsy hanadino) no sady tsy manakalo ny varotra sy ny raharahany amin'ny fahatsiarovana Azy Ilay Be Hasoavana sy Avo Indrindra.

**e-<u>Fanalavirana ny fifantàna sy ny fianianana</u> :**

Ny fiezahan'ny mpivarotra mandresy lahatra sy manintona ny mpividy hividy ny entany amin'ny alalan'ny fifantànana fianianana dia zavatra toherin'ny Islâmo, izany moa dia tsy amin'ny asa fivarotana na fividianana **ihany** fa na amin'ny raharaham-piainana rehetra**aza**dia tsy eken'ny lalàna islamika ny fanaovana fifatàna afa-tsy amin'ny tranga lehibe tsy azo anoharana ihany; hoy i Allâh Avo Indrindra ao amin'ny Kor'âny masina manao hoe: وَلاَ تَجْعَلُواْ اللّهَ عُرْضَةً لِّأَيْمَانِكُمْ

**« Ary aoka tsy hapetrakareo i Allâh ho vavolombelon'ny fifantanareo(fifatànareo) » kor'âny 02/224**

A**raka izany,** ny fifantàna na ny fianianana amin'ny raharaha ara-piainana eto an-tany, toy ny raharaham-barotra sy fividianana manokana dia fihetsika tsy mendrika; hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Izay mivarotra na mividy dia aoka hitandrina amin'ny zavatra dimy fa raha tsy izany aza mivarotra na mividy mihitsy: fakana zana-bola tsy an-drariny(Ribâ), sy fianianana, sy fanafenana ny kilema, sy fandokafana ny entana amidy ary nyfitsikerana ny entana hovidiana»**

Hoy ny Imâmo Kâzim(as) hoe: **« Anankitelo no tsy hojeren'i Allâh Ta'ala, amin'ny andron'ny fitsanganana: ny iray amin'izy ireo dia ny olona izay nandray an'i Allâh ho entam-barotra, fa tsy mivarotra izy raha tsy amin'ny alalan'ny fifantàna, ary tsy mividy koa izy raha tsy amin'ny alalan'ny fifatàna »**

Fa ny tian'ny teny masina tetsy aloha hambara dia ny fanomezan-tsiny ny fanaovana fianianana na dia amin'ny fanamafisana ny fahamarinan-javatra aza; indrindra fa raha amin-javatra tsy marina no hanaovana fianianana dia nahavita heloka goavana izany olona izany, izay tena voararan'ny Islâmo ny fanaovana izany araka ny tian'ny lehibentsika Mohammad(saw) hambara dia ny fandokafan'ny olona ny zavatra amidiny sy fanomezan-tsiny izay zavatra hovidiana.

**f-<u>Fanambarana ny kilema</u> :**

Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny varotra ny tsy fanafenan'ny olona ny kileman'izay entana tiany hamidy, fa izay manao izany dia efa manao fisolokiana amin'ny raharahany, izay noraran'ny lalàm-pinoana ny fanaovana izany

no sady nokianiny mafy dia mafy.Voalaza ao amin'ny tantaran'ny Mpaminany Mohammad(saw) raha nandalo **nanoloana ny**lehilahy iray mpivarotra varimbazaha Izy, izay tazan'ny Mpaminany(saw) fa nahasarika Azy tokoa, nefa raha noraisiny teny am-pelantànany ilay varimbazaha dia hitany fa mando ka dia nifanontany ny nahatonga izany izy ireo, fa hoy ilay lehilahy: Nyorana no nahatonga izany; fa tsy nankasitrahan'ny Mpaminany(saw) anefa ny fihetsik'ilay mpivarotra izay tsy nanambara tamin'ny olonanyfahamandoan'ilay varimbazaha, sady hoy Izy: **« Izay misoloky Anay dia tsy anisan'ny mpanara-dia Anay »**

**g-<u>Fahitsiana</u> :**

Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny fivarotana sy ny fividianana izay tsy maintsy hajaina ny fahitsiana. Ny fahitsiana eto dia ny fanaovana ny rariny sy ny hitsiny ao amin'ny varotra. Izany hoe tsy azo atao ny manararaotra ny filàn'ny mpividy ny entana ka mivarotra azy amin'ny vidiny lafo **noho ny** tena vidiny marina; toy izany koa dia tsy azon'ny mpividy atao ny manararaotra ny**fahaporetan'ny** mpivarotra te **hahalafo** ny entany haingana ka mividy izany amin'ny vidiny mora loatra nohony tena vidiny ara-dalàna. Ny fanararaotan'ny mpivarotra **ny** mpividy na ny fanararaotann'ny mpividy **ny** mpivarotra, izy roa tonta izany dia samy tsindrihazolena sady tsy fahitsiana avokoa amin'ny zon'ny andaniny sy ny ankilany, izay tena voararan'ny lalàna.

Voalaza ao amin'ny tantaran'ny Imâmo Sâdiq(as), fa indray andro Izy niantso an'i Mousâdif mpanompony, ka nanome azy vola arivo dinâr ka nirahiny hoe: Miomàna ianao ary mandehana any Ezypta fa efa mihabetsaka ny olona tezaiko.

Nanomana ny entany izy ary lasa nandeha niaraka amin'ireo mpivarotra fa nony ho tonga tao Ezypta izy ireo, dia nifanena amin'ny tohivakana iray avy tao Ezypta, ary dia nanontany tamin'izy ireo izay entam-barotra nentin'izy ireo ka azo atakalo ao Ezypta sy izay entana hafa? Fantatr'izy ireo tamin'izany àry fa tsy misy na inona na inona ao Ezypta. Koa dia samy niniana izy ireo fa haka tombom-barotra arivo isaky ny arivo dinâr amin'ny entana hamidin'izy ireo. Ary dia nahazo tombony**betsaka** tokoa izy ireo. Avy eo ilay tohivakana lasa nankany Madinat mba hividy zavatra hafa. Fa i Mousâdif kosa dia lasa niverina nody any amin'ny tompony miaraka amin'ny kitapo roa samy feno vola arivo dinâr isanisany. Ary hoy izy tamin'ny tompony: Tompoko! Indro ny masonkarena ary inty kosa ny tombony. Fa hoy ny Imâmo Sâdiq(as) rehefa nahalala ny zava-niseho: **Soubhâna-llâh! Mianiana amin'i Allâh ianareo eo anatrehan'nyolona fa tsy hivarotra amin'izy ireo raha tsy amin'ny alalan'ny tombony arivo isaky ny arivo dinâr!!!** Avy eo dia noraisiny ilay kitapo anankiray ka hoy Izy hoe: **Inty ny masonkarenako ary isika tsy mila ilay tombony** sady hoy koa Izy hoe: **« Ô ry Mousâdif, ny fiadiana amin'ny sabatra dia mbola mora kokoa noho ny fitadiavam-pivelomana ara-dalàna(halâl) ».** Ary **tahaka izany** no nanehoan'ny Imâmo Sâdiq ny toerany ara-pitondrantena eo amin'ny asa fivarotana sy fifanakalozana ara-barotra.

**h-<u>Fahatsorana amin'ireo mahantra</u> :**

Fahalalam-pomban'ny Islâmo amin'ny asa ny fitsinjovana **ireo**sahirana sy mahantra ary ireo izay tsy ampy fivelomana; efa voalaza ao amin'ireo teny masina (ahadith) moa ny tsy

tokony **hanomezam-pahasahiranana** azy ireo. Noho izany, dia ilaina ny fihantrana azy ireo mba tsy hitondra tanam-polo fotsiny izy ireo rehefa mody eny amin'ny fonenany avy. Koa anisan'ny fahalalam-pomba amin'ity lohahevitra ity dia ny fampidinana ho azy ireo ny vidin'entana hamidy amin'izy ireo ka **mivarotra**amin'izy ireo amin'ny alalan'ny fampitrosana na amin'ny alalan'ny fandoavana tsikelikely ny vidiny araka ny fahefan'izy ireo. Hoy indrindra ny lehibentsika Mohammad(saw) amin'ny alalan'ity tonombavaka ity: **« Hamindran'i Allâh fo izay olona manamora ny fivarotana sy manamora ny fividianana sy manamora ny fitsarana sy ny manamora ny fampiharana izany »**, hoy koa Izy(saw) : **« Izay manome fotoana malalaka amin'ny sahirana na mamela izany avy hatrany dia hotsarain'i Allâhamin'ny fitsarana tena maivana izy »**

**i-<u>Fanalavirana ny fisolokiana</u> :**

Ny fanehoana entam-barotra **hosoka** na sakafo lany daty efa simba, na fampiasana vola sandoka dia tafiditra ao anatin'ny famitahana sy fisolokiana ary fangalarana, noho izany dia tsy maintsy halavirina ny fisolokiana amin'ny raharaha izay atao.

Izay sahy mijoro **mamotika** ny entam-barotra efa simba sy faly amin'ny fatiantoka ara-pananana vokatr'izany ary miaro hatrany ny **fahatokisana azy** ireo ka tsy mba manao fisolokiana amin'ny raharahan'izy ireo dia mandray ny fatiantoka amin'ny fo faly sy eritreritra milamina.

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny asa sy ny ezaka ary ny fahazoan-karena eo amin'ny Islâmo dia manana ny fahalalam-pombany izay tsy maintsy hajain'ny mpino silamo. Ity fahalalam-pomba ity no fototry ny fitsipi-pitondrantena sy ny lalàm-pinoana; toy ny mpivarotra sy ny mpividy izay manana adidy tsy maintsy tanterahina sy zo izay **tokony**hampiharin'ny roa tonta mba hampifanaraka ny asa aman-draharaha amin'ny lalàna sy ny fitondrantena.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Nahoana ireo Imâmo madio ara-panahy(as) no manao laharam-pahamehana ny lalàna **mialohany** asa varotra?

2-Nahoana ny Islâmo no misokajy ny fibodoana entam-barotra ho asa ratsy sy voarara harâmo?

3-Azo atao ve ny fifantàna amin'ny asa fivarotana sy fividianana?

4-Lazao fohifohy ireo adidy tsy maintsy tanterahin'ny mpivarotra?

***************

## LESONA FAHA-15

## NY FAHADIOVANA(1)

Ny fahadiovana dia manana ny fahalalam-pombany ankapobeny ao amin'ny lalàm-pinoana islamika. Fa tena hamafisin'ny Islâmo ny mahazava-dehibe ny fahadiovan'ny vatana sy ny fitafiana ary ny trano fonenana, sahala amin'ny **fampirisihany** amin'ny fiborisiana nify, ny fihogoana sy fihetezam-bolo, ny fanapahana hoho, ary ny mahazava-dehibe ny fahadiovan'ny tontolo iainana.

Ny mpino silamo dia tsy azo lazaina ho mpino silamo marina raha tsy mahatanteraka izany voalaza teo izany, fa tsy azony**atao** ny mandoto ny tontolo iainana, tsy azony **atao** koa ny manao **antsirambina** ny fahadiovan'ny tenany manokana sy ny mampijaly an'ireo mpiara-monina aminy**noho ny**endriny maharikoriko sy ny fivoahan'ny fofona maimbo avy aminy ka mampandositra sy**mampihataka ny olona** aminy.

Izao no voalazan'ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe:

- **« I Allâh dia Mahafinaritra ka mitia ny mahafinaritra, Madio Izy ka mitia ny fahadiovana »**
- **« Ny fahadiovana(touhoûr) dia antsasamanilan'ny fananam-pinoana(imân) »**
- **« Voalohan'izay hitsarana ny mpanompo dia ny fahadiovana(touhoûr) »**

- **« Manaova madio ianareo araka izay fomba rehetra azonareo atao, fa tena marina i Allâh Ta'âlâ dia nampijoro ny Islâmo tamin'ny fahadiovana ary tsy hisy hiditra ao am-paradisa velively mihitsy afa-tsy izay rehetra madio »**
- **« Ny Islâmo dia madio koa dia manaova madio ianareo, fa tena marina tsy misy miditra ny paradisa afa-tsy izay madio »**
- **« I Allâh dia mitia ny mpivavaka madio »**

Nilaza ny Imâmo Ridhâ(as) araka ny teniny hoe: **«Anisan'ny fitondrantenan'ireo mpaminany ny fanaovana madio»**

Ny ampahany amin'ireo adidy tsy maintsy ataon'ny mpino silamo mikasika ny fahadiovana dia ny mifandray amin'ny fahadiovany ara-pinoana (tahârat) araka ny voalazan'ny lalàm-pinoana toy ny fidiovana masina(wodhou), ny fandroana masina(ghousl) ary ny tayammom(maripidiovana), izay voazava antsipirihany ao amin'ireo bokin-dalàna fiqh sy bokim-panompoana, ka tsy ekena ny fanompoana izay atao raha tsy tanteraka amin'ny fomba tena izy, ireo adidy araka ny lalàm-pinoana ireo. Eo anilan'izany adidy tsy maintsy atao izany,no ahitana ny fahalalam-pomba sy ny sori-dàlana izay horesahantsika amin'ity lesona ity sy ny lesona **anankiroa** amin'ny manaraka.

**1-<u>Ny fahadiovan'ny vatana</u>:**

Niteny ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Diovinareo ity vatana ity mba hodiovin'i Allâh ianareo, fa tena marina tsy misy mpanompo iray manao madio (tahârat) mandritra ny alina raha tsy miaraka aminy mandritra ny**

**alina koa ny Anjely iray ao amin'ny volony, ary isaky ny ora amin'ny alina mifandimby dia miteny Izy hoe: Tompo ô! Mamelà ny heloky ny mpanomponao fa izy dia manao madio mandritra ny alina »**

Hoy ny Imâmo Ali(as) hoe: « **Diovinareo amin'ny rano ny toerana mamofona izay manelingelina, zaro amin'izany ny tenanareo fa tena marina i Allâh(Avo Indrindra) dia mankahala ny fahalotoan'ireo mpanompony izay mampitampina orona izay mipetraka eo anilany »**

Hoy ny lehibentsika Mohammad (saw):**« Ratsy ny mpanompo maloto »**, hoy koa Izy(saw): **« Potika ireo maloto maharikoriko »**

**2-<u>Fahalalam-pomba ao anatin'ny efitrano fidiovana</u> :**

Hoy ny Imâmo Ali(as) amin'ny mahazava-dehibe ny fisian'ny efi-trano fidiovana: **« Izany hatsaran'ny efitrano fidiovana, fa mampahatsiaro ny Afobe ny ao aminy no sady mampiala ny loto »**, hoy ihany koa Izy(as) hoe : **« Izany haratsian'ny efitrano fidiovana, fa manendaka ny fitafiana no sady mampiala ny henamaso ».**

Toa hita amin'ity teny masina (hadith) ity ny **hevitra mifanohitra** amin'ilay teo aloha, kanefa diniho tsara ny **fehin-teny** farany izay miangavy amin'ny fananganana ny efitrano fidiovana, mba hahafeno ny fepetran'ny fitakonana ka tsy hahamenatra.

Voalaza ao amin'ny (hadith) tenin'ny Imâmo Sâdiq(as) ny antsipirihan'ny fahalalam-pomba amin'ny fandehanana ao amin'ny efitrano fidiovana, fa rehefa hiditra ao aminy ny

olona dia mila miteny hoe: **« Allahoumma-azih'hib 'anni rrijsa an-najisa wa tahhir jasady wa qalby »,** ary rehefa manondraka ny rano mafana amin'ny vatana dia miteny hoe: **« Na'ouzhou billâhi minan-nâr wa nas-alhoul-jannat »**; nony avy nandro ka hitafy lamba dia miteny hoe: **« Allahoumma al-bisnit-taqwwâ wa janibnir-ridâ »**

Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny fankanesana ao amin'ny efitrano fidiovana ny firakofana; hoy ny lehibentsika Mohammad(saw): **« Aza miditra ny efitrano fidiovana mihitsy ny iray aminareo raha tsy mitondra lamba firakofana »**. Toy izany koa ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) manao hoe: **« Fahalalam-pomba ny tsy hidiran'ny lehilahy iray miaraka amin-janany ao amin'ny efitrano fidiovana, ka hijery ny henany»**, hoy koa Izy(as): **« Izay miditra ao amin'ny efitrano fidiovana miaraka amin'ny lamba firakofana dia ho rakofan'i Allâh izy amin'ny henany »**

Hoy ny lehibentsika Mohammad (saw): **« Tena marina fa i Allâh Be Fahasoavana sy Avo Indrindra, dia mankahala anareo ô ry vahoaka… fidirana ao an-drenirano raha tsy misy lamba firakofana »**

Midika izany fa ny fandroana dia tsy mionona fotsiny amin'ny fidirana ao amin'ny efitrano fidiovana toy ny firakofana araka ny tokony **ho ilaina** amin'ny fomba sy fihetsika rehetra. Fa ilaina koa ny fanajana ny fandrakofana ny henatra izay antery amin'ny olon-drehetra; voalaza ao amin'ireo teny masina ny **fampirisihana** amin'ny fanakipiana ny maso mba hanomezan-danja ny firakofana. Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: « Izay miditra ao amin'ny efitrano fidiovana ka manakipy ny masony tsy hahita ny henatry ny rahalahiny dia **hoarovan'i** Allâh izy

amin’ny sazin’ny Afobe Hamimo(rano mangotraka) amin’ny andron’ny fitsanganana »
Nisy iray tamin’izy ireo nanontany an’ny Imâmo Bâqir(as), moa ve noraran’ny Amiroul-Mou’ominine(as) ny famakiana Kor’âny ao amin’ny efitrano fidiovana, ka hoy ny Imâmo Bâqir(as) hoe: **« Tsia, fa ny norarany kosa dia ny famakiana raha toa ka miboridana, fa raha misy lamba mandrakotra izy dia tsy maninona »**

Anisan’ny fomba amam-panao na sori-dàlana koa ny fanesorana ny volo mitsiry amin’ny vatana toy ny volon-kelika sy ny volon’ny mahalehilahy na mahavehivavy, ka **ampirisihana**(moustahab) ny **fanaovan’ny olona** izany indray mandeha isaky ny tapa-bolana na isaky ny telo herinandro, fa raha aorian’ny efapolo andro ny olona vao manao izany dia tsy tsara no sady tsy mendrika izany.

**3-<u>Fahadiovan’ny fitafiana</u> :**

**Mialoha ny** nametrahan’ny Islâmo ny petrak’olana mahakasika ny modelin’ny lokon-damba sy ny endriny ary ny karazany manokana dia namafisiny voalohany indrindra ny amin’ny fahadiovany. Voalaza ao amin’ny tantara fa ny Mpaminany(saw) nahita lehilahy iray nitafy lamba maloto ka hoy Izy(saw) hoe: **« Moa ve ity olona ity tsy mahita rano mba hanasany ny lambany »**; toy izany koa ny voalaza ao amin’ny tenin’ny Mpaminany masina manao hoe: **« Anisan’ny finoana(dine) ny fahafinaretana sy fanehoana ny fahasoavana»,** hoy koa Izy(saw) : **« Izay mampiasa fitafiana dia aoka hanadio izany»**

Niteny tamin' i 'Aychat Izy(saw) nanao hoe: **« Ô ry 'Aychat! Sasao ireto fitafiana anankiroa ireto, tsy hainao angaha fa ny fitafiana dia midera an'Andriamanitra, fa rehefa maloto izy dia mitsahatra ny fiderany »**

Hoy ny Imâmo Ali(as) hoe: « **Ny fahadiovan'ny fitafiana dia mampiala ny adin-tsaina sy ny alahelo, ary fahadiovana ho an'ny salât izy »**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Ny fitafiana madio dia manosika ny fahavalo »**

Milaza ny Imâmo(as) mikasika ny fanazavana ny andininy masina araka ny tenin'Ilay Avo Indrindra manao hoe: وَثِيَابَكَ فَطَهِّرْ**«Ary ireo lambanao dia mba diovy » « izany hoe asondroty »**, toy izany koa ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) amin'ny fanazavana izany manao hoe: **« Izany hoe: asondroty ary aza taritarihina »**, izany hoe asondrotra ny fitafiana mba tsy hirefarefa amin-tany hiarovana azy amin'ny vovoka sy loto.

Ary amin'ny alalan'ireo tenin'ny Mpaminany masina notantarain'ireo olo-masina Ahlol-Bayt(as) ireo no manambara fa ny fitafiana mendrika indrindra dia ny fitafiana miloko fotsy fa Izy(saw) dia matetika no mitafy lamba fotsy ary nanafatra an'ireo sakaizany hoe: **« Mitafia fotsy ianareo fa izany no tsara sy madio kokoa ary fonosy amin'izany ny fatinareo »**

Toy izany koa ny voalazany(saw) manao hoe: **« Tafio ny fitafianareo fotsy satria izany no anisan'ny tsara amin'ny fitafianareo ary fonosy ao anatiny koa ny fatinareo »**; hoy

koa Izy(saw) hoe: « **Ny tena tsara hamangianareo an'i Allâh Avo Indrindra ao am-pasanareo sy ao amin'ny Moske-nareo dia amin'ny fitafy fotsy** »; toy izany hatrany ny voalazany manao hoe: « **Ny tena tian'i Allâh amin'ny fitafianareo dia ny fotsy koa manaovaalât amin'izany ianareo ary fonosy ao anatiny ny fatinareo** »

Mikasika ny karazana **vahan-damba** kosa dia ny lamba landihazo (coton) sy ny lamba rongonim-bazaha(lin) no mendrika fa voararan'ny lalàm-pinoana kosa ny fitafiana lamba lasoa (soie) ho an'ny lehilahy fa ny vehivavy ihany no afaka mitafy azy. Hoy ny lehibentsika Ali(as) hoe: « **Mitafia lamba landihazo fa izany no lamba notafian'ilay Irak'Andriamanitra(saw) sy fitafianay** »

Milaza ny lehibentsika sy Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: « **Voarara ny fitafiana lamba lasoa(harîr) ho an'ny lehilahy amin'ny vahoakako fa azon'ny vehivavy atao kosa izany** »

Ny tanjona fototra amin'ny fitafiana lamba dia ny mba ho firakofana sy fanehoana endrika mahafinaritra fa raha noho ny antony hisehosehoana sy hireharehana no hitafiana azy dia toherin'ny lalàm-pinoana islamika tanteraka izany; hoy indrindra ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: « **Izay mitafy lamba hisehosehoany mba hahitan'ny olonaazy dia i Allâh tsy hijery azy mihitsy mandra-panalany izany lamba izany** »

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fitenin'ny Islâmo dia hoe: **« Ny fahadiovana dia anisan'ny fananam-pinoana(imân) »**, ka ny mpino silamo dia tsy tokony hanana volo misavoritaka na fitafiana maloto.
- Ny fandroana sy ny **fikajiana** ny fahadiovan'ny vatana sy ny fitafiana dia anisan'ny fahalalam-pomba islamika izay tsy maintsy hajaina.

<u>**Fanontaniana**</u> **:**

1-Hazavao ny mahazava-dehibe ny fahadiovana eo amin'ny Islâmo araka ny voalazan'ny tenin'ny Mpaminany masina.

2-Mpanompo manao ahoana no hankahalain'i Allâh(Avo Indrindra)? Porofoy amin'ny tenin'ireo Ahlol-Bayt(as) izany.

3-Lazao fohifohy ny fahalalam-pomba amin'ny efitrano fidiovana.

4-Nahoana no namafisin'ny Mpaminany(saw) ny fitafiana lamba fotsy?

5-Inona no fitafiana voararan'ny Islâmo?

***************

## LESONA FAHA-16

## NY FAHADIOVANA(2)

### 4-<u>Ny fiborosiana sy ny fahadiovan'ny nify</u> :

Mikasika ny fahadiovan'ny nify manokana dia nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad (saw) **fa:« Nanafatra ahy foana i Jibrâil ny amin'ny fiborosiana nify ka noheveriko hataony antery mihitsy aza izany »**

Nilaza ny Imâmo Sâdiq (as) hoe:**« Anisan'ny fomban'ireo Mpaminany ny fiborosiana nify »**

Ny tenin'ny Mpaminany masina dia nilaza hoe : **« Raha tsy nohon'ny fitsinjovako ny vahoakako dia nodidiko izy ireo ny hiborosy nify amin'ny wodhou isaky ny fanompoam-pivavahana salât »**

Araka ny voalazan'ny Mpaminany (saw) koa hoe : **« Ny salât nisy fiborosiana nify dia mendrika kokoa noho ny dimy amby fitopolo salât tsy nisy fiborosiana nify»**

Fa **nohafaran'ny**Mpaminanintsika (saw) tamin'ilay Mpitondra hafany, i Ali(as) ilay teniny hoe : **« Aoka Ianao mba hiborosy nify isaky ny salât »**

Araka ny voalazany (saw) ihany koa : **« Ny fiborosiana nify dia antsasamanilan'ny wodhou, ary ny wodhou dia antsasamanilan'ny (Imân) fananam-pinoana »**

Tahaka ny voalazany (saw) ihany koa hoe: **« Tena marina fa ny vavanareo no làlan'ny Kor'âny, koa mba diovinareo izany amin'ny fiborosiana nify »**

Araka ny voalazany (saw) hatrany hoe:**« Diovy ny vavanareo fa tena marina izy io no làlan'ny Kor'âny »**

Fa hoy ny teniny (saw) hoe : **« Diovinareo ny làlan'ny Kor'âny »** ; ary nisy nanontany hoe : **« Fa inona no làlan'ny Kor'âny ? »** ; namaly izy (saw) hoe : **« Ny vavanareo ! »** ; nisy nanontany indray hoe : **« Amin'ny alalalan'ny inona ? »** ; hoy izy (saw) hoe : **« Amin'ny alalan'ny fiborosiana nify! »**

Araka ny voalazany (saw) hoe : **« Ny vavanareo dia iray amin'ireo làlan'Andriamanitra Tomponareo, ka ny tena tian'i Allâh amin'izany dia izay tsara fofona kokoa; koa mba diovinareo izy io arakaizayazonareo atao »**

Notsikerain'ny Mpaminany (saw) ireo mpiara-dia Aminy sasany nanao hoe:**« Akory ataoko mahita anareo tonga ato amiko be tainify sy be ranonivy, fa nahoana no tsy mba miborosy nify ianareo »** ; fa tena halan'ny Mpaminany tokoa ny mahita ireo nify maintin'ny halotoana ka izany no nandidiany azy ireo mba hiborosy nify sy hanadio ny vava miaraka amin'ny nify

**<u>Vokatsoan'ny fiborosiana nify</u> :**

Araka ny voalazan'ny hafatry ny Mpaminany(saw) tamin'ilay Mpitondra hafany, i Ali(as) manao hoe :**« Ô ry Ali, ao amin'ny fiborosiana nify dia misy tombontsoa roa ambin'ny folo: izy io dia anisan'ny sonnat, manadio ny vava, mampahiratra ny maso, mahafaly an'Andriamanitra Be fiantrana, mahafotsy ny nify, miaro amin'ny nify lanin'ny biby, manamafy ny hihy, mampazoto misakafo,**

**miaro amin'ny areti-nify, manampy amin'ny fitadidiana, mampitombo be dia be ny hatsarana ary mahafaly an'ireo Anjely »**

Fa araka ny voalazan'ny Imâmo Ali(as) kosa hoe : **« Ny fiborosiana nify dia anisan'ny mahafaly an'i Allâh Tsitoha, no sady fomba amam-panaon'ny Mpaminany(saw) ary manadio ny vava »**

Hoy koa Izy (as) hoe: **« Ny fiborosiana nify dia mampahiratra ny maso »**

Ny tenin'ny Imâmo Sâdiq(as) kosa dia nilaza hoe : **« Aoka ianareo mba hiborosy nify fa tena marina izy io dia manaisotra ny fakam-panahy »**

Nilaza ny Imâmo Ali Ibn Moussâ, Al-Ridhâ(as) hoe : **« Ny fiborosiana nify dia mampahiratra ny maso sy mampitsiry ny volo ary mampirotsaka ny ranomaso »**

Ary mbola anisan'ny tombontsoan'ny fiborosiana nify koa ny voalazan'ny Mpaminany(saw) hoe: **« Ny fiborosiana nify dia manampy ny lehilahy amin'ny fahaiza-miresaka »**

**<u>Fomba fiborosiana nify</u> :**

Araka ny voalazan'ny Mpaminany(saw) amin'ity lohahevitra iray ity dia hoy izy : **« Miborosia nify ianareo manaraka ny velarany fa aza miborosy nify manaraka ny halavany »**

Voalaza ao amin'ny tantarany (saw) koa fa Izy dia miborosy nify mimarindrano fa tsy mizoromahitsy ka manatanteraka izany in-telo Izy mandritra ny andro sy ny alina : **alohan'ny**

**hamonjeny** fandriany, sy aorian'ny fifohazany, ary alohan'ny hivoahany ny tranony.

Ao amin'ny fifehezana (sawm) kosa Izy(saw) dia milaza hoe: **« Rehefa mifehy ianareo dia miborosia nify amin'ny maraina fa aza miborosy nify amin'ny hariva; fa tena marina, tsy hisy mpifehy iray, izay mai-molotra amin'ny hariva, raha tsy hahazo hazavana(noor) eo anatrehan'ny masony roa any amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty »**

Araka ny voalazan'ny Imâmo Bâqir(as) dia hoy Izy: **« Tena marina fa ny fiborosiana nify amin'ny maraina mangirandratsy sy mialohan'ny wodhou dia anisan'ny (sonnat) fomba amam-panao »**

Araka ny voalazany (as) koa hoe: **« Aza mamela ny fiborosiana nify isaky ny telo andro eny fa na dia atao indray mandeha fotsiny aza izany»**

5-<u>**Ny fihetezana sy fihaingoana**</u> **:**

Tena marina fa ny fihetezana volon-doha sy ny volom-bava ary ny somotra dia anisan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo izay tokony **hohajain'ny** mpino silamo tokoa ny fanatanterahana azy; hoy indrindra ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe : **« Aoka ny tsirairay aminareo hanaisotra ny volom-bava sy ny volon'orona ary aoka mba hanazatra ny tenany amin'izany fa tena marina izany dia mampitombo ny hatsaran-tarehy »** ary hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe : **«Ny Fanesorana ny volon'orona dia manatsara tarehy »** ; toy izany koa no voalaza ao amin'ny

tenin'ny Mpaminany masina manao hoe : **« Aoka ny tsirairay aminareo mba tsy hanalava ny volom-bavany fa ny tena marina ny satana mandray izany ho toeram-pialofana iafenany »**

Niteny koa ny Imâmo Sâdiq(as) hoe : **« Izay tsy manaisotra ny volom-bavany dia tsy anisanay »** fa hoy koa ny Mpaminany(saw) hoe : **« Tapaho ny volom-bava ary avelao hitsiry ny somotra fa aza maka tahaka an'ireo jiosy** » ; nanontany i Ali ibn Ja'afar an-drahalahiny ny Imâmo Moussâ al-Kâzim(as) mikasika ny lalànan'ny fanesorana ny somotra dia hoy Izy(as) : **« Raha ny amin'ny sisin'ny takolaka roa dia tsy olana fa raha ny manoloana kosa dia tsy azo esorina ».**

Misy fetrany ihany anefa izany petrak'olana izany ka hoy ny Imâmo Sâdiq(as) manambara izany araka ny teniny hoe : **« Izay voaraotry ny tanana no halavan'ny somotra ka hetezo izay mihoatra izany »** fa hoy ihany Izy(as) : **« Izay somotra mihoatra ny raotry ny tanana dia ao amin'ny Afobe ».**

Fa eo amin'ny lafiny fihetezana sy fihaingoana ao anaty efitrano fidiovana kosa dia hoy ilay Mpaminany (saw): **« Ny volo tsara dia anisan'ny fitafian'i Allâh koa mba hajaonareo »**

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) araka ny teniny hoe: **« Ny fihogoana dia manakana ny fahantrana sy manala ny aretina »** fa hoy koa Izy(as) : **« Ny fandalovan'ny fihogo amin'ny tratranao dia mampiala ny tebiteby »**

Voalazan'ny Imâmo al-Ridhâ(as) ao amin'ny (tafsir) fanazavana ny andinin'ilay soratra masina araka ny tenin'i Allâh Avo Indrindra hoe: خُذُواْ زِينَتَكُمْ عِندَ كُلِّ مَسْجِدٍ **« Ento ny haingonareo isaky ny ho eny amin'ny toerana fanompoam-pivavahana rehetra »** dia hoy Izy(as) hoe : **« Anisan'izany ny fihogoana isaky ny hanao fanompoam-pivavahana salât »**

Voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) mikasika ny tantaran'ilay Mpaminany(saw) ny hoe: **« Nisy fotoana ilay Irak'Andriamanitra(saw) rehefa nanalava ny volony , dia nohalavainyhatreo amin'ny ravin-tsofiny »**

6-**<u>Fanapahana hoho</u>:**

Nilaza ny Mpaminany (saw) momba ny fanapahana hoho hoe : **« Izay manapaka ny hohony amin'ny andro Zoma dia avoakan'i Allâh avy amin'ny rantsan-tongotra aman-tanany ny aretina ary ampidiriny ao kosa ny fanasitranana »**

Nisy niangavy tamin'ny Imâmo Sâdiq(as) mba hampianatra azy tonombavaka (dou'a) izay mampitombo ny anjaramasoandro, dia hoy ny Imâmo(as) : **« Esory ny volom-bavanao sy ny hohonao, ka aoka mba ho amin'ny andro Zoma izany »** sahala amin'izany koa no voalazany (as) manao hoe: **«Ny Fanapahana ny hoho amin'ny andro Zoma dia miaro amin'ny aretin-koditra sy ny habokana ary ny fahajambana »** ; hoy ihany koa Izy(as) : **« Izay manapaka ny hohony sy manetyny volom-bavany isaky ny Zoma rehetra; avy eo izy miteny hoe: "بسم الله وعلى سنة محمد وال محمد" Amin'ny anaran'i Allâh sy araka ny fomba amam-**

**panaon'i Mohammad sy ireo fianakavian'i Mohammad, dia omena valisoa isaky ny silaky ny hoho tapaka sy singam-bolom-bava voahety toy ny nanafaka andevo iray avy amin'ny taranak'Ismâ'il »**

Ary ny fanamafisana ny andro Zoma dia fanamafisana fotsiny ny mahazava-dehibe ny fahadiovana; izany hoe ny fahadiovana ilaina dia amin'ny fotoana rehetra; fa tsy midika hoe raha lava ny hoho dia tsy maintsy iandrasana ny andro Zoma foana ny fanapahana azy; izany indrindra no nahatonga ny sasany **hanontany** an'ny Imâmo al-Kâzim(as) nanao hoe: **« Misy ireo namanay manambara ny tsy maintsy hanapahana ny hoho sy hanetezana ny volom-bava amin'ny andro Zoma»** fa hoy Izy(as) namaly : **« Lavitra an'izany anie i Allâh! Esory izany raha sitrakao amin'ny Zoma na raha sitrakao amin'ireo andro hafa »**

Nefa kosa voalazan'ireo soratra masina (ahadith) fa **ampirisihina** (mostahab) ny fanatanterahana izany asa izany amin'ny andro Zoma, nisy tokoa ny nanontany an'ny Imâmo Sâdiq(as) momba izany ka hoy Izy(as) nanambara ny **tombontsoa**azo avy amin'izany : **« Mbola ao anatin'ny fahadiovana foana izy hatramin'ny andro Zoma manaraka »**; na dia eo aza izany dia nilaza koa ny Mpaminany(saw) hoe: **« Izay manapaka ny hohony amin'ny andro Sabotsy sy ny andro Alakamisy sady manaisotra ny volom-bavany dia tsy harary vazana sy maso »**

Ny amin'ny fomba fanapahana ny hoho dia nanambara izany ny Imâmo Baqîr (as) hoe: **« Aoka izay manapaka ny hohony ho amin'ny andro Zoma, ka hatombony amin'ny**

**ankihikelin'ny tanany havia izany ary ho faranany amin'ny ankihikelin'ny tanany havanana »**

**<u>Famintinana</u> :**

Namafisin'ny Islâmo ny fahadiovana ankapobeny, ary **napirisihin'ny** lalàna islamika ireo mpino mba hampiasa ny borosy nify amin'ny andavanandro, tahaka ny iangaviany ihany koa amin'ny fihetezam-bolo sy ny fanapahana ny hoho **isan-kerinandro.**

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Lazao ny tenin'ny Mpaminany masina izay maneho ny lanjan'ny vavaka fanompoana salât taorian'ny fiborosiana nify ?

2-Inona avy no vokatsoa sy ny tombontsoan'ny fiborosiana nify ? Porofoy amin'ny alalan'ny tenin'ny Mpaminany masina izany.

3-Hazavao ny fomba fiborosiana nify sy ny fotoana tsara hanaovana izany.

4-Ahoana no tsy maintsy hatao ny amin'ny volon-doha sy ny volom-bava ary ny volon-tsomotra? Lazao ireo soratra masina mikasika izany.

5-Inona no mahazava-dehibe ny fihogoam-bolo? Lazao ny soratra masina manambara izany.

6-Hazavao ny fomba fanapahana ny hoho sy fotoana tsara hanaovana izany.

***************

## LESONA FAHA-17

## NY FAHADIOVANA(3)

7-**<u>Ny fanembohana sy ny fanaovana ranomanitra</u>:**

Nanome antoka ireo **lovantsofina** sy ireo soratra masina islamika amin'ny fanamafisana mafy tokoa ny fampiasana ny emboka sy ranomanitra, fa hoy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe : **« Ny fanaovana ranomanitra dia mampahery ny fo »** ; fa niteny ny Imâmo Sâdiq(as) hoe : **« Ny fanaovana ranomanitra dia anisan'ny fomba amampanaon'ireo Irak'Andriamanitra »** toy izany koa ny voalazan'ny Imâmo al-Ridhâ(as) hoe : **« Ny fanaovana ny ranomanitra dia anisan'ny toetra tsaran'ireo Mpaminany »** fa mbola niteny koa Izy(as) hoe : **« Anisan'ny toetra tsaran'ireo Mpaminany ny fanaovana ranomanitra »**

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) momba ny mahazava-dehibe ny fihaingoana eo amin'ny **fiainan'ny olombelona** mpino silamo hoe : **« Tena marina i Allâh Ta'ala dia mitia ny haingo sy ny fihaingoana ary mankahala ny savoritaka sy ny fisavoritahana ary i Allâh Ta'ala rehefa nanome fahasoavana iray ny mpanompo dia tia mahita aminy ny marik'izany** » ; nisy nanontany hoe : **« Fa ahoana izany? »** ; hoy Izy(as) namaly hoe: **« Dioviny ny lambany, ataony manitra ny fofony, ataony fotsy manjopiaka ny tranony, ary fafany madio ny tokontaniny,eny fa hatramin'ny fampirehetana ny jiro mialoha nyfilentehan'ny masoandro aza dia misakana ny fahantrana ary mampitombo ny anjaramasoandro»**

Nilaza ilay Mpaminany(saw) hoe: **« Ny tena tiako amin'ny fiainanareo eto an-tany dia ny vehivavy sy ny ranomanitra ary napetraka ho tena mamiko dia ny fanompoam-pivavahana salât »** ; toy izany koa ny teniny (saw) milaza hoe: **« Miisa efatra no anisan'ny fomba amam-panaon'ireo Irak'Andriamanitra: dia ny ranomanitra sy ny vehivavy, sy ny fiborosiana nify ary ny moïna»** ; hoy ihany koa Izy(saw) : **« Aza mamela ny ranomanitra fa tena marina ireo Anjely dia mifoka ny fofo-manitra avy amin'ireo mpino; koa aza mamela ny ranomanitra isaky ny Zoma rehetra »** ; mbola **tahaka izany** no voalazany(saw) manao hoe: « **Izay manao ranomanitra amin'ny voalohan'ny andro, dia miaraka aminy foana ny sainy hatramin'ny alina »**

Fa niteny Imâmo Moussâ al-Kâzim (as) hoe: **« Tsy tokony hamela ny ranomanitra ny lehilahy isan'andro fa raha tsy vitany izany dia ataony manelanelana andro, ary raha mbola tsy mahavita izany izy dia ataony isaky ny Zoma »**

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Ny fandaniana atao amin'ny ranomanitra dia tsy mba fandanianiam-poana »** ; ary mbola Izy(as) koa no niteny hoe: **« Ilay Irak'Andriamanitra(saw) dia nanao fandaniana betsaka amin'ny ranomanitra mihoatra ny fandaniany amin'ny sakafo »** ; araka ny voalazan'ny Imâmo Ali(as) ao amin'ny tantaran'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) dia manambara hoe: **« Izy dia tsy mba mandà fanomezana ranomanitra sy voankazomamy »** ; nitantara koa i Anas ibn Mâlik ao amin'ny tantaran'ny Mpaminany masina nilaza hoe: **« Ilay Mpaminany(saw) rehefa omena ranomanitra dia tsy**

**mba mandà izany ».** Nisy nanontany an'ny Imâmo Sâdiq(as) mikasika ny lehilahy iray izay nandefasana tavoahangy kely misy ranomanitra ho fanomezana fa nolaviny; dia hoy ny Imâmo(as): **« Tsy tokony ho nolaviny izany voninahitra izany »**

8-**<u>Ny fanadiovana trano fonenana sy ny tontolo iainana</u>:**

Sahala amin'ny nanamafisan'ny lalàna islamika ny mahazava-dehibe ny fahadiovan'ny vatana sy ny fitafiana sy nametrahany fahalalam-pomba mikasika izany, dia namafisiny koa ny fahadiovan'ny trano fonenana sy ny fahadiovan'ny tontolo iainana. Amin'ny ankapobeny ny Islâmo dia manamafy ny mahazava-dehibe ny fahadiovana sy ny fihaingoana ary ny fanehoan-javatra amin'ny endrika mahafinaritra; amin'izay ny mpino silamo dia mba fakantahakaho an'ny hafa amin'ny fomba sy toetrany tsara sy amin'ny fisehoany amin'ny endrika mahafinaritra, ary amin'ny tontolo iainany izay madio; izany moa dia manatanteraka mazava ho azy amin'ny ady atao amin'ny loto ka mampihena avy hatrany ny fiparitahan'aretina sy ny valan'aretina.

Ireo manampahaizana sasany moa dia manazava fa ny hevitry ny teny hoe satana ao amin'ireo **lovantsofina**sasany dia mety ho otrik'aretina sy poizina ka ohatra amin'izany izao voalazan'ny Mpaminany(saw) izao manao hoe: **« Aoka ny tsirairay aminareo mba tsy hanalava ny volom-bavany fa tena marina ny satana mandray izany ho toeram-pialofana hiafenany »**;koa eto ny hafatry ny Mpaminany(saw) sy ireo Imâmo voahosotra avy amin'ny taranany(as) dia miantefa amin'ny fitaomana ho amin'ny fiainana madio ao anatin'ny

tontolon'ny fahasalamana sy fahadiovana lavitry ny aretina sy ny valan'aretina. Ity soratra masina ity dia ahitana fizaran-kevitra **anankiroa**: dia ny fizaran-kevitra, izay mampisongadina ny mahazava-dehibe ny fahadiovan'ny tontolo manodidina sy ny fizaran-kevitra, izay mamaritra ny fahalalam-pomba ny mpino silamo ao anatin'izany.

Ary indro misy zavatra tsara **homarihina** fa ny fahadiovan'ny trano fonenana dia mifamatotra tanteraka amin'ny fahadiovan'ny tontolo manodidina, satria isaky ny mitombo ny fikarakarana ny fahadiovan'ny trano fonenana dia mitombo ihany koa ny firaharahiana ny fahadiovan'ny tontolo manodidina. Izany hoe, ny olona iray izay miaina ampahadiovana ao an-tranony dia tsy maintsy madio koa ao amin'ny tontolo manodidina;**tahaka izany** koa ny **firaharahiana** ny fahadiovan'ny tontolo manodidina dia midika ho fanajana ny zon'ny hafa hiaina finaritra ao anatin'ny tontolo manodidina madio, lavitry ny olana rehetra ara-pahalotoana.

Niteny ny Imâmo Bâqir(as) hoe: **«Ny Famafana ny trano dia misakana ny fahantrana »**

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **«Ny Fanasana ny fitaovana an-dakozia sy ny famafana ny tokontany dia mitaona ny anjaramasoandro »**

Ny tenin'ny Mpaminany masina dia milaza hoe: **« Aza angonina ao an-trano ny lamba famaohan-kena fa tena marina izy io no fahitry ny satana, ary aza angonina eo ambadiky ny varavarana ny vovo-tany fa tena marina izy io no fonenan'ny satana** »; toy izany koa no voalazany(saw)

manao hoe: **« Aza ajanona ao an-trano mandritry ny alina ny fako fa ario amin'ny antoandro izany, fa tena marina izy io no sezan'ny satana »** ; ary araka ny voalazan'ilay lehiben'ireo mpino, Ali(as), ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) dia niteny hoe: **« Aza avela ao an-trano ny lamba famaohana mamofona fa tena marina izy io no fahitry ny satana »** dia mbola Izy(saw) koa no niteny hoe: **« Ny tranon'ireo satana ao an-tranonareo dia ny tranom-paroratra»**

Nilaza ny Imâmo Ali(as) araka ny teniny hoe: **« Diovinareo ny tranonareo amin'ny tranom-paroratra fa tena marina ny famelana izany ao an-trano dia mahatonga ny fahantrana »** ; fa araka ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) kosa hoe: « **Noraran'ilay Irak'Andriamanira(saw) ny fidirana ao an-trano maizina raha tsy efa mazavan'ny jiro** »; dia mbola voalazany(as) ihany koa hoe: **« Tena marina ilay Irak'Andriamanitra(saw) dia mankahala ny miditra ao an-trano maizina raha tsy efa mazavan'ny fanilo»** , fa hoy hatrany Izy(saw) : **« Ny fampirehetana fanilo mialoha ny filentehan'ny masoandro dia misakana ny fahantrana ary mampitombo ny anjaramasoandro »**

Nilaza ny Imâmo al-Ridhâ(as) araka ny teniny hoe: **« Fampirehetana ny jiro mialoha ny filentehan'ny masoandro fa misakana ny fahantrana izany »**

**<u>Fahadiovan'ny tontolo iainana</u> :**

Nanome antoka ireo **lovantsofina**sy ireo soratra masina islamika amin'ny fanakanana tanteraka ny fanatanterahana ireo fihetsika sasany eny amin'ireo toeram-bahoaka toy ny

arabe vaventy na kely sy ireo lalam-bahoaka, sy toy ny eny amin'ny rano mikoriana sy eny am-potokazo fihinamboa na hazo maniry izay **fialokalofan'ny**; sy ny eny an-davarangan'ireo Moske sy ny trano fonenana ary ny manodidina; raha **atao** bango tokana dia eny amin'ny toerana rehetra izay **lalovan'ny olona** ka miteraka fanelingelanana azy ireo.

Araka ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as), ireo Razany(as) dia niteny hoe: « **Noraran'ilay Irak'Andriamanitra ny fanaovana maloto eny amoron'ny vovon-drano fisotroana na eny amin'ny sisin-drenirano fisotroana na eny ambany hazo fihinamboa »**

Nilaza koa Izy(as) hoe: « **Niteny ilay Irak'Andriamanitra(saw) hoe: Mitandremana amin-javatra anankitelo fa voahozona izay manao azy ireo dia ny fikakazana eny an-kianjam-piadiana (na toeram-pivoriana) sy ny fanakanana ny rano ampiasain'ny olona ary ny mibahan-dàlana fandalovana »**

Niteny ny Imâmo Ali(as) hoe: « **Noraran'ilay Irak'Andriamanitra(saw) ny mivalan-drano eo ambany hazo fihinamboa na eo amoron-dàlana »**

Araka ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as), ireo Razany(as) dia niteny hoe: « **Niteny ilay Irak'Andriamanitra(saw) hoe: Tena marina fa i Allâh dia mankahala anareo ô ry vahoaka amin'ny fanaovanareo zavatra miisa efatra amby roa-polo ka raràny hanao izany ianareo…**ka hatramin'ny fitenenany hoe: « **…sy mankahala ny fivalanan-drano eny amoron-drano mikoriana ary mankahala ny fanaovan'ny**

**olona maloto eo ambany hazo fihinamboa efa mamelana na atrendry efa mamony izany hoe efa mamoa ».** Nisy olona nanontany an'ny Imâmo Zaynoul-Abidine(as) mikasika ny toerana izay **azon'ny olona ivoahana?** Hoy Izy(as) namaly hoe: **« Ataovy madio ny eny amoron-drano sy ny làlana fivezivezena sy eo ambany hazo fihinamboa ary ireo toerana misy ozona »** ary nisy nanontany hoe: **« Aiza no toerana misy ozona?»** Hoy ny famaliny hoe: **« Varavaran'ireo trano »**

**<u>Famintinana</u> :**

Tena marina fa ny fanaovana ranomanitra sy ny **firaharahiana**ny fahadiovan'ny trano sy ny tontolo iainana dia anisan'ny hafatry ny Islâmo mba hiarovana ny fahasalamam-bahoaka sy ny tontolo iainana amin'ireo karazana loto samihafa ka manasoa ny fiainan'ny fiaraha-monina islamika.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Milazà teninin'ny Mpaminany masina iray mikasika ny fanaovana ranomanitra.

2-Ohatrinona ny fandaniana tokony hataon'ny mpino silamo iray momba ny ranomanitra?

3-Milazà teny masina**anankiroa** miresaka momba ny fahadiovan'ny trano sy ny mahazava-dehibe an'izany?

4-Inona ny fomba azo antoka entina hiarovana ny tontolo iainana amin'ny fahalotoana?

***************

## LESONA FAHA-18

## FAHALALAM-POMBA AMIN'NY FIVOAHANA

Taorian'ny nahafantaratsika ny fahalalam-pomba sy ny hafatrafatry ny lalàna islamika momba ny fahasalamam-bahoaka sy ny fahadiovan'ny tontolo iainana dia tsara ny hanohizana ny fianarana mikasika ity lohahevitra ity amin'ny alalan'ny fahafantarantsika ny fahalalam-pomba sy ny hafatry ny Islâmo mikasika ny fomba fivoahana sy ireo lalànany.

### 1-<u>Ny fiafenana</u>:

Ilaina ny fanatanterahan'ny olona ny fivoahany mba ho lavitry ny **fijerin'ny olona**, noho izany dia mitaky fananana kabone misy efitra mahatakona ny olona eo amin'ny lafiny rehetra. Fa raha **an-kalamanjana** kosa dia ilaina ny olona mba hanakona ny tenany mba tsy ho hitan'ny hafa ka misafidy faritra lempona izy na miafina ao ambadiky ny havoana mba tsy ho **tazan'ny olon-kafa**; fa hoy Imâmo Sâdiq(as) : **« Izay handeha hikaka dia aoka mba ho any amin'ny takona »**, hoy koa Izy(as) : **« Niteny i Louqmân tamin'ny zanany hoe: Rehefa mandeha lavitra miara-dia aman'olona ianao dia maka hevitra maro amin'izy ireo** (hatramin'ny fitenenany hoe:) **rehefa te hivoaka ianao dia manalavira ny làlana falehan'ny olona»;** hoy ihany Izy(as) : **« Ny antony nanomezana an'i Louqmân fahendrena dia tsy nohon'ny harena na vatana ranjanana na hatsaran-tarehy fa kosa noho izy lehilahy mahery amin'ny fankatoavana ny didin'i Allâh, mpitandrina amin'ny voararan'i Allâh ary bonaika tsy be resaka** (hatramin'ny fitenenany hoe:) **ary na dia iray amin'ny olombelona aza dia tsy mba nahita azy nipipy na nikaka, eny fa na izy nandro aza noho izy nanamafy**

**fatratra ny fiafenany sady nitandrina ny amin'ny raharahany** (hatramin'ny fitenenany hoe:) **fanoho izany dia nomena azy ny fahendrena sy ny fitsarana ».**

**2-<u>Ny fiarovana ny henatra</u> :**

Antery amin'ny mpino silamo ny miaro ny **henany** amin'ny **fijerin'ny olon-kafa** ka tsy maintsy manarona izany mandrakariva. Araka ny tenin'ny Mpaminany masina izay fantatra amin'ny fiantsoana hoe "hadith al-manâhy" (teny masina maneho ny voarara) dia nilaza ny Mpaminany(saw) fa: **« Raha mandro ankalamanjana ny iray aminareo dia aoka izy ho mailo amin'ny henany,** fa hoy Izy nanohy ny teniny**: aza miditra ao amin'ny efi-trano fandroana ny iray aminareo raha tsy mitondra lamba firakofana ary voarara ny fijerevan'ny lehilahy ny henatry ny rahalahiny mpino silamo;** nanohy ny teniny ihany Izy fa: **izay mijery finaritra ny henatry ny rahalahiny mpino silamo dia voahozon'ireo Anjely miisa fito alina, voarara koa ny fijren'ny vehivavy ny henatry ny vehivavy** fa hoy ihany Izy fa: **izay minia mijery ny henatry ny rahalahiny mpino silamo na henatry ny olon-kafa tsy vadiny dia ampiarahan'i Allâh amin'ireo mpitsaravelatsihy izay tia nijery ireo henatry ny olona, ary tsy hiala eto an-tany izy raha tsy efa halain'i Allâh baraka, afa-tsy hoe angaha nibebaka izy »**

Nisy nanontany an'ny Imâmo Sâdiq(as) mikasika ny (tafsir) fanazavana ny tenin'i Allâh Ta'ala hoe:

«قُل لِّلْمُؤْمِنِينَ يَغُضُّوا مِنْ أَبْصَارِهِمْ وَيَحْفَظُوا فُرُوجَهُمْ ذَلِكَ أَزْكَى لَهُمْ

**Lazao amin'ireo mpino mba hampiondrika ny fijerin'izy ireo sy hiaro ny henatr'izy ireo. Izany no fahadiovan-tena**

**kokoa ho azy ireo »** dia hoy Izy(as) nanazava fa: **« Izay rehetra ao amin'ny Bokin'i Allâh milaza momba ny fiarovana ny henatra dia fiarovana azy amin'ny fijangajangana no tiany hambara, fa eto amin'ity andininy ity kosa dia manambara ny fiarovana azy amin'ny fijerin'ny olona ».**

**3-<u>Ny fomba fivoahana</u> :**

Noraran'ny lalàna islamika ny fitodihana na fiambohoana an'ilay "qiblat"(ilay fitodihan'ny mpino silamo rehefa mivavaka) amin'ny fivoahana sy fipetrahana manatanteraka ny fikakazana na fipipizana; no sady noraisiny ho anisan'ny mpanao fahotana **an-kitsirano** izay manao izany; nilaza moa ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) **fa**: **« Rehefa miditra amin'ny toerana fivoahana ianareo dia ialanareo ny "qiblat" ».** Ny Imâmo Sâdiq(as) dia nilaza fa: « **Noraran'ilay Irak'Andriamanitra(saw) ny fitodihana amin'ny "qiblat" rehefamivalan-drano na manao maloto »,** dia toy izany koa no nambaran'ilay Mpaminanintsika Mohammad(saw) ao amin'ny teniny masina milaza hoe: **« Rehefa miditra amin'ny toerana fivoahana ianareo dia aza manatrika na miamboho ny "qiblat", mitodiha kosa miantsinana na miankandrefana »**

Ny fanazavana an'ity soratra masina ity mikasika ny fitodihana miantsinana na miankandrefana ity, dia ny mba tsy **hitodihan'ny olona** manatrika ny "qiblat" na miamboho azy no tiany hambara; fa misy hafatra koa **amin'ny** fotoana hisian'ny rivotra mifofo, sahala amin'izao voalazan'ny Imâmo al-Ridhâ(as) izao: « **Aza manatrika ny "qiblat" no sady aza**

**miamboho azy, ary koa aza manatrika ny rivotra na miamboho azy »**

**4-<u>Ny fahanginana</u> :**

Tsy azo atao ny miresaka eo **am-pivoahana** ary tsy azo atao koa ny mamaky ny Kor'âny, **azon'ny mpivoaka atao kosa** ny manao fahatsiarovana an'i Allâh (Zhikrollâh) raha sendra maheno ny "azhân" (fiantsoana manokana hanao fanompoam-pivavahana salât) dia mamerina andininy **nolazain'ilay** mpanao "azhân"; fa hoy indrindra ny Imâmo al-Ridhâ(as) : **« Noraran'ilay Irak'Andriamanitra(saw) ny mamaly resak'olona rehefa eoam-panaovana maloto, na mampiresaka azy mandra-pahavitan'izany»,** toy izany koa no voalazan'ny Imâmo Ali Lehiben'ireo mpino(as) : **« Toerana fito no tsy azonareo hamakiana ny Kor'âny: eo ampiondrehana sy ampiankohofana (amin'ny salât ) sy ao amin'ny kabone (fivoahana),ary ao amin'ny moraba (toerana fandroana), sy ireo niharan'ny loto "janâbat" ary ireo vehivavy mandeha ràn'ny fiterahana (nifâs) sy ny fadimbolana (haydh) »**

Nilaza koa ny Imâmo Sâdiq(as) : **« Raha mandre "azhân" ianao nefa ianao eo am-pivoahana dia avereno fotsiny izay lazain'ilay mpanao "azhân" fa aza mamela ny fahatsiarovana an'i Allâh amin'izay fotoana izay satria ny fahatsiarovana an'i Allâh dia mety foana amin'ny fotoana rehetra »** , mbola hoy ihany koa Izy(as) : **« Tsy maninona ny fahatsiarovana an'i Allâh eo am-pivalanan-drano, fa ny tena marina ny fahasiarovana an'i Allâh dia mety foana amin'ny fotoana rehetra fa aza mba leo amin'ny fahatsiarovana Azy ».**

**5-<u>Fahalalam-pomba hafa</u> :**

Anisan'ny fahalalam-pomba momba ny fivoahana amin'ny tongotra havia rehefa miditra ny trano fivoahana ny olona ary fivoahana amin'ny tongotra havanana kosa rehefa mivoaka avy ao. Tsy tokony **hivalan-drano** eo ampitsanganana koa **araka izao** voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) izao : **« Niteny ilay Irak'Andriamanitra(saw) hoe: ny mivalan-dranoam-pitsanganana tsy misy antony dia anisan'ny hadalana, ary ny fisasana (istindjâ) amin'ny tanana ankavanana dia anisan'ny hadalana ihany koa »**

Fahalalam-pomba koa ny **fivalanan-drano** amin'ny tany ngazana sahala amin'ny vatolampy; toy izany koa ny eny amin'ireo rano **mihandrona,** araka ny nambaran'ny Imâmo al-Kâzim(as) voarainy avy tamin'ireo razany izay naharay izany avy tamin'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) izay nilaza fa: **« Ny fivalanan-drano ao amin'ny rano mihandrona dia anisan'ny hadalana »**

Fahalalam-pomba amin'ny fivoahana koa izao voalazan'nyImâmo al-Bâqir(as) izao:« **Noraran'ilay Irak'Andriamanitra(saw) ny fivalanan'ny rano lehilahy mitifitra miakatra ambony mankany amin'ny rivotra »**

Mbola misy andiana fahalalam-pomba hafa koa any, izay manana ny heviny tokoa, ka ny sasany amin'izy ireo dia hita ao amin'ny lesona momba ny fahadiovana, fa ny mifandray amin'ny fanalavirana an'ireo loto "najâssat" sy ny fomba fidiovana ary ny fandroana kosa dia ho hitantsika amin'ny lesona manaraka.

**<u>Famintinana</u> :**

Anisan’ny fahalalam-pomba amin’ny fivoahana araka ny lalàna islamika ny fanafenana  ny henatra mba tsy hisy hahita, sy ny tsy fitodihana na fiambohoana ny “qiblat”, ary ny fanajana ny fahanginana afa-tsy amin’ny fotoana handrenesana ny “azhân”dia azon’ny olona atao eo **am-pivoahana** ihany ny mamerina ny fahatsiarovana an’i Allâh (zhikrollâh) izay lazain’ilay mpanao “azhân”.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Miazà porofo vitsivitsy nahazoan’i Loqmân ny fahendrena avy amin’i Allâh.

2-Lazao ny tenin’ny Mpaminany masina momba ny **fijerin’ny olona** ny henatry ny rahalahiny mpino.

3-Fitodihana mankaiza no tsy azo atao (harâmo) rehefa manao ny fivoahana?

4-Azo  atao ve ny miresaka rehefa manao ny fivoahana?

5-Hazavao **amin’ny teny** fohy ny fahalalam-pomba amin’ny fivoahana.

***************

## LESONA FAHA-19

## FAHALALAM-POMBAN'NY FISAKAFOANANA (1)

Ny fisakafoanana sy fisotroana dia laharam-pahamehana sy voajanahary amin'ny **fiainan'ny olombelona**; ka tsy nataon'ny lalàna islamika ho **ambanin-javatra** ka nametrahany fahalalam-pomba manokana sy nanorenany didy **sy fitsipi-pitondran-tena**, araka ny efa nambarantsika teny aloha moa fa ny fanajana ny fahalalam-pomba islamika dia miaro ny isam-batan'olona mpino silamo sy ny fiaraha-monina islamika mba hanana fiainana tsara, ka ny fiainana tsara amin'ny fahitan'ny Islâmo azy dia mahafaoka tanteraka amin'ny **filan'ny olombelona** ara-batana sy ara-panahy.

**Hofantarintsika**ato amin'ity lesona ity sy amin'ny lesona manaraka ny momba ny fahalalam-pomba islamika amin'ny fisakafoanana sy fisotroana:

**1-<u>Sakafo ara-dàlana "halâl" sy fahadiovany</u> :**

Ny voalohany hasongadin'ity lohahevitra ity dia mitodika indrindra **araka izao** manaraka izao:

**Voalohany:** Ny sakafo "halâl", fa efa noraran'ny lalàna islamika ny fihinanana an'ireo loto (najâssat) toy ny henan-kisoa, sy ny fandraisana zava-pisotro misy alkaola; fa adidin'ny mpino silamo ny mitandrina amin'ireo karazan-kena hohaniny, toy izany koa ny fomba famonoana biby fihinana dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny voalazan'ny lalàna islamika ny fomba famonoana azy.

**Faharoa:** Ilaina ny fahadiovan'ny sakafo fa raha tsy izany dia ao amin'ny asa **fahandroana** sy ao amin'ny fangaron'ny

sakafo no idiran-javatra voarara (harâmo): ka izany fidiran-javatra "harâmo" ao amin'ny sakafo izany dia manimba ny fahadiovam-po amam-panahy, ary izany moa dia mibahana ny **fiainan'ny olombelona** ho any amin'ny fahalavorariana. Izany no ahitantsika ao amin'ny lahatsoratry ny lalàna islamika ny famporisihina amin'ny tsy fihinanana an'ireo sakafo eny an-tsena satria ny sasany amin'ireo mpivarotra sakafo eny an-tsena dia tsy miraharaha loatra ny lalàm-pinoana amin'ny **fikarakarana sakafo**. Marihina fa ity hafatra ity dia tsy didin-dalàna mandrara ny fihinanana sakafo eny an-tsena akory **fa hafatra ara-pitondran-tenafotsiny kosa** mba hampisongadina ny fananana fitondran-tena tsara araka ny maha-izy azy ny olombelona; fa raha ny marina, ny sakafo eny an-tsena any amin'ireo firenenana islamika dia madio no sady halâl.

**Fahatelo:** Ilaina ny loharanon'ny sakafo mba ho ara-dàlana "halâl", fa efa **nohazavain'ny** lalàm-pinoana antsipiriany ny mikasika ny fitadiavana sy fahazoan-karena ara-dalàna (halâl) sy voarara (harâmo), toy izany koa ny efa nitakian'ny zon'ny didy aman-dalàna ny ampaha-dimin-karena (khoms) sy ny hetra masina (zakât) mba ho fanadiovan-karena. Noho izany dia antery amin'ny mpino silamo ny manadihady ny loharanon-karenany, fa raha tsy izany ny asa ataony dia anisan'ny fomba fiasa voarara na fivarotana zavatra voarara (harâmo).

**2-<u>Fanasan-tanana</u> :**

Tsy afa-misaraka amin'ny **fiainan'ny olombelona** mandritra ny fahavelomany ny fampiasany ny tanany, ka eto ny fifampikasohan'ireo tanany anankiroa amin'ireo zavatra maro

samy hafa dia mahatonga azy roa haloto; noho izany ny mpino silamo dia mila manasa ny tanany **mialoha ny** handray sakafo; fa hoy indrindra ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : **« Ny wodhoumialoha nyfisakafoanana dia misakana ny fahantrana ary aorian'ny fisakafoanana dia misakana ny aretin-tsaina sy manatsara ny fahitana »** araka ny voalazan'ny dikan-teny sasany dia: **« manakana ny tebiteby» ;** hoy koa Izy(saw) : **« Izay mila mampitombo ny fahasoavany dia aoka izy hanao fidiovana masina (wodhou) rehefa hiatrika ny sakafony».** Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) fa: **« Izay manasa ny tanany mialoha sy aorian'ny sakafo dia ho tahin'Andriamanitra manomboka amboalohany ka hatramin'ny faran'ny fisakafoanana ary hiaina izy ka hiaina maharitra ary afahana amin'ny fahoriam-batany »**

Hoy koa Izy(as) : **« Izay manasa ny tanany mialoha nysakafo dia aoka tsy ho fafany amin'ny mosara izany satria mitohy foana ny fitahian'Andriamanitra ao amin'ny sakafo raha mbola misy hamandoana ny tanany »;** araka ny notantarain'i Soufwân al-Jamâl, indray andro izy tao amin'ny Imâmo Sâdiq(as) ka niaraka nisakafo izy ireo, fa tonga ny mpanompo nitondra kaopy misy rano; ary dia nanao fidiovana masina wodhou ny Imâmo, nefa raha notoloran'ilay mpanompo mosara Izy(as) dia nilaza hoe: **« Tena marina fa ny fidiovana masina wodhou dia tahaka izaony tena fanaovana azy »**

Nisy iray tamin'izy ireo nahita an'ny Imâmo Moussâ al-Kâzim(as) nanao wodhou nialohan'ny(**mialoha ny**) hisakafoanany ary tsy nampiasa mosara hamafany ny felan-

tanany akory, rehefa avy nisakafo anefa Izy dia nanasa ny tanany ka nampiasainy ilay mosara.

**3-<u>Fomba fipetrahana amin'ny latabatra fisakafoanana</u> :**

Ny mpino silamo dia tokony hipetraka amin'ny latabatra fihinanana amin'ny fipetrahana feno fanetren-tena amin'i Allâh Tsitoha, ary handray ny sakafony amin'ny fomba fahambaniana miendrika fanompoana an'Andriamanitra Avo Indrindra ary mampiseho ny fisaorana sy fiderana **ary** fahasoavana izay tsy nisy nanome izany afa-tsy Izy Andramanitra irery ihany. Fa nitantara i Anas ibn Mâlik: **« Ilay Irak'Andriamanitra(saw) dia tsy mba nisakafo teo ambony latabatra fihinanana na tao anaty lovia tsangam-bava »** fa nisy nanontany hoe: **« Fa tamin'ny inona no nihinananareo?»** Namaly izy hoe: **« Tamin'ny lovia hoditra »**

Voalaza ao amin'ny tenin'ny Mpaminany masina ny teniny(saw) : **« Izaho dia tsy mba miankina ampisakafoanana fa ny tena marina Aho dia Mpanompo ka misakafo toy ny mpanompo ary mipetraka toy ny fipetraky ny mpanompo »**

Nilaza ny Imâmo Ali(as) fa: **« Rehefa hipetraka hisakafo ny iray aminareo dia mipetraha toy ny fipetraky ny mpanompo ary aza atao eo ambony tongotrareo iray ny tongotrareo ilany ka hanao fipetraka manohon-tongotra(tongotra iray ambonin'ny iray) fa izany fipetraka izany dia mahatezitra an'i Allâh Tsitoha sy mankahala ny mpanao izany »**

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) :« **Ilay Irak'Andriamanitra(saw) dia tsy mba niankina am-pisakafoanana nanomboka ny nanirahan'i Allâh Tsitoha Azy ka hatramin'ny nakany ny fanahiny; fa Izy dia mihinana araka ny fihinanan'ny mpanompo sy mipetraka araka ny fipetraky nympanompo,** nisy nanontany : **satria nahoana?** Hoy Izy namaly: **Ho fanentren-tena amin'i Allâh Tsitoha »**

**4-<u>Fitenenana Bismillâh (بسم الله)</u> :**

Anisan'ny nampianarin'ny Mpaminany(saw) an'ilay Mpitondra ny hafany, i Ali(as) izao teniny taminy izao : **« Ô ry Ali ! Rehefa hisakafo ianao dia mitenena hoe: "Bismillâh"(Amin'Anaran'i Allâh) ary rehefa vita ny fisakafoanana dia mitenena hoe: "Al-hamdo lillâh"(Fisaorana ho an'i Allâh) fa ireo Anjely Mpiaro anao dia tsy mitsahatra manoratra ho anao hasoavana »**

Niteny ny Imâmo Ali(as) : **« Izaho no miantoka an'izay miantso ny anaran'i Allâh amin'ny sakafony fa tsy mba hitaraina aretina avy amin'izany izy»**

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) : **« Izay manadino ny miantso ny anaran'i Allâh amin'ny sakafo rehetra dia aoka izy hiteny hoe: "Bismillâh 'alâ awwalihi wa akhirihi"**

**« بسم الله على اوله واخره**

Ary any misy hafatr'ireo manampahaizana manokana momba ny fitsipi-pitondrantena (akhlâq) fa ny **fiantsoan'ny olona** ny anaran'i Allâh isaky ny mandray singan-tsakafo haniny dia efa ampahany amin'ny fanompoany an'Andriamanitra.

**5-Ny fikasana (nyat) :**

Tokony ho fantatry ny mpino silamo fa ny fikasany amin'ny fihinanany sakafo dia nymba hanany hery sy tanjaka ahafahany manatanteraka ny asa izay mahafaly an'i Allâh Tsitoha; fa tsy nohon'nyantony ahazoana fahafinaretana sy hameno ny kibo; fa ny fandraisana ny sakafo mba hahazoana fahafinaretana dia mampidina ny olombelona hitovy lanja amin'ny biby. Ary raha ny marina amin'ny **fiainan'ny olombelona** mpino silamo dia ny hisakafo mba ho velona ahafahany manompo an'i Allâh fa tsy ho velona mba hisakafo sy hihinana akory.

Izao no voalaza ao amin'ny hafatry ny Imâmo Ali(as) tamin'ny zanany, i Hassan(as) : **« Ô ry zanako, aza manelina singan-tsakafo na dia kely aza ka mafana na mangatsiaka ary aza misotro rano eny fa na dia indray migoka aza ianao, raha tsy efa niteny ianao mialoha ny hisakafo na hisotro ny hoe: "Tompo ô! Mangataka Aminao aho amin'izao fihinanako sy fisotroako izao, fahasalamana amin'ny faharisarisana sy tanjaka avy aminy ho amin'ny fankatoavana Anao sy fahatsiarovana Anao ary fisaorana Anao mandritra ny hijanonany ao amin'ny vatako; ary koa hampirisihanao ahy amin'ny alalan'ny hery avy aminy ho amin'ny fanompoana Anao; mba hanaovanao ahy ho tsara fiarovana amin'ny fanoherana Anao" »**

**6-Fomba fanombohana ny fisakafoanana :**

Aorian'ny fipetrahan'ny olona eo amin'ny latabatra fihinanana sy fiantsoana ny anaran'i Allâh dia **ampirisihina** ny fandraisany ny sakafo amin'ny tanany havanana ka atombony

amin'ny fandraisany sira izany; fa nilaza ny Imämo Sâdiq(as) raha nisy nanontany Azy momba ny fahalalam-pomban'ny fihinanana: **«Aza mihinana na misotro amin'ny tanana havia ary aza mandray zavatra amin'ny alalany mihitsy»** hoy koa Izy(as) : **« Aza mihinana amin'ny ankavia raha mbola afaka manao izany ianao»**

Nilaza ny Imâmo Ali(as): **«Atombohinareo amin'ny sira ny sakafo voalohany, fa raha fantatry ny olona ny zava-misy ao amin'ny sira dia naleony nisafidy izany toy izay ny ody na poizina efa vita fanandramana»**

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) : **« Tena marina fa atombokay amin'ny sira ny sakafonay ary farananay amin'ny vinaingitra »**

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fisakafoana sy fisotroana dia anisan'ny asa amam-pihetsiky ny olombelona toy ny asany hafa rehetra ka manana ny fombany sy sorin-dalàna islamika mifehy azy, fa ao ny voadidin'ny lalàm-pinoana ary ao koa ny hafatry ny fitsipi-pitondrantena mba hahalavorary ny **fiainan'ny olombelona**mpino.
- Ny maha-ara-dalàna halâl ny sakafo sy ny fahadiovany sy ny fanasana ny tanana ary ny fanambanian-tena eo amin'ny fipetrahana amin'ny fisakafoanana sy ny fahatsiarovana ny anaran'i Allâh Tsitoha; dia anisan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo amin'ny fisakafoanana.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Inona no adidy lehibe tsy maintsy ataon'ny mpino silamo amin'ny fihinanana sy fisotroana?

2-Hazavao ny fahalalam-pomba araka ny lalàm-pinoana amin'ny fipetrahana hisakafo?

3-Ahoana no tsy maintsy atao mba hanombohana ny fisakafoanana?

4-Inona no fikasana (nyat) tokonyho ao an-tsain'ny mpino silamo rehefa handeha hisakafo izy?

***************

## LESONA FAHA-20

## FAHALALAM-POMBAN'NY FISAKAFOANANA (2)

**7-<u>Fomba fihinanana</u> :**

Rehefa mipetraka ampisakafoanana ny olona iray dia tokony **handray** ny sakafo amin'ny toerana izay tandrify ny tanany fa tsy manampatra ny tanany manoloana ny hafa.

Fahalalam-pomba amin'ny fisakafoanana ny fandraisana sakafo tsikelikely mba hanamora ny fitsakoana sy fandevonana azy; fa ny fandraisana sakafo betsaka ao am-bava dia tsy vitan'ny hoe tsy mendrika ataon'ny mpino silamo fa mampananosarotra koa amin'ny fitsakoana sy fitelemany azy ary misy voka-dratsiny amin'ny fandevonana azy.

Fahalalam-pomba amin'ny fisakafoanana ny fandraisana sakafo amin'ny sisin'ny lovia fa tsy am-povoany ary tsy mampiditra am-bava sakafo indray raha tsy efa **voatelina** ny teo aloha.

Fahalalam-pomba amin'ny fisakafoanana ny tsy mijery olona **araka izay** azo atao no sady tsy mifarombaka mihinana fa misakafo ampilaminana sy ampitoniana tanteraka ary halavaina ny fotoana ipetrahana eo ampisakafoanana. Raha sendra ka tsy tiana ny sakafo no tsy **mampazoto** homana azy dia tsy asehony miharihary izany tsy fitiavana na tsy fankasitrahana sakafo izany. Niteny ny Imâmo Hassan(as) hoe: **« Eo ampisakafoanana dia misy zavatra miisa roa amby folo no tsy maintsy fantarin'ny mpino silamo: efatra amin'izy ireo no voadidy tsy maintsy atao (fardh), ny efatra manaraka dia tsara atao (sonnat), ary ny efatra**

**farany dia fampahalalam-pomba. Ireo izay voadidy tsy maintsy atao dia ny fahalalana ny sakafo izay hohanina, sy firavoravoana, sy fanononana ny anaran'i Allâh, ary ny fisaorana. Ireo tsara atao kosa dia ny fidiovana masina wodhou alohan'ny fihinanana, sy fipetrahana amin'ny ilany ankavia, sy fihinanana amin'ny rantsan-tanana telo, ary ny milela-drantsan-tanana. Ireo fampahalalam-pomba indray dia ny mihinana izay manoloana anao, sy manakely ny fisorohan-tsakafo atao am-bava, sy fitsakoana mafy, ary tsy dia mijery ny tarehin'ny olona misakafo »**

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **«Hoy ilay Irak'Andriamanitra(saw) : raha ny iray aminareo no misakafo dia aoka hihinana izay manoloana azy»**

Hoy koa Izy(as) : **« Ny zava-drehetra dia misy fetra izay hiafarany ary tsy misy ny zavatra raha tsy manana ny fetrany;** fa nisy nitondra sakafo amin-dovia ka nanontany taminy hoe: **Inona no fetran'io?** Namaly Izy(as) hoe**: ny fetran'io dia rehefa mametraka ny tanany mba hihinana ny olona dia miteny hoe "Bismillâh"(Amin'anaran'i Allâh), fa rehefa manala ny tanany avy misakafo izy dia miteny hoe "Al-hamdo lillâh" (Fisaorana ho an'i Allâh), ary ny olona tsirairay dia mila mihinana ny sakafo eo anoloany fa tsy mila mandray ny eo anoloan'ny hafa»**

Hoy ihany koa Izy(as) hoe: **« Halavao ny fotoana ipetrahanareo misakafo, fa ny tena marina io fotoana io dia tsy isaina ao anatin'ny fetr'andro hivelomanareo»**

Toy izany koa no voalazany(as) manao hoe: « Ampangatsiahonareo ny sakafo mafana **mandra-**

**pangatsiakany** fa ilay Irak'Andriamanitra(saw) raha notolorana sakafo mafana dia nilaza hoe: Ampangatsiahonareo **mandra-pihinana azy;** fa i Allâh dia tsy mampihinana anay afo sady ny fitahian'Andriamanitra dia ao amin'ny sakafo mangatsiaka»
Ao amin'ny tenin'ny Imâmo Sâdiq(as) hafa no milaza hoe: **« Ilay Irak'Andriamanitra(saw) dia mandrara ny fitsofana ny sakafo na ny zava-pisotro mafana »**

**8-<u>Fialana amin'ny fahavokisana tafahoatra</u> :**

Anisan'ny zavatra tokony halavirina amin'ny fihinanana sy fisotroana ny hatendan-kanina sy ny fahavokisana tafahoatra; satria izany dia mitera-boka-dratsy amin'ny vatana amam-panahin'ny olombelona; ary efa nanome antoka ireo soratra masina sy ireo lovantsofina islamika amin'ny fanamafisana tanteraka ny fanalavirana ny fahavokisana tafahoatra. Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) araka ny teniny masina manao hoe: « **Aza mamono fo ianareo amin'ny fandraisana sakafo sy fisotro diso tafahoatra fa ny fo dia mety maty toy ny zava-maniry rehefa tondrahana rano be loatra** »

Nilaza koa Izy(saw) hoe: « **Ireo Anjelin'ireo lanitra sy ny tany dia tsy miditra ao amin'ny mpanao voky tafahoatra** » ; mbola Izy(saw) koa no nilaza hoe: **« Tsy misy zavatra halan'i Allâh mihoatra ny fahavokisana tafahoatra »;** hoy hatrany Izy(saw) hoe: **« Mitandrema ianareo amin'ny fisakafoanana tafahoatra fa izany dia manapoizina ny fo ka hahamafy azy, sy mahakamo ny rantsam-batana hanompo an'Andriamanitra, ary manentsina ny lava-tsofina izay hihaino ny fananarana »**

Niteny ny Imâmo Ali(as) hoe: **« Ny fihinanana sy torimaso tafahoatra dia manimba ny vatana sy mitarika haratsiana »;** hoy koa Izy(as) hoe: **« Izay misakafo tafahoatra dia mampihena ny fahasalamany ary itambesaran'ny olana betsaka ny tenany »;** hoy koa Izy(as) hoe: **« Mitandrema ianareo amin'ny fahavokisana tafahoatra fa manamafy ny fo, sy mampahakamo hanao fanompoam-pivavahana salât ary manimba ny vatana »;** hoy hatrany Izy(as) hoe: **« Tsy misy fahendrena miaraka amin'ny fahavokisana tafahoatra»** sy ny hoe: **«Ny fahavokisana dia manimba ny fahatahorana an'Andriamanitra»,** ary koa ny hoe: **« Eny,mampirisika mba hanota ny fahavokisana tafahoatra».**

Araka ny voalazan'ny teniny masina, ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) dia niteny hoe: **«Izay manakely ny sakafo haniny dia ho salama ny vatany, sy hadio ny fony, fa izaymihinana sakafo be loatra, dia harary ny vatany sy ho mafy ny fony »;** hoy koa ny tenin'ny Mpaminany masina hoe: **« Izay manakely ny sakafony dia hakelezina koa ny fitsaran'azy ».**

Nilaza ny Imâmo Ali(as) hoe: **«Nyfanakelezan-tsakafo dia fanajana ny vatana sy mampitoetra ny fahasalamana»;** hoy koa Izy(as) hoe: **« Raha i Allâh no mila hanasoa ny mpanompony dia avelany ho vitsy teny izy sy kely sakafo ary kely torimaso »,** niteny koa Izy(as) hoe: **« Ny fihinanana sakafo kely dia anisan'ny fahadiovam-pitondrantena, ary ny fihinanana sakafo betsaka kosa dia anisan'ny fandanianiam-poana ».**

Ao amin'ny fahalalam-pomba amin'ny fisakafoanana, no misy **lovantsofina** araka ny voalazan'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: **« Mihinàna rehefa te hihinana ary mijanona na mbola te hihinana aza»**; nilaza ny Imâmo Ali(as) araka izao hevitry ny teniny izao hoe: **« Aza manampatra ny tananao hihinan-kanina raha tsy efa te hihinana ianao, ka raha manao izany ianao dia higoka ny tsirony ».**

**9-<u>Fisakafoanana miaraka</u> :**

Anisan'ny fahalalam-pomba islamika ny tsy **fihinanan'ny olona samirery** raha azo atao; fa ny fiaraha-misakafo amin'ny daholobe, eny fa na ara-pianakaviana sy ankohonana fotsiny aza dia voasokajy ho fanajana ny fahalalam-pomba Islâmo. Ny lalàm-pinoana moa dia efa nampirisika amin'ny fisakafoanana miaraka, fa hoy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : **« Mitambara ianareo amin'ny fisakafoananareo mba hotahiana ianareo amin'izany sakafo izany »**

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Hoy ilay Irak'Andriamanitra(saw) : ny sakafo raha vory aminy ny zavatra efatra dia efa lafatra: raha toa ka ara-dalàna halâl izy, sy maro mpihinana, sy niantsoana ny anaran'i Allâh teny ampiandohana, ary nisaorana an'i Allâh Tsitoha teny ampamaranana »**

**10-<u>Fahalalam-pomban'ny fiaraha-misakafo</u> :**

Tokony tsy hialoha an'ireo zokiolona ny tanora amin'ny fandraisana sakafo ary ny zokiolona koa dia tokony handray ny sakafo avy hatrany fa tsy hampiandry fotoana ela.

Anisan'ny **ampirisihina** (mostahabo) ny fampihenana fitenenana indrindra fa amin'ny fitsakotsakoan-tsakafo, fa tena tsy ankasitrahan'ny lalàm-pinoana izany fomba izany. Eo ampisakafoanana ny olona dia tokony hahay hitondra tena araka izay tsy**manohintohina** ny zon'ny hafa. Adidin'ny mpampivahiny ny manao fikarakarana**araka izay** tsy hampanahirana ny vahininy sy manao izay hahatonga ny vahiny hisakafo ampahazotoana sy ampitoniana.

Tahaka izany koa ny tsy tokony hijerena ny hafa eo ampisakafoanana satria izany fijerena izany dia hahatonga ny olona hahatsiaro menatra ka hitsahatra amin'ny fisakafoanany tsy fidiny izy na dia mbola tsy voky aza. Ny zokiolona indrindra fa ny mpampivahiny no tokony**hisakafo**miadana; fa raha misakafo haingana izy, na dia eo azany voka-dratsin'izany amin'ny tenany ihany, izany fihetsiny izany dia manosika ny hafa ihany koa hanajanona ny fisakafoanany **mialoha ny** fahavokisany; noho ny fanarahany ny mpampivahiny.

Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny fisakafoanana sy ny fiaraha-misakafo ny tsy tokony hanabokàna ny tsiron-tsakafo izay hampandositra ny olona toy ny fanehoana fitsakoan-tsakafo misy feo mahatsiravina.

Anjaran'ny tompon-trano na mpampivahiny no voalohany sy **mamarana izany**, fa izany no manome fotoana ampy hisakafoanan'ny vahiny tsy hisy olana na hena-maso.

Anisan'ny fahalalam-pomba koa ny tsy hampitondran'ny vahiny **ny**tompom-panasana enta-mavesatra tsy zakany ary voalaza moa fa ny naman-dratsy no mitoetra toy izany.

Tsara (mostahabo) ho an'ny vahiny nasaina ny manomboka ny sakafony amin'ny mofo, araka ny voalazan'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) manao hoe: **« Hajaonareo ny mofo;** fa nisy nanontany hoe: **Ô ry ilay Irak'Andriamanitra, ahoana ny fanajana azy?** Namaly Izy hoe: **rehefa napetraka amin'ny latabatra izy dia tsy iandrasana sakafo hafa ankoatr'azy »**

Anisan'ny fahalalam-pomba mikasika ity lohahevitra ity ny **horesahantsika** ao amin'ny fahalalam-pomban'ny fivahinianana sy ny fahalalam-pomban'ny fifandraisana.

**<u>Famintinana</u> :**

- Fahalalam-pomban'ny fisakafoanana ny **fandraisan'ny olona** ny sakafo haniny izay manoloana azy sy misoroka tsikelikely ny sakafo ho ao am-bavany, ka mitsakotsako izany tsara am-pilaminana, ary ny misaotra an'i Allâh Tsitoha rehefa avy nisakafo.
- Fahalalam-pomba islamika ny tsy mampiseho ny hatendan-kanina amin'ny fisakafoanana, ary tena tian'ny lalàm-pinoana ny fisakafoanana miaraka amin'ny rehetra.
- Fahalalam-pomba amin'ny fiaraha-misakafo ny fanajana ny zokiolona, ka mifampiresaka ampirahalahiana **mialoha ny** sakafo; fa rehefa eo ampisakafoanana dia fahalalam-pomba ny tsy be resaka sy ny tsy mijery olona mihinana **araka** azo atao.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Lazao fohifohy ny fahalalam-pomba ao amin'ny fisakafoanana.

2-Hazavao ireo toe-toetra manokan'ny fisakasoanana miisa roa amby folo araka ny voalazan'ny Imâmo Hassan(as).

3-Inona no voalazan'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) amin'ny hatendan-kanina?

4-Rahovianano (mostahabo) tsara ataon'olona ny manajanona ny fihinanany?

5-Fintino ireo fahalalam-pomban'ny fisakafoanana rehetra.

***************

## LESONA FAHA-21

## NY FANOMPOANA

Hatramin'ny fiandoham-piainan'ny olombelona dia nitazona toerana lehibe amin'ny asa sy fihetsika fanaony ara-pivelomana ny fanompoana an'Andriamanitra; fa tsy misy fiaraha-monina na iray aza teo amin'ny fiaraha-monina maro nisy  ka tsy nanatanteraka ny fanompoana araka ny fombany avy; ary izany no manambara fa any **anatin'ny olombelona** dia misy filàna lalina sy fironana amin'ny fanompoana an'Andriamanitra .

**Araka izany** ny fanompoana an'Andriamanitra dia zavatra voajanahary, izany moa dia fisehoan'ny filàn'olombelona araka ny antsom-paniriana, miafina ao anatin'ny **tenan'nyolombelona** lalina ao; saingy ny habadoana sy ny fanararaotan'ireo mpivily làlana no mahatonga ny fiaraha-monin'ny olombelona ho tafalatsaka ao anatin'ny fiheverana diso ka mamoaka ny fanompoana an'Andriamanitra hiala amin'ny fizotrany marina.

Izany no nahatonga ireo vahoaka fahiny ho lasa nanompo sampy vato sy nanompo an'ireo mpanjaka tsy refesi-mandidy ankoatra an'i Allâh.

Ny antson'ny fanompoana an'Andriamanitra ara-boajanahary dia hery izay tsy **azon'nyolombelona** odiana tsy fantatra eny fa na dia any amin'ny toerana faran'izay lavitry ny tontolo aza no misy azy; ka izany no ahitantsika olona mandritra izay tantaran'olombelona izay, manao fikarohana amin'izay mahafaka hetaheta ara-boajanahary azy ireo.

Ny fanompoana an'i Allâh Andriamanitra Tokana moa no tena fototry ny hafatr'Andriamanitra izay notorian'ireo mpaminany ireo. Efa niantso an'ireo vahoakany avy, ireo irak'Andriamanitra sy ireo mpaminany ireo mba hanompo an'i Allâh Tokana tsy manam-paharoa sady nitsipaka ny fanompoan-tsampy sy ireo zavatra voahary ary ireo olombelona mpanjaka tsy refesi-mandidy. Hosintomintsika amin'ity lesona ity ny mahazava-dehibe ny fanompoana an'Andriamanitra sy ny anjara toerany eo amin'ny **fiainan'nyolombelona** ary ny anjara asany eo amin'ny isam-batan'olona.

**1-<u>Ny fanompoana anton'ny fahariana sy hafatr'ireo Mpaminany</u> :**

Hoy i Allâh Tsitoha hoe: وَمَا خَلَقْتُ الْجِنَّ وَالْإِنسَ إِلَّا لِيَعْبُدُونِ

**« Tsy nohariako ireo jiny sy ireo olombelona raha tsy ny mba hanompoan'izy ireo Ahy »**

Mazava ho azy aloha fa i Allâh Ta'ala dia tsy mila ny fanompoantsika sady tsy mandray na inona na inona avy amin'izany; satria Izy Ilay Tsitoha dia Mpanankarena tanteraka fa hoy ny Teniny : فَإِنَّ اللَّهَ غَنِيٌّ عَنكُمْ **« Tena marina fa i Allâh dia Mahavita tena ka tsy mila anareo »**

Nilaza ny lehibentsika Houssein(as) ao amin'ny **tonombavany** malaza fanao amin'i 'Arafat manao hoe: **«Ianao dia Mahavita ny tenanao ihany, ka tsy mitaky ny tombontsoa avy Aminao hiverina Aminao intsony, fa ahoana moa no ilànao ahy indray ?!»**

Ary ireo hafatr'ireo mpaminany dia tena fahazavana marina mba hanazava ny làlana manoloana ny olombelona izay mikaroka hatrany ny fomba mendrika ho fanompoana an'Andriamanitra sy eo anatrehan'ny antsom-paniriana voajanahary ao aminy. Hoy i Allâh Tsitoha hoe:

وَلَقَدْ بَعَثْنَا فِي كُلِّ أُمَّةٍ رَّسُولاً أَنِ اعْبُدُواْ اللّهَ وَاجْتَنِبُواْ الطَّاغُوتَ

**"Nandefasanay Iraka iray isaky ny vahoaka tsirairay,(mba hilaza amin'izy ireo hoe): "Manompoa an'Andriamanitra ianareo, ary halaviro ny sampy » kor'âny 16.36**

A**raka izany** ny vokatsoan'ny fanompoana **ataon'ny olombelona** dia tsy misy afa-tsy izy tenany ihany no mioty izany, fa izy io (ny fanompoana) no manomana ho azy (olombelona) ny làlana mankany amin'ny fahalavorariana; satria ny **fahalavorarian'ny olombelona** dia tsy misy afa-tsy ny fanakaikezana an'i Allâh ka ny fanompoana irery ihany no làlana ahafahana manatanteraka izany. Hoy Izy Andriamanitra hoe:

يَا أَيُّهَا النَّاسُ اعْبُدُواْ رَبَّكُمُ الَّذِي خَلَقَكُمْ وَالَّذِينَ مِن قَبْلِكُمْ لَعَلَّكُمْ تَتَّقُونَ

**« Ry Olombelona! Manompoa ny Tompo Zanaharinareo ianareo, izay Nahary anareo sy ireo teo alohanareo, mba ho vontompinoana ianareo.» kor'any 2-21**

Ao amin'ny voninahitra sy mahazava-dehibe ny vavaka fanompoana salât no nilaza ny Imâmo al-Ridhâ(as) hoe: **« Ny salât no (fanatitra) fanakaikezan'ny mpino rehetra** » noho izany ny fanompoana no làlana tokana feno hanatonana an'Andriamanitra.

**2-<u>Voninahitry ny fanompoana</u> :**

Hoy ny lehibentsika Ali(as) hoe: **« Ny fanompoana dia fahatafitàna »,** hoy koa Izy(as) : « **Voninahitr'ireo lehibe dia ny fanompoana tsara»** hoy koa Izy(as) hoe: «**Raha tian'i Allâh ny mpanompo iray dia tazominy hanao fanompoana tsara foana izy »,** hoy ihany Izy(as) hoe: **«Ny faharetana amin'ny fanompoana dia porofon'ny fahazoana ny fahasambarana »,** mbola Izy (as) hatrany no niteny hoe: **« Tsy misy fanakaikezana mampifanakaiky tahaka ny fanompoana an'i Allâh »**

**3-<u>Ny tena fanompoana sy fitompoana marina</u> :**

Nilaza ny Imâmo al-Ridhâ(as) hoe: « **Voalohany amin'ny fanompoana an'i Allâh dia ny fahafantarana Azy, ary ny fototry ny fahafantarana an'i Allâh dia ny fahatokanany »**

Nisy nanontany an'ny Imâmo Sâdiq(as) mikasika ny tena fitompoana marina ka hoy Izy(as): **« Misyanankitelo: ny mpanompo dia tsy tokony hihevitra izay zavatra nomen'i Allâh azy ho fananany satria ny mpanompo dia tsy misy na inona na inona hananany, fa mihevitra ny harena ho harenan'i Allâh ka mampiasa izany araka ny nandidian'i Allâh azy, ary koa tsy afaka mitondra ny tenany araka izay hitondrany azy, fa manatanteraka izay hibaikon'Andriamanitra azy sy izay hanakanany azy… Izany no voalohan'ny ambaratonga ambony amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra »**

Hoy ny Imâmo Ali(as) hoe: **« Ny fitompoana dia zavatra miisa dimy, fanafoanana ny kibo sy famakiana ny Kor'âny sy fifohazana hanompo amin'ny alina, sy**

**fitalahoanaamin'ny maraina ary fitomaniana amin'ny fahatahorana an'i Allâh »**

**4-<u>Fanompoana ampahamalinana</u> :**

Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw): « **Fantaro fa ny voalohan'ny fanompoana Azy dia ny fahafantarana Azy»,** hoy ny Imamo Ali(as) : « **Tsy misy soa azo avy amin'ny fanompoana tsy mba nofakafakaina** », hoy koa Izy(as) hoe: « **Apetraho ao amin'ny tenanareo ny fahafantarana an'izay tompoinareo mba hahazoanareo tombontsoa izay fihetsehan-drantsam-batanareo amin'ny fanompoana an'izay fantatrareo** », hoy ihany Izy(as) hoe: « **Ny mpanompo tsy amim-pahalalana dia toy ny apondra mpanodina milina fitotoana, mihodidina ihany nefa tsy mihetsika amin'ny toerany** ».

**5-<u>Tanjon'ny fanompoana</u> :**

Hoy ny Imâmo Ali(as) hoe : « **Misy olona manompo an'i Allâh ampaniriana, fa izany no atao hoe fanompoan'ny olona mpivarotra; misy ny olona manompo an'i Allâh ampahatahorana, izany no atao hoe fanompoan'ny olona andevo; misy ny olona manompo an'i Allâh ampisaorana, izany no atao hoe fanompoan'ny olona afaka** »

Fa hoy kosa ny Imâmo Sâdiq(as): « **Ny olombelona dia manompo an'i Allâh Tsitoha amin'ny endrika anankitelo, ao ny manompo Azy ampaniriana te hahazo ny valisoany fa izany no fanompoan'ny mpitsiriritra, izany hoe vokatry ny tsy fahafaham-po; ny sasany manompo Azy ampahatahorana ny Afobe, fa izany no fanompoan'ny**

**olona andevo, izany hoe vokatry ny fahatahorana; Izaho kosa manompo Azy ampitiavana AzyIlay Avo Indrindra, izany no atao hoe fanompoan'ny olona) henin-kaja,izany hoe vokatry ny filaminan-tsaina araka ny tenin'Ilay Avo Indrindra manao hoe:** وَهُم مِّن فَزَعٍ يَوْمَئِذٍ آمِنُونَ**(Ary izy ireo amin'izany andro mampihorohoro izany dia hilamin-tsaina) sy ny hoe**

« قُلْ إِن كُنتُمْ تُحِبُّونَ اللّهَ فَاتَّبِعُونِي يُحْبِبْكُمُ اللّهُ وَيَغْفِرْ لَكُمْ ذُنُوبَكُم

**« Lazao azy ireo hoe : Raha mitia an'i Allâh ianareo, dia aoka hanaraka Ahy, amin'izay dia ho tia anareo i Allâh ary hamela ny fahotànareo, fa izay mitia an'i Allâh dia hotiavin'i Allâh ihany koa ary izay tia an'i Allâh Ilay Avo Indrindra dia ho anisan'ireo izay hilamin-tsaina »**

**6-<u>Karazan'ny fanompoana</u> :**

Mikasika ny karazan'ny fanompoana dia hoy ny lehibentsika Mohammad(saw): **« Ny fanompoana dia misy ankolafiny fitopolo fa ny tena mendrika dia ny lafiny fitadiavana ny halâl »**, fa araka ny voalazan'ny Imâmo Ali(as) dia hoe: **« Ny fandinihana amin'ireo fahasoavan'i Allâh no fanompoana tena tsara »**

Hoy koa Izy (as) hoe: **« Ny fandinihana ny ao amin'ny tontolon'ireo lanitra aman-tany dia fanompoan'ireo olona manana finoana madio tanteraka »,** mbola niteny koa Izy(as) hoe: **« Tena marina anisan'ny fanompoana ny manao teny mamy sy mampiely ny arahaba hombam-piadanana »;** noho izany ny fanompoana dia tsy voafetra amin'ny fanatanterahana ny fombafombam-pivavahana fotsiny

fa mivelatra hatramin'ny fitenenana sy **fanaparitahana** ny arahaba, eny hatramin'ny **fombafijery.** Hoy indrindra ny lehibensika Mohammad(saw) hoe: **« Ny fijerena ny Manampahaizana dia fanompoana, ny fijerena ny Imâmo marina dia fanompoana, ny fijerena ny ray aman-dreny ampitiavana sy ampiantrana dia fanompoana, ary ny fijerena ny rahalahy ampitiavana azy ao anatin'ny finoana an'i Allâh dia fanompoana »**

Ny fandratoam-pahalalana hitadiavana ny marina sy hanipahana ny diso dia zary ho asa fanompoana ihany koa **araka izao**voalazan'ny lehibentsika sady Mpaminanintsika Mohammad(saw) izao: **« Izay mandeha mianatra antokom-pahalalana iray mba hanoherany ny fahadisoana ho any amin'ny fahamarinana na ny fahaverezana ho any amin'ny fahitsiana, izany asany izany dia sahala amin'ny fanompoan'ny mpanompo mandritra ny efapolo taona »**

Voalaza ao amin'ny tantara fa ilay Anjely mahatoky Jibrily(as) niteny tamin'ny Mpaminany masina Mohammad(saw) nanao hoe: **« Ô ry Mohammad, raha natao eto ambonin'ny tany ny fanompoanay dia miisa telo ny asa nataonay: mampisotro rano ireo mpino silamo, mamonjy ireo olona mahantra, ary manafina ny fahotana »**

Marihina eto ampamaranana ny lesona fa ny boky momba ny fahaiza-**mitondra tena(**akhlâq) dia manazava antsipiriany mikasika ny fanompoana sy ankoatr'izany, fa ny nianarantsika tamin'ity lesona ity dia ny mahazava-dehibe sy ny lanjan'ny fanompoana ary ny **anjaratoerany**eo amin'ny fiainan'ny olombelona.

**<u>Famintinana</u> :**

- Voalaza moa fa ny tanjon'ny famoronana dia ny hizoran'ny olombelona ho any amin'ny dingan'ny fahalavorariana tena izy; tsy tanteraka anefa izany raha tsy amin'ny alalan'ny fahazoana ny fifalian'i Allâh Avo Indrindra sy ny fitiavany; ka ny lalàna islamika dia nanome lanja ny tanjona ao ambadiky ny famoronana ny olombelona dia ny fanompoana amin'ny lafiny rehetra izay mahafaoka ny hetsiky ny olombelona.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Nahoana ny Kor'âny masina no milaza fa ny anton'ny famoronana dia ny fanompoana?

2-Inona no **anjara toeran'ny** fanompoana eo amin'ny **fiainan'nyolombelona?** Hazavao amin'ny alalan'ny teny (hadith) masina izany.

3-Inona no atao hoe fitompoana?

4-Ahoana no tokony hatao amin'izany fanompoana izany?

5-Tanisao ny tanjon'ny fanompoana ka hazavao fohifohy izany

6-Asa inona avy no tafiditra ao anatin'ny hevitry ny fanompoana?

**************

## LESONA FAHA-22

## VONINAHITRY NY SALAT

Tena mitazona toerana ambony ny salât eo anatrehan'ireo **karazana asa** fanompoana samihafa; fa izy no andrin'ny finoana sy fanandratana ny mpino ary ainan'ny Islâmo sady koa ny voalohany hitsarana ny olombelona amin'ny andro fitsanganana dia ny salât ka raha ankasitrahana izy dia ankasitrahana koa ireo asa **ankoatra azy** rehetra; fa raha lavina izy dia lavina koa ny **ankoatra azy.**

Ny fanazavana antsipiriany mikasika ny salât moa mitaky boky manokana mandalina ny andinin'ny kor'âny sy ireo soratra masina momba azy sy ny fepetrany sy ny fahalalam-pombany sy ny andry amam-potony ary ny adidin'ny mpanao salât sy ny hafa ankoatr'izany; fa ity lesona ity kosa dia hanazava fotsiny eo amin'ny lafiny fahalehibeazany sy ny fahambonian'ny anjara toerany ary izany dia porofoina amin'ny alalan'ny andinin'ny Kor'âny masina sy ireo soratra masina (Ahadith).

**1-<u>Ny salât ao amin'ny Kor'âny masina</u> :**

Hoy i Allâh Tsitoha : وَمَا أُمِرُوا إِلَّا لِيَعْبُدُوا اللَّهَ مُخْلِصِينَ لَهُ الدِّينَ حُنَفَاء وَيُقِيمُوا الصَّلَاةَ وَيُؤْتُوا الزَّكَاةَ وَذَلِكَ دِينُ الْقَيِّمَة

**« Ny hanompo an'Andriamanitra irery ihany no nandidiana azy ireo; fanompoana Azy amim-pahadiovam-po tsy afangaro amin'ny zavatra hafa, sy ny fanatanterahan'izy ireo ny vavaka fanompoana, ary ny fanomezany ny harena fiantrana. Izany no finoana marina.» kor'any 98:05**
**Hoy Ilay Avo Indrindra hoe:**

اتْلُ مَا أُوحِيَ إِلَيْكَ مِنَ الْكِتَابِ وَأَقِمِ الصَّلَاةَ إِنَّ الصَّلَاةَ تَنْهَى عَنِ الْفَحْشَاء وَالْمُنكَرِ وَلَذِكْرُ اللَّهِ أَكْبَرُ

**« Vakio izay nambara taminao tamin'ny Boky, ary tanteraho ny vavaka fanompoana (soalat). Hamafisina, fa ny**
**vavaka fanompoana (soalat) dia manakana amin'ny fahavetavetana sy ny faharatsiana. Fa ny fahatsiarovana an'Andr iamanitra no tena lehibe indrindra...» kor'any 29:45**

Hoy Ilay Avo Indrindra hoe:

الَّذِينَ إِن مَّكَّنَّاهُمْ فِي الْأَرْضِ أَقَامُوا الصَّلَاةَ وَآتَوُا الزَّكَاةَ

**« Ireo izay, raha omenay azy ny hery ety ambonin'ny tany,dia manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat) izy ireo,manome ny harena fiantrana (zakat), ary mampirisika amin'ny tsara, sy mandrara amin'ny ratsy.»kor'any 22:41**

Hoy Ilay Avo Indrindra amin'ny alalan'ny tenin'ny Anjelin'ny fanasaziana amin'ny andro fitsanganana hoe:

مَا سَلَكَكُمْ فِي سَقَرَ قَالُوا لَمْ نَكُ مِنَ الْمُصَلِّينَ

**« Inona no nahatonga anareo ho any amin'ny Afobe Saqar? Hoy izy ireo hoe:**
**Izahay tsy mba anisan'ireo mpanao salât» kor'any 74:42**

Hoy Ilay Be Voninahitra sady Avo Indrindra hoe:

وَاسْتَعِينُوا بِالصَّبْرِ وَالصَّلاَةِ وَإِنَّهَا لَكَبِيرَةٌ إِلاَّ عَلَى الْخَاشِعِينَ

**«Ary mangataha fanohanana amin'ny alalan'ny faharetana sy ny vavaka fanompoana (soalat) ianareo, eny, vesatra tokoa izany,afa-tsy amin'ireo mpanetritena.»kor'any 2:45**

Hoy Ilay Mendri-piderana amin'ny alalan'ny tenin'i Issâ ibn Maryam, mbola menavava teo am-pandriana kely :

وَأَوْصَانِي بِالصَّلَاةِ وَالزَّكَاةِ مَا دُمْتُ حَيّاً

**« Ary nandidy ahy amin'ny fanaovana salât sy fanomezana zakat Izy mandritra ny fahavelomako »**

Hoy Ilay Avo Indrindra amin'ny alalan'ny tonombavakan'i Ibrahim ilay Sakaiza manao :

رَبِّ اجْعَلْنِي مُقِيمَ الصَّلاَةِ وَمِن ذُرِّيَّتِي رَبَّنَا وَتَقَبَّلْ دُعَاء

**«Tompo ô! Ataovy mpanatanteraka ny salât aho sy amin'ireo taranako. Tomponay ô! Ekeo anie ny fangatahako »**

Hoy Ilay Avo Indrindra hoe:

إِنَّ الصَّلاَةَ كَانَتْ عَلَى الْمُؤْمِنِينَ كِتَابا مَّوْقُوتاً

**« Tena marina fa ny salât ho an'ireo mpino dia voadidy ara-potoana »**

**2-<u>Ny salât ao amin'ny tenin'ny Mpaminany masina</u> :**

Hoy ny lehibentsika sy ny Mpaminanintsika Mohammad (saw) hoe: **« Napetrak'i Allâh (Ilay Ambony Fideran'Azy) tena mamiko ny salât, ary ankafiziko ny salât sahala amin'ny fankafizan'ny noana ny sakafo sy ny fankafizan'ny mangetaheta ny rano saingy ny noana rehefa mihinana dia voky ary ny mangetaheta rehefa misotro dia afaka hetaheta, fa Izaho kosa dia tsy mety afa-po amin'ny salât »**

Hoy koa ny Mpaminanintsika Mohammad (saw) hoe: **« Ny salât dia andrin'ny finoana, ka izay mamela ny salât antsitrapo dia efa mandrava ny finoany, ary izay tsy manao azy amin'ny fotoany dia hiditra ao amin'ny loza "wayl", ny loza wayl moa dia lohasaha iray ao amin'ny Afobe Jahannam araka ny voalazan'Ilay Avo Idrindra hoe:**

فَوَيْلٌ لِّلْمُصَلِّينَ الَّذِينَ هُمْ عَن صَلَاتِهِمْ سَاهُونَ

**« Fa loza (wayl) ho an'ireo mpanao salât, dia ireo izay manao ny salât tsirambina »**

Hoy koa ny Mpaminanintsika Mohammad (saw): **« Aza manao tsinontsinona ny salât-nareo, fa izay manaotsinontsinona salât dia hatsangan'i Allâh amin'ny maty miaraka amin'i Qâroun sy Firaona ary Hâmân, ozonin'i Allâh izy ireo sady alainy Baraka ary zon'i Allâh ny mampiditra azy ireo ao amin'ny Afobe miaraka amin'ireo mpihatsaravelatsihy ka loza ho an'izay tsy mba mitandrina amin'ny salât ataony »**

Hoy ihany ny Mpaminanintsika Mohammad (saw) hoe: **« Ny manahaka ny salât dia toy ny andrin'ny trano iray, koa raha mitsatoka tsara ireo andry dia mahasoa ireo tadin-day sy ireo tsima-day ary ny voalin-day; fa raha tapaka kosa ireo andry dia tsy mahasoa ny tady sy ny tsima-day ary ny voalin-day ».**

Hoy Izy(saw): **« Hajaonareo ireo salât fa tena marina i Allâh Be voninahitra sady Avo Indrindra, amin'y andron'ny fitsanganana dia ho avy amin'ny mpanompo ka**

**ny voalohany hanontaniany dia ny mikasika ny salât raha toa ka nahatanteraka izany fa raha tsy izany dia atsipiny ao anaty Afobe izy »**

Hoy ny Mpaminanintsika Mohammad (saw): **« Rehefa hitsangana hanao salât ianao ka manatrika ny fitodihana sy mamaky ny "oummoul-Kitâb"(sourat-oul-Fâtihat) miaraka amin'ny antoko "sourat" hainao, avy eo dia miondrika fa dia notontosainao ny fiondrehana sy ny fiankohofana ary dia nanao ny "tachahoud" sy ny "taslim" ianao dia voavela ny fahotanao rehetra eo anelanelan'ny salât izay efa vitanao teo ka hatramin'ny salât hataonao manaraka »**

Hoy ny Mpaminanintsika Mohammad (saw): **« Raha mbola eo ampanaovana ny salat ianao dia mandodom-baravarana ny fanjakan'Andriamanitra Ilay tsy refesi-mandidy, ka izay mandodom-baravarana matetika dia hosokafana ho azy»**

Hoy Izy (saw): **«Isaky ny tonga ny fotoanan'ny salât dia hisy Anjely hiantso eo anatrehan'ny olona hanao hoe: Ô ry olona! Mivoaha avy ao amin'ny Afobe izay narehitrareo teo an-damosinareo ka aoka hovonoinareo izany amin'ny alalan'ny salât hataonareo »**

Hoy ny Mpaminanintsika Mohammad (saw) : **« Ny salât dia anisan'ny lalàm-pinoana, ao aminy no misy ny fifalian'Ilay Tompo Tsitoha, fa izy io fombam-piainan'ireo mpaminany »**

**3-<u>Ny salât ao amin'ny tenin'ireo Ahlol-Bayt(as)</u> :**

Hoy ny Imâmo Ali(as) hoe: **« Ny salât lapa fiarovana amin'ny teti-dratsin'ny satana »**

Hoy koa Izy(as): **« Ny salât dia mampirotsaka ny fahasoavana »**

Hoy ihany Izy(as): **« Allâh, Allâh, tandremonareo mafy ny salat fa tena marina izy io no andrin'ny finoanareo »**

Hoy Izy(as): **« Noteren'i Allâh ny Imân(finoana) mba ho fanadiovana amin'ny chirk(fanakambanana an'i Allah amin'ny zavatra hafa) ary ny salât ho fisorohana amin'ny kibr(fanambonian-tena) »**

Hoy Izy(as): **« Raha mba fantatry ny mpanao salât ny fahasoavan'i Allâh mandrakotra azy, dia tsy hatrakany eo ampiankohofana mihitsy ny lohany »**

Hoy ny Imâmo Mohammad al-Bâqir(as): **« Rehefa mitodika any amin'ny fitodihana "qiblât" ny mpanao salât dia mitodika any amin'Ilay Be Fahasoavana amin'ny alalan'ny fikasana tsy misy Andriamanitra ankoatr'Azy ».**

Hoy koa Izy(as) hoe: **« Ny voalohany izay hitsarana ny mpanompo dia ny Salât ka raha ekena izany dia ekena koa ny hafa ankoatr'izany »**

Hoy Izy(as): **« Ny zava-drehetra dia manana ny endriny ka ny endriky ny finoanareo dia ny salât »**

Hoy Izy(as): **« Ny fankatoavana an'i Allâh dia adidy eto an-tany ary tsy misy adidy mahasolo ny salât »**

Hoy Izy(as): **« Izay manao salât sady mahalala ny zon'izany dia voavela ny helony »**

Hoy Izy(as): **« Tsy manana anjara amin'ny Islâmo izay mamela ny salât»**

Hoy Izy(as): **« Fantaro fa ny salât dia fefin'i Allâh eto an-tany, fa izay te halala ny tombontsoan'ny salât dia aoka izy hijery raha afaka namefy azy tsy hanao vetaveta sy haratsiana ny salât nataony; fa fantatra ny tombontsoany arakaraka ny fahafahany mamefy tena »**

**Famintinana :**

- Ny salât no adidy mavesa-danja amin'ireo adidy ara-panompoana ao amin'ny lalàna islamika ka izany no ampitoviana azy amin'ny andrin'ny tranolay.
- Ny salât no fototry ny fanompoana rehetra; ary araka ny efa voalazan'ny soratra masina moa izy io no voalohany hitsarana ny olombelona amin'ny andron'ny fitsanganana koa raha ekena izy dia ekena koa ny ankoatr'azy fa raha lavina izy dia lavina koa ny ankoatr'azy.

**Fanontaniana :**

1-Inona ny anjaran-toeran'ny salât ao amin'ny lalàna islamika?

2-Hazavao ny fifandraisan'ny Mpaminany(saw) amin'ny salât araka ny tenin'ny Mpaminany masina ihany?

3-Ampitahain'ny Mpaminany(saw) **amin'ny inona** ny salât?

4-Toetra manao ahoana no anehoan'ireo Imâmo madio ara-panahy ny salât?

***************

## LESONA FAHA-23

## NY FAHALALAM-POMBA AMIN'NY SALAT

**1-Ny fanajana an'ireo fepetran'ny salât :**

Ny zavatra voalohany tsy maintsy ataon'ny mpanao salât dia ny fanajana **ireo** fepetran'ny salât dia ireo karazam-pihetsika sy fombafomba ao aminy, manomboka amin'ny fidiovana masina wodhou izany, ka hatramin'ny fanaovana (tahârat) madio ny fitafiana sy ny toerana; sy ny fanajana koa ny fotoana, ny fitodihana marina, ny famakiana tsara ny antoko ao amin'ny Kor'âny, sy ny fanononana an'ireo "zhikr" wâjib tsy maintsy atao sy ny sisa araka ny voalazan'ny didy amandalàna. Ny fahafantarana ny antsipirian'ny salât dia adidy tsy maintsy ataon'ny mpanao salât fa ny **antsirambina** sy ny habadoana sy ny tsy fanajana izany kosa dia manimba ny salât.

**2-Fahalalam-pomba amin'ny fiantrehana ny salât :**

Rehefa mijoro ny mpanao salât ka mitodika any amin'ny qiblat fa **mialoha ny** hanombohan'ny salât, dia ilaina ny fahatsapan-tenany eo ampijoroana fa izy dia mijoro eo anatrehan'i Allâh Avo Indrindra. Noho izany ny mpanao salât dia mila manalavitra ireo fihetsika hafa izay tsy misy fifandraisany amin'ny salât no sady tsy mifanaraka amin'ny fisian'ny fitoniana sy ny fanetren-tena. Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Manompoa an'i Allâh tahaka ny hoe mahita Azy ianao, fa raha tsy mahita Azy ianao dia Izy no mahita anao »**. Voalaza ao amin'ny tantara fa ny lehibentsika Mohammad(saw) niditra tao amin'ny moske ka nahita an'i Anas ibn Mâlik nanao salât kanefa izy nitodika nijery ny **manodidina azy**, dia hoy ny Mpaminany(saw)

taminy hoe: **«Ô ry Anas! Manaova salât , salât fanaovam-beloma ka ianao mahita toy ny tsy hanao salât intsony aorian'izay, afantohy eo amin'ny faritra iankohofanao ny masonao ka tsy ilaina mahalala izay eo ankavananao na izay eo ankavianao, ary aoka ho tsapanao fa ianao dia eo anatrehan'Ilay mahita anao nefa tsy hitanao »**. Hitan'ny Mpaminany(saw) lehilahy iray izay milalao ny **somony** eo ampanaovana salât, fa hoy Izy(saw): **« Fa raha nanam-pahatahorana ny fony dia tokony hanam-pahatahorana koa ireo ratsam-batany »**

Hoy koa Izy(saw) : **« Tena marina fa i Allâh dia mankahala anareo amin-javatra enina: ny filalaovana eo ao anatin'ny salât…»**

Araka ny voalazan'ny Imâmo Mohammad al-Bâqir(as) mikasika ny salât, fanaon'ny Rainy ny Imâmo Zaynoul-Abidine(as): **«Rehefa mitsangana amin'ny salât Izy dia toy ny vatan-kazo maniry tsy mihetsika mihitsy raha tsy ny rivotra ihany no mba manetsika azy »**.

**3-<u>Ampahavitrihana sy ampitiavana</u> :**

Ilaina ny mpanao salât mba hanatanteraka ny salât ataony ampahavitrihana sy ampahazotoana ary ampitiavana ka mila manohitra ny fahakamoana sy ny fahalaindainana izay mampitsiry ny tsy fisiam-paniriana hanao izany. Ny Kor'âny masina moa efa nampiseho ny toetran'ireo **mpihatsaravelatsihy** izay manao salât amin'ny hakamoana **araka izay** voalazan'i Allâh Avo Indrindrao izao:

إِنَّ الْمُنَافِقِينَ يُخَادِعُونَ اللّهَ وَهُوَ خَادِعُهُمْ وَإِذَا قَامُواْ إِلَى الصَّلاَةِ قَامُواْ كُسَالَى يُرَآؤُونَ النَّاسَ وَلاَ يَذْكُرُونَ اللّهَ إِلاَّ قَلِيلاً

**«Tena marina fa ireo mpihatsaravelatsihy dia mamitaka an'i Allâh, kanefa Izy no mahafitaka azy ireny. Ary rehefa hitsangana hanao salât izy ireo, dia mitsangana amin'ny hakamoana sy amin'ny fisehosehoana aman'olona ary tsy mba mahatsiaro an'i Allâh izy ireo afa-tsy kely monja»**

Voalazan'ny Mpaminany(saw) araka ny teniny masina hoe: **« Ny olombelona tena mendrika dia izay mandala ny fanompoana ka mififikitra aminy sy mitia azy amin'ny fo sy manatantareka izany amin'ny vatany sady manokan-tena amin'izany ary tsy miraharaha izay mitranga eto an-tany na amin'ny sarotra na amin'ny mora »**

Hoy ny Imâmo Bâqir(as): **« Aza mitsangana hanao salât amin'ny hakamoana na ampaharendremana na an-kavesarana fa izany dia mariky nyfihatsaram-belatsihy; tena marina i Allâh dia manakana an'ireo mpino amin'ny fanaovana salât ao anatin'ny hamamoana ,izany hoe mamon'ny torimaso »**

**4-<u>Fanetren-tena</u> :**

Nomarihin'i Allâh Tsitoha, mazava tsara ny toetran'ireo mpino manetry tena ao amin'ny salât araka ny teniny milaza hoe:

قَدْ أَفْلَحَ الْمُؤْمِنُونَالَّذِينَ هُمْ فِي صَلَاتِهِمْ خَاشِعُون

**« Efa sambatra ireo mpino, izay ao amin'ny salât izy ireo dia manetry tena tanteraka »**

Nisy nanontany an'ny Mpaminany(saw) ny hevitry ny hoe fanetren-tena (hkoushou'o) ao amin'ny salât fa hoy Izy(saw): **« Fanambanian-tena ao amin'ny salât ary manakin-tena tanteraka amin'Andriamanitra Tompony amin'ny fony rehetra »**

Ny manampahaizana **ara-pitsipi-pitondran-tena** dia nitsinjara ho roa ny hevitry ny fanetren-tena amin'ny salât:

- **Fanetren-tena ara-pieritreretana:** izany hoe fanalavirana amin'ny fieritreretana ny haitraitry ny fiainana eto an-tany sy izay mety hanelingelina amin'ny fitodihana any amin'i Allâh Tsitoha.
- **Fanetren-tena ara-batana:** izany hoe filaminana sy fitonian'ireo ratsam-batana ka tsy tokony hanao fihetsika hafa tsy mifandray amin'ny salât, na ny fijery aza dia mifantoka eo amin'ny toerana iankohofana, milona ao anatin'ny fahanginana ny mpanao salât ary tsy mihetsika afa-tsy ny hetsiky ny salât ihany.

Hoy ny Mpaminany(saw) : **« Ny salât dia fahanginana, fanambanian-tena, fitalahoana, fitarainana, fanenenana, ary mamelatra ny tanana ianao no sady miteny hoe: "Tompo ô, Tompo ô, fa izay tsy manao izany dia tsy tonga lafatra»**

**5-<u>Fifantohan'eritreritra</u> :**

Antery amin'ny mpanao salât ny mifantoka ao am-pony ka manao fikasana hanatanteraka salât, sy manaisotra izay rehetra manakorontana ny eritreriny sy ny sainy, ary manao feo mampahangoraka izy **eo am-pitalahoana**

**amin'Andriamanitra**Tompony, sy mijoro eo anatrehan'Ilay Mpahary azy ka tsy mila mieritreritra ny raharaha eto an-tany; hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) : **« Tsy eken'i Allâh ny salât ataon'ny mpanompo iray raha tsy mifantoka amin'izany ny fo amam-batany »,** hoy ny Imâmo Ali(as) : **« Aoka ny tsirairay aminareo mba tsy hitsangana hanao salât amin'ny hakamoana na faharendremana, na amim-pieritreretana momba ny tenany fa izy dia eo anatrehan'Ilay Andriamanitra Tompony Ilay Tsitoha, fa ny tena marina tsy misy azon'ny mpanompo amin'ny salât ataony raha tsy izay tonga ao an-tsainy mandritra izany salât izany »**

Nitantara i Abou Hamzat Thamâly fa hitany ny Imâmo Zaynoul-Abidine(as) nanao salât ary dia nisy latsaka ny sasany amin'ny lambany ka rehefa vita ny salât nataony dia hoy aho taminy: " nahoana no tsy nampiakarinao ny lambanao?" Hoy Izy(as): **« Oadray ity ianao! Hainao moa fa teo anatrehan'iza aho teo?! Tena marina, ny mpanompo dia tsy hahazo sitraka amin'ny salât ataony afa-tsy izay tonga ao an-tsainy mandritra izany salât izany » .** Hoy ny Mpaminany(saw) araka ny teniny masina milaza hoe: **« Tena marina ny mpanompo manao salât dia mety tsy hahazona ampahaenina na ampahafolon'ny valisoa tokony ho azony fa ny valisoa ho azony amin'ny salât izayataony kosa dia araka izay fisainany mandritra izany salât izany»**

**6-<u>Fanomezam-boninahitra ny salât</u> :**

Ny mpino dia tokony hanome lanja sy hanome voninahitra ny salât ka mametraka azy ho laharam-pahamehana eo amin'ny fiainany. Ny fanamaivanana ny salât dia anisan'ny heloka

lehibe fa efa nampitandrina izany moa ny Mpaminany masina Mohammad(saw) sy ireo Imâmo madio ara-panahy taranany(as) momba izany fanamaivanana salât izany, ka hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Tsy anisan'ny mpanara-dia Ahy izay manamaivana ny salât ataony, ary tena hifantàko amin'i Allâh fa tsy hihaona amiko mihitsy izy any am-paradisa»**

Niteny ny Imâmo Bâqir(as) hoe: **« Aza manao antsirambina amin'ny salât ianao fa ny Mpaminany(saw) dia nilaza teo ampialana aina hoe: Tsy anisan'ny mpanara-dia Ahy izay manamaivana ny salât ataony »**

**7-<u>Fanajana ny fotoana mendrika</u>:**

Ilaina ny mpino silamo mba hanatanteraka ny salât amin'ny voaloham-potoanany ka tsy tokony hiala amin'izany; ny lalàna islamika moa dia mandrisika ny an'ireo mpino silamo amin'ny fanatanterahana ny salât amin'ny voaloham-potoanany fa izany fanatanterahana ny salât amin'ny voaloham-potoana izany dia maneho ny fitiavana sy fanamboniana ny salât; hoy indrindra ny Imâmo Bâqir(as) hoe: **« Fantaro fa ny fiandohan'ny fotoam-boalohany no tena mendrika ka faingàna manao ny asa soa araka izay azonao ataoary ny asa tena tian'i Allâh dia ny fanaovan'ny mpanompo izany tsy ankijanona na dia asa kely aza »**; nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Ny fahamendrehan'ny fotoam-boalohany mitaha amin'ny fotoana farany dia toy ny fahamendrehan'ny any ankoatra raha mitaha amin'ny eto an-tany »,** hoy koa Izy(as) hoe:**« Ny voninahitry ny voaloham-potoana noho ny farany dia tsara ho an'ny mpino mihoatra ny harenany sy ny zanany »**

**8-<u>Fihaingoana</u>:**

Hoy Allâh Avo Indrindra hoe: يَا بَنِي آدَمَ خُذُواْ زِينَتَكُمْ عِندَ كُلِّ مَسْجِدٍ

**«Ô ry taranak'i Adama, raiso ny haingonareo isaky ny ao amin'ny toeram-panompoana(moske) rehetra »**

**Araka izany** dia ilaina ny mpanao salât rehefa hanao salât dia **manaofanamiana** mendrika sy madio sady mihaja satria mijoro eo anatrehan'i Allâh, ary efa **nohazavaintsika** tamin'ny lesona teo aloha moa ny hevitry ny haingo.

**9-<u>Fanatanterahana ny salât miaraka "jâma'at"</u>:**

Ilaina koa ny mpanao salât mba hanatanteraka ny salât jâma'at **araka izay** azo atao, midika izany fa ny fanaovana salât miaraka ao amin'ny moske dia ahazoana valisoa lehibe izay tsy azon'iza na iza **eritreretina.** Araka ny efa voalazan'ireo **lovantsofina** moa fa rehefa mahatratra folo ny isan'ireo mpanao salât dia tsy voasoratr'ireo Anjely intsony ny manoratra ny valisoan'izy ireo.

**<u>Famintinana</u>:**

- Ny fanajana ny fepetran'ny salât sy ny fifantohana sy ny fahavitrihana ary ny fahazotoana sy ny fanetren-tena tanteraka dia anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny fanaovana salât; sahala amin'izany koa ny fanatanterahana ny salât amin'ny**voaloham-potoanany** dia voatanisa ao anatin'ny fahalalam-pomba amin'ny salât izay tokony hajain'ny mpino silamo ihany koa.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Hazavao ahoana ny fahalalam-pomba tokony hatao amin'ny fiantrehana an'i Allâh Avo Indrindra.

2-Ahoana no amaritan'ny Kor'âny ny fomba fanaovan'ireo **mpihatsaravelatsihy** salât?

3-Ny olona manao ahoana no tena mendrika? Porofoy amin'ny alalan'ny tenin'ny Mpaminany masina izany.

4-Inona no hevitry ny hoe fanetren-tena ao amin'ny salât?

5-Ny olona manao ahoana no tsy hahazo fanelanelana avy amin'ny Mpaminany(saw)? Hazavao izany araka ny hevitry ny tenin'ny Mpaminany masina.

6-Hazavao **amin'ny teny** fohy ny voninahitry ny fanaovana salât amin'ny voaloham-potoana.

**************

## LESONA FAHA-24

## NY VONINAHITRY NY FIFEHEZANA (SAWM)

Zava-dehibe manarakaraka ny salât ny fifehezana na “sawm” araka ny anehoan’ny lalàna islamika azy fa antery amin’ny mpino silamo ny manatanteraka izany. Nataon’i Allâh antery ny fifehezana mandritra ny volana masina Ramadhân ary ireo boky mikasika ny fiqh sy didy aman-dalànan’ny fanompoana moa dia manazava ity baikon’Andriamanitra ity.

Voasokajy ny fifehezana ho anisan’ny fitaovana mahomby indrindra amin’ny fanabeazana ny maha-olona ny olona sy fanazaran-tena mahomby amin’ny fanadiovana ara-panahy sy fanamafisana ny herin-tsaina ary misakana ny habetsahan’ny filàna ara-nofo, ka miteraka ny fisandratan’ny ara-panahy avo dia avo sy fahatanterahan’ny fitiavan’Andriamanitra ary farany dia ny fahazoana ny fifalian’i Allâh Tsitoha sy ny fidirany ao am-paradisa.

Ho**sintomintsika** amin’ity lesona ity ny mahazava-dehibe ny fifehezana sy ny tombontsoany araka ny voalazan’ireo tenin’ny Mpaminany masina sy izay malaza amin’ireo tenin’ireo Ahlol-Bayt(as), ary koa ny fahalalam-pomba amin’ny fifehezana sy ireo fepetrany:

**1-<u>Ahy ny fifehezana</u> :**

Nilaza ny lehibensika Mohammad(saw) hoe: « **Hoy i Allâh Ta’ala hoe: Ny asa soa rehetra dia hahazoana valisoa impolo tahaka azy ka hatramin’ny fitonjato avo heny afa-tsy ny fifehezana fa Ahy izy io ka Izaho ihany no mamaly izany »**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Mangataha fanohanana amin'ny fiaretana sy ny salât, ny hevitry ny fiaretana dia ny fifehezana(sawm) »**; izany dia manondro ny tafsir na fanazavana ny hevitry ny andinin-tsoratra masina hoe:

وَاسْتَعِينُواْ بِالصَّبْرِ وَالصَّلاَةِ...

**« Mangataha fanohanana amin'ny fiaretana sy ny salât»**

, izany no mahatonga ny hevitry ny tenin'Ilay Avo Indrindra manao hoe:

إِنَّمَا يُوَفَّى الصَّابِرُونَ أَجْرَهُم بِغَيْرِ حِسَابٍ

**« Tena marina fa hahazo valisoa tsy voatanisa ireo manam-piaretana ».** Ireo asa fanompoana izay **tanterahin'ny olombelona** dia misy valisoany voafetra fa ny fifehezana kosa dia i Allâh irery ihany no mahalala ny habetsahan'ny valisoa ka izany no maneho ny halehibeazan'ny fifehezana sy ny lanjany. Voalaza ao amin'ny tenin'ny Mpaminany masina ny teniny(saw) hoe: **« Hoy i Allâh Be Voninahitra sy Avo Indrindra: Ny asan'ny taranak'i Adama rehetra ho azy afa-tsy ny fifehezana izay ho Ahy ka Izaho ihany no mamaly soa azy; ary ny fifehezana dia fiarovan'ny mpanompo mpino amin'ny andro fitsanganana sahala amin'ny fitaovam-piadiana hiarovan'ny tsirairaytena aminareo eto an-tany; ary ny fofom-bavan'ny mpifehy dia manitra eo anatrehan'i Allâh noho ny fofon-dranomanitra, fa ny mpifehy dia faly amin'ny fifalianaindroa: amin'ny fotoana izy manao iftar mihinana sy misotro ary amin'ny fotoana hihaonany Amiko ka ampidiriko am-paradisa izy »**

Hoy koa Izy(saw) arak'izao teniny masina izao: **« Tena ianianako amin'Ilay eo ampelan-tanany ny aiko fa ny fofom-bavan'ny mpifehy dia manitra eo anatrehan'i Allâh noho ny fofon-dranomanitra, hoy i Allâh Avo Indrindra hoe mamela ny fanirian'ny nofo sy ny sakafony sy ny fisotrony izy noho ny Amiko koa satria Ahy ny fifehezana dia Izaho ihany no mamaly soa azy »**

**2-<u>Fiarovana ny fifehezana</u> :**

Hoy ny Mpaminany(saw) hoe: **« Ny fifehezana dia fiarovana amin'ny Afobe »**

Hoy koa Izy(saw) hoe: **« Aoka hifehy ianao fa io no fiarovana amin'ny Afobe ary raha azonao atao aza ny manatona ny fahafatesana ao anatin'ny hanoanana dia ataovy izany ».** Ny mahatonga an'ny Mpaminany masina Mohammad(saw) milaza fa ny fifehezana dia fiarovana amin'ny Afobe dia noho ny **antony** fifehezana misakana amin'ny fihetseham-po roa tena mahery dia ny fanirian'ny filàn'ny nofo sy ny hatezerana; ireo fihetseham-po **anankiroa** ireo no tena mitazona laharana voalohany indrindra amin'ny **fahaverezan'ny olmbelona** ka izany no mahatonga **ny** Mpaminany(saw) milaza koa hoe: **« Ny fifehezana dia fiarovana raha mbola tsy rovitra izy »**, eto ny faharovitana dia ny fanaovana asa izay manimba ny fifehezana.

**3-<u>Anton'ny fifehezana</u> :**

Hoy ny lehibentsika Ali(as) hoe: **« Nataon'i Allâh antery ny fifehezana mba hitsapany ny fahadiovam-pon'ireo zavaboariny »**

Hoy ny Masimbavy Fâtimat-Zahrâ(as) hoe:**« Nataon'i Allâh antery ny fifehezana mba hanamafy orina ny fahadiovam-po »**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Ny anton'ny fifehezana dia ny mba hampitovy ny mpanana sy ny mahantra, izany hoe ny mpanana dia tsy mahatsapa ny hanoanana mba hiantrany ny mahantra satria ny mpanana, izay zavatra ilainy dia azony, noho izany dia tian'i Allâh ny mba hampitovy an'ireo zava-boariny, ka nataony hahatsapa izany hanoanana sy faharariana ary hahian'ny fahalemena ny mpanana mba hahalala hiantra ny noana »**

Nilaza ny Imâmo Ridhâ(as) mikasika ny anton'ny fifehezana: **« Nisy nanontany: Nahoana no nodidiana izy ireo hanao fifehezana? Hoy ny valiny: Amin'izay izy ireo mahalala ny hararin'ny hanoanana sy ny hetaheta ka handrefesany ny fahantrana any ankoatra ka amin'izay ny mpifehy dia mba hanam-pahatahorana, hanambany tena, hampahantra tena, ho valian-tsoa tsy tambo isaina, hanam-piaretana rehefa voan'ny mosary sy ny hetaheta fa dia mendrika hahazo valisoa nohon'nyfanoherana ny faniriana ara-nofo; izany moa dia fampianarana ho azy ireo eto an-tany fandalovana no famolahan-tena ihany koa amin'ny fanatanterahana ireo adidy nandidiana azy ireo sady manalava andro iainana; ary koa mba hahafantaran'izy ireo ny fijalian'ireo mahantra sy ny fadiranovana ka hanomezan'izy ireo ho azy ireo, avy amin'ny harenan'izy ireo araka ny nandidian'i Allâh Ta'ala azy ireo »**

Araka izany dia betsaka ireo endrika ara-piaraha-monina mampiseho izany fifanomezan-tanan'ny tsirairay izany.

**4-<u>Endrika ara-panahin'ny fifehezana</u> :**

Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **«Ny torimason'ny olona manao fifehezana dia fanompoana ary** ny fisefony **dia "tasbih" fiderana an'Andriamanitra »**

Hoy koa Izy(saw) hoe: **« Tena marina fa i Allâh dia nampiadidy an'ireo Anjely hanao "dou'a" fangataham-bavaka ho an'ireo mpanao fifehezana »**. Nilaza koa Izy(saw) hoe: **« Izay mifehy andro iray an-tsitrapo, na dia omena volamena mahafeno an'ity tany ity aza izy dia tsy mahavalisoa azy raha tsy misy ny andro fitsarana »**

Hoy ny Imâmo Ali(as) hoe **« Torimason'ny mpanao fifehezana dia fanompoana, ny fahanginany dia fiderana an'Andriamanitra, ny tonombavany dia hovaliana, ary ny asany dia ampitomboina avo heny »**

Hoy koa Izy(as) hoe: **« Tena marina fa ny mpanao fifehezana eo ampihinanana ny iftâr dia tsy holavinany tonombavany »**

Hoy koa ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Ny mpifehy dia ao anatin'ny fanompoana an'i Allâh eny fa na dia matory eo ampandriana aza izy, raha toa ka tsy mba mifosa mpino silamo »**

**5-<u>Ny fetran'ny fifehezana</u> :**

Raha zava-dehibe toy izany ny fifehezana dia mba hatraiza kosa ny fetrany? Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **« Ny fifehezana amin'ny sakafo sy ny fisotro dia tsy vitan'ny tsy fihinanan'ny olona na fisotroana fotsiny, fa rehefa mifehy kosa ianao dia aoka hifehy koa ny sofinao sy ny masonao sy ny lelanao sy ny kibonao sy ny henatrao ka arovy ny tananao sy ny henatrao ary ampanjakao ny fahanginana afa-tsy amin'ny hatsarana sy manana fahalemem-panahy amin'ny mpanampinao »**

Hoy ny Imâmo Ridhâ(as) hoe: **« Rehefa mifehy dia aoka hifehy koa ny sofinao sy ny masonao sy ny hoditrao ary ny volonao »**

**Famintinana :**

- Ny fifehezana dia **laharampahamehana** ao amin'ny fanompoana islamika sady fitaovana mendrika indrindra hanabeazana ny olona amin'ny ara-panahy sy fanamafisana ny herin-tsaina ary misakana ny habetsahan'ny filàna ara-nofo, i Allâh Avo Indrindra **dia efa nampanantena valisoa betsaka ho an'ireo mpifehy** izay tsy misy mahalala ny fetrany na iza na iza.

**Fanontaniana :**

1-Nahoana no ilazan'i Allâh Avo Indrindra fa hoe Ahy ny fifehezana ka Izaho ihany no mamaly soa azy?

2-Voalaza fa ny mpifehy dia faly amin'ny fifaliana **indroa**, inona avy izany?

3-Inona no hevitry ny teny masina hoe: **« Ny fifehezana dia fiarovana amin'ny Afobe »**

4-Inona no **antony** nandidiana ny fifehezana?

5-Lazao ny **vokatsoa** fifehezana amin'ny ara-panahy?

6-Moa ve voafetran'ny fanalavirana amin'ny fihinanana sy fisotroana ny fifehezana? Hazavao tsotsotra izany.

***************

## LESONA FAHA-25

## NY VONINAHITRY NY KOR’ÂNY MASINA SY NY LANJANY

### 1-<u>Voninahitry ny Kor’âny</u> :

Ny Kor’âny masina no tady mihinjitra avy any an-danitra mankeo **ambonin’ny tany,** izy io no vesatra tena lehibe izay napetraky ny lehibentsika Mohammad(saw)ho antoka eo ambozontsika hatramin’ny andron’ny fitsanganana. Nilaza ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Ny voninahitry ny Kor’âny mitaha amin’ireo teny tsotra dia toy ny voninahitr’i Allâh mitaha amin’ireo zavaboariny »;** hoy koa Izy(saw) :**« Ny Kor’âny dia harena, tsy misy harena toa azy; ary tsy misy fahantrana aorian’ny tsy fananana azy»**

Hoy ihany Izy hoe: **« Teny tena marina, mpampita anatra tena mendrika, ary tantara tena mahafinaritra ny Bokin’i Allâh »**

Hoy ny Imâmo Ali(as): **« Hajaonareo ny Kor’âny ka mba raisonareo ho mpitarika sy mpibaiko »**

Hoy koa Izy(as) hoe: **« Fantaronareo fa tsy misy fahantrana mihoatra ny tsy fahalalana ny Kor’âny ary tsy misy harena ambonin’ny Kor’âny, ka sitrano avy aminy ny aretinareo, mangataha fanohanana avy aminy amin’ny alahelonareo; satria misy ao aminy avokoa ny fanasitranana aretina lehibe dia tsy inona izany fa ny fanoherana an’Andriamanitra sy nyfihatsarambelatsihy sy ny fahotana ary ny fahaverezana »**

### 2-<u>Voninahitry ny famakiana Kor’âny</u> :

Voalaza ao amin'ny tenin'ny Mpaminany masina, ny lehibentsika Mohammad(saw) dia nilaza momba ny voninahitry ny famakiana Kor'âny:

- **« Fanompoana tena tsara ataon'ny vahoakako dia ny famakiana Kor'âny »**
- **« Ny olon'ny Kor'âny dia olon'i Allâh sady lalainy manokana »**
- **« Tena marina ny fo dia mety ho arafesina toy ny vy arafesina ary nisy niteny hoe: Ô ry ilay Irak'Andriamanitra, ahoana ny fanadiovana azy? Fa hoy Izy: Famakiana ny Kor'âny sy ny fahatsiarovana ny fahafatesana »**
- **« Raha ny tsirairay aminareo tia miresaka amin'Andriamanitra Tompony dia aoka izy hamaky ny Kor'âny »**
- **« Aoka ianareo mba hamaky ny Kor'âny, fa ny famakiana azy dia onitra ho an'ny fahotana, sy efitra amin'ny Afobe, ary fiaro amin'ny sazy »**
- **« Aza manadino mamaky ny Kor'âny fa tena marina ny famakiana ny Kor'âny dia mamelombelona ny fo no sady manakana ny havetavetana sy ny haratsiana ary ny heloka »**

Voalazan'ny Imâmo Ali(as) hoe: **« Izay mizatra mamaky Kor'âny dia tsy mba hangina rehefa tafasaraka an'ireo rahalahiny »**

Hoy koa Izy(as) hoe: **« Tsirin'ny fananam-pinoana (Imân) ny famakiana Kor'âny »**

Hoy ny Imâmo J'afar Sâdiq(as) : **« Izay mamaky ny Kor'âny ary izy dia mpino tanora, dia hifangaro amin'ny nofony sy ny ràny ny Kor'âny; ary ampiarahin'i Allâh miaraka amin'ireo Anjely henin-kaja sy henim-boninahitra izy »**

**3-<u>Voninahitry ny fampianarana sy fianarana Kor'âny</u> :**

Ity lohahevitra ity dia voalaza ao amin'ny tenin'ny Mpaminany masina toy izao manaraka izao:

- **« Ity Kor'âny ity dia fampianaran'i Allâh ka mianàra avy amin'ny fampianarany araka izay vitanao »**
- **Araka ny hafany(saw) tamin'i Ma'âdh hoe: «Ô ry Ma'âdh! Raha te hiaina ampiadanana ianao sy ho faty maritiora sy ho tafita amin'ny andro fitsanganana sy voaaro amin'ny andro mampahatahotra sy hazava amin'ny andro feno haizina sy hahazo fialofana amin'ny andro mafana sy afaka hetaheta amin'ny andro mampangetaheta, sy havesa-danja amin'ny andro mahamaivan-danja, sy hahitsy amin'ny andro mahavery, dia ianaro ny Kor'âny fa izy io no fahatsiarovana an'Andriamanitra Be Fahasoavana, fiarovana amin'ny satana sy mampahery lanja ny mizàna »**
- **« Ny tena tsara aminareo dia izay mianatra sy mampianatra ny Kor'âny »**
- **« Izay mampianatra andininy iray ao amin'ny Bokin'i Allâh mpanompo iray dia izy no lehibeny ka tsy tokony hanambany azy na mihambo ho manam-pahefana aminy; fa izay manao izany dia tapaka ny tady mampifandray azy amin'ny Islâm »**

- **« Tsy misy olona mivory ao an-tranon'Andriamanitra ka mamaky ny Bokin'i Allâh sy mifampianatra momba azy raha tsy mirotsaka amin'izy ireo ny fitoniana sy ho rakofam-pahasoavana izy ireo sy hoalokalofan'ireo Anjely ary hahatsiaro azy ireo izay olona ao aminy »**
- **« Izay mampianatra ny zanany ny Kor'âny dia ampirahavahana ravaka mahatalanjona olona taloha sy ny taty aoriana izy amin'ny andro fitsanganana »**

Hoy ny Imâmo Ali(as) hoe: **« Zon'ny zanaka amin-drainy ny manome azy anarana tsara sy mitaiza azy amin'ny fomba tsara ary mampianatra azy ny Kor'âny »**

Hoy koa Izy(as) hoe: **« Ianaronareo ny Kor'âny fa izy io no teny mahasoa, fakafakaonareo ny ao aminy fa izy io no zaridainan'ny fo, mitadiava fahasitranana amin'ny alalan'ny fahazavany fa izy io no fanafodin'ny fanahy, hatsaraonareo ny famakiana azy fa izy io no tantara mahasoa »**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Ny mpino dia tsy tokony ho faty raha tsy efa nianatra ny Kor'âny na eo ampianarana azy »**

**4-<u>Voninahitry ny fandalinana ny Kor'âny sy ny fanaovana tsianjery azy</u> :**

Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Ny manan-kaja amin'ny vahoakako ny mahay tsianjery Kor'âny sy ireo**

**mpanao fivavahana amin'ny alina »izany hoe: manao salat amin'ny alina**

Hoy koa Izy(saw) : **«Ny mpahay tsianjery Kor'âny no ambony indrindra amin'ny olon'ny paradisa »;**

**« Tsy hosazian'i Allâh ny fo misy Kor'âny »**

**« Tena marina fa ny mpahay tsianjery ny Kor'âny dia manana voninahitra farany ambony noho ny olombelona taranak'i Adama rehetra, ankoatr'ireo mpaminany sy irak'Andriamanitra; koa aza manao tsinontsinona ny zon'izy ireo fa manana ny toerany lehibe izy ireo eo anatrehan'i Allâh »**

**« Izay omen'i Allâh azy ny fahaizana tsianjery ny Bokiny(Kor'âny) ka mihevitra fa mbola misy olona any nomena ny mendrika kokoa noho ny nomena azy dia efa nanao antsirambina ny tena fahasoavana lehibe izy »**

**« Tena marina fa izay tsy mba misy na inona na inona avy amin'ny Kor'âny ao am-pony dia toy ny trano rava »**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Ny mpahay tsianjery ny Kor'âny, ny mpampihatra azy(Kor'âny) dia miaraka amin'ireo Anjely henin-kaja sy henim-boninahitra »**

**« Misy amin'ny olona no mamaky ny Kor'âny mba hilazanyfa Ranona dia mpamaky(Kor'âny), misy amin'izy ireo koa ny mamaky ny Kor'âny mba hitadiavany tombontsoam-piainana eto an-tany fa samy tsy misy hatsarana avy amin'izany, misy amin'izy ireo koa no mamaky ny Kor'âny mba hanasoavany avy amin'izany ny**

**fanompoam-pivavahany(salât) sy ny tontolon'andro aman'aliny »**

**5-<u>Fihainoana sy fitandrenesana</u> :**

Voalaza ao amin'ny tenin'ny Mpaminany masina ny mikasika **ny fihainoana sy nyfamakiana ny** Kor'âny **araka izao** manaraka izao:

**-« Izay maniry mafy haheno an'i Allâh dia aoka hihaino ny tenin'i Allâh »**

**-« Izay mihaino ny andininy iray ao amin'ny Bokin'i Allâh dia soratana ho azy ny hasoavana roa avo heny, ary izay mamaky ny andininy iray ao amin'ny Bokin'i Allâh dia hahazo fahazavana(noor) izy amin'ny andron'ny fitsanganana »**

**-« Harovana amin'ny loza eto an-tany ny mpamaky ny Kor'âny ary harovana amin'ny loza any ankoatra ny mpihaino ny Kor'âny »**

**<u>Famintinana</u>:**

Ny Kor'âny dia Boky fitarihana sy fampahatsiahivana ny olombelona, mitondra mankany amin'ny làlan'ny fahasambarana; ka izany no hamakiana azy sy handalinana ny heviny, izany hoe hitadiavam-pahazavana avy aminy hanazava ny làlana tokony hizorana mankany amin'ny fahasambarana tena izy; izany no mahatonga ny tenin'ny Mpaminany masina sy ny teny avy amin'ireo Ahlol-Bayt(as) mandrisika amin'ny famakiana sy fanaovana tsianjery azy ary ny fampiharana sy

famaliana ny antsony, satria izy no torolàlam-piainana **tonga lafatra**.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Lazao ny lanjany sy **halehiben'ny** Kor'âny masina araka ny voalazan'ireo lovantsofina azo antoka.

2-Inona no vokatsoan'ny famakiana Kor'âny eo amin'ny ara-panahy?

3-Hazavao ny mahazava-dehibe ny fianarana sy fampianarana Kor'âny?

4-Inona no valisoan'ny fihainoana Kor'âny sy famaliana azy?

5-Inona no fomba izay hanajana ny mpahay tsianjery ny Kor'âny masina?

***************

## LESONA FAHA-26

## NY FAHALALAM-POMBA AMIN'NY FAMAKIANA KOR'ÂNY

Ny Kor'âny masina dia tenin'i Allâh sy Bokin'Ilay Tsitoha, ary izy io dia tsy mitovy amin'ny boky hafa rehetra ka ny famakiana azy dia mitaky fahalalam-pomba manokana izay tokony **hohajain'ny** mpino silamo. Ny sasany amin'ireo fahalalam-pomba ireo dia maneho ny fanajana sy **fanomezan-kasina azy,** ny hafa kosa dia maneho amin'ny fahazoana sy famakafakana azy ary fandalinana sy figohana ny mamy tsy mety ritra ao aminy. Izao manaraka izao ny fampahafantarana izany fahalalam-pomba izany:

### 1-<u>Fahalalam-pomba amin'ny endrika ivelany</u> :

Rehefa hamaky ny Kor'âny masina ny olona dia tokony hanao fidiovana masina wodhou sy manao madio tahâra, tokony hipetraka am-pahamendrehana sy am-panajana manoloana ny Bokin'i Allâh, ary tokony ho ampanetren-tena tanteraka ny fipetrahana na fitsanganana, ka halavirina ny fihetsika mampiseho fanambonian-tena toy ny fanamparan-tongotra mahitsy, raha lazaina indraim-bava dia ny fanalavirana izay rehetra manimbazimba ny fahalalam-pomba; sahala amin'izany koa ny mpamaky Kor'âny dia mila manasa ny vavany sy ny nifiny araka ny voalazan'ny lehibentsika Mohammad(saw) manao hoe: **« Diovinareo ny làlan'ny Kor'âny »** ; ary nisy nanontany hoe : **« Fa inona no làlan'ny Kor'âny ? »** ; namely izy (saw) hoe : **« Ny vavanareo ! »** ; nisy nanontany indray hoe : **« Amin'ny alalan'ny inona ? »** ; hoy izy(saw) hoe : **« Amin'ny alalan'ny fiborosiana nify! »,** hoy koa Izy(saw) hoe: **« Tena marina fa ny vavanareo no**

**làlan'ny Kor'âny, koa mba diovinareo izany amin'ny fiborosiana nify »**

**2-<u>Toerana famakiana Kor'âny</u> :**

Antery amin'ny mpino silamo no mitandrina ny fahamasinan'ny Kor'âny ka tsy azony atao ny mamaky Kor'âny ao amin'ireo toerana tsy mendrika **an'izany** toy ny efitrano fidiovana, noho izany dia ilaina ny fisafidianana toerana madio, masina toy ny moske; tsara ho an'ny mpino silamo koa ny mamaky ny Kor'âny ao an-trano fonenany araka ny voalazan'ny lehibentsika Mohammad(saw) manokana ny momba izany manao hoe: **« Hazavaonareo amin'ny alalan'ny famakiana Kor'âny ny tranonareo, fa aza ataonareo toy ny fasana sahala amin'ny fanaon'ireo jiosy sy kristianina izay mivavaka ao amin'ny eglizy sy tempoly ihany ka tsy mba manazava ny tranon'izy ireo. Tena marina fa ny trano izay hamakiana Kor'âny matetika dia hihabetsaka koa ny hasoavany, hivoatra ny fari-piainan'ny tompon-trano ary manazava ny eny amin'ny lanitra sahala amin'ny fanazavan'ireo kintana eny an-danitra ny olombelona eto an-tany »**

Hoy ny Imâmo Ali(as) hoe: **« Ny trano izay hamakiana Kor'âny ao aminy sy hahatsiarovana an'i Allâh dia hitombo ny fahasoavany ary hanatrika ao ireo Anjely fa handositra kosa ireo Satana, hanazavany eny amin'ny lanitra sahala amin'ny fanazavan'ireo kintana eny an-danitra ny olombelona eto an-tany; fa ny trano tsy mba hamakiana Kor'âny kosa sady tsy hahatsiarovana an'i Allâh ao aminy, dia vitsy ny fahasoavany ary handositra ireo Anjely fa hiatrika ao kosa ireo Satana ».**

**3-<u>Fetra ambany amin'ny famakiana Kor'âny</u> :**

Araka ny voalazan'ny filazana masina manondro ny fetra farany ambany amin'ny famakiana Kor'âny isan'andro dia andininy miisa dimampolo; fa hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **« Ny Kor'âny dia fifaneken'i Allâh tamin'ireo voariny, noho izany dia adidin'ny mpino silamo ny mijery ny fifanekeny ka mamaky azy isan'andro andininy dimampolo »**

Mazava ho azy fa ny famakiana **mihoatra izany** dia tsara kokoa, fa ilaina koa ny mpino silamo mba hamaky ny Bokin'i Allâh amin'ny famakiana marina sy mba **hiezakahahatakatra** ny heviny, hoy indrindra ny Imâmo Sâdiq(as) rehefa nanontaniana ny famakiana azy manontolo isan'andro, : **« Tsy ankasitrahako ny hamakianao azy manontolo latsaky ny iray volana »**

Mazava **araka izany** fa izay mila manapitra ny Kor'âny isan'andro dia tsy hanam-potoana akory hahafahany mandinika ny dikany sy mamakafaka ireo andininy, fa hoy ny lehibentsika sy Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: **« Izay mamaky ny Kor'âny manontolo ambanin'ny telo andro dia tsy afaka mamakafaka azy »**

**4-5-<u>Fangataham-piarovana sy fiantsoana anaran'Andriamanitra</u> :**

Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny famakiana Kor'âny ny fangataham-piarovan'ny mpamaky amin'ny asa ratsin'ny Satana **voaozona** ka manomboka mamaky ny Kor'âny amin'ny fitenenana hoe:

اعوذ بالله من الشيطان الرجيم

**«A’ouzho billâhi minach-chaytânir-rajîm (Mangataka fiarovan’i Allâh aho amin’ilay Satana voaozona »** fa hoy i Allâh Tsitoha hoe:

فَإِذَا قَرَأْتَ الْقُرْآنَ فَاسْتَعِذْ بِاللّهِ مِنَ الشَّيْطَانِ الرَّجِيمِ

**« Raha hamaky ny Kor’âny ianao dia mangataha fiarovan’i Allâh amin’ny Satana voaozona »**

Fa fahalalam-pomba ihany koa ny “fiantsoana ny anaran’i Allâh”( tasmyat) araka ny voalazan’ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Hidionareo ny varavaram-pahotana amin’ny alalan’ny fangataham-piarovan’Andriamanitra ary sokafinareo ny varavaram-pankatoavana amin’ny alalan’ny fiantsoana ny anaran’Andriamanitra Allâh »**

Voalaza ao amin’ny tantaran’ny Imâmo Al-Kâzim(as) fa isaky ny hamaky andininy iray Izy dia miteny hoe:

اعوذ بالله من الشيطان الرجيم بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

**« A’ouzho billâhi minach-chaytânir-rajîm, Bismillâhir-Rahmânir-Rahîm (Mangataka ny fiarovan’i Allâh aho amin’ilay Satana voaozona, Amin’ny Anaran’i Allâh Ilay Be Fiantrana Ilay Be Famindram-po) »** avy eo Izy vao mamaky ilay andininy.

**6-<u>Famakiana ridralava (milamina sy mazava)</u> :**

Hoy Allâh Be Fahasoavana sy Avo indrindra hoe: وَرَتِّلِ الْقُرْآنَتَرْتِيلاً

**« Ary vakio ridralava ny Kor’âny»**

Nisy moa ny nanontany an'ny Imâmo Sâdiq(as) ny hevitr'ity andininy (ayat) ity fa hoy Izy : **« Nilaza Imâmo Ali(as) hoe: Tononina mazava tsara fa tsy vakiana haingana toy ny famaky tononkalo sady tsy vakiana misaratsaraka toy ny fisaratsarahan'ny fasika fa ataovy kosa izay hampalemy ny fo vatonareo ary aza ny hanapitra ny antoko iray no mahamaika ny tsirairay aminareo »**

Ny tian'io teny masina (hadith) io hambara amin'ny ankampobeny dia ny hamakiana ny Kor'âny milamina sady mazava mba **hahafahana** mahazo fotoana handinihana ny heviny.

**7-<u>Ny feo tsara</u>:**

Ilaina ny hamakian'ny mpino silamo Kor'âny amin'ny feo tsara araka ny voalazan'ny lahibentsika Mohammad (saw) hoe:

**« Ampihaingoinareo ny Kor'âny amin'ny alalan'ny feonareo »,**

Hoy koa Izy (saw):

**« Tena marina fa ny hatsaram-peo dia haingo ho an'ny Kor'âny »,**

Hoy ihany Izy (saw):

**« NY zava-drehetra dia manana ny firavany, ka ny ravaky ny Kor'âny dia ny feo tsara »**

**8-<u>Fahalahelovana sy fanetren-tena</u> :**

Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny famakiana Kor'âny ny hahatsapan'ny olona alahelo sy fanetren-tena satria izany dia fambara amin'ny fahatakarany ny hevitry ny Kor' âny, **notsahivin'i** Allâh Tsitoha indrindra izany fananana fihetseham-po **amam-panetren-tena** izany, ka hoy Izy Allâh Tsitoha hoe: أَلَمْ يَأْنِ لِلَّذِينَ آمَنُوا أَن تَخْشَعَ قُلُوبُهُمْ لِذِكْرِ اللَّهِ وَمَا نَزَلَ مِنَالْحَقّ

**« Tsy efa fotoana ve izao ho an'ireo izay mino, mba hanetry tena ny fon'izy ireo eo anatrehan'ny fahatsiarovana an'i Allâh sy eo anatrehan'izay nampidinina avy amin'ilay fahamarinana (ny Koran)?»**

Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) araka ny teniny masina : « **Vakionareo amin'alahelo ny Kor'âny satria izy io dia nampidinina tamin'alahelo** »; hoy koa Izy(saw) : « **Vakionareo ny Kor'âny sady mitomania, fa raha tsy afaka mitomany ianareo dia manaova sary mitomany** »,

Toy izany koa no voalazany manao hoe:

**«Tsy misy maso latsa-dranomaso amin'ny famakiana Kor'âny,raha tsy hiravoravo amin'ny andro fitsanganana »**

**9-<u>Famakafakana</u>:**

Ny voalohan-draharaha tsy maintsy ataon'ny mpamaky ny kor'any dia ny famakafakana ny Kor'âny; satria ny tena tanjona fototra amin'ny famakiana Kor'âny ny fahafantarana ny dikany sy ny heviny mba **hampiharana azy** eo amin'ny fiainana; fa ny famakiana tsotra ety ivelany dia tsy hahatanterahana an'izany. Noho izany dia antery amin'ny

mpamaky kor’any ny mamakafaka ny Kor’âny sy ny mandinika azy fa raha mananosarotra ny fahazoana ny heviny dia miverina mankany amin’ireo boky (tafsir) manazava manokana momba izany.

Hoy i Allâh Tsitoha hoe: كِتَابٌ أَنزَلْنَاهُ إِلَيْكَ مُبَارَكٌ لِّيَدَّبَّرُوا آيَاتِهِ وَلِيَتَذَكَّرَ أُوْلُوا الْأَلْبَابِ

**«(Ny Kor’âny dia) Boky masina izay nampidininay taminao, mba hamakafakan’izy ireo, ireo andininy sy mba hieritreretan’ireo manan-tsaina! »,**

hoy koa Izy Andriamanitra : أَفَلَا يَتَدَبَّرُونَ الْقُرْآنَ أَمْ عَلَى قُلُوبٍ أَقْفَالُهَا

**« Moa ve tsy mba mamakafaka ny Kor’âny izy ireo sa ny fony ve mihidy gadanà? »**; ary hoy ny Imâmo Ali(as) hoe: **« Tsy efa voalaza ve fa tsy hisy soa amin’ny famakiana (Kor’âny) tsy misy famakafakana?! »**

**10-<u>Famakiana miaraka amin’ny fijerena ny Kor’âny</u> :**

Ilaina ny famakiana ny Kor’âny sy mijery ny Kor’âny masina eny fa na dia hay tsianjery aza ny Kor’âny, fa voalaza ao amin’ny lovantsofina moa fa ny fijerena ny Kor’âny dia fanompoana. Nisy lehilahy iray nanontany an’ny Imâmo Sâdiq(as) momba ny famakiana Kor’âny no sady tsy an-kijery, fa hoy ny Imâmo hoe: **« Fa ny famakiana sy fijerena ny Kor’âny no tena tsara kokoa ary aoka ho hainao fa ny fijerenany Kor’âny dia fanompoana ».**

**<u>Famintinana</u> :**

- Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny famakiana Kor'âny masina, ny fanajana ny fahadioavana ara-batana sy ny fahadiovana ara-pinoana sy misafidy toerana mendrika sy ny mangataka fiarovan'Andriamanitra amin'ny Satana sy miantso ny anaran'Andriamanitra Allâh Tsitoha, ary ny mamaky ny Kor'âny amin'ny feo tsara sy milamina, sy mandinika an'ireo andininy ary ny mamaky azy miaraka amin'ny fihetseham-po feno fanetren-tena.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Ahoana no tokony ho fihetsika eo am-pamakiana Kor'âny?

2-Toerana manao ahoana no mendrika hamakiana ny Kor'âny?

3-Firy no fetra farany ambany amin'ny Kor'âny vakiana?

4-Inona no hevitry ny hoe famakiana ridralava (Tartyl)?

5-Lazao ny hasarobidin'ny famakafakana an'ireo andinin'ny Kor'âny masina?

***************

## LESONA FAHA-27

## NY LANJAN’NY “DOU’A” (TONOMBAVAKA) SY NY “ZYÂRAT”(FAMANGIANA)

Amin’ity lesona ity isika dia hanomboka hiezaka amin’ny famaliana ny fanontaniana manao hoe: Inona no lanjan’ny “dou’a” sy ny fitodihana amin’i Allâh amin’ny filàna rehetra **manoloana ny** vondron-dalàm-pinoana sy fahalalam-pomba islamika?

Raha fantatsika izany dia mazava amintsika ny voninahitra sy ny mahazava-**dehibe ny** dou’a, avy eo isika dia hanazava ny anjara toeran’ny famangiana(zyârat) an’ireo Olomasin’Andriamanitra sy ny anjara toeran’ny fasan’izy ireo taorian’ny fahafatesana.

**1-<u>Ny lanjan’ny tonombavaka (dou’a)</u> :**

Mba **hahafantarantsika** ny mahazava-dehibe ny dou’a dia andeha **hovakiantsika** ireto antokona teny masina ireto:

Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: « **Ny dou’a no atidohan’ny fanompoana ary tsy misy ho potika miaraka amin’ny dou’a na dia iray aza »,** hoy koa Izy(saw) : « **Ny famelana ny dou’a dia fahotana** »

Hoy ny Imâmo Ali(as) hoe: « **Ny asa tena tian’i Allâh eto an-tany dia ny dou’a »;** hoy ny Imâmo Bâqir(as) araka ny tenin’i Allâh Tsitoha manao hoe: إِنَّ الَّذِينَ يَسْتَكْبِرُونَ عَنْ عِبَادَتِي سَيَدْخُلُونَ جَهَنَّمَ دَاخِرِينَ

**« Ary izay miavonavona amin’ny fanompoana Ahy, dia hiditra any amin’ny afobe Gehena feno henatra » izany moa dia ny dou’a ary ny tena mendrika amin’ny fanompoana dia ny dou’a »**

Nisy iray tamin’izy ireo nanontany an’ny Imâmo Bâqir(as) hoe: Inona no fanompoana tena mendrika? Namaly Izy(as) hoe: « Tsy misy zavatra tena mendrika eo anatrehan’i Allâh Avo Indrindra**ankoatra ny** fangatahana sy ny fitalahoan-javatra Aminy, ary tsy misy zavatrana iray aza halan’i Allâh Avo Indrindra **ankoatra ny** miavonavona amin’ny fanompoana Azy ka tsy mba mangataka zavatra Aminy»
Amin’ny alalan’ireo teny masina (ahadith) voalaza mazava tsara ireo no ahalalantsika ny toerana ambony ananan’ny dou’a; manambara izany fa ny fikasan’Andriamanitra amin’ny hanatanteraka ny **tanjon’ny olombelona** ho any amin’ny fahalavorariana tena izy dia tsy tanteraka raha tsy amin’ny alalan’ny fanompoana an’i Allâh Avo Indrindra, izany hoe ny tanjon’ny famoronana dia ny fanompoana. Hoy Allâh Avo Indrindra :

وَمَا خَلَقْتُ الْجِنَّ وَالْإِنسَ إِلَّا لِيَعْبُدُونِ

**« Tsy nohariako ireo jiny sy ireo olombelona raha tsy ny mba hanompoan’izy ireo Ahy »**

Ny olombelona dia tokony hahatsapa ny fahantrany tanteraka ary ny zavatra rehetra ananany dia avy amin’i Allâh Manamboninahitra, fa hoy ny Kor’âny masina :

يَا أَيُّهَا النَّاسُ أَنتُمُ الْفُقَرَاء إِلَى اللَّهِ وَاللَّهُ هُوَ الْغَنِيُّ الْحَمِيدُ

**« Ô ry olombelona, ianareo dia mahantra eo anatrehan'i Allâh, fa Andriamanitra, Izy ihany no Manan-karena sy Mendri-piderana »,** koa rehefa **tsapan'ny olombelona** izany maha-izy azy izany dia hizotra ho any amin'ny fanompoana sy ny dou'a ary fitalahoana amin'i Allâh izay Mpanan-karena tanteraka izy.

Hoy i Allâh Be Voninahitra sy Avo Indrindra hoe:

قُلْ مَا يَعْبَأُ بِكُم رَبِّي لَوْلَا دُعَاؤُكُمْ

**« Lazao hoe : "Tsy hiraharaha anareo ny Andriamanitra Tompoko raha tsy nohon'ny(dou'a) tonombavaka ataonareo" »**

Ny dou'a no mandrindra ny fifandraisana eo amin'ny olombelona sy Ilay Mpahary azy, izany moa dia ny fifandraisan'ny voahary amin'Ilay Mpahary sy ny mahantra amin'Ilay Mpanan-karena tanteraka, sy ny mpangataka amin'Ilay Andriamanitra Allâh Irery Mahaleo tena, ka izany no ahitantsika ny Kor'âny masina manantitrantitra mikasika ny fanaovana tonombavaka dou'a:

وَادْعُوهُ خَوْفاً وَطَمَعاً إِنَّ رَحْمَتَ اللهِ قَرِيبٌ مِّنَ الْمُحْسِنِينَ

**« Ary mangataha ianareo Aminy am-pahatahorana sy am-panantenana, tena marina ny famindram-pon'i Allâh dia akaikin'ireo mpanao soa »**

فَادْعُوا اللَّهَ مُخْلِصِينَ لَهُ الدِّينَ-

**« Fa mangataha ianareo amin'i Allâh am-panolorana ho Azy irery ny vavaka»**

وَقَالَ رَبُّكُمُ ادْعُونِي أَسْتَجِبْ لَكُمْ إِنَّ الَّذِينَ يَسْتَكْبِرُونَ عَنْ عِبَادَتِي سَيَدْخُلُونَ - جَهَنَّمَ دَاخِرِينَ

**« Ary hoy Andriamanitra Tomponareo : « Antsoy Aho dia hamaly anareo; ary izay miavonavona amin'ny fanompoana Ahy, dia hiditra any amin'ny afobe Gehena feno henatra »**

Raha ny tsy fanaovana dou'a no midika ho fahotana dia ny fanajana izany kosa dia maneho ny **fanompoan'ny olombelona** an'i Allâh Tompon'izao tontolo izao, fa ireo mpanompon'i Allâh, mpino marina dia ireo izay mangataka amin'i Allâh Avo Indrindra, **araka izao** toetra ilazan'Andriamanitra azy ireo izao:

يَدْعُونَ رَبَّهُمْ خَوْفاً وَطَمَعاً

**« Hangataka amin'Andriamanitra Tompony izy ireo, am-pahatahorana sy am-panantenana »**, hoy koa Ilay Be Voninahitra sy Avo Indrindra hoe:

وَيَدْعُونَنَا رَغَباً وَرَهَباً وَكَانُوا لَنَا خَاشِعِينَ

**« Ary mangataka Aminay izy ireo am-paniriana sy am-pahatahorana, fa izy ireo dia mpanetry tena teo anatrehanay »**

**2-<u>Lanjan'ny "dou'a" sy ireo fiantraikany</u> :**

Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) : « **Ny dou'a no fitaovam-piadian'ireo mpino sy andrin'ny finoana ary fahazavan'ireo lanitra aman-tany »;** hoy koa Izy(saw): « **Tsy voasakana ny lahatra raha tsy amin'ny alalan'ny**

**dou'a »;** hoy ihany Izy(saw) : **« Sitrano ny mararinareo amin'ny alalan'ny fanomezana masina(sadaqa), ary hidio ireo varavaran'ny loza amin'ny alalan'ny dou'a »**

Hoy hatrany Izy(saw) : **« Tsy misy zavatra tena masina amin'i Allâh mihoatra ny dou'a »**

Hoy ny Imâmo Ali(as) : **« Ny tena olombelona mahalala an'i Allâh(Voninahitra anie ho Azy) dia izay manao fangatahana Aminy imbetsaka »**

Hoy koa Izy(as): « **Ny dou'a no fanalahidin'ny fahasoavana, sy fanilo manazava ny haizina »**

Hoy ihany Izy(as): **« Izay mandondom-baravarana an'i Allâh(Voninahitra anie ho Azy) dia hovohainy »**

Hoy hatrany Izy(as) hoe: « **Ny dou'a dia managorobaka mihoatra ny zava-maranitra »**

**3-<u>Famangiana an'ireo Olomasina</u> :**

Ny olombelona dia tsy afaka miala amin'ny fiaraha-monina, izany hoe mila mifamangy sy mifampihaona izy ireo. Izany fifandraisana ara-pitiavana sy firahalahiana izany no mahatonga azy ireo ny hifankazatra. Avy amin'izany no hahitantsika ireo mpisakaiza mifamangy, hanehoana ny firahalahina sy fifankatiavan'izy ireo. Izany fifandraisana ara-piaraha-monina izany, dia manambara ny fifankahazoanamisy eo amin'izy ireo sy ny firaisankina amin-javatra rehetra.

Toy ny fisian'ny fifandraisan'ny olona ampifandraisan'ny hevitra mitovy, na ampifandraisan'ny ara-politika dia misy

koa ny mifamangy mba hifanakalo hevitra na nohon'nytombontsoany manokana. Arak**a izany** dia azo fintinina ireo tanjona ao ambadiky ny famangiana ho toy izao manaraka izao:

1-Hanehoam-pitiavana sy firahalahiana ary fisakaizana

2-Handrindràna ny fifandraisana ara-kevitra na ara-pikambanana na fivondronana

3-Hakàna tombontsoa ara-panahy na ara-batana

Hita ihany koa ao amin'ny kolontsain'ny finoana, ny fifandraisana mampifandray ny olona amin'ireo mpitarika azy ireo ara-pinoana, izay olon-kendry sy manam-pahaizana vontom-pinoana satria ireo mpitarika ireo no modelin'ny olona eo amin'ny lafiny ara-pinoana sy ny fotony ary ny rantsany; fa izy ireo no mba manakaiky an'i Allâh Avo Indrindra, kokoa noho ny olon-drehetra.

Koa rehefa manambara ny fankatoavam-pitondran'izy ireo ny olona dia maneho ny fitiavan'izy ireo an'i Allâh, sy ny finoany, ary rehefa mamangy azy ireo ny olona dia mikasa izy ireo hanao izany mba hahafaka hetaheta azy ireo amin'ny ara-panahy; ka ity endri-pihaonana amin'ireo olomasina ireo ity no antsoina hoe "Zyârat (famangiana olomasina).

Na dia eo aza ny mahazava-dehibe ny famangiana olomasina sy ny olo-marina manam-pahaizana ara-pinoana nandritra ny fotoana sy vanimpotoana maro nifandimby dia ny tena lehibe indrindra amin'ireo famangiana ireo dia ny famangiana **ny** Mpaminany(saw) sy ireo Imâmo tsy manam-pahotana avy amin'ny taranany(as). Noho izany, ireo izay manam-bintana

tsara nahavita famangiana azy ireo teo amin'ny fiainan'izy ireo dia manam-bintana hahazo voninahitra aman-kaja ambony; fa ireo izay tsy nahatratra ny fahaveloman'izy ireo kosa dia afaka mamangy ny fasan'izy ireo mba hanalany ny hetaheta ara-pinoana sy ara-panahiny. Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw): **« Izay mamangy Ahy fahavelona na efa maty aza dia Izaho no hanelanelana azy amin'ny andron'ny fitsanganana »;** hoy koa Izy(saw): **« Izay miarahaba Ahy amin-javatra eto an-tany dia hovaliako izy, ary izay miarahaba Ahy eny am-pasana dia hohenoiko »**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Raha manao fivahinianana masina (hajj) ny tsirairay aminareo, dia aoka hofaranany amin'ny famangiana Anay izany, fa izany no mahalafatra ny fivahiniana masina »;** hoy koa Izy(as) : **« Izay mamangy Anay amin'ny fahafatesanay dia sahala amin'ny mamangy Anay amin'ny fahavelomanay** »

Noho izany ny mpino, na aiza na aiza no misy azy eto an-tany dia mila mampitodika ny fony amam-panahiny **any** amin'ilay Mpaminany ka miarahaba sy mirary soa **ho Azy**, dia toy izany koa ny amin'ireo Imâmo Mpitarika madio izay taranany(as), ary aseho mibaribary ny fankatoavam-pitondrana sy ny fitiavana an'ilay Irak'Andriamanitra sy ireo Fianakaviany sy ny fanalavirana an'ireo fahavalon'Izy ireo; satria ny Mpaminanintsika sy ireo Fianakaviany(as) ireo no làlana mitondra mankany amin'i Allâh Avo Indrindra, Izy ireo koa no hanelanelana antsika amin'ny andron'ny fitsanganana sy any ankoatra.

**<u>Famintinana</u>:**

- Raha toa ka ny tanjon'ny famoronan'Andriamanitra ny olombelona dia ny mba hahalavorary azy, dia tsy mora ny hahatongavana amin'izany raha tsy amin'ny alalan'ny **fanompoan'ny olombelona** an'Ilay Mpahary azy; ary ny tonombavaka dou'a sy ny **fahatsapan'ny olombelona**ny fahantrany sy ny fangatahany amin'i Allâh Mpanankarena tanteraka dia tena mampisongadina tanteraka ny fanompoana sy fitompoana; **araka izany** ny dou'a dia mitazona toerana ambony  sy voninahitra avo amin'ny fampianarana islamika. Toy izany koa ny famangiana an'ireo olomasin'Andriamanitra, indrindra moa fa ny Mpaminany(saw) sy ireo Fianakaviany madio ara-panahy(as) dia manana ny anjara toerana lehibe ihany koa amin'ny fizoran'ny olombelona ho any amin'ny fahalavorariana.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Nahoana no hanambaran'ny tenin'ny Mpaminany masina fa ny dou'a dia "atidohan'ny fanompoana"?

2-Inona no fifandraisan'ny fahantrana sy ny filàna amin'ny fitompoana sy fanompoana?

3-Lazao ny fiantraikan'ny dou'a araka ny voalazan'ireo teny masina(ahadith)?

4-Inona no **tanjon'ny olombelona** amin'ny fifandraisany aman'olona sy ny famangiany azy?

5-Inona no vokatsoan'ny famangiana an'ireo olomasin'Andriamanitra?

# LESONA FAHA-28

## FAHALALAM-POMBA AMIN'NY "DOU'A" SY NY "ZYÂRAT"

Ny dou'a sy ny zyârat dia manana ny fepetrany sy fahalalam-pomba izay tokony **hohajain'ny** mpanao dou'a sy mpanao zyârat, ka andeha **hofantarintsika**amin'ny alalan'ity lesona ity ny tena zava-dehibe amin'izany:

**A-<u>Fahalalam-pomba amin'ny dou'a</u>:**

**1-<u>Fahafantarana an'i Allâh</u>:**

Izay mangataka amin'i Allâh (Avo Indrindra) dia tokony **hahafantatra**Azy sy hahafantatra fa Izy no Be Fahasoavana sy Avo Indrindra, Mahefa ny zava-drehetra, Izy no loharanon'ny zavatra rehetra, fa hoy ny lehibentsika Mohammad (saw) : **« Hoy i Allâh (Avo Indrindra) hoe: izay mangataka Amiko ka izy mahalala fa Izaho no manaratsy sy manasoa dia hovaliako izy »**

Hoy ny Imâmo Moussâ Al-Kazim (as) hoe: **«Hoy ny olona tamin'i Sâdiq (as): Nahoana re izahay mangataka nefa tsy mba mivaly? Hoy Izy (as): Satria ianareo mangataka amin'Izay tsy fantatrareo akory! »**

**2-<u>Fanantenàna amin'i Allâh sy fahatokisana</u>:**

Vo**alazantsika** tamin'ny lesona teo aloha ny tenin'i Allâh Ta'ala manao hoe:

وَادْعُوهُ خَوْفاً وَطَمَعاً إِنَّ رَحْمَتَ اللهِ قَرِيبٌ مِّنَ الْمُحْسِنِينَ

**« Ary mangataha ianareo Aminy am-pahatahorana sy am-panantenana, tena marina ny famindram-pon'i Allâh dia akaikin'ireo mpanao soa »**

ka ny fanantenana eto dia fanantenana amin'i Allâh(Avo Indrindra) sy fahatokisana fa Izy (Voninahitra anie ho Azy) dia mihaino sy mamaly vavaka; hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) : **« Mangataha amin'i Allâh ianareo, ampahatokisana ny valim-bavaka »**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Rehefa mangataka ianao dia hevero fa efa eo am-baravarana ny zavatra ilainao »**

**3-<u>Fanapaham-panantenana amin'ny ankoatr'i Allâh</u> :**

Izay mangataka amin'i Allâh(Avo Indrindra) dia tokony hanapaka ny fanantenany amin'izay zavatra rehetra heveriny fa hamaly azy; niteny indrindra ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Raha tian'ny tsirairay aminareo ny tsy hangataka zavatra amin'Andriamanitra Tompony raha tsy omeny, dia aoka izy tsy hanana fanantenana amin'ny olon-drehetra no sady tsy hanam-pahatokisana afa-tsy amin'i Allâh, koa raha hitan'i Allâh(Avo Indrindra) ny fisian'izany ao am-pony dia tsy misy zavatra hangatahiny amin'i Allâh raha tsy omeny azy avokoa »**

**4-<u>Fifantohan'ny fo</u>:**

Ny fahalalam-pomba amin'ny dou' a dia mitaky ny fifantohan'ny fo; fa ny dou'a **mialoha nyhanonona azy** eo am-bava dia tokony hiainga avy amin'ny fanirian'ny fo madio marina izay vao havoaka amin'ny alalan'ny lela; hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Tena marina fa i Allâh Avo**

**Indrindra dia tsy hamaly ny tonombavaka izay ivelan'ny fo miriorio, fa rehefa manao dou'a ianao dia aoka hanaiky izany ny fonao ary avy eo dia manàna fahatokisana amin'ny valim-bavaka »**

**5-<u>Fitalahoana sy fangorahana</u>:**

Ny fihetsika feno fitalahoana sy fangorahana dia maneho ny fihetseham-po marina amin'ny fangatahan-javatra, noho izany, ny olona rehefa hanao dou'a dia tokony hisalotra izany toetra izany. Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Rehefa mangoraka ny fo dia manaova dou'a fa ny tena marina ny fo dia tsy mba mangoraka raha tsy madio mangarahara »**

**6-<u>Fiantombohana amin'ny anaran'i Allâh</u>:**

**Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) : « Tsy lavina ny fangatahana miantomboka amin'ny anaran'i Allâh Ilay Be Fiantrana sy Be Indra-fo (بِسْمِ اللهِ الرَّحْمنِ الرَّحِيمِ) , indrindra fa ny mpino silamo dia tsy tokony hanomboka hanao ny asany raha tsy aorian'ny "basmalat" (fitenenana ny hoe: "Bismillâhir-Rahmânir-Rahîm") »**

**7-<u>Fiderana sy fisaorana</u> :**

Ny mpino silamo dia tokony hanomboka ny fangatahany, amin'ny alalan'ny fahatsiarovana an'i Allâh Avo Indrindra (zhikrollâh), sy **misaotra azy** ary midera ny voninahiny sy ny fahalehibeazany ary ny toetrany, fa hoy ny Imâmo Sâdiq (as) : **« Ny dou'a rehetra tsy misy fiderana eo alohany dia tsinontsinona »**

**8-<u>Fiarahabana an'ny Mpaminany(saw) sy ireo Ahlol-Bayt Ankohonany(as)</u> :**

Aorian'ny fahatsiarovana an'i Allâh (zhikrollâh) Avo Indrindra, dia ilaina koa ny fangataham-pitahianan'ny Mpaminany (saw) sy ireo Fianakaviany (as). Hoy ny lehibentsika Mohammad (saw) : **« Ny tsodrano ataonareo Amiko dia mahatonga ny famaliana ny hatakareo sy fanadiovana ny asanareo »**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **« Ho takona eny amin'ny lanitra foana ny dou'a raha tsy efa mitsodranony Mpaminany sy ireo Fianakaviany »**

**9-<u>Fangataham-panelanelanana amin'ny Mpaminany(saw) sy ireo Fianakaviany(as)</u> :**

Raha toa ka ny Mpaminany (saw) sy ireo Ahlol-Bayt Ankohonany (as), Izy ireo no loharanom-pahasoavana sy famindram-pon'Andriamanitra ka manan-jo afaka manao "chafâ'at" (fanelanelanana) eo anatrehan'i Allâh Avo Indrindra dia rariny ny mpino silamo raha mangataka fanelanelanana amin'Izy ireo ihany koa mba hahatanteraka ny fangatahany ka mianiana amin'i Allâh amin'ny alalan'ny fahefana sy zo ary ny fahamasinan'Izy ireo.

**10-<u>Fanekem-pahotana</u>:**

Ilaina ny olona alohan'ny hanaovany fangataham-paniriany mba hiaiky ny fahalemeny sy ny fahotana na fahadisoana nataony, avy eo dia maneho ny fanenenany tanteraka; hoy indrindra ny Imâmo Sâdiq (as) : **« Tena marina sy hifantàko**

**amin'i Allâh fa tsy voavela ny fahotan'ny mpanompo iray raha tsy amin'ny alalan'ny fanekena izany »**

**11-<u>Ny fahadiovana sy ny fihinanana sakafo sitrak'i Allâh (halâl):</u>**

Voalaza ao amin'ny teny masin'Andriamanitra (hadith Qouds) ny hoe: **« Anjaranao ny mangataka fa adidiko ny mamaly izany, ary tsy misy hataka takona Amiko afa-tsy ny hataky ny mpihinana sakafo voarara (harâmo) ».**

Hoy ny Mpaminany (saw) : **« Izay mitia mba hovaliana ny fangatahany dia aoka izy hanadio ny sakafony sy ny fahazoany izany »**

**12-<u>Ny fikirizana</u> :**

Rehefa hanao dou'a ny olona dia ilaina mba tsy tokony ho mora sasatra fa mila mikiry sy maharitra araka izay azo atao; fa izany fikirizana izany dia maneho ny fahatakarana sy fahatsapana fa i Allâh(Avo Indrindra) no Voalohany sady Farany, ary koa Izy Andriamanitra( Dera anie ho Azy) Ilay Tompom-pikasana no manapa-kevitra amin'ny valim-pangatahana sy mamaha ny olana rehetra. Hoy ny lehibentsika Mohammad (saw) : **« Tena marina fa i Allâh dia mitia ny mpikiry amin'ny fangatahana »**

**13-<u>Tonombavaka iaraha-manao</u> :**

Rehefa hanao dou'a ny olona ka te hanamafy ny fangatahany dia ilaina ny famoriany ireo fianakaviny ohatra, na ireo sakaizany, izay vao miaraka manao fangatahana amin'i Allâh(Avo Indrindra) izy ireo. Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **«**

**Nisy fotoana ny Raiko(as) rehefa nalahelo dia namory ireo zaza amam-behivavy ka izy no nangataka ary ireo zaza amam-behivavy no niteny hoe: Amine »**

**14-<u>Fangatahana arahina asa</u>:**

Misy ny mahasamy hafa ny atao hoe "tawakkoul" (fahatokisana) sy ny hoe "tawâkoul" (fianteherana); fa ny fahatokisana an'i Allâh(Avo Indrindra) dia ny fananam-pinoana (imân) amin'izay sitrapony sady **fanaovana asa;** fa ny fianteherana kosa dia toy ny olona mangataka amin'i Allâh(Dera anie ho Azy) mba hamaha ny olany ohatra nefa izy tsy mba miezaka miasa; ny mpanao fangatahana dia tokony hiezaka **araka izay** faraheriny amin'ny asany no sady mametraka ny fahatokisana an'i Allâh(Avo Indrindra). Nilaza ny Imâmo Ali(as) : **« Ny mpanao dou'a tsy arahina asa dia toy ny renitsipika tsy misy tadiny »**

**15-<u>Ireo tonombavaka hain-teny(Ma-athourat)</u> :**

Ny mpanao dou'a raha te hampihatra ny fangatahany mahakasika ny tontolon'i Allâh(Avo Indrindra) dia tsara ho azy ny misafidy ireo hain-tenin'ny fangatahana avy amin'ireo olomasina Ahlol-Bayt(as) ireo noho izy ireny mahafeno ny fahalalam-pomba amin'ny fangatahana sy hatsaran-dahateny ary mahafaoka ihany koa ny lafiny fanabeazana sy fitaizana ara-panahy sy ny fanadiovana azy toy ny "dou'a Komeil"sy "Sabâh" sy ny dou'a fantatra amin'ny anarana hoe "dou'a Abî Hamza Thamaly", ny "Mounâdjât-Cha'abânyat" sy ny sisa.

Misy ihany koa ny fahalalam-pomba hafa amin'ny fangatahana toy ny fanaovana madio (tahârat) sy wodhou sy

fitodihana any amin'ny qiblat ary ny fisafidianana manokana ny toerana sy fotoana mifanaraka amin'izany.

**B-<u>Fahalalam-pomba amin'ny "zyârat"</u> :**

**1-<u>Ny fandroana sy fahadiovana</u> :**

**Ampirisihina** izay hikasa hamangy an'ireo Imâmo Mpitarika ny finoana ireo mba handro sy hanao madio (tahârat) ary hanao wodhou ka **hitafy** lamba madio.

**2-<u>Mitodika any amin'ny qiblat eo ampamakiana ny zyârat</u>**

**3-<u>Fanajana ny fahalalam-pomba</u> :**

Ny mpamangy (mpanao zyârat) dia mila manaja ireo fahalalam-pomba ka mampiseho ny fanetren-tena sy ny fanajana an'izay vangiana, ary mila mihevitra ny tenany ho mijoro eo anatrehany.

**4-<u>Famangiana hain-teny</u> :**

Ny mpamangy dia tokony misafidy ny famangiana voasoratra hain-teny avy amin'ireo **lovantsofina** momba ny famangiana; eny fa na dia ampy aza ny fiarahabana sy ny firarian-tsoa .

**5-<u>Salât famangiana</u> :**

**Ampirisihina** ny mpamangy mba hanao fanompoam-pivavahana salât **indroa** fiondrehana (raka'at anankiroa) amin'ny alalan'ny fikasana (nyat) hamangy, izay hamafisina ny fahazoana manao izany salât izany, amin'ny famangiana an'ireo Imâmo (as) madio ara-panahy ireo ihany.

**6-<u>Famakiana ny Kor'âny</u> :**

Ny famakiana ireo andinin'ny soratra masina ao amin'ny Kor'âny masina ka hatao fanomezana ho an'izay vangiana dia tena fomba**ampirisihina** tokoa.

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny mpangataka (mpanao dou'a) dia mila mahafantatra an'Andriamanitra izay iantefan'izany fangatahany izany sy tokony hino ny hahazo valim-bavaka avy amin'i Allâh Avo Indrindra, sady tsy tokony hanantena na inona na inona amin-java-drehetra afa-tsy amin'i Allâh Avo Indrindra ihany. Ilaina ihany koa ny fangatahana mba **hampiarahina** amin'ny fihetsika feno fanetren-tena sy fifantohana tanteraka amin'i Allâh Be Voninahitra sy Avo Indrindra. Atomboka amin'ny fahatsiarovana an'i Allâh (zhikrollâh) sy ny fanomezana tso-drano an'ny Mpaminany(saw) sy ireo Fianakaviany voahosotra ny fangatahana; ary tsy tokony ho vizana amin'ny fangatahana fa ny fikirizana amin'izany dia anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny dou'a. Ilaina koa ny olona mba hiaiky ny fahalemeny sy ny filàny an'Andriamanitra foana; ka tsy tokony hanao fahotana izy no sady mikasa tsy hanao izany; ary toy izany koa ny fitadiavana fanelanelanana amin'ny Mpaminany(saw) sy ireo Ahlol-Bayt(as) Ankohonany amin'ny fangatahana dia anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny dou'a satria Izy ireo no Mpanelanelana afaka manelanelana.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Inonoa no mahazava-dehibe ny fahafantarana an'i Allâh amin'ny dou'a?

2-Toetra manao ahoana no tokony hananan'ny mpanao dou'a?

3-Nahoana ny mpanao dou'a no tsy maintsy manapaka ny fanantenany sy fahatokisany afa-tsy amin'i Allâh ihany?

4-Inona no tokony hataon'ny olona mialoha ny dou'a?

5-Nahoana no ilaina ny fanelanelanana amin'ny Mpaminany(saw) sy ireo Fianakaviany(as)?

6-Ny olona manao ahoana no tsy mahazo valim-bavaka? Hazavao amin'ny alalan'ireo teny masina (ahadith) izany.

***************

## LESONA FAHA-29

## FANDEHANAN-DAVITRA (SAFAR): IREO TANJONA SY IREO TOMBONTSOANY

Misy antony maro samihafa no mahatonga ny olona manao "safar" na fandehanan-davitra, toy izany koa ny tanjona tian-kotratrarina ao ambadiky ny fandehanan-davitra dia mety ho marina sy mety ho diso ihany koa,izany no voalohany.ary ny faharoan'izany, ny fandehanan-davitra dia fomba fifandraisana amin'ny hafa. Noho izany ny finoana Islâmo dia mahita ny fandehanan-davitra ho mizara ankolafiny roa:

1-Ny lafiny araka ny lalàna islamika

2-Ny lafiny ara-pitondrantena

Ny amin'ny lafiny ara-dalàna islamika dia mazava ny fotokevitra eo amin'ny tanjon'ny fandehanan-davitra, na izany manara-dalàna na tsia, fa dia mifamatotra tanteraka amin'ny lalànan'ny salât sy ny sawm.

Ny amin'ny lafiny ara-pitondrantena kosa dia fandehanan-davitra mifototra amin'ny fifandraisana ara-piaraha-monina toy ny fiarahana sy fisakaizana eny ampandehanana sy ny fahalalam-pomba izay tokony **hohajain'ny** tena manokana na miaraka amin'ny olon-kafa namana eny ampandehanana.

Ho hitantsika amin'ity lesona ity ny antony sy ny tanjon'ny fandehanan-davitra ara-dalàna avy eo hasehontsika ny tombontsoa sy ny vokatsoany araka ny voalazan'ireo teny

masina; fa ny fahalalam-pomba amin'ny "safar" dia ho hitantsika amin'ny lesona manaraka.

**<u>Antony ara-dalàna handehanan-davitra</u> :**

**1-<u>Fitadiavam-pahalalana sy fahaizana</u> :**

Ny fitadiavana fahalalana dia voalohany ara-dalàna islamika amin'ireo tanjon'ny fandehanan-davitra, fa raha toa ka ny handranto fahalalana ara-pinoana sy momba ny teolojia no anton'ny fandehanana dia izany no tanjona ambony sy mendri-piderana indrindra. Ity tanjona ity moa dia matetika azo sokajiana **anankiroa:**

Ao ny fitetezan-tany hitsidika ireo rakitry ny ela sy ny fombafomba fiainan'ireo vahoaka fahiny, sy ireo vakoka na hijery ireo toerana misy hasoavan'i Allâh; ao koa ny fandehanana amin'ny tanàna misy an'ireo manampahaizana ambony ara-pinoana sady misy ireo foibem-pampianarana teolojia sy sekoly ara-pinoana ka ny fandehanana mamonjy izany dia anisan'ny antony faratampony sy tanjona ambony amin'ny fandehanan-davitra.

Hoy Allâh(Avo Indrindra) :

قُلْ سِيرُوا فِي الْأَرْضِ فَانظُرُوا كَيْفَ بَدَأَ الْخَلْقَ ثُمَّ اللَّهُ يُنشِئُ النَّشْأَةَ الْآخِرَةَ إِنَّ اللَّهَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ

**« Lazao hoe: Mandehana ianareo mitety ny tany ary jereo ny fomba nanombohanay ny fahariana, avy eo ny fomba naharian'i Allâh ny fahariana hafa.Ny tena marina i Allâh dia Mahefa ny zava- drehetra » kor'an 29/20.**

Hoy koa Allâh(Avo Indrindra) :

أَفَلَمْ يَسِيرُوا فِي الْأَرْضِ فَتَكُونَ لَهُمْ قُلُوبٌ يَعْقِلُونَ بِهَا أَوْ آذَانٌ يَسْمَعُونَ بِهَا

**«Nahoana no tsy mandeha manerana ny tany izy ireo mba hananan'izy ireo fo mahalala sy sofina mandre? »kor'an 22/46**

Mikasika ny zava-niseho tamin'ireo vahoaka fahiny dia hoy i Allâh Avo Indrindra hoe :

.فَسِيرُواْ فِي الأَرْضِ فَانْظُرُواْ كَيْفَ كَانَ عَاقِبَةُ الْمُكَذِّبِينَ

**« Fa mandehana manerana ny tany ianareo, ka jereo nanao ahoana ny fiafaran'ireo mpandainga ».kor'an 03/137**

Hoy koa Izy Avo Indrindra hoe:

أَوَ لَمْ يَسِيرُوا فِي الْأَرْضِ فَيَنظُرُوا كَيْفَ كَانَ عَاقِبَةُ الَّذِينَ كَانُوا مِن قَبْلِهِمْ كَانُوا هُمْ أَشَدَّ مِنْهُمْ قُوَّةً وَآثَاراً فِي الْأَرْضِ فَأَخَذَهُمُ اللَّهُ بِذُنُوبِهِمْ وَمَا كَانَ لَهُم مِّنَ اللَّهِ مِن وَاقٍ

**« Tsy nitety ny tany ve izy ireo, mba hahita izay nahazo ireo talohan'izy ireo? Natanjaka noho izy ireo anefa izy ireny, sady namela zavatra maromaro kokoa. Noraisin'i Allâh tamin'ny fahotany izy ireny, ka tsy nanana mpiaro teo anatrehan'i Allâh mihitsy » kor'an 40/21**

Ireto andinin'ny soratra masina ireto sy andininy hafa koa dia miantso amin'ny fanaovana "safar" sy fitetezana tany nohon'nytanjona **anankiroa:**

Voalohany; ny fandinihana ny natiora sy ny **voary** ao aminy dia manambara ny fahalehibeazan'Ilay Mpahary sy ny fahasoavany ho an'ireo mpanompony.

Faharoa, ny fahitana ireo rakitry ny elan'ireo vahoaka fahiny avy amin'ny sisa tavelan'ny lapa sy ny vakoka izay najoron'ireo mpanjaka fahiny dia mampahatsiahy ny tantara fahagola ahafahana manatsoaka lesona mba hizorana amin'ny làlana tsara sy marina ary mahitsy ankehitriny.

Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) : **« Izay mivoaka ny tranony mba hitady fahalalana dia mandeha amin'ny làlan'i Allâh mandra-piverenany »,** hoy ihany Izy(saw) : **« Izay manaraka làlana ka mikatsaka ny fahalalana dia hamorain'i Allâh ny làlany mankany am-paradisa »**

**2-<u>Fitahirizana sy fiarovana ny finoana</u> :**

Raha mananosarotra ny fitahirizana sy fiarovana ny finoana **amin'ny toerana** iray dia antery ny fanaovana "safar" ka manjary tsy maintsy atao ny fifindra-monina. Fa ny tsindrihazolena, ny herisetra, ny didijadon'ny fanjakana tsy refesi-mandidy dia tsy **ahafahana** miaro sy miaina samirery amim-pinoana ka tsy misy azo atao afa-tsy ny fifindra-monina any an-tany hafa mba hikatsahana fomba hanatanterahany ny finoana am-pitoniana. Hoy Allâh Avo Indrindra ao amin'ny Bokiny masina manao :

إِنَّ الَّذِينَ تَوَفَّاهُمُ الْمَلآئِكَةُ ظَالِمِي أَنْفُسِهِمْ قَالُواْ فِيمَ كُنتُم قَالُواْ كُنَّا مُسْتَضْعَفِينَ ْ

فِي الأَرْضِ قَالْوَاْ أَلَمْ تَكُنْ أَرْضُ اللهِ وَاسِعَةً فَتُهَاجِرُواْ فِيهَا

**« Tena marina fa ireo izay novonoin'ireo Anjely tao anatin'ny fanaovana tsindrihazolena tamin'ny tenan'izy ireo ihany dia hanontany azy ireo ireo Anjely hoe: Taiza ianareo teo anatrehan'ny finoana? ka hoy izy ireo hamaly hoe: Izahay dia nankanosaina fony mbola teny ambonin'ny tany. Hamaly ireo Anjely hoe: Tsy malalaka ve ny tanin'i Allâh mba hahafahanareo mifindra monina? »**

Ny Kor'âny moa dia midera an'ireo mpifindra monina nohon'nyantony finoan'izy ireo araka ny tenin'i Allâh Avo Indrindra manao hoe:

وَمَن يَخْرُجْ مِن بَيْتِهِ مُهَاجِراً إِلَى اللهِ وَرَسُولِهِ ثُمَّ يُدْرِكْهُ الْمَوْتُ فَقَدْ وَقَعَ أَجْرُهُ عَلى اللهِ

**« Ary izay mivoaka ny tranony, mba hifindra ho any amin'i Allâh sy ny Irany, ka nindaosin'ny fahafatesana, dia efa tafapetraka eo amin'i Allâh ny valisoany »**

**3-<u>Ny fivahinianana masina(hajj) sy ny famangiana(zyârat)</u> :**

Antery amin'ny mpino silamo ny manao **fivahinianana masina** any an-trano masin'i Allâh (ao Makkat) indray mandeha mandritra ny fiainany raha afaka manao izany no sady afaka manao fandaniana mandritra ny fandehanany ary koa lavitry ny olana ara-pahasalamana; fa tena marina ny dia lavitra (safar) atao noho ny antony hanatanteraka ny **fivahinianana masina** tsy maintsy atao, sy hanao famangiana ny fasan'ny Mpaminany(saw) sy ireo Imâmo(as) taranany

madio ara-panahy dia tanjona tena ambony faratampony amin’ny fandehanan-davitra.

**4-<u>Fitadiavam-pivelomana mendrika</u> :**

Anisan’ny antony manan-kasina amin’ny fandehanan-davitra ny fitadiavam-pivelomana, **fa ny fandehanana mba hitady izay hahafinaritra ny ara-nofo kosa**, izay tsy dia fanaon’ny olona dia voarara; hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **« Voasoratra ao amin’ny fahendren’ny fianakavian’i Dâwod (Davida), tsy mifindrafindra fonenana ny olona raha tsy nohon’nyantony anankitelo: hampitombo ny vatsy ara-panahy any ankoatra na ny fitadiavam-pivelomana na fahafinaretana tsy voarara »**

**<u>Tombontsoan’ny fandehanan-davitra</u> :**

Mikasika ny vokatsoan’ny “safar” sy izay hiotazan’ny olona ao anatin’ny fandehanana lavitra, dia hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) : **« Mandehana lavitra mba hahazo fahasalamana, mandehana lavitra mba hahazo tombontsoa »**; hoy koa Izy(saw) : **« Mandehana lavitra fa raha tsy lasa manan-karena ianao dia mahazo tombontsoa ara-tsaina »**, hoy ihany koa Izy(saw) : **« Mandehana lavitra dia hahazo fahasalama sy anjaramasoandro (rizk) »**

Voalaza ao amin’ny tononkalo nolazain’ny Imâmo Ali(as) araka ny teniny manao hoe:

**“Mifindra monina miala an-tanindrazana mba hitady voninahitra**

**Ary mandehana lavitra fa ao amin'ny fandehanan-davitra dia misy tombontsoa dimy**

**Manafaka sorisory sy ahazoana fivelomana**

**Sy fahalalana sy fahalalam-pomba ary fahazoana namana mendrika"**

A**raka izany,** ny fandehanan-davitra dia **ahazoan'ny olombelona** tombontsoa ara-panahy sy ara-pahalalana sy**ahazoan'ny olombelona** anjaramasoandro betsaka. Ny fandehanan-davitra dia **ahazoan'ny olona** fotoana mahomby mba hifankahalalan'ny olona sy ny vahoaka ara-pomba sy kolon-tsaina. Ahitana ihany koa ny làlam-barotra sy fivelomana ara-dalàna sy halâl ary koa ahafahan' ny mpino silamo manaparitaka ny finoan'Andriamanitra tena marina amin'ireo vahoaka sy fiaraha-monina, sy manazava azy ireo ny làlana mankany amin'ny Islâmo izay hafatr'i Allâh farany, ka izany dia ahazoana valisoa izay tsy misy mahalala izany afa-tsy i Allâh Avo Indrindra.

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny antony sy tanjon'ny fandehanana lavitra dia voafaritry ny lalàna ao amin'ny finoana Islâmo; dia ny fandrantoam-pahalalana, fiarovam-pinoana, sy fombam-pinoana, fivahinianamasina sy famangiana ny fasan'ny Mpaminany(saw), fitadiavam-pivelomana sy fahafinaretana ara-batana amin'ny lafiny ara-dalàna(halâl).

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Tanisao ireo endrika mety **hahazoana** fahalalana momba an'Andriamanitra.

2-Karazana fandehanan-davitra manao ahoana no**ampirisihin'ny** Kor'âny masina?

3-Lazao ny andinin'ny soratra masina (ayat) izay miresaka mikasika ireo miaina eo anivon'ny tsindrihazolenan'ny mpanao didijadona sy miondrika amin'ny mpanao tsy rariny fa tsy mba mandeha mifindra fonenana…Hazavao fohifohy izany.

4-Inona no tanjon'ny fandehanan-davitra araka ny tenin'ny Imâmo Ja'afar Sâdiq(as)?

5-Inona no vokatsoa hiotazan'ny olona aorian'ny fandehanan-davitra?

***************

## LESONA FAHA-30

## FAHALALAM-POMBA AMIN'NY FANDEHANANA LAVITRA SY NY FITONDRANTENAN'NY MPANDEHA LAVITRA

Adidin'izay mikasa handeha lavitra sy tapa-kevitra hanao izany ny mitandrina an'ireo fitambaran'ny fahalalam-pomba sy fepetran'ny fandehanana lavitra sy ny fitsipi-pitondrantena izay hajain'ny mpandeha lavitra fatratra:

**1-<u>Fifidianana namana am-pandehanana lavitra</u> :**

Izay te handeha lavitra dia tsy tokony handeha samirery raha azony **atao** ary tokony hifidy namana mba hiara-dia aminy eny am-pandehanana, ka izany namana izany no hanala ny fahanginany an-dàlana no sady afaka miaro azy eo anatrehan'ny hetraketraky ny olona; satria koa ny mpandeha lavitra dia mety ho tojo fahasahiranana samihafa ka mila fanampiana avy amin'ny hafa; avy eo koa ny fandehanana samirery dia mety hitarika amin'ny fakam-panahy ratsy sy firotsahana hanao fomba tsy mendrika. Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : « **Nilaza ilay Irak'Andriamanitra(saw) hoe: Hambarako anareo ve ny olon-dratsy? Namaly izy ireo hoe: Eny ô ry Irak'Andriamanitra! Hoy Izy(saw): Izay mandeha lavitra samirery ary tsy manome fanampiany no mikapoka ny mpanompony** »

Hoy koa Izy(saw) : « **Nozonin'ilay Irak'Andrimanitra(saw) ny zavatra anankitelo: Fihinanany samirery ny vatsin-dàlany, fatoriana samirery ao an-trano, fandehanana**

**samirery any an'ala »**, noho izany antony izany no nahatonga ny lehibentsika Ali(as) niteny hoe: **« Fisakaizana mialoha ny fandehanana »**

A**raka izany** dia adidin'ny olona ny mahay misafidy ny namany eny am-pandehanana lavitra, ka ny namana tsara dia izay mangoraka **anao** ary ianao koa honena azy ka manana fihetseham-po mifameno. Niteny ny Imâmo Ali(as) hoe: **« Aza minamana eny am-pandehanana, olona izay tsy mahita fahatsarana aminao ary ianao koa tsy mahita ny fahatsarana aminy »**

**2-<u>Fanatanterahana ny zon'ny hafa</u> :**

Antery amin'ny olona izay handeha lavitra ny manatanteraka ny zon'ny hafa toy ny fandoavana ny trosa fa raha tsy afaka manao izany izy dia tsy maintsy mametraka hafatra an-tsoratra ka manefa izany amin'ny alalan'ny harenany aty aoriana; toy izany koa ny tokony hanefany ny zon'Andriamanitra **mialoha ny** hanaovany fandehanana lavitra.

**3-<u>Fanomanana ireo zavatra tsy maintsy ilaina</u> :**

Ny mpandeha lavitra dia tsy maintsy manomana izay tsy maintsy ilaina amin'ny fandehanana fa tsy lojika ny **fandehanan'ny olona** lavitra nefa izy tsy manana ny ampy hanatanterahany izany toy ny fahafahana manao fandaniana amin'ny fandehanana; fa raha tsy izany dia ho tratran'ny fahasahiranana eny am-pandehanana izy, ka manjary mampitondra enta-mavesatra an'ireo mpiara-dia aminy sy mandany ny fotoan'izy ireo. Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Ny olona manana ny maha-izy azy**

**dia izay manao vatsin-dalana ampy tsara rehefa hiainga handeha lavitra »**

Hoy koa Izy(saw) : **« Anisan'ny fomba amam-panao(sonnat) rehefa hiainga handeha lavitra ny olona dia ny mandoa ny fandaniany rehetra fa izany no mahasoa ny tenany sy manatsara ny fitondrantenany »**

Ny tena zava-dehibe tokoa amin'ity lohahevitra ity dia ny mahakasika ny ara-pitondrantena sy fiaraha-monina izay tokony hifampizaran'ireo mpinamana eny an-dàlana ampitoviana ireo fandanian'ny fandehanan-davitra fa tsy tokony hiantehitra amin'ny namany foana amin'izany ny mpandeha; ka izany no manatsara ny fitondrantenan'izy ireo sy miteraka fifanajana eo amin'ny tsirairay.

**4-<u>Fangataham-bavaka(dou'a) sy fahatsiarovana an'Andriamanitra(zhikr)</u> :**

Ny mpandeha lavitra dia tokony hahatsiaro an'Andriamanitra Allâh Avo Indrindra sy mangataka Aminy ary izany dia tena fahalalam-pomba islamika mendrika fanao **mialoha ny** fanatanterahana asa rehetra. A**mpirisihina** noho izany ny mpandeha lavitra mba hamaky ny "sourat-al-Hamd" sy "ayât-al-Koursy" ary ny mamaky ny dou'a iray amin'ireo dou'a hain-teny avy amin'ireo Imâmo Aholo-Bayt(as) **mialoha ny** fandehanana. Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) rehefa hiainga handeha lavitra Izy : **«اللهم خل سبيلنا واحسن مسيرنا و اعظم عافيتنا Andriamanitro ô! Arovy ny làlanay, hatsarao ny dianay, kajio ny fahasalamanay** »; rehefa mametraka ny tongony eo amin'ny biby fitaingenana Izy dia manomboka mamaky ny andinin'ny soratra masina manao hoe:

سُبْحانَ الَّذِي سَخَّرَ لَنَا هَذَا وَمَا كُنَّا لَهُ مُقْرِنِينَ **« Voninahitra ho an'Ilay nampanaiky izao rehetra izao ho anay, kanefa dia tsy afaka nahafehy izany izahay »**, avy eo Izy miteny hoe **«Soubhânallâh» (Voninahitra ho an'i Allâh)** impito sy ny hoe **«Al-Hamdo Lillah» (Dera ho an'i Allâh)** impito ary ny hoe **« Lâ ilâha illàllâh »(Tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh)** impito koa.

Hoy ny Imâmo al-Ridhâ(as) : **«Rehefa hivoaka ny trano ianao eny am-pandehanan-davitra na eo an-toerana dia mitenena hoe: "Bismillâh Amanto billâh, tawakalto 'alallâh, mâ châ-Allâh, lâ hawla wa lâ quowwata illà billâh"»**

**5-<u>Fanomezana "sadaqa"</u> :**

Anisan'ny fomba amam-panao(sonnat) amin'ny Islâmo ny fanomezana masina(sadaqa) ho an'ny mahantra sy ny fadiranovana indrindra fa rehefa hikasa handeha lavitra ary tena namafisin'ny lalàm-pinoana tokoa ny fanaovana izany araka ny tenin'ny lehibentsika Mohammad(saw) hoe: **« Ny fanomezana masina(sadaqa) dia miaro amin'ny loza »**; hoy koa Izy(saw) : **« Ny fanomezana masina dia manidy ny varavaran'ny haratsiana miissa fitopolo »;** hoy ihany Izy(saw) :**« Ny fanomezana masina dia manakana karazan-doza miisa fitopolo, ao anatin'izany ny aretin-koditra sy ny habokàna »**; nilaza hatrany Izy (saw) hoe: **« Ny fanomezana masina dia miaro amin'ny fahafatesan-dratsy »**

6-**<u>Fiarovan'olona ny voninahiny</u>** :
Ireo mpiray dia eny am-pandehanana dia tokony hifanaja sy hiravaka toetra ambony sy tsara sy hiaro hatrany ny

voninahiny, ary tokony hifampizara mitovy izay rehetra ilaina mandritra ny fandehanana sady tsy tokony hifanao ratsy ny tsirairay; fa hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) : **« Ny fiarahan'nyolon-droa dia ahazoan'izy roa valisoa lehibe ary ny tena tian'i Allâh sy omeny valisoa bebe kokoa amin'izy roa dia izay tena be fangorahana amin'ny namany »**

Hoy Izy(saw) hoe: **« Ny tena voninahitra eny ampandehanana dia ny fizarana ny vatsin-dàlana, ny hatsaran-toetra ary ny sangisangy lavitry ny fahotana »**

Hoy ny Imâmo Ali(as) : **« Ny tena voninahitra eny ampandehanana dia ny fizarana ny vatsin-dàlana, sy manalavitra ny fifandirana amin'ny mpiray dia aminao, ary mahatsiaro an'i Allâh matetika isaky ny làlampiakarana rehetra na fidinana, sy rehefa midina na na mijoro na mipetraka»**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **« Ny tena voninahitra eny ampandehanana dia ny fizarana ny vatsin-dàlana, ny fisangisangiana tsy mahatezitra an'i Allâh Avo Indrindra, sy manalavitra ny fifandirana amin'ny mpiray dia aminao, ary famelana tantara amin'izy ireo rehefa handao azy ireo ianao »**

Hoy koa Izy(as) : **« Niteny i Louqmân tamin'ny zanany hoe: Rehefa mandeha lavitra miara-dia aman'olona ianao dia maka hevitra maro amin'izy ireo momba ny raharahanao sy ny raharahan'izy ireo, aoka ho miramiran-tava matetika ianao, sy mba hizara amin'izy ireo ny vatsin-dàlanao, ary raha manasa anao hisakafo izy**

**ireo dia ekeo izany, fa raha mitady fanampiana avy aminao izy ireo dia ampio»**

**7-<u>Fitondrana voan-dàlana</u> :**

Araka ny voalazan'ny lalàna islamika, ny mpandeha lavitra dia tokony hitondra voan-dàlana ho an'ny ankohonany amin'ny fiverenany mody, fa miandry ny fanolorany izany ny fianakaviany izay efa manomana ny fitsenana ny fiveranany ka ny fanolorana ny voan-dàlana no maneho ny fitiavany an'ireo fianakaviany. Hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) : **« Raha ny iray aminareo no handeha hanao "safar", rehefa miverina eo amin'ny fianakaviany izy dia aoka hanolotra voan-dàlana ho azy ireo, eny fa na dia amin'ny alalan'ny vato ihany aza »**

Ankoatr'ireo dia mbola misy fahalalam-pomba hafa ihany koa izay tokony **hohajain'ny olona,** anisan'izany ny fanoratana hafatra sy fanaovana salât roa rak'at, sy ny fanaovam-beloma amin'ny olon-tiany sy ny havany ary ireo sakaizany; koa rehefa tafaverina avy nandeha lavitra izy dia hitsena azy izy ireo no sady hiarahaba no hanotrona azy. Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny fandehanan-davitra miaraka amin'ny maro, ny misafidy iray amin'izy ireo mba handray andraikitra amin'ny **fandaminanaazy** ireo. Niteny ny lahibentsika Mohammad (saw) mikasika an'izany manao hoe: **« Raha olona telo no miara-mandeha lavitra dia aoka ny iray mba ho mpitarika azy ireo »**. Adidin'izay voafidy no tsy tokony hanao fanavakavahana fa tokony hanatanteraka ny andraikiny mitovy amin'ireo mpiray dia aminy, amin'ny fandaminana ny fandehanana sy fizarana ny andraikitry ny tsirairay, fa hoy indrindra ny Mpaminany(saw) amin'ny teniny

masina: **« Ny lehiben'ny vahoaka no mpikarakara azy ireo eny am-pandehanana lavitra »**

**<u>Famintinana</u> :**

- Manana fahalalam-pomba betsaka ny fandehanan-davitra, anisan'izany ny tsy fandehanana samirery sy ny fanatanterahana ny zon'ny hafa ary ny fametrahana hafatra an-tsoratra. Izay mandeha lavitra miaraka amin'ny hafa dia tsy tokony hanao **tsinontsinona** azy ireo; sy tokony hisafidy iray amin'izy ireo mba handamina ny fandehanana.
- Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny fandehanana lavitra koa ny fanaovana dou'a sy famakiana izay azonao vakiana ao amin'ny Kor'âny masina. Toy izany koa, dia **ampirisihina** ny fanolorana fanomezana masina(sadaqa) rehefa hikasa hanao "safar" sy tokony hanana toetra tsara amin'ireo mpiray dia aminy. Fahalalam-pomba amin'ny fandehanan-davitra koa ny **fivimbinana** voan-dàlana hatolotra ny fianakaviana rehefa tafaverina mody.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Lazao ireo fahalalam-pomba sasantsasany amin'ny fandehanan-davitra.

2-Hazavao fohifohy ny teny masina manao hoe: « **Fisakaizana mialoha ny fandehanana** »

3-Inona ny fahalalam-pomba izay tokony hiravahan'ny mpandeha lavitra ho mpiray dia aminy?

4-Manambara inona ny fanomezana voan-dàlana atolotry ny mpandeha lavitra rehefa tafaverina mody amin'ny fianakaviany izy?

***************

«Ny vavakay am-pamaranana dia ny fisaorana an'i Allâh Tompon'izao tontolo rehetra izao»

**اللهم صل على محمد وال محمد**

FIZAHAN-TAKELAKA

LESONA VOALOHANY ........................................................ 1

ANJARAN-TOERAN'NY FAHALALANA SY IREO MANAM-PAHAIZANA AMIN'NY ISLAMO ................ 1

A-LANJAN'NY FAHALALANA SY IREO MANAM-PAHAIZANA AO AMIN'NY KOR'ÂNY MASINA ..... 2

B-LANJAN'NY FAHALALANA SY IREO MANAM-PAHAIZANA AO AMIN'NY (SONNAT) LOVANTSOFIN'NY MPAMINANY MASINA.............. 5

D-LANJAN'NY MPITADY SY FITADIAVAM-PAHALALANA AO AMIN'NY (SONNAT) LOVANTSOFIN'NY MPAMINANY MASINA.............. 7

LESONA FAHA-02 ............................................................ 11

ANJARA TOERAN'NY FAHALALANA SY IREO MANAM-PAHAIZANA AMIN'NY ISLAMO(2)........ 11

D-LANJAN'NY FAHALALANA SY IREO MANAM-PAHAIZANA AO AMIN'NY (AHADITH) TENY MASIN'IREO AHLOL-BAYT(AS) .................................. 11

E-VONINAHITRY NY MANAM-PAHAIZANA EO ANATREHAN'IREO MPANOMPO ............................... 15

F-NY TANJONA AMIN'NY FAHAZOANA FAHALALANA.................................................................. 17

LESONA FAHATELO ........................................................ 21

NY FAHALALAM-POMBA SY NY TSY MAINTSY ATAO IRAISAN'NY MPAMPIANATRA SY NY MPIANATRA(1) ........ 21

LESONA FAHA-04 ........ 29

NY FAHALALAM-POMBA SY NY TSY MAINTSY ATAO IRAISAN'NY MPAMPIANATRA SY NY MPIANATRA(2) ........ 29

LESONA FAHA-05 ........ 37

NY FAHALALAM-POMBA SY NY TSY MAINTSY ATAO IRAISAN'NY MPAMPIANATRA SY NY MPIANATRA (3) ........ 37

LESONA FAHA-06 ........ 48

IREO ADIDIN'NY MPAMPIANATRA(1) ........ 48

LESONA FAHA-07 ........ 57

IREO ADIDIN'NY MPAMPIANATRA(2) ........ 57

LESONA FAHA-08 ........ 65

IREO ADIDIN'NY MPAMPIANATRA(3) ........ 65

LESONA FAHA-09 ........ 73

IREO ADIDIN'NY MPIANATRA(1) ........ 73

LESONA FAHA-10 ........ 82

IREO ADIDIN'NY MPIANATRA(2) ........ 82

LESONA FAHA-11 ........ 90

NY FANAMBADIANA ........ 90

LESONA FAHA-12 .......................................................... 99

IREO ZON'NY MPIVADY .............................................. 99

LESONA FAHA-13 ..........................................................106

NY HASIN'NY ASAM-PIVELOMANA AO AMIN'NYVONDRONA SORATRA MASINA (AYAT) SY LOVATSOFINA(RIWAYAT) ROATONTA........106

LESONA FAHA-14 ..........................................................115

FAHALALAM-POMBA AMIN'NY ASA SY NY FIVELOMANA..................................................................115

LESONA FAHA-15 ..........................................................125

NY FAHADIOVANA(1)..................................................125

LESONA FAHA-16 ..........................................................133

NY FAHADIOVANA(2)..................................................133

LESONA FAHA-17 ..........................................................142

NY FAHADIOVANA(3)..................................................142

LESONA FAHA-18 ..........................................................150

FAHALALAM-POMBA AMIN'NY FIVOAHANA.150

LESONA FAHA-19 ..........................................................156

FAHALALAM-POMBAN'NY FISAKAFOANANA (1) ..........................................................................................156

LESONA FAHA-20 ..........................................................164

FAHALALAM-POMBAN'NY FISAKAFOANANA (2) ..........................................................................................164

LESONA FAHA-21 .......................................................... 172
NY FANOMPOANA .......................................................... 172
LESONA FAHA-22 .......................................................... 180
VONINAHITRY NY SALAT .......................................... 180
LESONA FAHA-23 .......................................................... 188
NY FAHALALAM-POMBA AMIN'NY SALAT ...... 188
LESONA FAHA-25 .......................................................... 203
NY VONINAHITRY NY KOR'ÂNY MASINA SY NY LANJANY .......................................................... 203
LESONA FAHA-26 .......................................................... 210
NY FAHALALAM-POMBA AMIN'NY FAMAKIANA KOR'ÂNY .......................................................... 210
LESONA FAHA-27 .......................................................... 218
NY LANJAN'NY "DOU'A" (TONOMBAVAKA) SY NY "ZYÂRAT"(FAMANGIANA) ................................ 218
LESONA FAHA-28 .......................................................... 226
FAHALALAM-POMBA AMIN'NY "DOU'A" SY NY "ZYÂRAT" .......................................................... 226
LESONA FAHA-29 .......................................................... 235
FANDEHANAN-DAVITRA (SAFAR):
IREO TANJONA SY IREO TOMBONTSOANY ...... 235
LESONA FAHA-30 .......................................................... 243

FAHALALAM-POMBA AMIN'NY FANDEHANANA LAVITRA SY NY FITONDRANTENAN'NY MPANDEHA LAVITRA ....................................................243